
NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • NÔVAMBRA 2017

# Liahona



## Lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana



© MARK MISSMAN SY MARK MABRY, TSY AZO ADIKA

*Amin'ny alalan'ny masom-pinoana,* nataon'i Mark Missman sy i Mark Mabry

*"Ahoana no hankanesantsika any Aminy? Tamin'ny aprily lasa teo dia namporisika antsika ny Filoha Russell M. Nelson sy ny Loholona M. Russell Ballard mba handalina ny –Ilay Kristy Velona– rehefa mianatra momba ny Mpamonjy. . . .*

*"Nandritra ny fandalinako ny fiainana sy ny fampianaran'i Jesoa Kristy tamim-pifantohana kokoa sy ny fanolorako tena hanao tsianjery ny –Ilay Kristy Velona– dia nitombo ny fankasitrahako sy ny fitiavako ny Mpamonjy antsika. Ny fehezan-teny tsirairay ao amin'io tahirin-kevitra io dia mirakitra fampianarana ka nanatsara ny fahatakarako ny anjara asa masina tanany sy ny iraka nampanaovina Azy teto an-tany. Ny zavatra nianarako sy tsapako nandritra io fotoana nandalinana sy nisaintsainana io dia manamafy fa i Jesoa Kristy tokoa no –fahazavana, fiainana, ary fanantenan'izao tontolo izao.–"*

Jean B. Bingham, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, "Ka ho tanteraka ny fifalianareo," 85.

# Votoatiny—Nôvambra 2017

Boky 17 • Laharana 4

## Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany


6 **Areheto ny fahazavanareo**
*Sharon Eubank*

10 **Mitoetra ao amin' Andriamanitra sy manamboatra izay rava**
*Neill F. Marriott*

13 **Fananana lanja tsy hay refesina**
*Joy D. Jones*

16 **Telo mirahavavy**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*


## Fivoriana Sabotsy Maraina


21 **Manin-te hody**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

25 **Ireo filana fanampiana eo anoloantsika**
*Bonnie L. Oscarson*

28 **Ilay drafitra sy ilay fanambarana**
*Loholona Dallin H. Oaks*

32 **"Manana asa ho anao Aho"**
*Loholona John C. Pingree Zanany*

36 **Ilay mofo velona izay nidina avy tany an-danitra**
*Loholona D. Todd Christofferson*

40 **Aoka ho tanteraka ianareo, amin'ny farany**
*Loholona Jeffrey R. Holland*


## Fivoriana sabotsy tolakandro


43 **Fanohanana ireo mpiandraikitra ao amin'ny Fiangonana**
*Filoha Henry B. Eyring*

44 **Fanakona-masoandro ara-panahy**
*Loholona Gary E. Stevenson*

48 **Zavatra tsara foana ny fibebahana**
*Stephen W. Owen*

51 **Ireo zavatra iainana mahazatra any amin'ny mandrakizay**
*Loholona Quentin L. Cook*

55 **Amin'ny alalan'ny drafitra masina**
*Loholona Ronald A. Rasband*

58 **Ny fon'ilay mpitondratena**
*Elder O. Vincent Haleck*

60 **Ny Bokin'i Môrmôna: Hanao ahoana re ny fiainanao raha tsy nisy azy?**
*Loholona Russell M. Nelson*


## Fivoriamben'ny fisoronana


64 **Ny fisoronana sy ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy**
*Loholona Dale G. Renlund*

68 **Ny fahamarinan'ny zava-drehetra**
*Loholona David F. Evans*

75 **Fahazoana ny fitokian'ny Tompo sy ny fianakavianao**
*Loholona Richard J. Maynes*

78 **Mpihazona fahazavana avy any an-danitra**
*Filoha Dieter F. Uchtdorf*

81 **Mitarika ny Fiangonany ny Tompo**
*Filoha Henry B. Eyring*


## Fivoriana alahady maraina


85 **Ka ho tanteraka ny fifalianareo**
*Jean Bingham*

88 **Moa efa nitsahatra va ny andron'ny fahagagana?**
*Loholona Donald L. Hallstrom*

90 **Fampanantenana sady soa no lehibe indrindra**
*Loholona David A. Bednar*

94 **Miverena amin'ny Tompo**
*Eveka W. Christopher Waddell*

97 **Tompoko ô, mba hampahirato ny masoko**
*Loholona W. Craig Zwick*

100 **Aza matahotra ny hanao soa**
*Filoha Henry B. Eyring*


## Fivoriana alahady tolakandro


104 **Mbola mitohy ny diabe!**
*Loholona M. Russell Ballard*

107 **Vavolombelona mahery vaika avy amin' Andriamanitra: Ny Bokin'i Môrmôna**
*Tad R. Callister*

110 **Mifanalavitra nefa miray hina hatrany**
*Loholona Joni L. Koch*

112 **Matoky Azy ve isika? Tsara ny zavatra sarotra**
*Loholona Stanley G. Ellis*

115 **Ireo fahamarinana manan-danja, ny tokony hanaovantsika asa**
*Loholona Adilson de Paula Parrella*

117 **Katsahonareo ao amin'ny boky tsara indrindra**
*Loholona Ian S. Ardern*

119 **Mifankatiava tahaka ny nitiavany antsika**
*Loholona Jose L. Alonso*

122 **Ny Feon'ny Tompo**
*Loholona Neil L. Andersen*

72 **Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany**

127 **Fanoroam-pejin'ireo tantara nandritra ny Fihaonambe**

128 **Vaovaom-piangonana**

137 ***Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana***




# Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-187

**Sabotsy hariva, 23 septambra 2017, Fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany**
Mpitarika: Jean B. Bingham.
Vavaka fanokafana: Megumi Yamaguchi.
Vavaka famaranana: Leslie P. Layton.
Hira nataon'ny amboaram-peon'ny Fikambanana Ifanampiana avy amin'ireo tsatòka ao amin'ny faritr'i Park City, Utah; Jane Fjeldsted, mpitarika ny hira; Bonnie Goodliffe, mpitendry ôrga: "Let Zion in Her Beauty Rise," *Hymns,* no. 41, narindran'i Kasen, navoakan'i Jackman; "Sing Praise to Him," *Hymns,* no. 70, narindran'i Fjeldsted sy i Goodliffe; "True to the Faith," *Hymns,* no. 254; "We Have Partaken of Thy Love," *Hymns,* no. 155, narindran'i Fjeldsted sy i Goodliffe.

**Sabotsy maraina, 30 septambra 2017, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.
Vavaka fanokafana: Loholona Larry R. Lawrence. Vavaka famaranana: Loholona Massimo De Feo. Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny hira; Richard Elliott sy Andrew Unsworth, mpitendry ôrga: "Come, We That Love the Lord," *Hymns,* no. 119; "Arise, O God, and Shine," *Hymns,* no. 265, narindran'i Wilberg, navoakan'ny Oxford University Press; "Dieu, veuille nous garder," *Cantiques,* no. 9, narindran'i Wilberg; "An-tendrombohitra," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 5; "L'amour de Dieu," *Cantiques,* no. 45, narindran'i Murphy; "Faith in Every Footstep," Dayley, navoakan'i Jackman.

**Sabotsy tolakandro, 30 Septambra 2017, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.
Vavaka fanokafana: Loholona Lawrence E. Corbridge. Vavaka famaranana: Loholona Allan F. Packer. Hira nataon'ny amboarampeon'ny zatovo avy amin'ireo tsatòka ao Midvale sy Sandy, Utah; Leah Tarrant, mpitarika ny hira; Linda Margetts, mpitendry ôrga: "Ndao, ry zanaky ny Tompo," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 7, narindran'i Wilberg, navoakan'ny Deseret Book; tamba-kira, narindran'i Sally DeFord: "Jésus Christ est mon modèle," *Recueil de chants pour les enfants,* 40; "Il envoya son Fils aimé," *Recueil de chants pour les enfants,* 20; "Ce jour, au coeur j'ai du soleil" *Cantiques,* no. 144; "Hosanna au grand Roi!" *Cantiques,* no. 34, narindran'i Kasen, navoakan'i Jackman.

**Fivoriana sabotsy hariva, 30 septambra 2017, Fivoriamben'ny Fisoronana**
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.
Vavaka fanokafana: Loholona Kevin W. Pearson. Vavaka famaranana: Loholona Rafael E. Pino. Hira nataon'ny ray iray sy ireo zanakalahy avy amin'ireo tsatòka any Cache County, Utah; Geoffrey Anderson, mpitarika ny hira; Clay Christiansen, mpitendry ôrga; "Le monde a besoin d'ouvriers," *Cantiques,* no. 162, narindran'i Dalton, navoakan'ny LDS Music Source; "Instant de paix, moment si doux" *Cantiques,* no. 79, narindran'i Kasen, navoakan'i Jackman; "Fototra mafy orina," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 12; "We Ever Pray for Thee," *Hymns,* no. 23, narindran'i Kasen, navoakan'i Jackman.

**Fivoriana alahady maraina, 01 Ôktôbra 2017, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Dieter F. Uchtdorf.
Vavaka fanokafana: Loholona Michael T. Ringwood. Vavaka famaranana: Loholona José A. Teixeira. Hira nataon'ny Amboarampeon'ny Tabernakely; Mack Wilberg, mpitarika ny hira; Andrew Unsworth sy Clay Christiansen, mpitendry ôrga: "Louanges à Dieu," *Hymns,* no. 37; "Saints, en avant! Armés de foi en Christ" *Cantiques,* no. 40, narindran'i Wilberg; "Consider the Lilies," Hoffman, narindran'i Lyon, navoakan'i Sonos; "Peuples du monde, écoutez donc!" *Cantiques,* no. 170, narindran'i Wilberg; "Gloire au Dieu tout-puissant," *Cantiques,* no. 32; "Au Berger elles sont chères," *Cantiques,* no. 142, narindran'i Wilberg, tsy navoaka; "Oui, je crois en Christ," *Cantiques,* no. 71, narindran'i Wilberg, navoakan'i Jackman.

**Fivoriana alahady tolakandro, 01 ôktôbra 2017, Fivoriana ho an'ny daholobe**
Mpitarika: Filoha Henry B. Eyring.
Vavaka fanokafana: Loholona Joseph W. Sitati. Vavaka famaranana: Loholona Evan A. Schmutz. Hira nataon'ny Amboaram-peon'ny Tabernakely; Mack Wilberg sy Ryan Murphy, mpitarika ny hira; Bonnie Goodliffe sy Linda Margetts, mpitendry ôrga: "O viens, toi, Roi des rois," *Cantiques,* no. 29 narindran'i Murphy, tsy navoaka; "Have I Done Any Good?" *Hymns,* no. 223, narindran'i Zabriskie, navoakan'ny LDS Music Source; "Mifalia," *Cantiques,* no. 64;"If the Savior Stood Beside Me," DeFord,narindran'i Cardon; "Israël, ton Dieu t'appelle," *Cantiques,* no. 6, narindran'i Wilberg.

**Fomba hahazoana ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana**
Mba hahazoana ireo lahateny tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny fiteny maro ao amin'ny internet dia tsidiho ny conference.lds.org ary misafidiana fiteny iray. Hita amin'ny application Bibliothèque de L'Évangile ihany koa ireo lahateny. Ireo zavatra mombamomba ny fihaonambe maneran-tany amin'ny endrika azo ampiasain'ireo mpikambana manana fahasembanana dia hita ao amin'ny disability.lds.org.

**Hafatra ho an'ny famangiana sy fampianarana isan-tokantrano**
Ho an'ny hafatra ho an'ny famangiana sy ny fampianarana isan-tokantrano, dia mba misafidiana lahateny iray izay tena mifanaraka amin'ny zavatra ilain'ireo izay vanginao.

**Eo amin'ny fonony**
Eo anoloana: Sary nalain'i Leslie Nilsson.
Ao ambadika: Sary nalain'i Craig Dimond.

**Sary nandritra ny fihaonambe**
Ireo sary tao Salt Lake City dia nalain'i Cody Bell, Janae Bingham, Mason Coberly, Randy Collier, Weston Colton, Craig Dimond, Ashlee Larson, Leslie Nilsson, Matt Reier, ary Dave Ward.



**NÔVAMBRA 2017 BOKY. 17 LAH. 4**
**LIAHONA 14451 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an’ Ny Fiangonan’i Jesoa Kristy ho an’ny Olomasin’ny Andro Farany

Ny Fiadidiana Voalohany: Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund

**Mpanomana ny fanontana:** Hugo E. Martinez
**Mpanampy amin’ny fanontana:** Randall K. Bennett, Carol F. McConkie
**Mpanorohevitra:** Brian K. Ashton, Bonnie H. Cordon, LeGrand R. Curtis Jr., Edwaed Dube, Sharon Eubank, Donald L. Hallstrom, Douglas D. Holmes, Erich W. Kopischke

**Tale mpitantana:** Richard I. Heaton
**Talen’ny Gazetibokin’ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson
**Mpitantana Mpanampy amin’ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin’ny famoahana:** Debbie Bacon
**Mpiara-miasa ao amin’ny Fanoratana sy Fanontana:** Maryssa Dennis, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Jon Ryan Jensen Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Ann Selu, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen’ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
Mpiara-miasa ao amin’ny Hai-tao: Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, C. Kimball Bott, Thomas Child, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Emily Chieko Remington, Mark W. Robison, Rachel Smith, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen’ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin’ny Famokarana:** Ira Glen Adair, Julie Burdett, Thomas G. Cronin, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Derek Richardson
**Mpanara-maso alohan’ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris

**Talen’ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis
**Talen’ny Fanapariahana:** Troy R. Barker

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est
Antananarivo 101, Madagascar

**Ho an’ny famandrihana sy ny sarany ivelan’i Etazonia sy Kanadà dia manatòna ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin’ny Fiangonana eo amin’ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin’ny paroasy na sampana misy anao.**

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin’ny alalan’ny internet ao amin’ny liahona.lds.org; amin’ny alalan’ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin’ny alalan’ity adiresy ity *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin’ny Bokin’i Môrmôna izay midika hoe “kompà” na “mpitari-dalana”) dia avoaka amin’ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan’ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2017 an’ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon’ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin’ny *Liahona* mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an’ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin’izany. Azo foanana amin’ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin’ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin’ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin’ny fandikana dia alefaso amin’izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
November 2017 Vol. 17 No. 4. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days’ notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.



## Lisitr’ireo mpandahateny manaraka ny abidia

Alonso, Jose L., 119
Andersen, Neil L., 122
Ardern, Ian S., 117
Ballard, M. Russell, 104
Bednar, David A., 90
Bingham, Jean B., 85
Callister, Tad R., 107
Christofferson, D. Todd, 36
Cook, Quentin L., 51
Ellis, Stanley G., 112
Eubank, Sharon, 6
Evans, David F., 68
Eyring, Henry B., 43, 81, 100
Haleck, O. Vincent, 58
Hallstrom, Donald L., 88
Holland, Jeffrey R., 40
Jones, Joy D., 13
Koch, Joni L., 110
Marriott, Neill F., 10
Maynes, Richard J., 75
Nelson, Russell M., 60
Oaks, Dallin H., 28
Oscarson, Bonnie L., 25
Owen, Stephen W., 48
Parrella, Adilson de Paula, 115
Pingree, John C., Jr., 32
Rasband, Ronald A., 55
Renlund, Dale G., 64
Stevenson, Gary E., 44
Uchtdorf, Dieter F., 16, 21, 78
Waddell, W. Christopher, 94
Zwick, W. Craig, 97

## Fanoroam-pejy araka ny lohahevitra

Andriamanitra Ray, 10, 40, 115
Antso ao amin’ny Fiangonana, 81
Asa, 32
Asa fanompoana, 21, 25, 32, 36, 78, 100, 119
Asa fitoriana, 48, 51, 60
Bokin’i Môrmôna, 60, 68, 100, 107, 117
Drafitry ny famonjena, 28, 88, 112, 115
Eveka, 81
Fahafahana misafidy, 55, 94
Fahafoizan-tena, 58, 112
Fahafolonkarena, 112
Fahagagana, 88
Fahamaotinana, 51
Fahamarinana, 68, 78
Fahamasinana, 36
Fahamendrehana, 13
Fahasoavana, 36, 40
Fahazavan’i Kristy, 21, 78
Fahoriana, 21, 32, 44, 85, 88, 94, 97, 100, 112
Famelan-keloka, 48, 51, 119
Fanahy Masina, 13
Fanambadiana, 75
Fanambarana, 81, 122
Fanantenana, 94
Fanasan’ny Tompo, 36, 97
Fanasitranana, 78, 85, 88, 94, 97
Fandalana ny fahamarinana, 75
Fandalinana ny soratra masina, 60, 117
Fanekempihavanana, 64, 68, 90
Fanetrentena, 44, 51
Fankasitrahana, 58
Fanokanana, 58
Fiadanana, 13, 75, 85
Fiainam-panahy, 55
Fianakaviana, 25, 28, 75, 115
Fiarovana amin’ny loza, 44
Fibebahana, 6, 36, 48
Fieboeboana, 10, 44, 51
Fifaliana, 6, 16, 21, 85
Fifandraisana, 6
Fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany, 122
Fijoroana ho vavolombelona, 68, 78, 85, 100, 107
Fikambanana Ifanampiana, 6
Finoana, 68, 81, 85, 88, 100, 104, 112, 117
Fiovam-po, 13, 58, 60, 115, 117
Firaisan-kina, 110
Fisoronana, 64
Fisoronana Aharôna, 64
Fisoronana Melkizedeka, 64
Fitaovan-tserasera, 44
Fitarihana, 55
Fitiavana, 10, 25, 100, 119
Fitokiana, 75, 94, 112
Fitsikerana, 97, 110
Fomba fijery, 40, 44, 97
Herimpo, 100
Jesoa Kristy, 10, 13, 16, 21, 36, 40, 48, 51, 60, 64, 78, 81, 85, 94, 97, 100, 107, 112, 115, 119, 122
Joseph Smith, 107, 115, 122
Lanjan’ny tena manokana, 13, 40
Mahareta, 68, 117
Mpamaky lay, 104, 112
Mpaminany, 115, 122
Mpitarika ao amin’ny Fiangonana, 81, 122
Ny Andriamanitra, 112
Ny maha-mpianatra, 16, 21
Ny maha-ray, 75
Ôrdônansy, 90
Sabata, 90, 117
Sorompanavotana, 10, 13, 36, 40, 48, 64, 85, 88, 94
Tahotra, 10, 100
Talenta, 32
Tempoly, 58, 68, 90
Toetra araka an’ Andriamanitra, 13, 16, 55, 90
Tokantrano, 21, 90
Vehivavy, 6



# Ireo zavatra nisongadina nandritra ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-187

*Andriamanitra ô! tahio ny*
*mpaminany malalanay.*
*Ny fahasalamana sy ny*
*fampaherezana anie,*
*Hitondra fifaliana ho an'ilay*
*fony lehibe.*
*Ilay teniny mafonja anie, handona*
*Ireo fanahy notahinao re!*
*Mba hisafidy amim-pahamarinana*
*tokoa,*
*Ilay anjara soa.*
("Dieu, veuille nous garder"
*Cantiques,* no. 9, nohiraina nandritra
ny fivoriana sabotsy maraina)

Nandritra ny 50 taona mahery izay dia nanana ny anjara toerany tao anatin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ireo tantara mampihetsipon'ny Filoha Thomas S. Monson sy ny fijoroany ho vavolombelona mahery vaika momba an'i Jesoa Kristy. Saingy noho ny faharefoan'ny fahasalamana, dia hita fa tsy afa-nanatrika ny fihaonambe ny Filoha Monson sy ny Loholona Robert D. Hales ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.

Tsy afa-nanatrika izy ireo kanefa tsy hadino.

Na dia nijery ny fihaonambe tany an-trano aza ny Filoha Monson ary na dia nodimandry tamim-piadanana tany amin'ny hopitaly fotoana fohy talohan'ny fivoriana farany aza ny Loholona Hales, dia tsy hoe tao an-tsaintsika fotsiny izy ireo rehefa nivavaka ho azy ireo isika, fa niharihary koa ny hery mitarika avy amin'izy ireo nandritra ireo lahateny.

Nindramin'ny mpandahateny mihoatra ny folo ireo teny nambaran'ny Filoha Monson, ka tafiditra tao anatin'izany ny Filoha Russell M. Nelson (jereo ny pejy 60), izay nitsonga ny fanasan'ny Filoha Monson tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana farany "mba handalina sy hisaintsaina ombam-bavaka ny Bokin'i Môrmôna isan'andro."[1]

Ny Loholona Neil L. Andersen, izay mpandahateny farany (jereo ny pejy 122), dia nizara teny nomanin'ny Loholona Hales ho an'ny fihaonamben'ny Fiangonana saingy tsy afaka nizara izany izy. Nanoratra ny Loholona Hales hoe: "Rehefa misafidy ny hanana finoana isika, dia vonona ny hijoro eo anatrehan'Andriamanitra." Azo antoka fa nisafidy ny finoana ny Loholona Hales.

Tsy teny amin'ny polipitra ny Filoha Monson sy ny Loholona Hales, izay tsy afa-nanatrika kanefa tsy azo lazaina hoe tsy tao tanteraka, satria nanana anjara asa manan-danja izy ireo teo amin'ny fanaovana izay hahamanan-danja ny fihaonambe ho an'ny olona maro.

*Mivavaka mandrakariva ho anao izahay ry mpaminany malalanay.*
*Mba homen'Andriamanitra fampaherezana sy fifaliana ianao.*
*Na dia mikentronketrona aza*
*ianao noho ny fandrosoan'ny*
*taonanao.*
*Enga anie mbola hamirapiratra toy*
*ny amin'izao fotoana izao ilay*
*hazavana ao anaty ao.*
*Enga anie mbola hamirapiratra toy*
*ny amin'izao fotoana izao ilay*
*hazavana ao anaty ao.*
("We Ever Pray for Thee," *Hymns,*
no. 23, nohiraina nandritra ny
fivoriamben'ny fisoronana
maneran-tany) ■

**FANAMARIHANA**

1. Thomas S. Monson, "Ny herin'ny Bokin'i Môrmôna*Ensign na*Liahona, mey 2017, 87.


PACKAGE CHECK





**Nataon'i Sharon Eubank**
Mpanolotsaina voalohany ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany

# Areheto ny fahazavanareo

*Manasa antsika ireo mpaminany, ry rahavaviko. Haneho fahamarinana ve ianareo? Hampiseho ny finoanareo ve ianareo? Harehitrareo ve ny fahazavanareo?*

Mety tsy fantatrareo izao, fa izaho sy ny Filoha Monson dia kambana. Tamin'ny andro nahaterahako mihitsy tany avaratr'i Californie, dia notohanana ho Apôstoly zandriny indrindra i Thomas Monson izay 36 taona tamin'izay. Tiako ilay fifandraisana miavaka sy manokana ananako amin'ny mpaminanin' Andriamanitra, dia ny Filoha Monson.

Miresaka momba ny vehivavy ireo mpaminany.[1] Hahare ny sasany amin'ny tenin'izy ireo ianareo amin'ity fivoriana ity. Ho an'ny lahateniko dia hiverina eo amin'ny 40 taona lasa eo aho mitodika amin'ny faminaniana iray izay mahavariana nosoratan'ny Filoha Spencer W. Kimball. Ny volana septambra 1979 no vao fotoana faharoa nanaovan'ny vehivavin'ny Fiangonana maneran-tany fihaonambe. Efa nomanin'ny Filoha Kimball ny lahateniny, saingy rehefa tonga ilay andron'ny fihaonambe, dia tany amin'ny hôpitaly izy. Koa nangataka an'i Camilla Eyring Kimball vadiny izy mba hamaky ny lahateniny ho azy.[2]

Novakian-d Rahavavy Kimball ny tenin'ny mpaminany, izay nanasongadina ny fitaomana entin'ny vehivavy OAF eo amin'ireo vehivavin'izao tontolo izao mialoha ny fiavian'ny Mpamonjy fanindroany. Tany amin'ny faramparany, dia nisy fientanentanana lehibe tsapan'ireo vehivavin'ny Fiangonana izay efa noresahinay hatrizay.

Mamelà ahy ianareo hitanisa ny zavatra nolazain'ny Filoha Kimball:

"Farany, ry ranabavy malalako, dia te handroso aminareo zavatra izay tsy mbola voalaza mihitsy aho, na mbola tsy nolazaina tamin'izao fomba izao. "Maro amin'ireo fivoarana lehibe izay tonga amin'ny Fiangonana amin'ny andro farany no ho tonga satria maro amin'ireo vehivavy marin'izao tontolo izao . . . no ho voataona ho ao amin'ny Fiangonana ary maro an'isa izy ireo. Izany dia hitranga ka ny vehivavin'ny Fiangonana dia hampiseho fahamarinana sy fahaizana maneho ny maha-izy azy ary ireo vehivavin'ny Fiangonana dia ho hita miavaka sy samy hafa, amin'ny lafin'ny fifaliana, amin'ireo vehivavin'izao tontolo izao."

"Anisan'ireo vehivavy tena mahery fo eo amin'izao tontolo izao izay hiditra ato amin'ny Fiangonana ireo vehivavy izay mandala ny fahamarinana fa tsy ny fitiavan-tena. Ireo vehivavy tena mahery fo ireo dia manana fanetrentena marina, izay manome lanja ambony kokoa ny fahamendrehana toy izay ny fisehosehoana. . . .

". . . Ireo vehivavy fakan-tahaka ato amin'ny Fiangonana no ho *hery manan-danja* amin'ny fitomboan'ny Fiangonana arak'isa sy ara-panahy amin'ny andro farany."[3]



*Tamin'ny septambra 1979 i Camilla Eyring Kimball dia nisolo tena ny Filoha Spencer W. Kimball namaky ny teniny.*

Teny faminaniana tokoa izany. Ho famintinana:

- Ny fifandraisana tsara eo amin'ny vehivavy no tena hampisy ilay fitomboana lehibe izay hitranga amin'ny Fiangonana mandritra ireo taona ho avy.
- Ny finamanana aorin'ireo vehivavin'ny Fikambanana Ifanampiana sy ireo zatovovavy ary ireo ankizivavy ao amin'ny Kilonga amin'ireo vehivavy sy ankizivavy mahitsy fo sy mahatoky ary tia mivavaka avy ao amin'ny fiangonana na finoana hafa no ho *hery manan-danja* amin'ny fitombon'ny Fiangonana amin'ny andro farany.
- Nantsoin'ny Filoha Kimball hoe "vehivavy mahery fo" ireo vehivavy avy amin'ny fivavahana hafa ireo izay handala kokoa ny fahamarinana toy izay ny fitiavan-tena, izay haneho amintsika fa ny fahamendrehana dia manan-danja kokoa noho ny fisehosehoana.

Efa nihaona tamin'ny maro tamin'ireo vehivavy ireo aho rehefa

nanatanteraka ny asako manerana izao tontolo izao. Sarobidy amiko ny finamanan'izy ireo. Mahafantatra azy ireo ihany koa ianareo any amin'ireo namanareo sy mpiara-monina aminareo. Mety ho mpikambana na tsy mpikamban'ny Fiangonana izy ireo izao, saingy ny finamanantsika amin'izy ireo dia tena manan-danja. Ahoana no fomba handraisantsika ny andraikitsika? Inona no tokony hataontsika?" Nilaza zavatra dimy ny Filoha Kimball:

**Ny voalohany dia ny fanehoana fahamarinana.** Ny hoe marina dia tsy midika hoe tonga lafatra na tsy manao fahadisoana. Izany dia midika fampivoarana fifandraisana lalina amin' Andriamanitra, fibebahana amin'ny fahotantsika sy ny fahadisoantsika, ary fanampiana ny hafa tsy mila tambiny. Ny vehivavy izay nibebaka dia manova ny fizotrin'ny tantarany. Manana namana iray aho izay niharan'ny lozampiarakodia tamin'ny fahatanorany ary lasa niankin-doha tamin'ny fanafody manala fanaintainana. Taty aoriana dia nisaraka ny ray aman-dreniny. Lasa bevohoka avy tamin'ny fiarahana fohy tamin'olona izy, ary mbola nitohy ny fiankinan-dohany. Saingy indray alina, dia nijery ny tsy filaminana sy ny fikorontanan'ny fiainany izy dia nieritreritra hoe: "Ampy izay." Dia nitalaho tamin'i Jesoa Kristy Mpamonjy izy mba hanampy azy. Nilaza izy fa nianatra hoe i Jesoa Kristy dia matanjaka kokoa noho ny zavatra iainany. Afaka miantehitra amin'ny heriny izy eo am-pandehanany amin'ny lalan'ny fibebahana. Tamin'ny fiverenany tany amin'ny Tompo sy ny fombany, dia nanova ny fizotry ny tantarany izy. Olo-marina izy, ary manana fangoraham-po tanteraka amin'ny hafa izay nanao fahadisoana sy te hiova izy. Tahaka antsika rehetra dia tsy tonga lafatra ny fiainany, saingy fantany ny fomba fibebahana sy ny fomba fiezahana manandrana hatrany.

**Ny faharoa dia ny fanehoana ny maha-izy anao.** Ny hoe fanehoana ny maha-izy anao dia midika filazana mazava tsara ny hoe inona no zavatra tsapanao manoloana ny zavatra iray ary nahoana. Tany am-piandohan'ity taona ity dia nisy petadrindrina iray



tao amin'ny pejiko Facebook izay nanaratsy ny Kristianisma. Novakiako izany dia tezitra kely aho saingy tsy noraharahiako ilay izy. Na izany aza dia nisy olom-pantatro iray izay tsy mpikambana ato amin'ny finoantsika namaly tamin'ny petadrindrina iray izay nataony. Toy izao no nosoratany: "[Izao] mihitsy no mifanohitra amin'ny zavatra nijoroan'i Jesoa- ambony fisainana izy . . . tamin'ny fotoany satria . . . tsy navakavahiny izao tontolo izao. . . . [Niresaka] tamin'ireo mpivaro-tena izy, [niara-nihinana] tamin'ilay mpamory hetra . . . , naka namana . . . ireo vehivavy sy ankizy tsy manan-kery, [ary] nanome antsika ny tantaran'ilay Samaritana tsara fanahy. . . . Mazava ho azy noho izany fa ny tena Kristianina . . . dia tokony hiezaka ny ho olona be fitiavana INDRINDRA eto an-tany." Rehefa namaky izany aho, dia nieritreritra hoe: "Nahoana aho no tsy nanoratra izany?"

Mila manao izay tsara indrindra isika tsirairay avy amin'ny fanehoana ny anton'ny finoantsika. Inona no tsapanao momba an'i Jesoa Kristy? Nahoana ianao no mijanona ato am-piangonana? Nahoana ianao no mino fa soratra masina ny Bokin'i Môrmôna? Aiza no ahazoanao fiadanana? Nahoana no zava-dehibe ny hoe manana zavatra holazaina ny mpaminany amin'ny taona 2017? Ahoana no ahafantaranao fa mpaminany marina izy? Ampiasao ny feonao sy ny herinao mba hanehoana ny zavatra tsapanao sy fantatrao (eny amin'ny tambazotra ifanerasera-na, amin'ireo resaka mangina ataonao amin'ireo namanao, ao amin'ny fifaneraseranao amin'ireo zafikelinao amin'ny Internet.) Lazao azy ireo hoe nahoana ianao no mino, ahoana no ahafantaranao, manao ahoana izany, efa nisalasala ve ianao, ahoana no nahatongavanao tao, midika inona aminao i Jesoa Kristy. Araka ny nolazain'ny Apôstôly Petera manao hoe: "Aza matahotra . . . ; fa manamasìna an' i Kristy ho Tompo ao am-ponareo; ary aoka ho vonona mandrakariva hianareo hamaly izay manontany anareo ny amin'ny anton'ny fanantenana ao anatinareo."[4]

**Ny fahatelo dia ny fahasamihafana.** Mamelà ahy ianareo hilaza tantara iray izay nitranga tamin'ny volana jolay teo teny amoron-dranomasin'i Panama City ao Floride.[5] Tamin'ny harivariva i Roberta Ursrey dia nahita ny zanany lahy anankiroa nikiakiaka niantso vonjy avy teny amin'ny 90 m anaty ranomasina. Azon'ny onjan-drano mafy izy ireo ka lasa lavitra teny amin'ny ranomasina. Nisy mpivady teo akaiky teo nanandrana nanavotra ireo zazalahy, ary lasa nentin'ilay onja ihany koa izy ireo. Nisy fianakavian-dry Ursrey niroboka tao anatin'ilay rano hanavotra ireto mpilomano sahirana ireto, ary vetivety teo dia olona sivy no tratra tao amin'ilay riaka.

Tsy nisy tady teo. Tsy nisy mpamonjy voina. Nandefa sambo mpamonjy olona ny pôlisy saingy efa sahirana nandritra ny 20 minitra ireo olona tao an-dranomasina ireo ary efa reraka sy efa hilentika ao anaty rano. Anisan'ireo mpijery teo amoron-dranomasina i Jessica Mae Simmons. Nanana hevitra

izy sy ny vadiny hanao rojon'olona. Niantsoantso ireo olona teo amoron-dranomasina izy ireo mba hanampy azy. Olona am-polony maro no nampifandray ny sandriny ary niditra tao amin'ny ranomasina. Nilaza tamin'ny gazety i Jessica hoe: "Tena nahavariana tanteraka ny nahita ireo olona samy hafa fiaviana sy karazana manao zavatra hamonjena olona tsy fantatra MIHITSY!"[6] Rojon'olona 80 no nihinjitra hatrany amin'ireo mpilomano. Jereo ange ny sarin'izany fotoana mahavariana izany e!

Ny olona tsirairay teo amoron'ilay ranomasina dia tsy nieritreritra afa-tsy ireo vahaolana mahazatra ihany ary dia ankona. Saingy nisy mpivady iray, tao anatin'ny fotoana fohy, dia nieritreritra vahaolana hafa. Ny fitondrana zava-baovao sy ny famoronan-javatra dia fanomezana ara-panahy. Rehefa mitandrina ny fanekempihavanantsika isika dia mety ho lasa samihafa amin'ny olona eo amin'ny fombafombantsika sy eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika, saingy manome fahafahana antsika hanana aingam-panahy izany ka hahatonga antsika hieritreritra vahaolana hafa, fomba fiasa hafa, fampiharana hafa. Tsy hitovy hevitra amin'izao tontolo izao foana isika, saingy ny fahasamihafantsika amin'ny fomba tsara dia mety hamelona ny hafa izay sahirana.

**Ny fahefatra dia ny fiavahana.** Ny hoe miavaka dia midika hoe voafaritra tsara amin'ny fomba azo fantarina. Mamelà ahy hiverina indray amin'ilay tantaran'i Jessica Mae Simmons teo amoron'ilay ranomasina. Raha vao nihinjitra ka tonga tany amin'ireo mpilomano ilay rojon'olona dia fantany fa afaka nanampy izy. Hoy i Jessica Mae hoe: "Afaka hihazona ny fofon'aiko aho . . . dia hilomano mora foana ao amin'ny dobo filomanosana amin'ny Olaimpika! [Haiko ny miala avy ao amin'ny herin'ny riaka.] Fantatro fa ho azoko amin'ilay rojon'olona [ny mpilomano tsirairay]."[7] Naka hazo fisaka fampiasan'ny mpanao surf izy sy ny vadiny ary nilomano nanaraka ilay rojo mandra-pahatongany teo amin'ireo mpilomano ary dia nentin'izy ireo niverina tsirairay teo amin'ilay rojo izy ireo, izay nandefa azy ireo soa aman-tsara teny amin'ny sisiny. Nanana fahaiza-manao miavaka i Jessica: hainy ny milomano manohitra ny riaka. Ny filazantsara naverina amin'ny laoniny dia voafaritra tsara amin'ny fomba azo fantarina. Saingy mila miavaka tsara isika amin'ny fomba fanarahantsika izany. Tahaka an'i Jessica, dia mila mampihatra ny fiainana ny filazantsara isika mialoha ny tampoka, amin'izay sady tsy matahotra isika no matanjaka tsara mba hanampy rehefa entin'ny onja mandeha lavitra ny hafa.

**Ary farany, ny fahadimy dia ny fanaovana ireo dingana efatra voalaza etsy ambony ireo aminkafaliana.** Ny hoe faly dia tsy midika akory hoe manana endrika sariaka foana na inona na inona mitranga. Fa midika kosa izany hoe mitandrina ireo didin' Andriamanitra ary mampiorina sy manampy ny hafa.[8] Rehefa mampiorina isika, rehefa mitondra ny entamavesatry ny hafa isika, dia mitahy ny fiainantsika izany amin'ny fomba izay tsy azon'ny fitsapana antsika alaina. Misy teny nataon'ny Filoha Hinckley napetrako teo amin'ny toerana hahitako izany isan'andro. Hoy izy: "Ianao dia tsy . . . manorin-javatra avy amin'ny fijerena ny lafiratsin-javatra sy ny fanesoesoana. Rehefa manana toe-tsaina tia mijery ny lafitsaran-javatra ianao, rehefa miasa am-pinoana ianao, dia handeha tsara ny zava-drehetra."[9]

Ho ohatra amin'izany toe-tsaina falifaly sy tia mijery ny lafitsaran-javatra izany dia mahafantatra zatovovavy iray 13 taona antsoina hoe Elsa izay aho izay nifindra trano tany Baton Rouge, Louisiana, 2.900 km lavitr'ireo namany ny fianakaviany. Tsy mora izany hoe 13 taona izany ka mifindra amin'ny toerana vaovao. Tsy mahagaga raha tsy azon'i Elsa antoka ilay fifindrana koa nomen'ny dadany tsodrano izy. Teo am-panaovana ilay tsodrano mihitsy dia naharay hafatra ny findain-dreniny. Nandefa an'ity sary misy soratra hoe "Mba mifindrà aty amin'ny paroasy misy anay!" ity ireo zatovovavy tao amin'ny paroasy tao Louisiana.[10] Ny lafitsarany no nojeren'ireo zatovovavy ireo satria notiaviny i Elsa na dia mbola tsy nihaona tamin'izy ireo mihitsy aza. Nahatonga an'i Elsa hijery ny lafitsaran'ny fifindrany ny fientanentanan'izy ireo ary namaly ny vavaka nataony momba ny hoe ho tsara sa tsia ny zavatra rehetra. Misy hery tonga avy amin'ny fifaliana sy ny toe-tsaina tia mijery ny lafitsaran-javatra, hery izay tsy hoe mitahy antsika fotsiny fa mampiorina ny rehetra manodidina antsika. Izay zavatra kely rehetra ataonao hampisy fifaliana amin'ny hafa dia maneho fa efa mitondra ilay hazavana narehitry ny Filoha Kimball ianao.

15 taona aho tamin'ny fotoana namakiana ny lahatenin'ny Filoha Kimball. Isika izay mihoatra ny 40 taona dia efa nitondra izany andraikitra avy tamin'ny Filoha Kimball izany hatramin'io andro io. Ankehitriny aho dia mijery an'ireo 8 taona, sy ireo 14 taona, sy ireo 20 taona, sy ireo 35 taona, ary dia homeko anareo izany andraikitra izany. Ianareo no ho mpitarika ato amin'ity Fiangonana ity, ary hiankina aminareo izany raha hitondra io hazavana io mandroso ianareo



*Nitandahatra nanao tohivakana ny vondron' olona tsara sitrapo miisa 80 mba hamonjy mpilomano tafiditra tao anatin'ny onjan-drano mahery vaika.*

ary hahatanteraka an'io faminaniana io. Mampifandray ny sandrinay amin'ny anareo izahay mihoatra ny 40 taona ary mahatsapa ny herinareo sy ny tanjakareo. Mila anareo izahay.

Henoy izao soratra masina hita ao amin'ny F&F 49:26–28 izao. Mety nosoratana noho ny toe-javatra hafa izany saingy anio hariva, amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina, dia manantena aho ho raisinareo ho toy ny antsonareo manokana ho amin'ity asa masina ity.

"Indro Izaho milaza aminareo hoe mandehana araka izay efa nandidiako anareo; mibebaha amin' ny fahotanareo rehetra; mangataha dia hahazo ianareo; dondòny dia hovohana ianareo.

"Indro, Izaho handeha eo alohanareo ary ho vodilaharanareo; ary Izaho ho eo afovoanareo, ary tsy hangaihay ianareo.

"Indro, Izaho no Jesoa Kristy, ary avy faingana Aho."[11]

Manentana anareo tsirairay aho mba hametraka ny tenanareo eo amin'ny toerana iray izay hahafahanareo mahatsapa ny fitiavana be ananan' Andriamanitra ho anareo. Tsy afaka mametraka ny tenanareo amin'ny toerana tsy ho azon'izany fitiavana izany ianareo. Rehefa mahatsapa ny fitiavany ianareo, rehefa tia Azy ianareo, dia hibebaka ianareo ary hitandrina ireo didiny. Rehefa mitandrina ny didiny ianareo, dia afaka mampiasa antsika amin'ny asany Izy. Ny asany sy voninahiny dia ny fisandratana sy ny fiainana mandrakizan'ny vehivavy sy ny lehilahy.


Manasa antsika ireo mpaminany, ry rahavaviko. Haneho fahamarinana ve ianareo? Hampiseho ny finoanareo ve ianareo? Afaka ny hiavaka sy ho hafa ve ianao? Hanova ny hafa izay tsara sy mendri-kaja ary mila ny finamananareo ve ny hafalianareo na dia eo aza ireo fitsapana mahazo anareo? Harehitrareo ve ny fahazavanareo? Mijoro ho vavolombelona aho fa handeha eo anoloantsika sy ho eo anivontsika i Jesoa Kristy Tompo.

Faranako amin'ny tenin'ny mpaminany izay tiantsika fatratra, dia i Thomas S. Monson, ny lahateniko: "Ranabaviko malala isany, andronareo izao, fotoanareo izao."[12] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. Filoha Brigham Young: "Avelao [ireo rahavavy] hanorina ireo Fikambanana Ifanampian'ny vehivavy any amin'ireo paroasy samihafa. Misy vehivavy manan-talenta maro eto anivontsika, ary mitady ny fanampian'izy ireo isika amin'ity sehatra ity. Mety hieritreritra ny sasany fa zavatra tsy misy dikany izany, saingy tsy izany, ary ho hitanareo fa ny vehivavy no ho hery mampihodina izao rahabaraha izao" (ao amin'ny *Daughters in My Kingdom: The History and Work of Relief Society* [2011], 41).
   Filoha Lorenzo Snow: "Hita teo anilan'ireo mpihazona Fisoronana foana ianareo, vonona . . . ny handray ny andraikitrareo hampandroso izay zavatra mahasoa ny fanjakan' Andriamanitra, ary satria nandray anjara tamin' ity asa ity ianareo dia azo antoka fa hahazo anjara amin' ny fahombiazan' ity asa ity ianareo sy hahazo anjara amin' ny fisandratana sy ny voninahitra izay homen' ny Tompo an' ireo zanany mahatoky" (ao amin'ny *Daughters in My Kingdom*7).
   Filoha Spencer W. Kimball: "Misy hery ao anatin' ity rafitry ny Fikambanana Ifanampiana ity izay tsy mbola nampiasaina tanteraka mba hanamafisan' orina ny tokantranon' i Ziona sy hanorenana ny Fanjakan' Andriamanitra—ary tsy ho ampiasaina tanteraka izany raha tsy efa samy mahatakatra ny hery ananan' ny Fikambanana Ifanampiana ireo rahavavy sy ny fisoronana" (ao amin'ny *Daughters in My Kingdom,* 142).
   Filoha Howard W. Hunter: "Ilaina tokoa ny mampiray ny vehivavy ao amin'ny Fiangonana mba hiara-hitsangana sy hanohana ireo Rahalahy amin'ny fampitsaharana ny fitombon'ny ratsy izay manodidina antsika sy amin'ny fampandrosoana ny asan'ny Mpamonjintsika. . . . "Koa manasa anareo izahay hitondra fanampiana amin'ny alalan'ilay ohatra mahery vaika ananananareo mba hitaona amin'ny tsara amin'ny fampatanjahana ny fianakaviantsika, ny Fiangonantsika ary ny fiarahamonina misy antsika" (ao amin'ny *Daughters in My Kingdom,* 157).
   Filoha Gordon B. Hinckley: "Misy hery sy fahaiza-manao lehibe ao amin'ireo vehivavin'ity Fiangonana ity. Manana fahaiza-mitarika, toe-tsaina mahaleo tena, kanefa manana fahafahampo tanteraka fa anisan'ity fanjakan' Andriamanitra ity sy miara-miasa amin'ny fisoronana mba hampandroso izany" (ao amin'ny *Daughters in My Kingdom,* 143).
   Filoha Thomas S. Monson: namerina ny tenin'i Belle Smith, Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany, izay nanoratra hoe: "'Tsy mbola lehibe mihoatra ny amin'izao andro izao ny fitaomana entin'ireo vehivavy hatrizay. Tsy mbola nisokatra be toy izao ny varavarana ahafahan'izy ireo manao zavatra. Vanim-potoana misarika, mampientanentana, sarotra ary be fitakiana izao ho an'ny vehivavy. Fotoana iray feno valisoa raha mahay mandanjalanja sy mianatra ny tena lanjan'ny fiainana ary mamantatra amim-pahendrena ny laharam-pahamehana isika' [*A Woman's Reach* (1974), 21]. Ranabaviko malala isany, andronareo izao, fotoanareo izao" ("The Mighty Strength of the Relief Society," *Ensign,* Nov. 1997, 95).
   Filoha Russell M. Nelson: "Koa anio dia miangavy an'ireo rahavavy ato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany aho mba handroso hanao asa! Raiso ny toeranareo izay anananareo zo sady ilainareo ao an-tokantranonareo sy any amin'ny fiarahamonina misy anareo ary ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra, ataovy mihoatra noho izay nataonareo teo aloha izany. Miangavy anareo aho mba hanatanteraka ny faminanian'ny Filoha Kimball. Ary mampanantena anareo aho, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, fa raha manao izany ianareo, dia hampitombo ny fitaomana anananareo amin'ny ambaratonga ambony kokoa ny Fanahy Masina!" ("Fiangaviana ho an'ireo anabaviko," *Liahona,* nôv. 2015, 97).
2. Jereo ny horonantsarin-dRahavavy Camilla Kimball mamaky ny lahatenin'ny Filoha Spencer W. Kimballa ao amin'ny lds.org/general-conference/1979/10/the-role-of-righteous-women; jereo ihany koa ny Spencer W. Kimball, "The Role of Righteous Women," *Ensign,* nôv. 1979, 102–4.
3. Spencer W. Kimball, "The Role of Righteous Women," 103–4; nampiana fanamafisana.
4. 1 Petera 3:14–15.
5. Jereo ny McKinley Corbley, "80 Beachgoers form Human Chain to Save Family Being Dragged Out to Sea by Riptide," 12 jolay 2017, goodnewsnetwork.org.
6. Jessica Mae Simmons, tao amin'ny Corbley, "80 Beachgoers Form Human Chain."
7. Simmons, tao amin'ny Corbley, "80 Beachgoers Form Human Chain."
8. Jereo ny Almà 41:10; 34:28 Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:27; Lioka 16:19–25
9. *Teachings of Presidents of the Church: Gordon B. Hinckley* (2016), 71.
10. Fanamarihana avy tamin'ny fianakaviana Virgina Pearce.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 49:26–28.
12. Thomas S. Monson, "The Mighty Strength of the Relief Society," *Ensign,* nôv. 1997, 95.



**Nataon'i Neill F. Marriott**
Mpanolotsaina faharoa ao amin'ny Fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany

# Mitoetra ao amin' Andriamanitra sy manamboatra izay rava

*Manana ny hery hampifandraisana tsara antsika amim-pitiavana amin'ny Ray sy amintsika samy isika i Kristy.*

Mila mampitombo lalina sy tsy tapaka ny fahalalantsika sy ny fankatoavantsika ny Ray any An-danitra isika. Maharitra mandrakizay ny fifandraisantsika Aminy. Zanany malalany isika, ary tsy hiova izany. Ahoana no hamaliantsika feno kokoa ny fanasany hanakaiky Azy mba hahafahantsika mianoka ireo fitahiana iriany homena antsika eto amin'ity fiainana ity sy any amin'ny tontolo ho avy?

Hoy ny Tompo tamin'ny Isiraely fahiny ary hoy Izy amintsika hoe: "Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindrampo ho anao."[1] Hoy ny Ray amintsika hoe: "Hitoetra ato Amiko ianao ary Izaho ao aminao; koa miaraha-mandeha Amiko."[2] Moa ampy ve ny fahatokiantsika Azy ka hijanona sy hiaraka Aminy isika?

Tonga eto an-tany isika mba hianatra sy hivoatra, ary ny fianarana sy ny fivoarana manan-danja indrindra dia ho tonga avy amin'ny fifandraisantsika amin'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy. Tonga avy amin'ny fahatokiam-pifandraisantsika amin'Izy ireo ny fahalalana, ny fitiavana, ary ny fahafahana lehibe kokoa hanompo arakan' Andriamanitra.

"Manana adidy ny hianatra ny zavatra rehetra nambaran' Andriamanitra momba Azy isika."[3] Tokony hahatakatra isika fa Andriamanitra Ray dia nitarika an'i Jesoa Kristy Zanany hahary ny tany *mba hivoarantsika,* fa ny Ray any An-danitra dia nanome ny Zanany mba hanonitra ny fitakian'ny fahamarinana *ho famonjena antsika,* ary ny herin'ny fisoronan'ny Ray sy ny Fiangonana marin'ny Zanaka miaraka amin'ireo ôrdônansy ilaina dia naverina tamin'ny laoniny *mba hitahiana antsika.* Tsapanareo ve ny halalin'ny fitiavana misy ao anatin'ny fiomanana nataon'Izy ireo mba hitondra fifaliana sy fivoarana ho antsika? Mila mahafantatra isika fa ny drafitry ny famonjen'ny Ray any An-danitra dia ny mba hankatoavantsika ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara, dia hahazo ny fiainana mandrakizay ka noho izany dia ho lasa tahaka an' Andriamanitra.[4] Izany no fifaliana marina sy tsy manam-petra izay atolotry ny Ray any An-danitra ho antsika. Ary tsy misy fifaliana marina sy tsy manam-petra ankoatra izany.

Ny olantsika dia mety manaisotra antsika hiala eo amin'io lalan'ny fahasambarana io. Mety ho very ny fifandraisantsika feno fitokiana amin' Andriamanitra raha mitarika antsika ho variana ny fitsapana fa tsy mitarika antsika hanetry tena sy handohalika hivavaka.

Ity andalana tsotra roa ity dia miangavy antsika handanjalanja ny laharam-pahamehantsika:

*Manan-danja ny zavatra sasany;*
*ny sasany kosa tsia.*
*An-kavitsiana ny zavatra maharitra,*
*fa ny ankamaroany kosa tsia.*[5]



Ry rahavavy, inona no manan-danja aminareo? Inona no zavatra maharitra aminareo? Ny zavatra manana lanja maharitra ho an'ny Ray dia ny hoe mianatra ny momba Azy isika, manetry tena, ary mihamankatò Azy amin'ny alalan'ireo zavatra iainana eto an-tany. Tiany hanova ny fitiavan-tenantsika ho lasa fanompoana Izy ary hanova ny tahotsika ho lasa finoana. Afaka ny ho fitsapana tena sarotra ho antsika ireo zavatra maharitra ireo.



*Amin'izao fotoana izao,* na dia voafetra aza ny zavatra zakantsika eto an-tany, no angatahan'ny Ray isika mba hitia rehefa ny mitia no sarotra indrindra, hanompo rehefa manahirana ny manompo, hamela heloka rehefa toa tsy vitantsika ny mamela heloka. Amin'ny fomba ahoana? Ahoana no fomba hanaovantsika izany? Mangataka amin-kitsim-po ny fanampian'ny Ray any An-danitra isika, amin'ny anaran'ny Zanany, ary manao zavatra araka ny fombany fa tsy manao zavatra amin'ny fombantsika manokana amim-piavonavonana.

Tsapako ilay fiavonavonako rehefa niresaka momba ny fanadiovana ny atin'ny vazy ny Filoha Ezra Taft Benson.[6] Nihevitra ny tenako ho toy ny zinga lava taho aho. Ahoana no hanaisorako ny faikan'avonavona ao anatin'ny zingako? Tsy tena avy amin'ny fo sy tsy misy dikany ary tsy mahomby tsotra izao ny fanerentsika manokana ny tenantsika hanetry tena sy ny fiezahana hanery ny tenantsika ho tia ny hafa. Ny fahotantsika sy ny avonavontsika dia miteraka fahatapahana na lavaka manasaraka antsika amin'ny loharanon'ny fitiavana rehetra, dia ny Raintsika any An-danitra.

Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ihany no afaka manadio antsika amin'ny fahotantsika sy manakatona izany lavaka izany.

Maniry ny hosakambinin'ny sandrim-pitiavan'ny Raintsika any An-danitra sy ny fitarihany isika, ka noho izany dia ny sitrapony no ataontsika lohalaharana ary mangataka amin'ny fo torotoro isika mba handrarahan'i Kristy rano manadio be dia be ao anatin'ny zingantsika. Mety ho tsikelikely ny firarahan'izany amin'ny voalohany, kanefa rehefa mikatsaka sy mangataka ary mankatò isika dia hitosaka izany. Hanomboka hameno antsika io rano velona io, ary rehefa tondraky ny fitiavany isika dia afaka hampitongilana ilay zingan'ny fanahintsika isika ary hizara ny ao anatiny amin'ny hafa izay mangetaheta fanasitranana, fanantenana, ary fananana namana. Rehefa lasa madio ny atin'ny vazintsika dia manomboka sitrana ny fifandraisantsika amin'ny hafa eto an-tany.

Takina ny hamoizantsika ny faniriantsika manokana mba hanomezana toerana ny drafitra mandrakizain' Andriamanitra. Ny Mpamonjy izay miteny ho an'ny Ray dia miangavy antsika hoe "Manakaikeza Ahy dia hanakaiky anareo Aho."[7] Ny fanakaikezana an' Andriamanitra dia mety midika hoe mianatra ireo fahamarinany amin'ny alalan'ny soratra masina, manaraka ireo torohevitry ny mpaminany, ary miezaka manao ny sitrapony bebe kokoa.

Moa ve isika mahatakatra fa manana ny hery hampifandraisana tsara antsika amim-pitiavana amin'ny Ray sy amintsika samy isika i Kristy? Amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina no ahafahany manome antsika ny hevitra ilaina mba hifandraisana amin'ny hafa.

Nitantara tamiko ny zavatra iray tena manan-danja niarahany niaina tamin'ireo zazalahy 11 taona tao amin'ny kilasiny ny mpampianatra Sekoly Alahady iray. Ny iray tamin'izy ireo izay ho antsoiko hoe Jimmy dia tsy tia nandray anjara sy nitokantokana tao an-dakilasy. Indray alahady dia notaomim-panahy hampiato ny lesona nampianariny ilay mpampianatra ary nilaza ny antony hitiavany an'i Jimmy. Noresahany ny fankasitrahany azy sy ny finoany fa afaka mahavita zavatra io tovolahy io. Dia nangataka ny ankizy tao an-dakilasy ilay mpampianatra avy eo mba hilaza amin'i Jimmy ny zavatra tian'izy ireo mikasika azy. Rehefa nifandimby tsirairay ny mpianatra nilaza tamin'i Jimmy ny antony maha-olona miavaka azy ho azy ireo dia niondrika ilay zazalahy ary nanomboka nitsotsorika tamin'ny tavany ny ranomasony. Nanaisotra ny elanelana ara-pihetseham-po nisy teo amin'i Jimmy sy ny hafa io mpampianatra io sy ny mpianany. Manome fanantenana sy lanja ny hafa ny fitiavana tsotra izay aseho amim-pahamarinan-toetra. Antsoiko hoe "manamboatra izay rava" izany.

Ny fiainantsika tany amin'ny tontolo feno fitiavana talohan'ny nahaterahana, angamba, no mahatonga antsika haniry mafy fitiavana marina sy maharitra eto an-tany. Notefen' Andriamanitra mba hanome fitiavana sy hotiavina isika, ary tsapa ilay fitiavana lalina indrindra rehefa iray amin' Andriamanitra isika. Ny Bokin'i Môrmôna dia manasa antsika mba "[hihavana] amin[' Andriamanitra] amin'ny alalan'ny sorompanavotan' i Kristy."[8]

Niresaka momba ireo izay miaina amim-pahatokiana ny lalàn'ny fifadiankanina i Isaia ka noho izany dia lasa mpanamboatra izay rava ho an'ny taranany izy ireo. Araka ny nampanantenain'i Isaia, dia izy ireo no ireo izay



“hanangana ny efa rava ela.”[9] Mitovy amin’izany ihany, ny Mpamonjy dia nanamboatra izay rava teo amintsika sy ny Ray any An-danitra. Izy no nanokatra, tamin’ny alalan’ny sorompanavotana lehibe nataony, ny lalana ho antsika mba handraisana ny herim-pitiavan’ Andriamanitra, ary avy eo dia ampiana isika mba ho afaka hanangana ny “efa rava ela” eo amin’ny fiainantsika manokana. Ny fanasitranana ny elanelana ara-pihetseham-po manasaraka antsika dia hitaky ny fitiavan’ny Ray miaraka amin’ny famoizantsika ny fironantsika ara-boajanahary ho tia tena sy feno tahotra.

Indray hariva tsy hay hadinoina, dia tsy nitovy hevitra momba ny olana ara-pôlitika iray izaho sy ny havako iray. Avy hatrany dia nokianiny tanteraka ny zavatra nolazaiko, ka noporofoiny teo anatrehan’ny fianakaviana fa diso aho. Nahatsapa ho vendrana sy tsy ampy fahalalana aho, ary tena izay tokoa angamba. Tamin’izay hariva izay, rehefa nandohalika nivavaka aho, dia nanazava haingana tamin’ny Ray any An-danitra fa tena manahirana io havana io! Niresaka tsy an-kijanona aho. Mety niato kely tamin’ny fitarainako angamba aho dia mba nanana fotoana kely nisintonana ny eritreritro ny Fanahy Masina, satria tsy nampoiziko fa, reko niteny irery aho avy eo hoe: “Tianao hitia azy aho angamba.” Hitia azy hoe e? Nanohy nivavaka aho, toa niteny hoe: “Ahoana no ahafahako hitia azy? Toa tsy tiako akory aza izy. Mafy ny foko ary voatohintohina aho. Tsy vitako izany.”

Ary avy eo, izay azoko antoka fa niaraka tamin’ny fanampiana avy amin’ny Fanahy, dia nanana eritreritra vaovao aho ka niteny hoe: “Kanefa tia azy Ianao ry Ray any An-danitra. Azonao omena ampahany amin’ny fitiavanao azy ve aho, mba hahafahako mitia azy koa?” Nihena ny firehetampoko, nanomboka niova ny foko ary hafa ny fahitako ity olona ity nanomboka teo. Hitako ny tena maha izy azy marina araka ny fahitan’ny Ray any An-danitra azy. Nanoratra i Isaia hoe: “[Fehezin’i] Jehovah ny fahatorotoroan’ny olony [ary sitraniny] ny fery tamin’ny namelezana azy.”[10]

Rehefa nandeha ny fotoana dia afaka tamim-pifaliana ilay elanelana nampisaraka anay. Kanefa na dia hoe tsy nanaiky ilay foko niova aza izy dia nianatra aho fa ny Ray any An-danitra dia hanampy antsika hitia na dia ireo izay mety heverintsika fa tsy azo tiavina aza raha mitalaho ny fanampiany isika. Ny Sorompanavotan’ny Mpamonjy dia fantsona mitondra fiantrana mikoriana tsy tapaka avy amin’ny Raintsika any An-danitra. Tokony hisafidy ny hitoetra ao amin’io fitiavana io isika mba hanana fiantrana ho an’ny olon-drehetra.

Rehefa omentsika ny Ray sy ny Zanaka ny fontsika dia manova ny tontolontsika isika, eny fa na dia tsy miova aza ireo toe-javatra misy manodidina antsika. Manakaiky ny Ray any An-danitra isika ary mahatsapa ny fanekeny amim-pitiavana ny ezaka ataontsika mba ho lasa mpianatr’i Kristy marina. Mitombo ny fahaizantsika manavaka ny tsara sy ny ratsy, ny fahatokian-tenantsika, ary ny finoantsika.

Miteny amintsika i Môrmôna mba hivavaka amin’ny herin’ny fo manontolo mba hahazo io fitiavana io ary dia harotsaka amintsika avy amin’ny loharano nipoirany izany, dia ny Ray any An-danitra.[11] Amin’izay fotoana izay ihany isika vao ho lasa mpanamboatra izay rava eo amin’ny fifandraisana eto an-tany.

Manampy ny fitiavana tsy misy fetra ananan’ny Raintsika mba hitondra antsika hiverina ao amin’ny voninahiny sy ny fifaliany. Nanome ny Zanany Lahitokana Izy, dia i Jesoa Kristy, mba hanamboatra ny rava izay midadasika be eo anelanelantsika sy Izy. Ny fiverenana miaraka amin’ny Ray any An-danitra no fototra hisian’ny fitiavana maharitra sy ny tanjona mandrakizay. Tokony hifandray Aminy isika izao mba hianatra ny zavatra tena manan-danja, hitia tahaka ny hitiavany ary hivoatra mba ho tonga tahaka Azy. Mijoro ho vavolombelona aho fa manan-danja amin’Izy ireo sy amintsika mandrakizay ny fifandraisantsika amim-pahatokiana amin’ny Ray any An-danitra sy ny Mpamonjy. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jeremia 31:3.
2. Mosesy 6:34.
3. Bruce R. McConkie, “The Mystery of Godliness” (Takariva amorom-patana nokarakarain’ny Oniversite an’i Brigham Young, 6 jan. 1985), speeches.byu.edu.
4. Jereo ny Bruce R. McConkie, “The Mystery of Godliness.
5. Mpanoratra tsy fantatra.
6. Jereo ny Ezra Taft Benson, “Cleansing the Inner Vessel,” *Ensign,* mey 1986, 4–7.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:63.
8. Jakôba 4:11.
9. Isaia 58:12.
10. Isaia 30:26.
11. Jereo ny Môrônia 7:48.



**Nosoratan'ny Rahavavy Joy D. Jones**
Filohan'ny Kilonga maneran-tany

# Fananana lanja tsy hay refesina

*Afaka ny hankafy matetika ny bitsika mahafinaritry ny Fanahy Masina isika izay manamarina ny fahamarinan'ny lanjantsika ara-panahy.*

Nandritra ny dia nataoko tany Sierra Leone tao Afrika Andrefana dia nandray anjara tamina fivoriana iray izay notarihan'ny mpitarika iray tao amin'ny Kilongan'ny tsatòka ny tenako. Tamim-pitiavana sy taminkalefahana ary tamim-pahatokian-tena ery no nitarihan'i Mariama ny fotoana ka mora foana ny hiheverana fa efa ela no naha-mpikamban'ny Fiangonana azy. Kanefa mpikambana vao tsy ela akory i Mariama.

Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana ny zandriny vavy, dia nanasa an'i Mariama hanatrika fotoam-pianarana tato am-piangonana niaraka taminy izy. Tena nanohina lalina an'i Mariama ny hafatra nozaraina tamin'izany. Niompana tamin'ny lalàn'ny fahadiovampitondrantena ilay lesona. Nangataka mba hampianarin'ny misiônera misimisy kokoa izy ary tsy ela dia nahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny Mpaminany Joseph Smith. Natao batisa tamin'ny taona 2014 izy ary tamin'ny volana lasa teo no vita batisa ny zanany vavy. Alaivo sary an-tsaina hoe ny fampianarana fototra roa nitondra an'i Mariama ho amin'ny fiovam-po dia ny lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena sy ny Mpaminany Joseph Smith. Zavatra roa izay matetika heverin'izao tontolo izao ho tsy misy dikany sy nilaozan'ny toetr'andro, na manorisory. Kanefa i Mariama dia nijoro ho vavolombelona fa toa ireny samoina voasariky ny hazavana ireny izy. "Rehefa nahita ny filazantsara aho dia nahita ny tenako," hoy izy. Nahafantatra ny tenany tamin'ny alalan'ireo fitsipika avy amin' Andriamanitra izy. Ny lanjany amin'ny maha-zanakavavin' Andriamanitra azy dia nambara taminy tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina.


Izao indray isika dia hiresaka momba an-dry Singh mirahavavy isany avy ao Inde. I Renu, eo amin'ny sisiny ankavanana, izay voalohany niditra ho mpikamban'ny Fiangonana tamin'izy dimy mirahavavy dia nizara ireto teny ireto:

"Talohan'ny nanadihadiako ny Fiangonana dia tsy tena nahatsapa ny tenako hoe tena manan-danja izany aho. Izaho dia olona iray fotsiny tao anatin'ny olona maro, ary ny fiarahamonina sy kolontsaina niainako dia tsy tena nampianatra ahy fa manana ny lanjany aho amin'ny maha-olombelona ahy. Rehefa nianatra ny filazantsara aho ka nahafantatra fazanakavavin'ny Raintsika any An-danitra, aho, dia nampiova ahy izany. Tampoka teo dia nahatsapa tena ho tena niavaka aho. Raha ny marina dia nisy lanjany sy tanjona ny namoronan' Andriamanitra ahy sy ny fanahiko ary ny fiainako.

"Talohan'ny nananako ny filazantsara teo amin'ny fiainako dia niezaka foana aho nanaporofo tamin'ny hafa fa izaho dia olona iray miavaka. Kanefa rehefa nahafantatra ny marina aho fa zanakavavin' Andriamanitra dia tsy nila nanaporofo na inona na inona



*I Mariama, izay miara-maka sary amin'ny zanany vavy, dia nahafantatra ny hasarobidiny rehefa avy nahafantatra ireo fitsipika avy amin' Andriamanitra.*



*Nanome fiadanana sy herim-po an'i Taiana hiatrehana ireo fitsapana nolalovany ny fahafantarany fa zanakavavin' Andriamanitra izy.*

tamin'iza na iza. Fantatro tamin'izany fa olona miavaka aho. . . . Aza mihevitra ny tenanao ho tsinontsinona na oviana na oviana."

Nolazain'ny Filoha Thomas S. Monson tamin'ny fomba tonga lafatra izany rehefa niteny ireto teny ireto izy: "Ny maha-sarobidy ny fanahin'olona iray dia ny fahafahany ho tonga tahaka an' Andriamanitra."[1]

Vao haingana aho no nanana fahafahana nihaona tamina zatovovavy iray hafa izay mahatakatra io fahamarinana io koa. Taiana no anarany. Tao amin'ny Hôpitalin'ny Kilonga ao Salt Lake City no nihaonako taminy. Taona faharoa tao amin'ny lisea i Taiana rehefa hita fa voan'ny homamiadana. 18 volana no nitolomany tamin-kerim-po nialoha ny nahafatesany vao tsy ela akory izay. Olona feno fifaliana sy fitiavana i Taiana. Fantatra tamin'ny tsikiny izay mamindra sy ny fanehoany fankasitrahana amin'ny "ankihiben-tanany roa manondro ambony" izy. Rehefa nanontany ny hafa hoe: "Nahoana no ianao ry Taiana no marary?" dia toy izao no navaliny, "Fa maninona moa raha izaho?" I Taiana dia nikatsaka ny ho toa ny Mpamonjy azy izay tena tiany tokoa. Nandritra ireo fitsidihanay dia nahafantatra aho fa takatr'i Taiana ny lanjany masina. Ny fahafantarany fa zanakavavin' Andriamanitra izy dia nanome fiadanana sy herim-po ho azy hiatrehana tamim-pahatokian-tena toy ny nataony, ny fitsapana mavesatra nolalovany.

I Mariama, sy i Renu ary i Taiana dia mampianatra antsika fa ny Fanahy dia hanamafy amin'ny tsirairay avy amintsika ny fananantsika lanja masina. Ny fahafantarana marina fa zanakavavin' Andriamanitra ianao dia hisy fiantraikany eo amin'ny lafim-piainanao rehetra ary hitarika anao ao amin'ny asa fanompoana ataonao isan'andro. Tamin'ireto teny miavaka ireto no nitondran'ny Filoha Spencer W. Kimball izao fanazavana izao:

"Andriamanitra no Rainao. Tiany ianao. Izy sy ilay reninao any andanitra dia manome lanja anao mihoatra ny zava-drehetra. . . . Miavaka ianao. Olona iray izay manana faharanitantsaina mandrakizay izay manome anao fahafahana hahazo ny fiainana mandrakizay.

"Tsy tokony hiahiahy mihitsy ny amin'ny lanjan'ny tenanao manokana ianao. Ny tena tanjon'ny drafitry ny filazantsara dia ny hanomezana anao fahafahana manatratra ilay hery faratampony anananao, izay midika ho fivoarana mandrakizay sy fahafahana ho lasa andriamanitra."[2]

Aleo asongadiko ny ilana hanavahana teny roa saro-pady: *lanja* sy ny *fahamendrehana*. Tsy mitovy izy roa ireo. Ny *lanja* ara-panahy dia midika hoe manome lanja ny tenantsika amin'ny fomba fanomezan'ny Ray lanja antsika fa tsy amin'ny fomba fanomezan'izao tontolo izao lanja antsika. Ny lanjantsika dia voafaritra mialoha ny nahatongavantsika tety an-tany. "Tsy manam-petra ny fitiavan' Andriamanitra ary haharitra mandrakizay izany."[3]

Etsy ankilany, ny *fahamendrehana* dia tratrarina amin'ny alalan'ny fankatoavana. Raha toa isika ka manota dia mihena ny fahamendrehantsika kanefa tsy ho tsy manan-danja na oviana na oviana isika! Manohy mibebaka sy milofo ny ho toa an'i Jesoa isika miaraka amin'ny lanjantsika tsy misy tomíka. Nampianatra ny Filoha Brigham Young hoe: "Ny fanahy kely indrindra eto ambonin'ny tany . . . dia mitovy lanja amin'ny tontolo maro."[4] Na inona na inona mitranga dia manan-danja mandrakariva isika eo imason'ny Raintsika any An-danitra.

Na dia eo aza io fahamarinana io dia firy amintsika no mitolona indraindray amin'ny fieritreretana sy fahatsapana zavatra ratsy momba ny tenantsika? Manao izany aho. Fahadisoana mora atao izany. I Satana dia rain'ny lainga rehetra indrindra raha ny amin'ny fandisoana ny mahakasika ny toetra araka an' Andriamanitra sy ny tanjontsika. Tsy manampy antsika ny fieritreretana ny tenantsika ho tsy misy dikany. Fa manakana ny fivoarantsika aza izany. Araka ny nampianarina antsika matetika dia "Tsy misy olona afaka manambany anao raha tsy avelanao manao izany izy."[5] Azontsika atao ny mitsahatra tsy mampitaha ny zavatra faran'izay ratsy avy amintsika amin'ny zavatra tsara indrindra vitan'ny hafa. "Mandroba ny fifaliana ny fampitahana ny tena amin'ny hafa."[6]

Kanefa ny Tompo dia manome toky antsika fa rehefa manana eritreritra madio isika dia homeny fahatokian-tena, eny fahatokian-tena ny hahafantatra ny tena maha-antsika antsika mihitsy. Tsy mbola nisy velively fotoana iray manan-danja kokoa noho ny amin'izao mba hihainoana ny teniny. Hoy Izy hoe: "Aoka handravaka tsy an-kijanona ny eritreritrao ny hatsaram-panahy." "Dia hihamahery ny fahatokian-tenanao eo anatrehan' Andriamanitra; ary . . . ny Fanahy Masina no ho namanao lalandava."[7]

Ny Tompo dia nanambara ity fahamarinana fanampiny ity tamin'ny Mpaminany Joseph Smith: "Izay



*Tamin'ny alalan'ny filazantsara, i Renu Singh (amin'ny sisiny havanana) dia nahafantatra ny lanjany amin'ny zanakavavin' Andriamanitra azy ary izy no lasa mpikamban'ny Fiangonana voalohany tamin' izy dimy mirahavavy.*

mandray avy amin' Andriamanitra, dia aoka izy hihevitra izany ho avy amin'Andriamanitra; ary aoka izy hifaly fa isain' Andriamanitra ho mendrika ny handray."[8] Rehefa mahatsapa ny Fanahy isika, araka ny fanazavana omen'io andinin-tsoratra masina io, dia mahafantatra fa ny zavatra izay tsapantsika dia avy amin'ny Raintsika any An-danitra be fitiavana. Mankasitraka sy midera Azy isika noho ny fitahiany antsika. Dia mihoby isika fa anisan'ireo mendrika ny handray.

Alaivo sary an-tsaina hoe indray maraina raha teo am-pamakiana ny soratra masina ianao dia nibitsika taminao ny Fanahy Masina fa marina ny zavatra novakinao. Afaka mamantatra ny Fanahy ve ianao ka ho faly fa nahatsapa ny fitiavan'ny Ray ary mendrika ny handray?

Ry reny isany, mety ho mandohalika eo akaikin'ny zanakao efa-taona ianao rehefa mivavaka mialoha ny hatoriana izy. Hisy fahatsapana hanenika anao rehefa mihaino ianao. Hahatsapa hafanana sy fiadanana ianao. Fohy ilay fahatsapana, kanefa ho fantatrao fa ianao, amin'izany fotoana izany, dia voaisa ho mendrika ny handray. Mety mahalana raha hisy aza izany, ny hahitantsika fisehoan-javatra goavana ara-panahy eo amin'ny fiainantsika; saingy isika dia afaka ny hankafy matetika ny bitsika mahafinaritry ny Fanahy Masina izay manamarina ny fahamarinan'ny lanjantsika ara-panahy.

Ny Tompo dia nanazava ny fifandraisana misy eo amin'ny lanjantsika sy ny sorompanavotana lehibe nataony rehefa niteny hoe:

"Tadidio fa lehibe ny hasarobidin'ny olona eo imason' Andriamanitra;

"Fa indro, ny Tompo Mpanavotra anao dia niaritra fahafatesana tamin'ny nofo; koa niaretany ny fangirifirian'ny olon-drehetra, mba hahazoan'ny olondrehetra mibebaka sy manatona Azy."[9]

Ry rahavavy isany, noho ny zavatra nataony ho antsika dia, "voafatotra Aminy amin'ny rohim-pitiavana isika."[10] Hoy Izy: "Ary naniraka ahy ny Raiko mba hahazoana manandratra Ahy eo amin'ny hazo fijaliana; ary taorian'ny efa nanandratana Ahy teo amin'ny hazo



fijaliana, dia ny mba hahazoako misintona ny olon-drehetra aty Amiko."[11]


Ny mpanjaka Benjamina ihany koa dia nanazava ny amin'io fifandraisana mampifamatotra amin'ny Mpamonjy antsika io: "Ary indro hiaretany ny fakampanahy sy ny fanaintainan'ny vatana, dia hanoanana, hetaheta ary harerahana na dia mihoatra noho izay azon'ny olona zakaina aza izany kanefa tsy hatramin'ny fahafatesana; fa indro mivoaka ny mason-koditra rehetra ny ra, fa ho lehibe loatra ny fitaintainany noho ny faharatsiana sy ny fahavetavetan'ny olony."[12] Izany fijaliana izany sy ny vokatr'izany fijaliana izany dia mameno ny fontsika amin'ny fitiavana sy fankasitrahana. Nampianatra ny Loholona Paul E. Koelliker hoe: "Rehefa esorintsika ireo zavatra mahavarimbariana izay misintona antsika mankany amin'izao tontolo izao, ka ampiharintsika ny fahafahantsika misafidy mba hikatsahana Azy, dia manokatra ny fontsika isika hahazo hery selestialy iray izay misarika antsika hankany Aminy."[13] Raha toa ny fitiavana tsapantsika ho an'ny Mpamonjy sy ny zavatra vitany ho antsika ka lehibe mihoatra ny hery anomezantsika toerana ny fahalemena, tsy fahatokian-tena, na fahazaran-dratsy dia hanampy antsika handresy ireo zavatra izay mahatonga ny fijaliana eo amin'ny fiainantsika Izy. Mamonjy antsika amin'ny fahalementsika Izy.

Aleo hamafisiko indray fa raha toa ny fisarihan'izao tontolo izao ka matanjaka kokoa noho ny finoantsika ny Mpamonjy sy ny fahatokiantsika Azy dia handresy hatrany ny fisarihan'izao tontolo izao. Raha misafidy ny hifantoka amin'ny fieritreretana zavatra ratsy sy amin'ny fisalasalana ny amin'ny lanjantsika isika raha toa ka tokony hifikitra amin'ny Mpamonjy dia ho lasa sarotra kokoa ny hahatsapa ny fitaoman'ny Fanahy Masina.

Ry rahavavy, aoka isika tsy hiroaroa saina ny amin'ny hoe iza isika! Raha matetika no mora kokoa ny matoritory ara-panahy raha oharina amin'ny fanaovana ny ezaka ara-panahy mba hahatsiahy sy hanaiky ny toetrantsika amin'ny maha-Andriamanitra, dia tsy azontsika atao ny manome vahana izany amin'izao andro farany izao. Enga anie isika, amin'ny maha-mpirahavavy antsika, " ho mahatoky ao amin'i Kristy; . . . fa hanandratra [antsika] kosa anie i Kristy, ary enga anie ny fijaliany sy ny fahafatesany, . . . ary ny famindram-pony sy ny fahari-pony ary ny fanantenana ny voninahiny sy ny fiainana mandrakizay hitoetra mandrakizay ao [an-tsaintsika]."[14] Rehefa ampiakarin'ny Mpamonjy eo amin'ny faritra ambony kokoa isika dia tsy hoe afaka mahita mazava bebe kokoa fotsiny ilay tena maha-izy antsika fa lasa akaiky Azy kokoa noho izay noheverintsika. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Ao amin'ny Thomas S. Monson, "Our Sacred Priesthood Trust", *Liahona,* mey 2006.
2. Spencer W. Kimball, "Privileges and Responsibilities of Sisters," *Ensign,* Nov. 1978, 105.
3. D. Todd Christofferson, "Hitoetra ao amin' ny fitiavako", *Liahona,* nôv. 2016.
4. Brigham Young, "Remarks," *Deseret News,* mar. 6, 1861, 2.
5. Voalaza fa nambaran'i Eleanor Roosevelt.
6. Voalaza fa nambaran'i Eleanor Roosevelt.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:45, 46
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:34.
9. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:10–11.
10. "Divin amour," *Cantiques,* no. 59.
11. 3 Nefia 27:14
12. Môsià 5:7.
13. Paul E. Koelliker, "Tena tia antsika tokoa Izy", *Liahona,* mey 2012.
14. Môrônia 9: 25.



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Telo mirahavavy

*Tompon'andraikitra amin'ny maha-mpianatra antsika isika, ary tsy miankina, raha misy dia kely, amin'ny fomba fandraisan'ny hafa antsika izany.*

Ry ranabavy malala, ry namana malala, ny fanombohana ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany amin'ny fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany dia tena manan-danja ary mahatalanjona. Alaivo sary an-tsaina anie: rahavavy amin'ny taona samihafa, avy amin'ny toe-piainana samihafa, avy amin'ny firenena samihafa ary fiteny samihafa miray hina ao amin'ny finoana sy fitiavana an'i Jesoa Kristy Tompo.

Nandritra ny fotoana vao tsy ela nihaonanay tamin'ny mpaminany malalantsika, ny Filoha Thomas S. Monson, dia naneho taminay ny fitiavany ny Tompo izy. Ary fantatro fa ny Filoha Monson dia tena mankasitraka tokoa ny fitiavanareo sy ny vavaka ataonareo ary ny fanolorantenanareo ho an'ny Tompo.

Taloha ela be, tany an-tany lavitra tany, dia nisy fianakaviana iray nanana zanaka telo mirahavavy.

Ny voalohany dia **malahelo.** Ny zavatra rehetra eny aminy sy ny momba azy dia toa tsy mahafapo avokoa. Rehefa miteny izy dia miteniteny foana indraindray, ary dia mihomehy ny olona. Rehefa mitsikera azy ny olona na "tsy" manasa azy ho amin'ny zavatra iray, dia menatra izy, mandeha misintaka, ary mitady toerana mangina izay hamoahany ny senton'alahelony sy hieritreretany hoe nahoana ny fiainana no dia lasa mahakivy sy miangatra toy izao.

Ny faharoa dia **tezitra.** Nieritreritra ny tenany ho marani-tsaina izy, saingy misy olona hafa foana mahazo naoty ambony noho ny azy amin'ireo fanadinana any an-tsekoly. Nihevitra ny tenany ho mampihomehy, tsara tarehy, mahara-damaody, ary mahavariana izy. Saingy toa misy olona mampihomehy kokoa, na tsara tarehy kokoa, na mahara-damaody kokoa, na mahavariana kokoa mihoatra azy foana.

Tsy mba voalohany mihitsy izy na amin'inona na amin'inona, ary izany dia tsy zakany. Tsy tokony ho toy izany ny fiainana!

Indraindray izy dia manao vava mahery amin'ny hafa, ary toa misy zavatra mila hahatezitra azy foana.

Mazava ho azy fa tsy nahatonga azy ho lasa tian'olona na malaza kokoa izany. Indraindray izy manidy ny vazany, mamokona ny totohondriny, ary mieritreritra hoe: "Tena tsy rariny ny fiainana!"

Dia nisy ihany koa rahavavy fahatelo. Tsy tahaka ireo rahavaviny malahelo sy tezitra izy. Izy indray dia **faly.** Ary izany akory tsy hoe satria maranitsaina kokoa na tsara tarehy kokoa na mahavita zavatra kokoa noho ireo rahavaviny izy. Tsia, nolavina sy tsy niraharahiana koa izy indraindray. Ihomehezan'izy ireo indraindray ny fitafiany na ny zavatra lazainy. Milaza zavatra ratsy momba azy izy ireo indraindray. Kanefa tsy nisy navelany hanelingelina azy loatra izany.

Tia mihira io rahavavy io. Tsy dia mahay mihira izy, ary mampihomehy ny olona izany, saingy tsy nahasakana azy izany. Lazainy hoe: "Tsy ny olona hafa na ny fiheverany no andeha avelako hanakana ahy tsy hihira!"

Ilay tsy fijanonany mihira dia nahatonga ilay rahavaviny voalohany ho malahelo sy ilay rahavaviny faharoa ho tezitra.

Nandeha ny taona, ary dia samy tonga tamin'ny fiafaran'ny fotoana iainany ireo mpirahavavy ireo.



Ilay rahavavy voalohany, izay nahita foana fa be fahadisoam-panantenana ny fiainana, dia maty tao *anaty alahelo.*

Ilay faharoa, izay mahita zavatra vaovao tsy tiana isan'andro dia maty tao *anaty hatezerana.*

Ary ilay rahavavy fahatelo, izay nandany ny fiainany tamin'ny fihirana hira tamin'ny heriny manontolo sy niaraka tamin'ny tsikitsiky teny amin'ny endriny, dia maty tao *anaty fifaliana.*

Marina fa tsy mora mihitsy ny fiainana, ary ny olona tsy ho tsotra sy tsy miova tahaka ireo mpirahavavy anankitelo voalaza ato amin'ity tantara ity mihitsy. Saingy na ny ohatra tafahoatra tahaka ireto aza dia afaka mampianatra antsika zavatra momba ny tenantsika. Raha tahaka ny ankamaroanay ianao dia mety efa nahatsapa ho anisan'ny iray na roa amin'ireto mpirahavavy ireto na mety izy telo mihitsy aza. Ndeha hojerentsika akaiky ny tsirairay amin'izy ireo.



Nandova ny toetra ara-panahin' Andriamanitra ianao. Manana fanomezam-pahasoavana tsy manampaharoa avy tamin'ny famoronana ara-panahy ianao izay nivelatra nandritra ilay fotoana maro tany amin'ny fiainanao talohan'ny nahaterahana. Ianao dia zanak'ilay Raintsika any An-danitra feno famindrampo sy maharitra mandrakizay, ilay Tompon'ny Maro, Ilay nahary izao rehetra izao sy nametraka ireo kintana mihodinkodina manerana ny habakabaka midadasika ary nametraka ireo planeta amin'ny toerana misy azy avy.

Mikarakara anao Izy.

Tena tsara karakara.

Mikarakara am-pitiavana.

Miraharaha anao Izy.

Ary tsy misy na inona na inona lazain'ny olona momba anao afaka manova izany. Tsy misy dikany ny tenin'izy ireo raha oharina amin'ny zavatra lazain' Andriamanitra momba anao.

Zanany sarobidy ianao.

Tiany ianao.

Na dia manao fahadisoana aza ianao, na dia efa miala Aminy aza ianao, dia tia anao Andriamanitra. Raha mahatsapa tena ho very, na tsy raharahiana, na hadino ianao, dia aza matahotra. Hahita anao ilay Mpiandry Tsara. Ho batainy eo an-tsorony ianao. Ary hitondra anao mody Izy.[2]

Ry rahavaviko malala, ampidiro lalina ao am-ponareo ireo fahamarinana ireo. Dia ho hitanareo fa misy antony maro tsy tokony hampalahelo, satria manana anjara mandrakizay hotratrarina ianareo.

Ilay Mpamonjy malala an'izao tontolo izao dia nanome ny ainy mba hahafahanareo misafidy ny hanao izay haha-tena misy izany anjara izany. Efa nitondra ny anarany ianareo. Mpianany ianareo. Ary noho Izy dia afaka ny hisikina ny voninahitra mandrakizay ianareo.

#### Ilay tra-doza

Ilay rahavavy voalohany dia nahita ny tenany ho tra-doza, toy ny olona ahetsika.[1] Mahatsiaro izy fa nisy zavatra nifanesy niseho taminy hatrany izay nahatonga azy ho ory. Tamin'izany fomba fijery ny fiainana izany, dia namela ny hafa hifehy ny toe-pony sy ny toe-tsainy izy. Raha manao izany isika dia ho ampitambolimbolenin'ny rivotry ny hevitra samy hafa rehetra, ary amin'izao andro izao izay ahitana ny tambazotra ifaneraserana etsy sy eroa, dia mafy toy ny rivo-mahery ny fitsokan'izany rivotra izany.

Ry ranabavy malala, nahoana ny fahasambaranareo no avelanareo hiankina amina olona, na andian'olona, izay tsy miraharaha firy anareo na ny fahasambaranareo?

Raha mahatsapa tena ho miahiahy momba ny zavatra lazain'ny olona momba anao ianao, dia te hanoro anao izao fanafody izao aho: tsarovy hoe iza ianao. Tsarovy fa ianao dia avy ao amin'ny lapam-panjakan' Andriamanitra, zanakavavin'ny Ray aman-dReny any An-danitra, izay manjaka amin'izao rehetra izao.

#### Ilay mpankahala

Ilay rahavavy faharoa dia tezitra tamin'izao tontolo izao. Tahaka ilay rahavaviny malahelo, dia nahatsapa izy fa ireo olana mitranga eo amin'ny fiainany dia avy amin'olona hafa. Nomeny tsiny ny fianakaviany, ny namany, ny lehibeny sy ny mpiara-miasa aminy, ny pôlisy, ny mpiara-belona aminy, ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana, ny lamaody ankehitriny, ny hamafin'ny hainandro, ary ny faharatsiam-bitana fotsiny izao. Ary manao vava mahery amin'ireo rehetra ireo izy.

Tsy nieritreritra ny tenany ho olona ratsy fanahy izy. Mifanohitra amin'izany aza fa ny tenany ihany no arovany. Ny olona rehetra, raha ny finoany, dia entanin'ny fitiavan-tena sy ny fifantohana amin'ny zavatra tsy misy dikany ary ny fankahalana. Izy kosa anefa etsy andanin'izany dia entanin'ny fikasana tsara, dia ny fahamarinana sy ny tsy fivadihana ary ny fitiavana.

Mampalahelo anefa fa ilay fomba fieritreretan'ilay rahavavy tezitra dia

tena fanaon'ny olona. Voamarika izany tao anaty fikarohana iray vao tsy ela momba ny fifandirana eo amin'ny vondrona mpifahavalo. Tao anatin'ilay fikarohana ireo mpikaroka dia nanadihady Palestinianina sy Isiraelianina tany Moyen-Orient ary Repoblikana sy Demôkraty teto Etazonia. Nahita izy ireo fa "na ny ankilany na ny andaniny dia samy nahatsapa fa ny vondrona misy azy dia [n]entanim-pitiavana fa tsy fankahalana, saingy rehefa anontaniana hoe nahoana ny fahavalon'izy ireo no mirotsaka anatin'ilay fifandirana, dia nolazain' [izy ireo] fa fankahalana no manentana ilay vondrona hafa."[3]

Raha lazaina amin'ny teny hafa, ny vondrona tsirairay dia samy mieritreritra ny tenan'izy ireo ho "olona tsara": manao ny rariny, tsara fanahy ary azo itokisana. Ny fahavalon'izy ireo kosa anefa dia hitan'izy ireo ho ny "olondratsy": tsy mahalala zavatra, tsy marintoetra, ratsy mihitsy.

Tamin'ny taona nahaterahako dia tao anatin'ny ady mahatsiravina izay niteraka alahelo tsy hay zakaina sy fahoriana tena manimba izao tontolo izao. Io ady io dia natomboky ny fireneko, natombok'andian'olona izay nandray andian'olona hafa ho ratsy ka namporisika ny fankahalana azy ireo.

Nampanginin'izy ireo izay tsy tiany. Nalainy baraka sy noharatsiany izy ireo. Noraisin'izy ireo ho ambany izy ireo, ary ambany noho ny olombelona mihitsy. Raha vao manambany vondron'olona iray ianao dia azo inoana fa hanamarina ny teny na ny fihetsika feno herisetra atao amin'izy ireo.

Tsy mahate hieritreritra ny zavatra nitranga tao Alemana nandritra ny taonjato faha-20.

Rehefa misy olona manohitra antsika na tsy mitovy hevitra amintsika dia alaim-panahy isika hieritreritra fa tsy maintsy misy zavatra tsy mety any aminy. Ary avy eo dia tena mora ny manao izay zavatra lazainy sy ataony ho vokatry ny fikasana ratsy indrindra.

Marina fa tsy maintsy mijoro amin'ny marina foana isika, ary misy fotoana izay tsy maintsy hanandratantsika ny feontsika noho izany tanjona izany. Kanefa rehefa manao izany amin-katezerana na amim-pankahalana ao am-pontsika isika, rehefa manao vava mahery amin'ny hafa isika ka mahatohina na manala baraka na mampangina azy ireo, dia mety tsy manao izany amim-pahamarinana isika.

Inona no nampianarin'ny Mpamonjy?

"Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe: Tiava ny fahavalonareo, [manaova soa amin'izay mankahala anareo; misaora izay manozona anareo, ary mivavaha ho an' izay manisy ratsy anareo,]

"Mba ho tonga zanaky ny Rainareo Izay any an-danitra hianareo."[4]

Izany no fomban'ny Mpamonjy. Izany no dingana voalohany amin'ny fandravana ilay sakana izay miteraka hatezerana, fankahalana, fisarahambazana, ary herisetra eo amin'izao tontolo izao.

Mety hiteny ianareo hoe: "Eny, tena vonona ny hitia ny fahavaloko aho, raha toa ka vonona ny hanao toy izany koa izy ireo."

Saingy tsy dia manan-danja loatra anefa izay, sa ahoana? Tompon'andraikitra amin'ny maha-mpianatra antsika isika, ary tsy miankina, raha misy dia kely, amin'ny fomba fandraisan'ny hafa antsika izany. Manantena isika mazava ho azy fa mba hahatsapa tena sy ho be fiantrana izy ireo ho setrin'izany, saingy ny fitiavantsika *azy ireo* dia tsy miankina amin'ny fahatsapana ananan'izy ireo *amintsika*.

Mety hampalefaka ny fon'izy ireo ny ezaka ataontsika mba hitia ny fahavalontsika ary hitaona azy ireo amin'ny tsara. Mety tsy ho izany koa. Saingy tsy manova ny fanolorantenantsika hanaraka an'i Jesoa Kristy izany.

Koa amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy antsika, dia ho tia ny fahavalontsika isika.

Handresy ny fahatezerana na ny fankahalana isika.

Hofenointsika fitiavana ho an'ireo zanak' Andriamanitra rehetra ny fontsika.

Hanolo-tanana ny hafa mba hitahy sy hanompo azy ireo isika, na dia ireo izay "manisy ratsy [antsika]" aza.[5]

### Ilay tena mpianatra

Ilay rahavavy fahatelo dia maneho ny tena mpianatr'i Jesoa Kristy. Nanao zavatra izay tena mety ho sarotra natao izy, natoky an' Andriamanitra izy na dia teo aza ny fanesoana sy ny fahoriana. Nihazona ny finoany sy ny fanantenany izy na dia teo aza ny faniratsirana sy ny fanendrikendrehana manodidina azy. Niaina tamin-kafaliana izy, tsy hoe satria ny zavatra iainany no nahafaly fa satria *izy* no falifaly.

Tsy misy amintsika mandalo ny lalam-piainana ka tsy miatrika fanoherana. Miaraka amin'ireo hery maro be izay miezaka mitarika antsika hiala lavitra, ahoana no hihazonantsika ny fijerintsika mba hifantoka amin'ilay fahasambarana be voninahitra izay nampanantenaina ho an'ny mahatoky?

Mino aho fa ny valin'izany dia hita ao amin'ny nofy iray izay nananan'ny mpaminany iray, arivo taona maro lasa



izay. Ny anaran'ilay mpaminany dia Lehia, ary ny nofiny dia voarakitra ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, izay boky tena sarobidy no mahavariana tokoa.

Tao amin'ny nofiny i Lehia dia nahita saha midadasika iray ary tao anatin'izany dia nisy hazo mahavariana, hazo tsara be izay tsy hay fariparitana. Nahita vondron'olona midadasika ihany koa izy izay nandeha nanatona ilay hazo. Naniry ny hanandrana ny voany izay be voninahitra izy ireo. Nahatsapa sy natoky izy ireo fa hitondra fahasambarana sy fiadanana maharitra ho azy ireo izany.

Nisy lalana ety nitondra nankany amin'ilay hazo, ary teo anilan'izany dia nisy anja-by iray izay nanampy azy ireo hijanona amin'ilay lalana. Saingy nisy zavon'ny haizina ihany koa nanamaizina ny fahitan'izy ireo ilay lalana sy ilay hazo. Ary angamba ny tena loza dia ny feon'ny fihomehezana sy ny fanarabiana avy tamin'ny trano lehibe sy midadasika iray teo akaiky teo. Ny zavatra manaitra dia naharesy lahatra ireo olona izay efa tonga teo amin'ilay hazo sy nanomboka nanandrana ny voany mahavariana mihitsy ilay fanesoana ka nahatsapa menatra ireo ary lasa nirenireny niala teo.[6]

Angamba nanomboka nisalasala ny amin'ilay hazo ho tsy tena mahafinaritra toy ny nieritreretany azy tamin'ny voalohany izy ireo. Angamba nanomboka nanontany tena momba ny zavamisy nanoloana ny zavatra niainany izy ireo.

Mety nieritreritra angamba izy ireo hoe raha miala amin'ilay hazo izy ireo dia mety ho mora kokoa ny fiainana. Mety tsy te ho afa-baraka sy ihomehezana intsony angamba izy ireo.

Ary eny tokoa, ireo olona izay naneso azy ireo dia toa ravoravo sy mahazo fahafinaretana. Koa angamba raha miala amin'ilay hazo izy ireo dia horaisin'ilay vondron'olona ao amin'ilay trano mijoalajoala sy malalaka ary hotehafina noho ny fahaizany mitsara sy ny faharanitan-tsainy ary ny fahatsarany.

#### Mijanòna amin'ilay lalana

Ry ranabavy malala, ry namana malala, raha hitanareo fa sarotra ny mifikitra amin'ilay anja-by sy ny mandeha tsy voahozongozona mankany amin'ny fanavotana; raha mahatonga anareo hisalasala ny fihomehezana sy ny fanalam-baraka izay toa feno fatokiana ataon'ny hafa; raha sahirana amin'ny fanontaniana tsy voavaly na fotopampianarana mbola tsy azonareo ianareo; raha mahatsapa malahelo ianareo noho ny fahadisoam-panantenana, dia manainga anareo aho mba hahatsiaro ny nofin'i Lehia.

Mijanòna amin'ilay lalana!

Aza avotsotra mihitsy ilay anja-by, izany hoe ny tenin' Andriamanitra!

Ary rehefa misy olona manandrana manao izay hahamenatra anareo noho ny fandraisanareo ny fitiavan' Andriamanitra, dia aza raharahiana izy ireo.

Aza hadinoana mihitsy fa zanak' Andriamanitra ianareo, soa no aidiny; raha mianatra manao ny sitrapony ianareo dia hihaona Aminy indray![7]

Ny fampanantenana fiderana sy fanekena ataon'izao tontolo izao dia tsy azo antoka sy tsy marina ary tsy mahafapo. Ny fampanantenan' Andriamanitra dia azo antoka, marina ary mahafapo, ankehitriny ary mandrakizay.

Manasa anareo aho hijery ny fivavahana sy ny finoana amin'ny fomba fijery ambony kokoa. Tsy misy zavatra ao amin'ilay trano mijoalajoala sy malalaka izay afaka mitaha amin'ny vokatry ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.


Eny tokoa, "izay tsy mbola hitan'ny maso ary tsy mbola ren'ny sofina, na niditra tao am-pon'ny olona, na inona na inona no efa namboarin' Andriamanitra ho an'izay tia Azy."[8]

Nianatra manokana aho fa ny lalan'ny maha-mpianatra ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy no lalan'ny fifaliana. Izany no lalan'ny fiarovana sy fiadanana. Izany no lalan'ny fahamarinana.

Mijoro ho vavolombelona aho fa amin'ny alalan'ny fanomezampahasoana sy ny herin'ny Fanahy Masina dia afaka mianatra izany manokana koa ianareo.

Mandritra izany, raha toa ka lasa sarotra aminareo ilay lalana, dia manantena aho fa hahita fialofana sy hery ianareo ao amin'ireo vondrona mahatalanjona misy ato amin'ny Fiangonana, dia ny Kilonga sy ny Zatovovavy ary ny Fikambanana Ifanampiana. Tahaka ny fanoroan-dalana eny amin'ny lalana izy ireny, izay toerana ahafahanareo manavao ny fatokianareo sy ny finoanareo





ny lalana mbola hodiavinareo. Toerana azo antoka izy ireny, izay ahafahanareo mahatsapa fiombonana sy mandray fankaherezana avy amin'ireo rahavavinareo sy ireo mpianatra namanareo.

Ny zavatra ianaranareo any amin'ny Kilonga dia manomana anareo amin'ireo fahamarinana fanampiny hianaranareo rehefa zatovovavy. Ny lalan'ny maha-mpianatra izay arahinareo ao amin'ireo kilasin'ny Zatovovavy dia mitarika amin'ilay fiaraha-miombona sy ilay hoe mifampisakaiza ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Ao anatin'ny dingana tsirairay ao amin'ilay lalana dia omena fahafahana fanampiny ianareo haneho ny fitiavanareo ny hafa amin'ny alalan'ny asa feno finoana, fangorahana, fiantrana, hatsaran-toetra ary fanompoana.

Ny fisafidianana io lalan'ny maha-mpianatra io dia hitarika mankany amin'ny fahasambarana tsy hay lazaina sy ny fahatanterahana ny toetranareo araka an' Andriamanitra.

Tsy ho mora izany. Hitaky ny tsara indrindra avy aminareo izany, dia ny faharanitan-tsainareo, ny fahaizanareo mamorona, ny finoanareo, ny tsy fivadihanareo, ny herinareo, ny fahavononanareo ary ny fitiavanareo. Fa indray andro dia hitodika any aoriana ianareo hijery ny ezaka vitanareo ary ho feno fankasitrahana tokoa fa nijanona ho matanjaka, nino, ary tsy niala tamin'ilay lalana.

**Mandrosoa hatrany**

Mety hisy zavatra maro eo amin'ny fiainana izay tsy voafehintsika. Saingy amin'ny farany, dia manana ny hery hisafidianana ny toerana halehanareo sy ireo zavatra iainanareo ianareo eo amin'ilay lalana. Tsy ny fahafahanareo manao zavatra loatra no mampisy fiovana eo amin'ny fiainanareo fa ireo safidy ataonareo.[9]

Aza avela hahatonga anareo ho malahelo ny zavatra mitranga aminareo.

Aza avela hahatonga anareo ho tezitra izany.

Afaka mifaly ianareo fa zanak' Andriamanitra. Afaka mahita fifaliana sy fahasambarana ianareo ao amin'ny fahasoavan' Andriamanitra sy ao amin'ny fitiavan'i Jesoa Kristy.

Afaka ny ho faly ianareo.

Mamporisika anareo aho mba hameno ny fonareo amin'ny fankasitrahana noho ny hatsaran' Andriamanitra izay betsaka sy tsy misy fetra. Ry ranabaviko malala, vitanareo izany! Mivavaka amin'ny fitiavan'ny fanahiko rehetra aho mba hisafidiananareo ny handroso hatrany mankany amin'ilay hazon'aina. Mivavaka aho ny mba hisafidiananareo ny hanandratra ny feonareo ka hanao ny fiainanareo ho hira fiderana be voninahitra, mifaly amin'izay hoentin'ny fitiavan' Andriamanitra sy ireo fahagagana entin'ny Fiangonany ary ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ho an'izao tontolo izao.


Mety ho hitan'ny sasany ho tsy mampahazo aina na mavesatra loatra ny hiran'ny tena maha-mpianatra. Toy izany foana hatrany am-piandohan'ny fotoana.


Saingy amin'ny Raintsika any Andanitra sy ho an'ireo izay tia sy manaja Azy, dia izany no tena sarobidy sy mahafinaritra indrindra, ilay hiran'ny fitiavana manavotra sy ny fanompoana an' Andriamanitra sy ny mpiara-belona izay tena tsara sy manamasina.[10]

Apetrako aminareo ny tsodranoko amin'ny maha-Apôstôlin'ny Tompo ahy, fa hahita hery sy risimpo ianareo handrosoana amim-pifaliana amin'ny maha-zanakavavin' Andriamanitra anareo rehefa mandeha isan'andro eo amin'ilay lalana be voninahitry ny maha-mpianatra ianareo. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 2 Nefia 2:14, 26
2. Jereo ny Lioka 15:4–6
3. Boston College, "Study Finds Intractable Conflicts Stem from Misunderstanding of Motivation," *ScienceDaily,* Nov. 4, 2014, sciencedaily.com.
4. Matio 5:44–45
5. Matio 5:44
6. Jereo ny 1 Nefia 8
7. Jereo ny "Zanaky ny Ray aho," *Fihirana sy hiran'ny ankizy,* 2–3.
8. 1 Korintiana 2:9
9. Jereo ny "The Most Inspirational Book Quotes of All Time," pegasuspublishers.com/blog.
10. Jereo ny Almà 5:26.





Fivoriana Sabotsy Maraina | 30 Septambra 2017

**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Manin-te hody

*Atodiho mankany amin'ny fahazavana ny fanahinao. Atombohy ilay dianao mahafinaritra mody any an-trano. Rehefa manao izany ianao dia ho tsara kokoa sy ho faly kokoa, ary hisy dikany kokoa ny fiainanao.*

Raha nihaona tamin'ny Filoha Thomas S. Monson izahay vao haingana dia naneho tamin'ny fomba lehibe sy tamin'ny endrika feno fifaliana izy fa tena tiany ny Tompo ary fantany fa tia azy ny Tompo. Ry rahalahy sy anabavy malala, fantatro fa ny Filoha Monson dia tena mankasitraka tokoa ny fitiavanareo sy ny vavaka ataonareo ary ny fanolorantenanareo ho an'ny Tompo.

**Bobbie ilay alika mahagaga**

Efa ho zato taona lasa izay, nisy fianakaviana iray avy any Oregon nanao fialan-tsasatra tany Indiana, izay 3.200 km mahery lavitry ny tranony, ary very tany i Bobbie ilay alika tena tian'izy ireo. Nitaintaina ery ilay fianakaviana nikaroka tetsy sy teroa ilay alika kanefa tsy nahitam-bokany. Tsy hita i Bobbie.

Tamin'alahelo no niverenan'izy ireo hody. Ny kilaometatra tsirairay dia nanalavitra azy ireo tamin'ilay biby fitaiza an-trano tsy foin'izy ireo.

Enim-bolana taty aoriana dia talanjona ity fianakaviana raha nahita an'i Bobbie teo an-tokonam-baravaran'izy ireo tany Oregon. "Maloto sy mahia, ary votsi-tongotra mila ho hita mihitsy ny taolany, toa nandeha an-tongotra namita ilay halavirana iray manontolo. . . irery no fahitana [azy]."[1] Nahasarika ny eritreritry ny olona manerana an'i Etazonia ny tantaran'i Bobbie ka lasa fantatra tamin'ny hoe i Bobbie ilay alika mahagaga izy.

Tsy i Bobbie irery ihany akory no biby nampitolagaga ireo mpahay siansa amin'ny fahaizana mitadidy lalana sy ny fahalalana ny toeram-podiana izay tena mahagaga tokoa. Misy andiana lolo sasany mifindra monina any amin'ny 4.800 km any isan-taona mba ho any amin'ny toerana izay mety amin'ny fahaveloman'izy ireo. Ny soka-dranomasina dia miampita ny Ranomasimbe Pasifika miainga avy any Indonésie mihazo ny moron-dranomasin'i Californie. Ny trozona dia milomano avy any amin'ny rano mangatsiakan'ny tendron-tany Avaratra sy Atsimo mihazo ny fehibentany dia miverina avy eo. Angamba vao mainka aza tsy mampino fa ny sterne arctique (vorona kely manana elatra lava izay miaina eny amoron-drano) dia manidina avy any amin'ny Faribolana Arktika mankany Antarktika, izay halavirana eo amin'ny 97.000 km eo.

Rehefa nandinika io fihetsika mahasondriana io ny mpahay siansa dia nametraka fanontaniana toy ny hoe: "Ahoana no ahafantaran'izy ireo ny lalan-kalehany?" ary "Amin'ny fomba ahoana no nahafantaran'ny taranaka tsirairay nifandimby io fihetsika io?"

Rehefa namaky momba io saimbatana mahery vaika ao amin'ny biby io aho dia tsy haiko ny tsy hanontany tena hoe: "Mety hitombina ihany koa ve ny hananan'ny olombelona faniriana lehibe toy izany, na fitarihana avy ao anaty raha izay no tianao hiantsoako azy, izay misarika azy ho any amin'ny *fonenany any an-danitra*?"

Mino aho fa efa nisy fotoana tamin'ny fiainany ny lehilahy sy ny vehivavy, ary ny ankizy rehetra dia efa nahatsapa ilay faniriana mafy te ho any an-danitra. Ao anatintsika lalina ao dia misy faniriana mafy izay toa te handeha hihoatra ny voaly ka hamihina ireo Ray aman-dRenintsika any An-danitra izay fantatsika sy nolalaintsika fahiny.

Ny sasany dia mety hanafoana io faniriana mafy io sy hanao izay tsy





hahatsapany io faniriana mafy io. Kanefa ireo izay tsy maningotra io fahazavana io amin'ny tenany dia afaka manomboka dia iray mahatalanjona, fifindramonina mahagaga mankany amin'ireo toeram-ponenana any an-danitra.

#### Miantso anao Andriamanitra

Ny hafatra manentam-panahy entin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia ny hoe Andriamanitra dia Raintsika, miraharaha antsika Izy, ary misy fomba hiverenana any Aminy.

Miantso anao Andriamanitra.

Fantatr' Andriamanitra avokoa ny eritreritrao sy ny fahorianao, ary ireo fanantenanao lehibe indrindra. Fantatr' Andriamanitra ireo fotoana maro nitadiavanao Azy. Ireo fotoana maro nahatsapanao fifaliana tsy manam-petra. Ireo fotoana maro naha-kotsandranomaso anao tao anatin'ny fanirery. Ireo fotoana maro nahatsapanao ho tena ketraka, sahiran-tsaina, na tezitra.

Kanefa, na manao ahoana na manao ahoana ny tantaram-piainanao, raha toa ianao ka efa nitakemotra, na tsy nahomby, na nahatsapa ho rotidrotika, na maratra, na nivadihan'ny olona, na trotraka, dia fantaro fa tsy irery ianao. Mbola miantso anao Andriamanitra.

Manatsotra ny tanany aminao ny Mpamonjy. Ary tahaka ny nataony tamin'ireo mpanjono izay nijoro taloha ela be teo amin'ny moron-dranomasin'i Galilia dia miresaka aminao amimpitiavana tsy misy fetra Izy hoe: "Avia, manaraha ahy."[2]

Raha mihaino Azy ianao, dia hiresaka aminao mihitsy Izy anio.

Rehefa mandeha eo amin'ny lalan'ny maha-mpianatra ianao, rehefa mandroso mankamin'ny Ray any An-danitra ianao, dia misy zavatra ao anatinao ao izay hanamafy fa nahare ny antson'ny Mpamonjy ianao ary nampitodika ny fonao mankamin'ny fahazavana. Hiteny aminao izany fa eo amin'ny lalana marina ianao ary eo am-piverenana ho any Aminy.

Hatrany am-piandohana ireo mpaminanin' Andriamanitra dia namporisika ny olona tamin'ny androny mba "[hihaino] ny feon'i Jehovah Andriamanitrao, . . . hitandr[ina] ny didiny sy ny lalàny. . . , [ary] hiverina [Aminy] amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra."[3]

Mampianatra antsika antony an'arivony tokony hanaovantsika izany ny soratra masina.

Anio, dia mamelà ahy ianareo hanome antony roa tokony hiverenantsika amin'ny Tompo.

Voalohany: Ho tsara kokoa ny fiainanao.

Faharoa: Hampiasain' Andriamanitra ianao hanatsarana ny fiainan'ny hafa.

#### Ho tsara kokoa ny fiainanao

Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa manomboka na manohy ilay dia mahatalanjona izay mitondra any amin' Andriamanitra isika dia ho tsara kokoa ny fiainantsika.

Tsy midika akory izany hoe tsy hisy fahoriana ny fiainantsika. Isika rehetra dia samy mahafantatra mpanaradia mahatoky an'i Jesoa Kristy izay iharandoza sy zavatra tsy ara-drariny, i Jesoa Kristy tenany dia nijaly mihoatra ny olon-drehetra. Tahaka ny hampiposahan' Andriamanitra "ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy," no hamelany ihany koa ny hisian'ny fahoriana hitsapana ny marina sy ny tsy marina.[4] Raha ny marina, indraindray dia toa sarotra kokoa ny fiainantsika *satria* miezaka miaina mifanaraka amin'ny zavatra inoantsika isika.

Tsia, ny fanarahana ny Mpamonjy dia tsy hanaisotra ny fitsapana lalovanao rehetra. Kanefa ny fanarahana ny Mpamonjy dia hanaisotra ireo sakana manasaraka anao amin'ny fanampiana tian'ny Ray any An-danitra omena anao. Hiaraka aminao Andriamanitra. Hitantana anao amin'izay ataonao Izy. Handeha eo anilanao Izy ary hivimbina anao mihitsy aza amin'ny fotoana manahirana anao indrindra.

Hiaina ireo vokatra faratampon'ny Fanahy ianao dia ny: "fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamorampanahy, fanaovan-tsoa, [ary] finoana."[5]

Ireny vokatra ara-panahy ireny dia tsy vokatry ny firoboroboana, na fahombiazana ara-nofo, na hatsarambintana. Avy amin'ny fanarahana ny Mpamonjy ireny, ary afaka ny hanampy antsika eny mandritra ny fitsapana sarotra indrindra lalovantsika mihitsy.

Mety hanambana na hampitahotra ny hotakotaka sy ny savorovoron'izao tontolo izao kanefa ireo izay manankina ny fony amin' Andriamanitra dia hodidinin'ny fiadanany. Tsy hihendanja ny hafalian'izy ireo. Tsy hilaozana na hohadinoina izy ireo.

"Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra," araka ny fampianaran'ny soratra masina, "fa aza miankina amin'ny fahalalanao. Maneke Azy amin'ny alehanao rehetra."[6]

Ireo izay mihaino ilay antso anaty sy mikatsaka an' Andriamanitra, ireo izay mivavaka, sy mino ary mizotra amin'ny lalan'ny maha-mpanara-dia, na dia solafaka eny an-dalana aza indraindray, dia handray ilay fanomezan-toky mampahery manao hoe "hiara-hiasa ny zavadrehetra ho tombontsoa [ho azy ireo]."[7]

Satria "mampahatanjaka ny reraka [Andriamanitra] ary izay kely hery dia omeny hery be."[8]

"Fa potraka impito ny marina, nefa tafarina ihany."[9]

Dia nanontany ny Tompo tao anatin'ny hatsaram-panahiny hoe:

Te hiaina fifaliana maharitra ve ianao? Manam-paniriana mafy ny hahatsapa izany fiadanana izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra ao am-ponao izany ve ianao?[10]

Atodiho mankany amin'ny fahazavana ary ny fanahinao.

Atombohy ilay dianao mahafinaritra mody any an-trano.

Rehefa manao izany ianao dia ho tsara kokoa sy ho faly kokoa, ary hisy dikany kokoa ny fiainanao.



#### Hampiasa anao Andriamanitra

Vetivety dia ho tsapanao mandritra ny dianao miverina any amin' Andriamanitra fa tsy vitan'ny fifantohana amin'ny fiainanao fotsiny izany dia izany. Tsia, tsy azo ihodivirana fa io lalana io dia mitarika anao ho lasa fitahiana eo amin'ny fiainan'ny zanak' Andriamanitra sasany dia ny rahalahinareo sy ny anabavinareo izany. Ary ny zavatra mahaliana momba ilay dia ny hoe rehefa manompo an' Andriamanitra sy rehefa mikarakara sy manampy ireo mpiara-belona aminao ianao dia hahita fivoarana lehibe eo amin'ny fiainanao manokana amin'ny fomba tsy neritreretinao velively.

Angamba tsy mihevitra ny tenanao hoe misy dikany toy izany ianao; angamba tsy mihevitra ny tenanao ho fitahiana ho an'ny hafa ianao. Matetika rehefa mijery ny tenantsika isika dia ny fahalementsika sy ny tsy fahombiazantsika ihany no hitantsika. Mety hieritreritra isika fa tsy maintsy manampahaizana "bebe kokoa" amin'ny zavatra iray vao hampiasan' Andriamanitra; marani-tsaina bebe kokoa, manan-karena kokoa, maharesy lahatra kokoa, manan-talenta kokoa na arapanahy bebe kokoa. Tsy dia hoe noho ny fahaizanao loatra no hiavian'ny fitahiana fa noho ny safidinao. Ary ny Andriamanitr'izao tontolo izao dia hiasa ao anatinao sy amin'ny alalanao amin'ny fampitomboana ireo ezaka ataonao amim-panetrentena ho amin'ny tanjony.

Ny asany dia nandroso mandrakariva teo amin'ity fitsipika manan-danja ity: "Amin'ny alalan'ny zavatra madinika no hivoahan'izay lehibe."[11]

Rehefa nanoratra ho an'ny Olomasina tao Korinto i Paoly dia nanao fanamarihana fa an-kavitsiana tamin'izy ireo no azo lazaina ho hendry araka ny fenitr'izao tontolo izao. Kanefa tsy nampaninona izany satria "ny malemy amin'izao tontolo izao no nofinidin' Andriamanitra hampahamenatra ny mahery."[12]

Ny tantaran'ny asan' Andriamanitra dia feno olona izay nahatsapa ny tenany ho tsy nahavita azy. Kanefa izy ireo dia nanompo tamim-panentrentena, niantehitra tamin'ny famindram-pon' Andriamanitra, sy ny fampanantenany hoe: "Ny sandriny no ho sandriko, ary Izaho no ho ampingany sy ho fiarovany . . . , ka hiady amim-pahasahiana ho ahy ireo; ary . . . [Izaho hiaro] azy ireo."[13]

Tamin'ny fahavaratra farany teo ny fianakavianay dia nanana fahafahana lehibe hitsidika ny sasany tamin'ireo toerana manan-tantaran'ny Fiangonana voalohany tany amin'ny faritra atsinanan'i Etazonia. Toa niavaka kely fa niaina indray ny tantaran'ny tamin'izany fotoana izany izahay. Ny olona izay efa novakiako imbetsaka ny momba azy, olona toa an-dry Martin Harris, sy i Oliver Cowdery ary i Thomas B. Marsh, dia lasa tena nisy kokoa tamiko rehefa nandeha tamin'ny lalana nalehan'izy ireo izahay sy nisaintsaina tao am-ponay ny zavatra nafoin'izy ireo mba hananganana ny fanjakan' Andriamanitra.

Nanana toetra tsara maro izy ireo izay nahafahan'izy ireo nandray anjara lehibe tamin'ny Famerenana amin'ny Laoniny ny Fiangonan'i Jesoa Kristy. Kanefa dia olombelona ihany koa izy ireo, malemy, ary mety diso tahaka ny tsy maha-tanteraka ahy sy ianao. Ny sasany tamin'izy ireo dia tsy nifanaraka tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ka niala tamin'ny Fiangonana. Taty aoriana dia maro tamin'ireo olona ireo no niova fo, nanetry ny tenany ary nikatsaka sy nahita indray fiombonana niaraka tamin'ny Olomasina.

Mety manana fironana hitsara ireny rahalahy ireny sy ny mpikambana hafa toa azy ireny isika. Mety hilaza isika hoe: "Tsy ho nandao velively ny Mpaminany Joseph aho."

Mety ho marina izany kanefa tsy fantatsika mazava tsara ny mety ho fiainana tamin'izany fotoana izany tao anatin'ny toe-javatra nisy azy ireo. Tsia, tsy tanteraka izy ireo kanefa mahavelombolo ny mahafantatra fa Andriamanitra dia afaka nampiasa azy ireo na dia izany aza. Fantany ny tanjaka sy ny fahalemen'izy ireo ary nomeny fahafahana mahagaga izy ireo handray anjara kely avy ho an'ny faneva be lehiben'ny Famerenana amin'ny laoniny.

Tena mahavelom-bolo ny mahafantatra fa na dia tsy tanteraka aza *isika,* rehefa mitodika amin' Andriamanitra ny fontsika dia ho malala-tanana sy tsara fanahy amintsika Izy ary hampiasa antsika amin'ny fanatanterahana ny tanjony.

Ireo izay tia sy manompo an' Andriamanitra sy ny mpiara-belona aminy ka mandray anjara amimpanetrentena sy mavitrika amin'ny asany dia hahita zava-mahagaga hitranga eo amin'ny fiainan'izy ireo sy eo amin'ny fiainan'ireo olon-tiany.

Ny varavarana izay toa nikatona dia hivoha.

Handeha eo anoloany sy hanomana ny lalany ny anjely.

Na inona na inona andraikitra sahaninao ao amin'ny fiarahamonina na ao am-piangonana dia hampiasa anao Andriamanitra raha vonona ianao. Hampitombo ny faniriana tsara ananananao sy hanao izay hahatonga ireo asa feno fangorahana nafafinao ho lasa vokatra tsara tsy lany laniana Izy.

#### Tsy afaka ny ho tonga any amin'ny herintsika samirery isika

Isika tsirairay avy dia "vahiny sy mpivahiny"[14] avokoa eto amin'izao tontolo izao. Lavitry ny fonenantsika isika amin'ny lafiny maro. Fa tsy midika izany fa tokony hahatsapa ho very na irery isika.

Ny Ray malalantsika any An-danitra dia nanome antsika ny Fahazavan'i Kristy. Ary lalina ao anatintsika tsirairay ao dia misy hery avy any an-danitra manosika antsika hampitodika ny



masontsika sy ny fontsika any Aminy rehefa manao ny dia miverina ho any amin'ny fonenana selestialintsika isika.

Mitaky ezaka izany. Tsy afaka ny ho tonga any ianao raha tsy miezaka mafy ny hianatra avy Aminy, hahatakatra ny torolalana omeny, hampihatra fatratra ireny, ary handroso.

Tsia, ny fiainana dia tsy zavatra mandeha ho azy. Tsy fiaramanidina mandeha samirery izany.

Tsy afaka ny hitsingevana eny ambonin'ny ranon'ny fiainana fotsiny ianao ka hahatoky fa hoentin'ny onja any amin'izay irinao hahatongavana. Ny fanarahan-dia dia mitaky ny fahavononantsika sy ny filomanosana manohitra ny riaka mihitsy raha ilaina.

Tsy misy olon-kafa tompon'andraikitra amin'ny dianao manokana. Ny Mpamonjy dia hanampy anao sy hanomana ny lalana eo anoloanao kanefa ny fanolorantena ny hanaraka Azy sy hitandrina ny didiny dia tsy maintsy avy aminao. Izany dia andraikitrao irery ary tombontsoa ho anao ihany.

Traikefa lehibe feno fientanam-po ho anao ity.

Miangavy aho, henoy ny antson'ny Mpamonjy anao.

Manaraha Azy.

Ny Tompo dia nanangana Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany mba hanampiana anao amin'izany fanolorantena hanompo an' Andriamanitra sy ny mpiara-belona izany. Ny tanjony dia ny hankahery, hampianatra, sy hampitraka ary handrisika. Ity Fiangonana mahafinaritra ity dia manome anao fahafahana haneho fangorahana, hanampy ny hafa, sy hanavao ary hitandrina fanekempihavanana masina. Natao hitahiana ny fiainanao sy hampivoatra ny tokantranonao, ny fiarahamonina, ary ny firenena izany.

Andao Hiaraka Aminay ary matokia amin'ny Tompo. Ampindramo amin'ny fanatanterahana ny asany mahagaga ny talentanao. Manampia, mandraisa anjara amin'ny fankaherezana, fanasitranana, ary ny fanohanana ireo rehetra izay maniry ny hahatsapa sy hihaino tsara ilay faniriana mafy hody any amin'ny fonenantsika any an-danitra. Ndeha hiara-dia hizotra ho any amin'ireo toeram-ponenana an-danitra.

Ny filazantsara dia hafatra lehibe mifono fanantenana sy fahasambarana ary fifaliana. Izany no lalana mitondra antsika hody.

Rehefa mandray ny filazantsara amim-pinoana sy arahin'asa isika isan'andro sy isan'ora dia hanakaiky bebe kokoa hatrany an' Andriamanitra. Ho tsara kokoa ny fiainantsika, ary ny Tompo dia hampiasa antsika amin'ny fomba mahagaga maro hitahiana ireo manodidina antsika sy hanatanterahana ny tanjony mandrakizay. Izany no ijoroako ho vavolombelona ary apetrako aminareo ny tsodranoko amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Susan Stelljes, "Bobbie the Wonder Dog," *The Oregon Encyclopedia,* oregonencyclopedia.org/articles/bobbie_the_wonder_dog.
2. Jereo ny Matio 4:19; Lioka 18:22.
3. Deotoronomia 30:10.
4. Matio 5:45.
5. Galatiana 5:22.
6. Ohabolana 3:5–6.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 90:24.
8. Isaia 40:29, Dikanteny maneran-tany vaovao.
9. Ohabolana 24:16, Dikanteny maneran-tany vaovao.
10. Jereo ny Filipiana 4:7.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:33.
12. 1 Korintiana 1:27.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:14.
14. Hebreo 11:13; 1 Petera 2:11.



**Nataon'i Bonnie L. Oscarson**
Filohan'ny Zatovovavy maneran-tany

# Ireo filàna fanampiana eo anoloantsika

*Ny toerana ahafahantsika manolotra ny sasany amin'ireo fanampiana tena manan-danja dia ao amin'ny fianakaviantsika, eo anivon'ny namantsika, sy ao amin'ny paroasintsika ary ao amin'ny fiarahamonintsika.*

Vao haingana isika no nahita loza ara-boajanahary maro tany Mexique, Etazonia, Asie, sy les Caraïbes ary Afrika. Namoaka ny tsara indrindra avy amin'ny olona izany rehefa an'arivony no nirotsaka nanampy an'ireo izay tandindomin-doza na sahirana na ireo izay tra-boina. Tena faly aho nahita ireo zatovovavy tany Texas sy Floride, izay nanao akanjo mavomavo misy soratra hoe Môrmôna manome tanana, niaraka tamin'ny olona maro hafa, ary nanampy nanala ireo potipoti-javatra nivangongo tao amin'ireo trano taorian'ireo rivo-doza niseho vao haingana. An'arivorivony maro hafa no ho nandeha tamim-pifaliana tany amin'ireo toerana tena nila fanampiana ireo raha toa ka tsy lavitra izany. Fa nanolotra fanomezana lehibe kosa ianareo mba hanamaivanana ny fijaliana. Manentana ny fanahy ary toetra tahaka ny an'i Kristy ny fahalalahantananareo sy ny fangorahanareo.

Androany aho dia te hiresaka mikasika ny endrika anankirain'ny asa fanampoana izay tsapako fa manan-danja ho an'ny rehetra, na aiza na aiza misy antsika. Ho antsika izay nijery vaovao momba ireo zava-nitranga vao haingana ary nahatsapa ho tsy afaka nanoatra ka tsy nahafantatra izay tokony hatao, dia mety eo ambany masontsika mihitsy raha ny tena marina ny valiny.

Nampianatra ny Mpamonjy hoe: "Fa na iza na iza no ta-hamonjy ny ainy dia hahavery izany; ary na iza na iza no hahavery ny ainy noho ny amiko, dia izy no hamonjy izany."[1] Hoy ny Filoha



Thomas S. Monson mikasika io soratra masina io: "Mino aho fa ny tian'ny Mpamonjy holazaina amintsika dia ny hoe, raha tsy mirotsaka manompo ny hafa isika dia tsy misy tanjona firy loatra ny fiainantsika. Ireo izay tsy mieritreritra afa-tsy ny tenany irery ihany dia tsy mahita fahombiazana amin'ny farany ary toy ny hoe mamoy ny ainy. Fa ireo izay mirotsaka amin'ny fanompoana ny hafa kosa dia hivoatra sy hiroborobo, ka dia hanavotra ny ainy."[2]

Miaina ao anatina kolontsaina izay ifantohantsika bebe kokoa amin'ny efijery kely eny an-tanantsika, toy izay amin'ny olona manodidina antsika isika. Nosolointsika amin'ny fandefasana hafatra fohy sy amin'ny fandefasana hafatra amin'ny tweeter ny fijerena olona iray mivantana amin'ny maso dia mitsiky, na ny fifampiresahana ifanatrehan-tava izay mahalana kokoa aza. Matetika isika no miahiahy bebe kokoa mikasika ny isan'ny olona mpanaraka antsika sy mpanisy hoe tiako ho antsika ao amin'ny tambazotra ifaneraserana, toy izay hamihina namana iray sy haneho fitiavana sy fiahiana ary fahalianana azo tsapain-tanana. Na dia mahavariana tokoa aza ny ataon'ny teknôlôjia maoderina eo amin'ny fampielezana ny hafatry ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy eo amin'ny fanampiana antsika mba hifandray lalandava amin'ny fianakaviantsika sy ny namantsika, raha tsy mitandrina ny fomba fampiasantsika ireo fitaovantsika manokana isika dia mety hanomboka hifantoka amin'ny tenantsika fotsiny koa ka hanadino fa ilay tena fototry ny fiainana ny filazantsara dia ny asa fanompoana.

Manana fitiavana goavana sy finoana anareo izay zatovo sy ao anatin'ny taona maha-tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony aho. Efa hitako sy tsapako ny fanirianareo hanompo sy hitondra fiovana eo amin'izao tontolo izao. Mino aho fa ny ankamaroan'ny mpikambana dia mandray ny asa fanompoana ho ivon'ny fanekempihavanan'izy ireo sy ny maha-mpianatra azy ireo. Kanefa mieritreritra koa aho fa indraindray dia mora ny tsy mahita ireo fahafahana tena tsara sasany mba hanompoana ny hafa satria varimbariana isika na



mitady fomba tena tsara mba hanovàna an'izao tontolo izao, ka tsy hitantsika fa ny toerana ahafahantsika manolotra ny sasany amin'ireo fanampiana tena manan-danja dia ao amin'ny fianakaviantsika, eo anivon'ny namantsika, sy ao amin'ny paroasintsika ary ao amin'ny fiarahamonintsika. Tohina ny fontsika rehefa mahita ny fijaliana sy ny fahasahiranana lehibe mianjady amin'ireo olona any lavitra any, nefa mety tsy hitantsika akory fa misy olona mila ny finamanantsika izay mipetraka tena eo akaikintsika mihitsy ao an-dakilasy.

Ny Rahavavy Linda K. Burton dia nitantara ny tantaran'ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana teo anivon'ny tsatòka iray izay niara-niasa tamin'ny olona hafa mba hanangona lamba firakotra bemiray ho an'ireo olona sahirana tany amin'ny taona 90. "Nitondra ny fiara tsy mataho-dalana iray feno ireo lamba firakotra bemiray ireo avy tany Londres nankany Kosovo izy sy ny zanany vavy. Teny an-dalampodiana dia nahazo fahatsapana arapanahy tsy azo nodisoana velively izay tafalatsaka lalina tao am-pony izy. Izao ilay fahatsapana: -Tena tsara ny zavatra nataonao. Izao dia mandehana mody, miampità ny arabe, ary manompoa ny mpifanolobodirindrina aminao!-"[3]

Inona no soa azo avy amin'ny famonjena izao tontolo tontolo izao raha toa ka tsy miraharaha ireo zavatra ilain'ireo olona tena akaiky antsika sy ireo olona tena tiantsika isika? Hisy lanjany ve ny fanamboarana an'izao tontolo izao raha toa ka ny olona manodidina antsika izay sahirana aza toa tsy hitantsika akory? Mety napetraky ny Ray any An-danitra ho tena eo akaikintsika ireo olona izay mila antsika noho ny fahafantarany fa isika no tena afaka manampy azy ireo.

Afaka mahita fomba hanompoana tahaka ny nataon'i Kristy ny olona rehetra. Vao haingana ny Rahavavy Carol F. McConkie, mpanolotsaina ahy, no nitantara mikasika an'i Sarah zafikeliny vavy 10 taona, izay rehefa nahita fa narary ny reniny dia nanapa-kevitra manokana fa hanampy. Izy no namoha ny zandriny vavy, dia nampiany izy hiakanjo sy hiborosy ny nifiny sy hibango ny volony ary hisakafo maraina mba hahafahan'ny reniny miala sasatra. Notanterahiny mangingina izany asa fanompoana tsotra izany na dia tsy nangatahina hanao izany aza izy, satria hitany ilay fahasahiranana ary naniry ny hanampy izy. Tsy hoe nitondra fitahiana ho an'ny reniny fotsiny i Sarah fa azoko antoka fa nahatsapa fifaliana koa izy noho ny fahafantarana fa nanamaivana ny enta-mavesatry ny olona iray tiany izy ary nanamafy orina ny fifandraisany tamin'ny rahavaviny koa niaraka tamin'izay. Hoy ny Filoha James E. Faust hoe: "Azo atomboka amin'ny salantaona rehetra ny fanompoana ny hafa. . . . Tsy ilaina hoe rehefa eo amin'ny sehatra goavana iray no hanaovana izany, ary tena mendrika izany rehefa atao ao anatin'ny fianakaviana."[4]

Moa ve rankizy tsapanareo fa zava-dehibe ho an'ny ray aman-dreninareo sy ny olona ao amin'ny fianakavianareo ny fitadiavanareo fomba hanompoana ao an-trano? Ho anareo zatovo dia tokony ho anisan'ny laharam-pahamehanareo ny fanamafisana orina sy ny fanompoana ireo olona ao amin'ny fianakavianareo rehefa mitady fomba hanovana izao tontolo izao ianareo. Ny fampisehoana hatsaram-panahy sy fiahiana amin'ireo mpiray tampo aminareo sy ny fianakavianareo dia manampy amin'ny famoronana tontolo misy firaisan-kina sy manasa ny Fanahy ao an-tokantrano. Manomboka amin'ny fanamafisana orina ny fianakavianao manokana ny fanovana an'izao tontolo izao.

Ny toerana iray hafa hampifantohana ny asa fanompoana ataontsika dia afaka ny ho eo anivon'ireo fianakaviantsika ao amin'ny paroasy. Indraindray mety hanontany antsika ny zanatsika hoe: "Nahoana aho no tsy maintsy manatrika ny Fiaraha-mientana Ifampizarana? Tsy hitako loatra izay tombontsoa azoko avy amin'izany."

Raha toa ka manana fotoana tsara ahafahan'ny ray aman-dreny mampianatra ny zanaka aho amin'izay, dia hamaly hoe: "Inona no mahatonga anao hieritreritra fa manatrika ny Fiaraha-mientana Ifampizarana ianao noho ny tombontsoa azo*nao* avy amin'izany?"

Ry zandry namako isany, afaka manome toky anareo aho fa hisy olona iray foana isaky ny fivoriana any am-piangonana atrehanareo izay irery, na manana olana dia mila namana, na mahatsapa ho tsy manana tsara ny toerany. Manana anjara biriky manan-danja entina ianareo isaky ny fivoriana na fiaraha-mientana, ary ny Tompo dia maniry ny hijerijerenareo ireo mpiara-miangona aminareo, dia avy eo manompo toy ny ho nanompoany.

Nampianatra ny Loholona D. Todd Christofferson hoe: "Ny antony lehibe nananganan'ny Tompo ny Fiangonana dia ny hamoronana fikambanan' Olomasina izay hifanohana ao amin'ilay -lalana ety sy tery izay mitondra mankany amin'ny fiainana mandrakizay-." Notohizany hoe: "Tsy amin'ny tena manokana ihany no ifantohan'io fivavahana io fa isika rehetra dia nantsoina mba hanompo. Isika no maso, tanana, loha, tongotra ary ireo rantsambatana hafa amin'ny vatan'i Kristy."[5]

Marina fa manatrika ireo fivoriampiangonantsika isan-kerinandro isika mba handray anjara amin'ireo ôrdônansy sy hianatra fotopampianarana ary hahazo fanentanam-panahy, saingy ny antony iray hafa tena manan-danja mba hanatrehana dia, mifampiambina sy mifankahery ary mitady fomba hifanompoana sy hifanamafisana orina isika amin'ny maha-fianakaviana iray ao anatin'ny paroasy antsika sy amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika. Tsy mpandray sy mpaka fotsiny izay atolotra any am-piangonana isika, fa ilaina isika ho mpanome sy mpamatsy. Ry zatovovavy sy zatovolahy, amin'ny

manaraka rehefa any amin'ny Fiarahamientana Ifampizarana ianareo, raha tokony handray ny telefaoninareo mba hijery izay ataon'ny namanareo ianareo, dia ajanony izany, jereo ny manodidina, dia manontania tena hoe: "Iza no mila ahy androany?" Mety ianao no fanalahidy ahafahana manampy mpiara-miangona iray sy mitondra fiovàna eo amin'ny fiainany na ahafahana mankahery namana iray izay mitolona mangina.

Angataho ny Rainao any An-danitra mba hampiseho ireo olona manodidina anao izay mila ny fanampianao sy hanome hevitra momba ny fomba tena tsara hanompoana azy ireo. Tsarovy fa tena matetika ny Mpamonjy no nanompo olona iray isaky ny mandeha.

17 taona i Ethan zafikelinay lahy. Tohina ny foko tamin'ity fotoampahavaratra ity rehefa niteny tamiko izy fa rehefa nanentana ny fanahiny ny ohatra nasehon'ny reniny, dia nivavaka isan'andro izy mba hanana fahafahana hanompo olona iray. Rehefa nanana fotoana niarahana tamin'ny fianakaviany izahay, dia hitako fa nentiny tamimpaharetana sy tamim-pitiavana ary tamin-katsaram-panahy ny rahalahiny sy ny anabaviny; dia nanampy ny ray aman-dreniny izy; ary nitady fomba hanampiana ny hafa. Variana tamin'ny fahafantarany an'ireo olona manodidina azy aho sy ny faniriany hanompo azy ireo. Ohatra ho ahy izy. Ny fanaovana zavatra toy ny nataon'i Ethan, izany hoe manasa ny Tompo mba hanampy antsika hahita fomba hanompoana, dia hanome fahafahana ny Fanahy hanokatra ny masontsika hahita ireo fanampiana tokony hatao manodidina antsika sy hahita ilay "olona iray" izay mila antsika amin'izany andro izany, ary hahafantatra ny fomba hahafahana manompo azy.

Ankoatra ny fanompoana ny fianakavianao sy ireo olona ao amin'ny paroasinao dia mitadiava fahafahana manompo ny mpifanolobodirindrina aminao sy ny any amin'ny fiarahamonina misy anao. Na dia angatahina aza isika indraindray mba hanampy aorian'ny loza lehibe iray, dia amporosihina isika isan'andro mba hitady fahafahana hampitraka sy hanampy ireo sahirana any amin'ny faritra misy antsika. Vao haingana aho no nahazo fampianarana tamin'ny Filohan'ny Vondrom-paritra iray izay manompo any amin'ny firenena iray manana olana ara-nofo maro, fa ny fomba tena tsara hanampiana ireo sahirana any amin'ireo faritra hafa eto amin'izao tontolo izao dia ny fandoavana ny fanatitra avy amin'ny fifadiankanina amim-pahalalahan-tanana, sy ny fandrotsahana anjara biriky ao amin'ny Kitapom-bolan'ny Fiangonana ho an'ny fanampiana olona ary ny fitadiavana fomba hanompoana ireo olona ao amin'ny fiaharamonina misy anao na aiza na aiza ianao no mipetraka. Alaivo sary an-tsaina ny mety ho fitahiana ho azon'izao tontolo izao raha toa ka manaraka io torohevitra io ny olona rehetra!

Ry anadahy sy rahavavy isany, indrindra ianareo zatovo, rehefa miezaka ny hitovy bebe kokoa amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy ianareo sy manaja ireo fanekempihavanananareo, dia hahazo fitahiana foana ianareo miaraka amin'ny faniriana hanamaivana ny fijaliana sy hanampy ireo izay sahirana. Tsarovy fa mety eo anoloanareo mihitsy ny sasany amin'ireo filana fanampiana goavana. Atombohy any an-tokantranonareo sy eo anivon'ny fianakavianareo ny asa fanampoana ataonareo. Ireo no fifandraisana izay afaka ny ho mandrakizay. Na dia, tsy tonga lafatra aza ny toe-javatra iainan'ny fianakavianao, na angamba raha toa ka tena izany tokoa, dia afaka mahita fomba hanompoana sy hampitrakana sy hampatanjahana olona ianao. Atombohy any amin'izay misy anao izany dia tiavo araka ny maha-izy azy izy ireo ary miomana ho an'ilay fianakaviana izay tianao hananana amin'ny ho avy.




Mivavaha mba hahazo fanampiana eo amin'ny famantarana ireo olona ao anatin'ny fianakavian'ny paroasinareo izay mila fitiavana sy fankaherezana. Raha tokony handeha hiangona miaraka amin'ny fanontaniana hoe: "Inona no tombontsoa ho azoko avy amin'ity fivoriana ity?" ianao, dia aleo manontany hoe: "Iza no mila ahy androany? Inona no anjara biriky tokony hoentiko?"

Rehefa mitahy ny fianakavianareo sy ireo mpikambana ao amin'ny paroasinareo ianareo, dia mitadiava fomba hitahiana ireo olona any amin'ny fiarahamonina misy anareo. Na manana fotoana betsaka hanompoana ianareo na tsy manana afa-tsy ora vitsy isam-bolana, dia hitahy fiainan'olona ny ezaka ataonareo ary tsy ho hainareo atomboka akory aza ny maka sary an-tsaina ny fomba hitahian'izany.

Nampianatra ny Filoha Spencer W. Kimball hoe: "Tena mahita antsika Andriamanitra ary miambina antsika. Saingy matetika dia amin'ny alalan'ny olona anankiray hafa no hanomezany izay ilaintsika."[6] Ny vavaka ataoko dia enga anie isika hahatsapa ny tombontsoa sy ny fitahiana azo avy amin'ny fandraisana anjara amin'ny asan'ny Raintsika any An-danitra rehefa manome izay zavatra ilain'ny zanany isika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Lioka 9:24.
2. Thomas S. Monson, "Inona no zavatra nataoko ho an'ny hafa androany?" na *Liahona,* nôv. 2009, 85.
3. Linda K. Burton, "Mpivahiny aho," *Liahona,* mey 2016, 15.
4. James E. Faust, "Womanhood: The Highest Place of Honor," *Liahona,* jolay 2000, 117.
5. D. Todd Christofferson, "Nahoana no ilaina ny Fiangonana," *Liahona,* nôv. 2015, 108, 109.
6. *Enseignements des Présidents de l'Église: Spencer W. Kimball* (2006), 82.



**Nataon'ny Loholona Dallin H. Oaks**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ilay Drafitra sy ilay fanambarana

*Ny fanambarana momba ny fianakaviana dia fanamafisana indray avy amin'ny Tompo ireo fahamarinan'ny filazantsara izay ilaintsika mba hanohana antsika amin'ireo olana mihatra amin'ny fianakaviana ankehitriny.*

Hita miharihary ao amin'ny fanambarana momba ny fianakaviana ananantsika fa ny mpikamban'-Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia manana fotopampianarana miavaka sy fomba fijery hafa an'izao tontolo izao. Mandray anjara ary tena mahomby mihitsy aza isika amin'ny hetsika maron'izao tontolo izao, saingy misy hetsika sasany izay tsy andraisantsika anjara satria miezaka manaraka ny fampianaran'i Jesoa Kristy sy ireo Apôstôliny, na ny taloha na ny ankehitriny, isika.

I.

Tao amin'ny fanoharana iray i Jesoa dia nanoritsoritra an'ireo izay "mandre ny teny" kanefa lasa "tsy mamoa" rehefa voagejan'ny "fiahiahiana izao fiainana izao sy ny fitaky ny harena" izany teny izany (Matio 13:22). Taty aoriana i Jesoa dia nanitsy an'i Petera satria tsy nirona tany amin' "izay an' Andriamanitra . . ., fa izay an'ny olona" ka nilaza hoe: "Fa inona moa no soa ho azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny ainy?" (Matio 16:23, 26). Tao amin'ireo fampianarany farany teto an-tany Izy dia nilaza tamin'ireo Apôstôliny hoe: "Raha naman'izao tontolo izao hianareo, dia ho tia ny azy izao tontolo izao; fa satria tsy naman'izao tontolo izao hianareo, . . . dia halan'izao tontolo izao hianareo" (Jaona 15:19; jereo koa ny Jaona 17:14, 16).

Mitovitovy amin'izany, ny rakitsoratr'ireo Apôstôlin'i Jesoa voalohany dia matetika no mampiasa ny sarin' "izao tontolo izao" hanehoana ny fanoherana ireo fampianaran'ny filazantsara. "Aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao" (Romana 12:2), hoy ny nampianarin'i Paoly Apôstôly. "Fa ny fahendren'izao tontolo izao dia fahadalana eo anatrehan' Andriamanitra" (1 Korintiana 3:19). Ary, "Tandremo," hoy izy, "fandrao misy mahalasa anareo . . . araka ny fampianarana voatolotry ny razana, araka ny abidim-pianaran'izao tontolo izao, fa tsy araka an'i Kristy" (Kolosiana 2:8). Nampianatra i Jakoba Apôstôly "fa fandrafiana an' Andriamanitra ny fisakaizana amin'izao tontolo izao . . . Koa na iza na iza te-ho sakaizan'izao tontolo izao, dia fahavalon' Andriamanitra izy" (Jakoba 4:4).

Ny Bokin'i Môrmôna dia matetika mampiasa io sarina fifanoherana amin' "izao tontolo izao" io. I Nefia dia naminany ny amin'ny fandravana farany an'"ireo izay miorina mba ho tonga mamy hoditra eo imason'izao tontolo izao ary ireo izay mikatsaka . . . ny zavatr' izao tontolo izao (1 Nefia 22:23; jereo koa ny 2 Nefia 9:30). I Almà dia nanameloka ireo izay "mizihitra . . . amin'ny zava-poanan'izao tontolo" (Almà 31:27). Ny nofin'i Lehia dia maneho fa ireo izay mikatsaka ny hanaraka ilay anja-by, ny tenin' Andriamanitra, dia hiatrika ny fanoheran'izao tontolo izao. Ireo olona ao amin'ilay "trano mijoalajoala sy malala" hitan'i Lehia dia "naneso no sady nanondro" tamin'ny "rantsan-tanana mamingavinga" (1 Nefia



8:26–27, 33). Tao anatin'ny fahitana iray izay manazava ilay nofiny dia nianatra i Nefia fa io fanesoana sy fanoherana io dia avy tamin'ny "vahoakan'ny tany, . . . izao tontolo izao sy ny fahendreny; . . . [ny] fieboeboan'izao tontolo izao" (1 Nefia 11:34–36).

Inona no dikan'ireo fampitandremana sy didy mba tsy ho "anisan'izao tontolo izao" ao amin'ny soratra masina ireo na ilay didy amin'ny andro maoderina mba "[hahafoy] izao tontolo izao"? (F&F 53:2). Nofintin'ny Filoha Thomas S. Monson ireo fampianarana ireo manao hoe: "Mila mitandrina isika ao anatin'ity izao tontolo izao ity izay efa nihataka lavitra ny zavatra ara-panahy. Zava-dehibe ny fandavana ireo zavatra izay tsy mifanaraka amin'ny fitsipika arahintsika, sy ny fandavana ny fanaovana dingana handao ilay zavatra tena irintsika: dia ny fiainana mandrakizay any amin'ny fanjakan' Andriamanitra.[1]"

Namorona ity tany Andriamanitra araka ny drafiny mba hanomezana toerana an'ireo zanany hahafahany miaina ny fiainana an-tany ho dingana manan-danja iray mankany amin'ireo voninahitra tiany ho an'ireo zanany rehetra. Na dia misy asa fanjakana sy voninahitra isan-karazany, ny fanirian'ny Raintsika any An-danitra ho an'ireo zanany dia ilay nantsoin'ny Filoha Monson hoe "fiainana mandrakizay any amin'ny fanjakan' Andriamanitra," dia ny fisandratana ao amin'ny fianakaviana. Izany dia mihoatra ny fanavotana. Nampahatsiahy antsika ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Ao amin'ny drafitra mandrakizan' Andriamanitra, raha zavatra mahakasika ny tsirairay ny fanavotana, ny fisandratana kosa dia zavatra mahakasika ny fianakaviana."[2]

Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina amin'ny laoniny sy ilay fanambarana nentanim-panahy ho an'ny fianakaviana, izay ho resahiko rehefa avy eo, dia fampianarana manan-danja mba hitarihana ny fiomanana eto an-tany ho amin'ny fisandratana. Na dia tsy maintsy miaina ireo lalàn'ny fanambadiana sy ireo fombafomba hafa an'izao tontolo miharatsy izao aza isika, ireo izay te hahazo ny fisandratana dia tsy maintsy manao safidy manokana ao amin'ny fiainam-pianakaviana araka ny fomban'ny Tompo raha vao tsy mitovy amin'ny fomban'izao tontolo izao izany.

Amin'ity fiainana an-tany ity isika dia tsy mahatadidy ny zavatra nialoha ny fahaterahantsika, ary izao isika dia miaina fanoherana. Mitombo ary mihamatotra ara-panahy isika rehefa mifidy ny hankatò ny didin' Andriamanitra amin'ny fanaovana safidy tsara mifanesy. Tafiditra ao anatin'izany ireo fanekempihavanana sy ôrdônansy ary ny fibebahana rehefa manao safidy ratsy isika. Etsy ankilan'izany, raha toa isika ka tsy manam-pinoana ny drafitr' Andriamanitra sy tsy mankatò na minia manao zavatra tsy mifanaraka amin'ny tokony hatao, dia miala amin'izany fitomboana sy fahamatorana izany isika. Mampianatra ny Bokin'i Môrmôna manao hoe: "izao fiainana izao no fotoana ho an'ny olona mba hiomanana hihaonana amin' Andriamanitra" (Almà 34:32).

II.

Ny Olomasin'ny Andro Farany izay mahatakatra ny drafitry ny famonjena dia manana fomba fijery an'izao tontolo izao izay manampy azy ireo hahafantatra ny anton'ireo didin' Andriamanitra sy ny toetra tsy mety miova an'ireo ôrdonansy ilaina, ary ny anjara andraikitra lehibe sahanin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika. Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy dia manome fahafahana antsika handresy ny fahafatesana sy manavotra antsika amin'ny fahotana raha mibebaka isika. Miaraka amin'izany fomba fijery an'izao tontolo izao izany ireo Olomasin'ny Andro Farany dia manana laharampahamehana sy fombafomba miavaka tsara ary manana ny hery hiaretana ireo tebiteby sy fanaintainana amin'ny fiainana an-tany.

Tsy azo ialana fa ny zavatra ataon'ireo izay miezaka manaraka ny drafitr' Andriamanitra dia mety hiteraka tsy fankahazoana na fifandirana mihitsy amin'ireo havana na namana izay tsy mino ireo fitsipika ao anatin'izany. Misy foana izany fifandirana izany. Ny taranaka tsirairay izay niezaka nanaraka ny drafitr' Andriamanitra dia efa nanana olana. Fahiny i Isaia mpaminany dia nanome hery an'ireo Isiraelita izay nantsoiny hoe: "hianareo izay mahalala ny fahamarinana, . . . izay manana ny lalàko ao am-ponao." Hoy izy tamin'izy ireo hoe: "Aza matahotra ny latsa ataon'ny zanak'olombelona, na manahy noho ny faharatsiany" (Isaia 51:7; jereo koa ny 2 Nefia 8:7). Saingy na inona na inona antony mahatonga ny fifandirana amin'ireo izay tsy mahatakatra na tsy mino ny drafitr' Andriamanitra, ireo izay mahatakatra sy mino dia didina foana mba hisafidy ny fomban'ny Tompo fa tsy ny fomban'izao tontolo izao.

III.

Ny drafitry ny filazantsara izay tokony harahin'ny fianakaviana mba hiomanana amin'ny fiainana mandrakizay sy ny fisandratana dia voazava ao amin'ny fanambarana nataon'ny Fiangonana tamin'ny 1995, dia "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao."[3] Ny fanambarana ao anatin'izany, mazava ho azy, dia hita fa tsy mitovy amin'ireo lalàna sy fomba fanao ary hevitra tohanana sasany amin'izao tontolo misy antsika izao ankehitriny. Amin'izao androntsika izao, ny tsy fitoviana tena hita dia ny fiarahan'olona mipetraka tsy vita fanambadiana, ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy, ary ny fitaizana ankizy ao anatin'izany karazana fifandraisana izany. Ireo izay tsy mino na tsy miandrandra ny fisandratana sy tena resy lahatra amin'ny fomban'izao tontolo izao dia mandray ity fanambarana momba ny fianakaviana ity ho filazana lalàna fotsiny izay tokony hovaina. Mifanohitra amin'izany anefa, ny Olomasin'ny Andro Farany dia manamarina fa ny fanambarana momba ny fianakaviana dia manoritsoritra ilay karazana fifandraisana ao amin'ny fianakaviana izay itrangan'ny ampahany manan-danja indrindra amin'ny fivoarantsika mandrakizay.

Nahita ny faneken'ny besinimaro ny fiarahan'olona mipetraka tsy vita fanambadiana sy ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy izay haingana sy tsy mitsaha-mitombo isika. Ny serasera miaro izany sy ny fanabeazana mifandraika amin'izany ary na ny fitakiana arak'asa aza dia mampisy olana sarotra ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Tsy maintsy miezaka



mandanjalanja ireo fitakiana misesisesy ny hanaraka ny lalàn'ny filazantsara eo amin'ny fiainantsika manokana sy ireo fampianarana isika eny na dia mikatsaka ny haneho fitiavana ny olondrehetra aza isika.[4] Rehefa manao izany isika dia hiatrika, indraindray, nefa tsy tokony hatahotra an'ilay nantsoin'i Isaia hoe "latsa ataon'ny zanak'olombelona."

Ny Olomasin'ny Andro Farany niova fo dia mino fa ny fanambarana momba ny fianakaviana, izay nivoaka efa ho 25 taona lasa izay, ary voadika amin'ny fiteny maro ankehitriny dia fanamafisana indray avy amin'ny Tompo ireo fahamarinan'ny filazantsara izay ilaintsika mba hanohana antsika amin'ireo olana mihatra amin'ny fianakaviana ankehitriny. Ny ohatra roa amin'izany dia ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy sy ny fiarahan'olona mipetraka tsy vita soratra. 20 taona fotsiny taorian'ilay fanambarana momba ny fianakaviana dia nanome lalana ny fanambadian'ny samy lahy na ny samy vavy ny fitsarana avon'i Etazonia, izay namadika ireo arivo taona maro nisian'ny fanambadiana voafetra ho an'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray. Nihanitombo kokoa ny isan-jaton'ireo ankizy ateraky ny reny tsy vita mariazy amin'ny rainy: 5 isanjato tamin'ny 1960,[5] 32 isan-jato tamin'ny 1995,[6] ary amin'izao dia 40 isan-jato.[7]

IV.

Ny fanambarana momba ny fianakaviana dia manomboka amin'ny filazana "fa ny fanambadiana eo amin'ny lehilahy iray sy ny vehivavy iray dia tendrin' Andriamanitra ary ny fianakaviana dia fototry ny drafitry ny Mpahary ho an'ny anjara mandrakizain'ny zanany." Milaza ihany koa izany fa "ny maha-lahy na maha-vavy dia toetra fototra iray mamaritra ny maha-izy azy ny olona tsirairay sy ny tanjony tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, sy amin'izao fiainana an-tany izao, ary any amin'ny mandrakizay." Dia manambara izany avy eo fa "Andriamanitra dia nandidy fa ny lehilahy sy ny vehivavy nivady aradalàna ihany no tokony hampiasa ny fahefana masin'ny fananahana."

Ilay fanambarana dia manamafy ny andraikitra tsy tapaka sahanin'ny mpivady mba hihamaro fara sy hameno ny tany sy "ny andraikitr'izy ireo feno voninahitra ny hifankatia sy hifampikarakara ary hanao toy izany amin'ny zanany": "Natao ho teraka ao anatin'ny fanambadiana ny ankizy, ary hotezain'ny ray sy ny reny izay manaja ny voady nataony tamin'ny fanambadiana amim-pahatokiana tanteraka." Mampitandrina mafy ny famonoam-bady sy ny taranaka izany, ary milaza hoe: "Ny fahasambarana ao amin'ny fiainampianakaviana dia azo tratrarina kokoa raha miorina amin'ny fampianaran'i Jesoa Kristy Tompo." Farany izany dia mitaky ny fampiroboroboana amin'ny fomba ofisialy "ireo fepetra natao hiarovana sy hanamafisana orina ny fianakaviana amin'ny maha-rafitra fototra azy eo amin'ny fiaraha-monina."

Tamin'ny 1995 ny Filohan'ny Fiangonana niaraka tamin'ny Apôstôlin'ny Tompo hafa miisa 14 dia namoaka ireo filazana manan-danja ireo. Satria 7 monja amin'ireo Apôstôly ireo no mbola velona ankehitriny dia tsapako fa tena ilaina ny hizarako ny zavatra nahatonga ilay fanambarana momba ny fianakaviana mba ho fampahafantarana ho an'ny rehetra izay miraharaha ny amin'izany.

Ny aingam-panahy izay nahitana ny filàna ny fanambarana momba ny fianakaviana dia tonga tamin'ireo mpitarika ato amin'ny Fiangonana mihoatra ny 23 taona lasa izay. Nahagaga izany ho an'ny sasany izay nihevitra fa ireo fahamarinana ara-potopampianarana momba ny fanambadiana sy ny fianakaviana dia mazava tsara tsy mila averina lazaina.[8] Na izany aza dia nahatsapa ny fanamafisana izahay ary dia nirotsaka tamin'ny asa. Nofantarina ireo foto-kevitra ary niarahan'ireo mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo nodinihana efa ho herintaona. Natolotra ireo lahatsoratra, nodinihina ary nahitsy. Tamim-bavaka izahay dia nitalaho tamin'ny Tompo mba hahazo ny fitarihan'ny Fanahy ny amin'izay tokony holazainay sy ny fomba hilazanay azy. Nianatra "andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika" avokoa izahay, araka ny nampanantenain'ny Tompo (F&F 98:12).

Nandritra io dingan'ny fanambarana io dia nisy lahatsoratra natolotra ary naseho ny Fiadidiana Voalohany izay manara-maso sy manambara ireo fampianarana sy fotopampianarana. Taorian'ny nanaovan'ny Fiadidiana fanovana fanampiny dia nambaran'ny Filohan'ny Fiangonana, dia i Gordon B. Hinckley, ilay fanambarana. Tamin'ny fivoriamben'ny vehivavy maneran-tany tamin'ny 23 septambra 1995 izy dia nanolotra ilay fanambarana tamin'ireto teny ireto: "Nahatsapa izahay fa tokony hampitandrina sy hilaza mialoha manoloana ireo habobo maro izay ambara ho fahamarinana, manoloana ireo famitahana maro mikasika ny fenitra sy ny hasina ijoroana, manoloana ireo fakampanahy sy fitaomana mba hanaiky ny fahalotoana tsikelikely entin'izao tontolo izao."[9]

Mijoro ho vavolombelona aho fa ilay fanambarana momba ny fianakaviana dia filazana fahamarinana mandrakizay, ny sitrapon'ny Tompo ho an'ireo zanany izay mikatsaka ny fiainana mandrakizay. Fototry ny fampianarana sy ny fomba fanaon'ny Fiangonana izany nandritra ny 22 taona lasa ary mbola ho izany hatrany amin'ny hoavy. Raiso ho toy izany izany, ampianaro izany, manàna fiainana mifanaraka amin'izany dia ho voatahy ianareo rehefa mibosesika mandroso mankany amin'ny fiainana mandrakizay.

Efapolo taona lasa izay ny Filoha Ezra Taft Benson dia nampianatra fa



"ny taranaka tsirairay dia samy manana ny fitsapany ary fahafahana mijoro sy manamarina ny tenany."[10] Mino aho fa ny fihetsitsika manoloana ny fanambarana momba ny fianakaviana sy ny fomba fampiasantsika izany dia iray amin'izany fitsapana izany ho an'ity taranaka ity. Mivavaka ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany rehetra aho mba hijoro tsy azo hozongozonina amin'izany fitsapana izany.

Faranako amin'ny fampianaran'ny Filoha Gordon B. Hinckley izay nolazainy roa taona taorian'ny nanambarany ilay fanambarana momba ny fianakaviana ny lahateniko. Hoy izy: "Hitako ny hoavy mahafinaritra ao amin'ny tontolo mbola tsy fantatra. Raha mifikitra amin'ny zavatra manandanja isika, raha manorina avy amin'ny lovantsika isika, raha mandeha amin'ny fankatoavana eo anoloan'ny Tompo isika, raha miaina tsotra ny filazantsara isika, dia ho voatahy amin'ny fomba mahafinaritra sy mahatalanjona isika. Hojerena tahaka ny olona miavaka izay nahita ny fanalahidin'ny hasambarana miavaka isika."[11]

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny fahamarinany sy ny mahamanan-danja mandrakizay ny fanambarana momba ny fianakaviana, izay nambaran'i Jesoa Kristy Tompo tamin'ireo Apôstôliny ho an'ny fisandratan'ireo zanak' Andriamanitra (jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 131:1–4), amin'ny anaran'ny Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. Thomas S. Monson, "Mitsangàna eo amin'ny Toerana Masina," *Liahona,* nôv. 2011, 83.
2. Russell M. Nelson, "Salvation and Exaltation," *Liahona,* mey 2008, 10.
3. Jereo ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129.
4. Jereo ny Dallin H. Oaks, "Fitiavana sy lalàna," *Liahona,* nôv. 2009, 26–29.
5. Jereo ny "'Disastrous' Illegitimacy Trends," *Washington Times* 1 des. 2006, washingtontimes.com.
6. Jereo ny Stephanie J. Ventura and others, "Report of Final Natality Statistics, 1996," *Monthly Vital Statistics Report,* 30 jona 1998, 9.
7. Jereo ny Brady E. Hamilton and others, "Births: Provisional Data for 2016," *Vital Statistics Rapid Release,* jona 2017, 10.
8. Ny Filohan'ny Zatovovavintsika maneran-tany dia nilaza izany tsara 20 taona lasa izany nanao hoe: "Tsy dia nahatakatra firy isika tamin'izany fotoana izany hoe hatraiza no hilantsika mafy an'ireo fanambarana fototra ireo amin'izao fiainana ankehitriny izao mba hatao fenitra handrefesantsika izay fampianarana vaovao tsirairay izay aroso eo amintsika avy amin'ny haino aman-jery, ny Internet, ireo manam-pahaizana, ny fahitalavitra sy ny horonan-tsary, eny fa na dia ireo mpanao lalàna aza. Ny fanambarana mikasika ny fianakaviana no lasa fenitra handrefesantsika ireo fotokevitr'izao tontolo izao, ary mijoro ho vavolombelona aho fa ireo fitsipika aroso ao anatin'io fanambarana io dia mbola marina amin'izao fotoana izao, tahaka ny naha-marina izany tamin'ny fotoana nanomezan'ny mpaminanin' Andriamanitra izany antsika efa ho 20 taona lasa izay" (Bonnie L. Oscarson, "Mpiaro ilay Fanambarana momba ny Fianakaviana," *Liahona*, mey 2015, 14–15).
9. Gordon B. Hinckley, "Stand Strong against the Wiles of the World," *Ensign,* nôv. 1995, 100.
10. Ezra Taft Benson, "Our Obligation and Challenge" (lahateny natao tamin'ny semineran'ny solontenam-paritra, 30 sept 1977), 2; ao amin'ny David A. Bednar, "On the Lord's Side: Lessons from Zion's Camp," *Liahona,* jolay 2017, 19.
11. *Teachings of Presidents of the Church: Gordon B. Hinckley* 2016), 186; jereo koa ny Gordon B. Hinckley, "Look to the Future," *Ensign,* nôv. 1997, 69.



**Nataon'ny Loholona John C. Pingree Zanany**
Ao amin'ny Fitopololahy

# "Manana asa ho anao Aho"

*Isika tsirairay dia manana anjara asa lehibe hotanterahina ao amin'ny fampandrosoana ny asan' Andriamanitra.*

Nanambara tamin' i Mosesy Andriamanitra hoe: "Manana asa ho anao aho" (Mosesy 1:6). Efa nanontany tena ve ianao hoe manana asa ho anao ve ny Ray any An-danitra? Misy zavatra manan-danja ve nomaniny mba hovitainao, ary ianao manokana no nanomanany azy? Mijoro ho vavolombelona aho hoe "eny" ny valiny.

Diniho i Girish Ghimire, izay teraka sy nobeazina tao amin'ny firenena Népal. Fony izy zatovo, dia nianatra tany Sina izy, ary tany no nampahafantaran'ny mpiara-mianatra iray azy ny filazantsaran' i Jesoa Kristy. Tamin'ny farany i Girish dia nankany amin'ny Oniversite an' i Brigham Young mba hanao asa ahazoana diplaoma ka nahita ilay ho vadiny any aoriany. Nanori-ponenana tao amin'ny Lemak'i Salt Lake izy ireo ary nanangana zanaka roa avy any Népal.

Taona maro taty aoriana, rehefa nafindra ho any Utah ny mpitsoa-ponenana avy amin'ny tobin'i Népal miisa 1 500,[1] dia nentanim-panahy i Girish mba hanampy. Noho ny fahaizany miteny tsara ny tenim-pireneny sy ny fahatakarany ny kolontsaina, dia niasa ho mpandika teny sy mpampianatra ary mpampiofana i Girish. Rehefa avy niverina niara-nonina teo anivon'ilay vondrona mpiara-monina izy ireo, dia naneho fahalianana tamin'ny filazantsara ny sasany tamin'ireo mpitsoa-ponenana avy any Népal. Natsangana ny sampana iray miteny Népalais, ary taty aoriana dia i Girish no filohan'io sampana io. Izy ihany koa dia navitrika nandray anjara tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Népalais.

Hitanareo ve ny fomba nanomanan'ny Ray any An-danitra sy nampiasany an'i Girish?



**Manana asa ho antsika tsirairay Andriamanitra.**

Ry rahalahy sy anabavy, manana asa manan-danja ho antsika tsirairay Andriamanitra. Teo am-piresahan'ny Filoha Spencer W. Kimball tamin' ireo rahavavy, kanefa nampianatra fahamarinana azon'ny rehetra ampiharina, dia nampianatra izy hoe: "Talohan'ny niaviantsika tety [an-tany, isika] dia nomena andraikitra. . . . Na dia tsy tsaroantsika aza ankehitriny ny antsipiriany dia tsy mampihena ny voninahitry ny tena fisian'ny zavatra izay efa nekentsika tany aloha tany izany."[2] Fahamarinana mankahery erỳ izany! Manana zavatra manokana sy manan-danja mba hovitaintsika sy ianao ny Ray any An-danitra (jereo ny Efesiana 2:10).

Ireo andraikitra masina ireo dia tsy natokana ho an'ny olom-bitsy niangarana fa natao ho antsika rehetra, tsy mijery hoe lahy na vavy, tsy mijery karazan'olona na firenena niaviana na habetsaky ny karama na ny toerana eo amin'ny fiaraha-monina na ny antso ao am-piangonana. Isika tsirairay dia manana anjara asa lehibe hotanterahina ao amin'ny fampandrosoana ny asan' Andriamanitra (jereo ny Mosesy 1:39).

Ny sasany amintsika dia mametrapanontaniana hoe ny Ray any Andanitra ve dia afaka mampiasa *antsika* mba hitondra anjara biriky manandanja. Kanefa tsarovy fa nampiasa olona tsotra hatrany Izy mba hanatanterahana zavatra mampitolagaga (jereo ny 1 Korintiana 1:27–28; F&F 35:13; 124:1). "[Isika] dia manao safidy ho an'ny tenan[tsika]" ary "ao amin[tsika] ny hery" izay "hahatonga fahamarinana fatratra" (F&F 58:27–28).[3]

Nanazava ny Filoha Russell M. Nelson hoe:

"Mieritreritra ny aminao bebe kokoa ny Tompo noho ny fieritreretanao ny amin'ny tenanao ihany! Natokana sy notehirizina ianao ho an'izao fotoana sy toerana izao. . . .

"Mila anao mba hanova izao tontolo izao ny Tompo. Rehefa ekenao sy arahanao ny sitrapony momba anao, dia ho hitanao fa hahavita izay tsy azo tanterahina ianao!"[4]

Ka ahoana ary no hahatakarantsika sy hanatanterahantsika ilay asa izay kasain' Andriamanitra mba hataontsika? Mamelà ahy hizara fitsipika efatra izay hanampy antsika.

#### Mifantoha amin'ny hafa

Voalohany, mifantoha amin'ny hafa. Afaka manaraka an'i Kristy isika, "izay nandehandeha nanao soa" (Asan'ny Apôstôly 10:38; jereo koa ny 2 Nefia 26:24).

Taorian'ny niverenako avy nitory ny filazantsara tamin'ny fotoana feno, dia nalahelo ny tanjona apetraka isan'andro izay nankafiziko aho. Nazava fa nila nitandrina ireo fanekempihavanana nataoko aho sy nandranto fianarana, nanorina tokantrano ary nanana asa fivelomana. Kanefa nanontany tena aho hoe nisy zavatra ambonin' izany ve, na zavatra tena miavaka mihitsy aza, izay tian'ny Tompo hataoko. Rehefa avy nisaintsaina nandritra ny volana maro aho, dia nahita ity andinin-tsoratra masina ity: "Raha irinareo, dia ianareo no ho fitaovana amin'ny fanaovan-tsoa be amin' ity taranaka ity" (F&F 11:8). Nanampy ahy ny Fanahy Masina mba hahatakatra fa ny tanjona voalohan'ny andraikitra masina dia ny hitahy ny hafa amin'ny "fanaovan-tsoa be."

Azontsika raisina ao amin'ny sahankevitry ny fanampiana ny hafa ireo fanapahan-kevitra eo amin'ny fiainantsika, toy ny hoe inona ny fianarana hatao, inona ny asa atao, na aiza no hipetraka.

Nifindra hankany amin'ny tanàna iray hafa ny fianakaviana iray. Tsy nitady trano tany amin'ny faritra manankarena izy, fa nahatsapa kosa fitaomana hipetraka amin'ny faritra izay sahirana ara-tsosialy sy ara-toekarena. Rehefa nandeha ny taona maro, dia niasa tamin'ny alalan' izy ireo ny Tompo mba hanampiana olona maro sy mba hanorina ny paroasy sy ny tsatòkan' izy ireo.

Nanao ny asany araka ny fanao mahazatra ny mpitsabo iray kanefa nahatsapa fitaomana izy mba hanokana andro iray isan-kerinandro mba hitsabo maimaim-poana ireo olona izay tsy manana antoka ara-pahasalamana. Noho ny finiavan' io lehilahy io sy ny




vadiny hitahy ny hafa, dia nanome fomba ho azy ireo ny Tompo mba hanampiana marary an-jatony maro izay sahirana sady manabe ireo zanany maro ihany koa.

#### Fantaro sy ampitomboy ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy

Faharoa, fantaro sy ampitomboy ireo fanomezam-pahasoavana ara-panahy Nanome antsika ireo fanomezam-pahasoavana ireo ny Ray any Andanitra mba hanampiany antsika hamantatra sy hanatanteraka ary hankamamy ilay asa izay nataony ho antsika.

Manontany tena ny sasany amintsika hoe: "*Mba* manana fanomezam-pahasoavana ve aho?" Averiko indray, eny! ny valiny. "Ny olona *tsirairay* dia omen'ny Fanahin' Andriamanitra fanomezam-pahasoavana . . . mba hahazo tombontsoa amin' izany ny rehetra" (F&F 46:11–12; nampiana fanamafisana).[5] Maro ny fanomezam-pahasoavana voarakitra ao amin'ny soratra masina (jereo ny 1 Korintiana 12:1–11, 31; Môrônia 10:8–18; F&F 46:8–26), kanefa mbola misy maro hafa ihany koa.[6] Ny sasany amin'izany dia mety ahitana ny fananana fitserana, ny fanehoana fanantenana, ny fifandraisana tsara aman'olona, ny fahaizana mandrindra amin'ny fomba mahomby, ny fitenenana na fanoratana feno fandresen-dahatra, ny fampianarana mazava tsara, ary ny fiasana mafy.

Koa ahoana ary no hahatonga antsika hahafantatra ireo fanomezam-pahasoavana ananantsika? Azontsika jerena ny tsodranon'ny patriarika ho antsika, afaka anontaniantsika ireo izay mahafantatra tsara antsika, ka hamantatra manokana isika hoe inona no haintsika ho azy sy tiantsika. Ary ny tena manan-danja indrindra, dia afaka manontany an' Andriamanitra isika (jereo ny Jakôba 1:5; F&F 112:10). Fantany ny fanomezam-pahasoavana ananantsika, satria Izy no nanome azy ireny antsika (jereo ny F&F 46:26).

Rehefa hitantsika ny fanomezam-pahasoavana ananantsika, dia manana andraikitra hampitombo azy ireny isika (jereo ny Matio 25:14–30). I Jesoa tenany dia "tsy nandray hatramin'ny voalohany ny fahafenoana fa [nitombo] ny fahasoavana niampy fahasoavana" (F&F 93:13).

Manao sary mba hampahafantarana ireo soatoavina ara-pivavahana ny zatovolahy iray. Ny tiako indrindra amin' izany dia ny sarin'ny Mpamonjy, izay mihantona ao an-tranonay ny tahadikany. Nampitombo sy nampiasa ny fanomezam-pahasoavana ananany



amin'ny haikanto io rahalahy io. Niasa tamin'ny alalany ny Ray any An-danitra mba hankaherezana ny hafa mba hanatsara kokoa ny maha mpianatry ny Tompo azy ireo.

Indraindray isika dia mahatsapa fa tsy manana fanomezam-pahasoavana manan-danja manokana. Indray andro ny rahavavy iray feno hakiviana dia nitalaho hoe: "Tompo ô! Inona no asa fanompoako manokana?" Namaly Izy hoe: "Ny mahatsikaritra ny hafa." Fanomezam-pahasoavana ara-panahy izany! Nanomboka teo dia nahitany fifaliana ny mahatsikaritra ny fisian' ireo izay adino matetika, ary niasa tamin'ny alalany Andriamanitra mba hitahiana olona maro. Raha toa ny sasany amin' ireo fanomezam-pahasoavana anantsika mety tsy hahatonga antsika ho olona miavaka araka ny fenitr' izao tontolo izao, dia tena manan-danja izy ireny amin' Andriamanitra sy ny asany.[7]

#### Ampiasao ny fotoan-tsarotra

Fahatelo, ampiasao ny fotoan-tsarotra. Ireo fisedrana mahazo antsika dia manampy antsika hahita sy hiomana ho amin' ilay asa izay omanin' Andriamanitra ho antsika. Nanazava i Almà hoe: "Taorian'ny fijaliambe, . . . ny Tompo . . . nanao ahy ho fitaovana teo an-tànany" (Môsià 23:10).[8] Tahaka ny Mpamonjy, izay ny sorompanavotana nataony no ahafahany manampy antsika (jereo ny Almà 7:11–12), isika koa dia afaka mampiasa ny fahalalana azo tamin'ny traikefa sarotra mba hampitrakana sy hampatanjahana ary hitahiana ny hafa.

Taorian'ny nandroahana ny mpiandraikitra iray amin'ny Ressources Humaines, dia namaky ny tsodranon'ny patriarika nomena azy izy ka nahatsapa fitaomam-panahy hanangana orinasa mba hanampiana ny hafa amin'ny fitadiavana asa. (Nanampy ahy mihitsy aza izy hahita asa rehefa niverina avy nanao asa fitoriana ny fianakaviako.) Nampiasain'ny Tompo ny fitsapana nolalovany mba ho fitaovana nentina nitahiana ny hafa, sady nahazoany asa manan-danja kokoa.

Maty teo am-pahaterahana ny zanaky ny mpivady vao iray. Tamin'ny fo torotoro no nanapahan' izy ireo hevitra fa hanome voninahitra ilay zanany vavy izy ireo amin'ny fanomezana torohevitra sy fitaovana mba hanampiana ireo ray aman-dreny izay miaina toe-javatra mitovy amin' izany. Niasa tamin'ny alalan' io mpivady io ny Tompo noho ny fahaizan' izy ireo maka ny toeran'ny hafa, izay nitombo tanatin'ny fotoan-tsarotra.

#### Miantehera amin' Andriamanitra

Ary fahefatra, miantehera amin' Andriamanitra. Rehefa manontany Azy amin'ny tena finiavana isika, dia haneho amintsika ny andraikitsika masina Izy.[9] Rehefa fantatsika ireo andraikitra ireo, dia hanampy antsika Izy hanatanteraka izany. "Ny zavatra rehetra dia eo anoloan'ny maso[ny]" (F&F 38:2); jereo koa ny Abrahama 2:8), ary amin'ny fotoana mampety azy dia hanokatra ireo varavarana izay ilaintsika Izy (jereo ny Apokalypsy 3:8). Nalefany mihitsy aza i Jesoa Kristy Zananilahy, mba hahafahantsika miankin-doha Aminy mba hahazo hery mihoatra noho izay fahafahantsika ara-boajanahary (jereo ny Filipiana 4:13; Almà 26:12).

Ny rahalahy iray, izay sahirantsaina tamin'ny fanapahan-kevitry ny fitondram-panjakana teo an-toerana dia nahatsapa fa tokony hilatsaka ho mpitondra fanjakana. Na dia nahakivy aza ny fizotry ny fampielezan-kevitra, dia nampiasa finoana izy sady nanangona olona hanampy azy hilatsaka. Tamin'ny farany dia tsy naharesy izy kanefa tsapany fa ny Tompo dia nanome azy fitarihana sy hery mba hampahafantarana ireo olana izay manan-danja teo amin' ilay fiaraha-monina.

Ny renim-pianakaviana iray tsy manam-bady, izay mitaiza zaza misy olana ara-pitomboana dia nametrapanontaniana hoe afaka nanome izay ilain'ny fianakaviany araka ny tokony ho izy ve izy sa tsia. Na dia sarotra aza izany, dia nahatsapa izy fa nampatanjahin'ny Tompo mba hanatanterahany am-pahombiazana ny asa manan-danja indrindra nanirahana azy.

#### Teny fampitandremana

Amin'ny fotoana izay hanampian' Andriamanitra antsika hanatanteraka andraikitra masina, dia miezaka ny fahavalo hanary dia antsika sy handresy lahatra hoe tsy misy dikany ny fiainana.

Ny fahotana angamba no vato mahatafintohina lehibe indrindra ho antsika, izay mampihena ny fahaizantsika mahatsapa ny Fanahy Masina sy misakantsakana ny fahazoantsika hery ara-panahy. Mba hanatanterahantsika ilay asa nomanin'ny Ray any An-danitra ho antsika, dia tokony hiezaka ny ho madio isika (jereo ny 3 Nefia 8:1). Moa ve isika miaina amin'ny fomba izay ahafahan' Andriamanitra miasa amin'ny alalantsika?

I Satana koa dia miezaka ny manary dia antsika amin'ny zavatra izay tsy manan-danja kokoa. Nampitandrina ireo mpitarika ny Fiangonana iray taloha ny Tompo hoe: "Fa ny sainao dia nirona kokoa tamin'ny zavatry . . . sy ny asa fanompoana izay efa niantsoana anao" (F&F 30:2). Moa ve isika sahirantsaina amin'ny zavatr' izao tontolo izao hany ka nivily tsy hifantoka amin'ny andraikitsika masina?

Fanampin' izany i Satana dia manakivy antsika amin'ny fahatsapana ho tsy mahavita azy. Ataony ho toy ny hoe sarotra na mampihemotra ilay asantsika. Na izany aza dia afaka matoky an' Andriamanitra isika! Tia antsika Izy. Tiany hahomby isika. Izy "no mandeha

eo alohan[tsika]; ary Izy no hiaraka amin[tsika], tsy handao an[tsika] . . . Izy" (Deoteronomia 31:8; jereo koa ny Salamo 32:8; Ohabolana 3:5–6; Matio 19:26; F&F 78:18).

Mety handresy lahatra antsika koa i Satana mba hijery ny asantsika ho latsadanja noho ny asa nampandraiketina ny hafa. Kanefa ny andraikitra rehetra avy amin' Andriamanitra dia manandanja avokoa, ary hahita fahombiazana isika rehefa "mirehareha [ . . . ] ny amin' izay efa andidian'ny Tompo [antsika]" (Almà 29:9).

Rehefa miasa amin'ny alalantsika Andriamanitra, dia mety haka fanahy antsika ilay fahavalo mba hitady sitraka isaky ny zava-bita. Na dia izany aza dia azontsika alain-tahaka ny fanetrentenan'ny Mpamonjy amin'ny fialana amin'ny fidokan-tena sy amin'ny fanomezam-boninahitra an' Andriamanitra (jereo ny Matio 5:16; Mosesy 4:2). Rehefa niezaka ny hanome fankasitrahana an'i Mère Théresa ny mpanao gazety iray noho ny fiainana natokany hanampiana ny mahantra, dia hoy ny navaliny hoe: "Asan' [Andriamanitra] izany. Toy ny pensily eo ampelantanany . . . aho. . . . Izy no mieritreritra. Izy no manoratra. Tsy misy idiran' ilay pensily mihitsy izany. Mila avela ho ampiasaina fotsiny ilay pensily."[10]

**Famaranana**

Ry rahalahy sy anabavy malalako isany, manasa antsika tsirairay aho mba "[hanolotra] ny tenan[tsika] ho an' Andriamanitra . . . ho fiadian'ny fahamarinana" (Romana 6:13). Ny hoe manolotra ny tena dia ahitana ny fampahafantarantsika Aminy fa te ho ampiasaina isika, ny fikatsahana ny fitarihany, ary ny fahazoana ny heriny.

Araka ny mahazatra, dia afaka mitodika any amin' ilay ohatra tonga lafatra ho antsika isika, dia i Jesoa Kristy. Tamin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana, dia nanontany ny Ray any An-danitra hoe: "Iza no hirahako?"

Ary namaly i Jesoa Kristy hoe: "Inty Aho, iraho Aho" (Abrahama 3:27; jereo koa ny Isaia 6:8).


I Jesoa Kristy dia nanaiky sy niomana ary nanatanteraka ilay anjara asany efa notendrena mialoha mba ho Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Nanao ny sitrapon'ny Ray Izy (jereo ny Jaona 5:30; 6:38; 3 Nefia 27:13) ary nanatanteraka ny andraikiny masina.

Rehefa manaraka ny ohatra nasehon' i Kristy isika sy manolotra ny tenantsika ho an' Andriamanitra, dia mijoro ho vavolombelona aho fa hampiasa antsika koa Izy mba hampandrosoana ny asany sy hitahiana ny hafa. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Refugee Processing Center, "Admissions and Arrivals," ireports.wrapsnet.org/Interactive-Reporting.
2. Spencer W. Kimball, "The Role of Righteous Women," *Ensign,* nôv. 1979, 102.
3. Namporisika ny Filoha Gordon B. Hinckley hoe: "Minoa ny tenanao. Minoa ny fahafahanao mamita zavatra . . . goavana. . . . Zanaky ny Ray ianao, izay manana fahafaha-manao tsy manam-petra" (*Enseignements des Présidents de l'Eglise: Gordon B. Hinckley* (2016), 77).
4. Russell M. Nelson, *Accomplishing the Impossible: What God Does, What We Can Do* (2015), 147.
5. Nilaza ny Filoha Dieter F. Uchtdorf hoe:
   "Hitan'ny Raintsika any An-danitra ny tena hery ao anatintsika. Mahafantatra zavatra mikasika antsika, izay tsy fantatsika akory Izy. Mitarika antsika Izy mandritra ny androm-piainantsika mba hahatratrarantsika ny tanjon'ny nahariana antsika. . . .
   "Koa aoka isika ho tapa-kevitra ny hanara-dia ny Mpamonjy ary hiezaka amim-pahazotoana ho lasa ilay olona izay natao hahatongavantsika. Aoka isika hihaino sy hankato ireo bitsiky ny Fanahy Masina. Rehefa manao izany isika dia ho ambaran'ny Ray any An-danitra amintsika ireo zavatra izay mbola tsy fantatsika momba ny tenantsika. Hasehony antsika ny lalana ary hanampy antsika Izy mba hahitantsika ireo talentantsika miafina sy tsy azontsika an-tsaina akory angamba" ("Mikasika ny nenina sy ny fanapahan-kevitra," *Liahona,* nôv. 2012, 22, 23).
6. Nanazava ny Loholona Bruce R. McConkie fa: "Ny fanomezana ara-panahy dia tsy mana-petra amin'ny isa ary tsy manam-pahataperana amin'ny karazany. Ireo izay voatanisa ao amin'ilay teny nambara dia fanehoana fotsiny ihany ny firotsahana tsy manam-petran'ny fahasoavan' Andriamanitra izay omen'ny Andriamanitra be fahasoavana ho an'ireo izay tia sy manompo Azy" (*A New Witness for the Articles of Faith* [1985], 371).
7. Nampianatra ny Loholona Marvin J. Ashton hoe:
   "Raha raisina an-kisendrasendra fotsiny dia mamelà ahy hilaza fanomezam-pahasoavana vitsy izay tsy voatery mibaribary sy hita miavaka foana kanefa tena manan-danja tokoa. Mety ho anisan'izany ireo fanomezam-pahasoavana anananao, fanomezam-pahasoavana tsy tena mibaribary kanefa tena misy sy sarobidy na izany aza.
   "Andeha isika hijery indray ireo fanomezam-pahasoavana tsy dia miavaka be loatra ireo: ny fanomezam-pahasoavan'ny fangatahana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fihainoana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fahenoana sy fampiasana ilay feo tony sy malefaka, ny fanomezam-pahasoavan'ny fahafahana mitomany; ny fanomezam-pahasoavan'ny fisorohana ny fifandirana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fahaizana mifanaraka; ny fanomezam-pahasoavan'ny fisorohana ny famerimberenana fahatany; ny fanomezam-pahasoavan'ny fikatsahana izay marina; ny fanomezam-pahasoavan'ny tsy fitsaratsarana; ny fanomezam-pahasoavan'ny fitodihana amin' Andriamanitra mba hahazo fitarihana; ny fanomezam-pahasoavan'ny maha-mpianatra, ny fanomezam-pahasoavan'ny fikarakarana ny hafa; ny fanomezam-pahasoavan'ny fahafahana misaintsaina; ny fanomezam-pahasoavan'ny fanolorana vavaka; ny fanomezam-pahasoavan'ny fizarana fijoroana ho vavolombelona matanjaka; ary ny fanomezam-pahasoavan'ny fandraisana ny Fanahy Masina" ("There Are Many Gifts," *Ensign,* nôv. 1987, 20).
8. Nampianatra koa i Paoly hoe: "[Andriamanitra] mampiononà anay amin'ny fahorianay rehetra, mba hahaizanay mampionona izay rehetra mitondra fahoriana kosa, amin'ny fampiononana izay ampiononan' Andriamanitra anay" (2 Korintiana 1:4).
9. Nanazava ny Loholona Richard G. Scott hoe: "Manana drafitra manokana ho an'ny fiainanao Andriamanitra. Hanambara ny ampahan'izany drafitra izany aminao izy rehefa mitady izany amim-pinoana sy amim-pankatoavana tsy tapaka ianao" ("How to Live Well amid Increasing Evil," *Liahona,* Mey 2004, 102).
10. Mère Théresa , in Edward W. Desmond, "Interview with Mother Teresa: A Pencil in the Hand of God," *Time,* Dec. 4, 1989, time.com.



**Nataon'ny Loholona D. Todd Christofferson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ilay mofo velona izay nidina avy tany an-danitra

*Raha maniry ny hitoetra ao amin'i Kristy isika ary mampitoetra Azy ao amintsika, dia ny fahamasinana no katsahintsika.*

Ny ampitson'ny namahanan'i Jesoa tamim-pahagagana ireo olona dimy arivo tao Galilia tamin'ny "mofo vary hordea dimy sy hazandrano madinika roa"[1] fotsiny ihany dia niresaka tamin'ireo olona ireo indray Izy tao Kapernaomy. Tsikaritry ny Mpamonjy fa maro be ireo izay tsy dia liana loatra tamin'ny fampianarany fa liana kokoa ny mba hofahanana indray.[2] Vokatr'izany dia niezaka Izy nandresy lahatra azy ireo ny amin'ny lanjan "ny hanina izay maharitra ho fiainana mandrakizay, izay homen' ny Zanak' olona anareo" izay lehibe lavitra noho izany.[3] Nanambara i Jesoa hoe:

"Izaho no mofon'aina.

"Ny razanareo nihinana ny mana tany an-efitra, nefa maty ihany.

"Ity no mofo izay midina avy any an-danitra, mba tsy ho faty izay mihinana azy.

"Izaho no mofo velona izay nidina avy tany an-danitra; raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy; ary ny mofo izay homeko dia ny nofoko ho fiainan'izao tontolo izao."[4]

Ny zavatra tena tian'ny Mpamonjy nolazaina dia tsy takatr'ireo mpihaino azy tanteraka, izay tsy nahatakatra afa-tsy ara-bakiteny ihany ny zavatra nolazainy. Rehefa nampihoronkodi-tra azy ireo ny fieritreretana izany dia nanontany tena izy ireo hoe: "Hataon' Ilehio ahoana re no fanome ny nofony hohanintsika?"[5] Nohazavain'i Jesoa misimisy kokoa io fitsipika io:

"Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Raha tsy mihinana ny nofon'ny Zanak'olona sy misotro ny rany hianareo, dia tsy manana fiainana ao aminareo.

"Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no manana fiainana mandrakizay; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany.



"Fa ny nofoko no tena fihinana, ary ny rako no tena fisotro."[6]

Dia nolazainy avy eo ny hevitra lalina nofonosin'ilay sarin-teny nampiasainy:

"Izay mihinana ny nofoko sy misotro ny rako no mitoetra ao amiko, ary Izaho kosa ao aminy.

"Ary tahaka ny nanirahan'ny Ray velona Ahy, ary Izaho koa velona amin'ny Ray, dia tahaka izany koa izay mihinana Ahy no ho velona amiko."[7]

Tsy mbola takatr'ireo mpihaino Azy ihany izay nolazain'i Jesoa, ary "maro tami[ny] . . . , nony nandre, dia nanao hoe: Sarotra izany teny izany, iza no mahahaino izany? . . . [Ary] maro tamin'ny mpianany no nihemotra ka tsy niara-nandeha taminy intsony."[8]

Ny fihinanana ny nofony sy ny fisotroana ny rany dia fomba iray tsy mahazatra entina milaza ny fomba tokony hampidirantsika tanteraka ny Mpamonjy ao amin'ny fiainantsika, ao anatin'ny maha-isika antsika mihitsy, mba ho iray isika. Ahoana no hitrangan'izany?

Voalohany dia mahatakatra isika fa rehefa nanao sorona ny nofony sy ny rany i Jesoa dia nanao asa fanavotana noho ny fahotantsika sy nandresy ny fahafatesana, na ara-batana na ara-panahy.[9] Mazava tsara izany avy eo fa mandray ny nofony sy misotro ny rany isika rehefa mandray avy Aminy ny hery sy ny fitahian'ny Sorompanavotany.

Ny fotopampianaran'i Kristy dia milaza ny zavatra tsy maintsy ataontsika mba handraisana ny fahasoavana manavotra. Izany dia ny finoana an'i Kristy, ny fibebahana sy ny fanaovana batisa, ary ny fandraisana ny Fanahy Masina, "ary avy eo dia tonga ny famelana ny fahotanareo amin' ny alalan' ny afo sy ny Fanahy Masina."[10] Io no vavahady, ny fomba hahazoantsika mahazo ny fahasoavana manavotry ny Mpamonjy sy hidirana ao amin'ny lalana ety sy tery izay mitondra mankany amin' ny fanjakany.

"Koa raha mibosesika handroso [eo amin'ilay lalana] ianareo ka mivoky amin' ny tenin' i Kristy ary maharitra hatramin' ny farany, dia indro, izao no lazain' ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo."

“. . . Ary ankehitriny, indro izany no fotopampianaran’ i Kristy, ary ny hany fotopampianarana marina an’ ny Ray sy an’ ny Zanaka ary an’ ny Fanahy Masina izay Andriamanitra iray, tsy manam-pahataperana.”[11]

Ny tandindon’ny fanasan’ny Tompo tamin’ny Fanasana faran'ny Tompo dia kanto raha dinihina. Ny mofo sy ny rano dia maneho ny nofo sy ny ran’Ilay Mofon’aina sy Ilay Rano velona,[12] izay mampahatsiahy antsika amim-pangorahana ny sarany nefainy mba hanavotana antsika. Rehefa vakina ny mofo dia tsaroantsika ny nofon’ny Mpamonjy izay rotidrotika. Indray mandeha ny Loholona Dallin H. Oaks dia nilaza hoe “koa satria vakina sy potipotehina ilay izy dia miavaka ny sila-mofo tsirairay, tahaka ny maha-miavaka ny isam-batan’olona izay mandray izay. Samy manana ny fahotana tokony hibebahantsika isika rehetra. Samy manana ny zavatra ilaintsika izay tokony hampatanjahana amin’ny alalan’ny Sorompanavotan’i Jesoa Kristy Tompo, izay tsaroantsika ao anatin’io ôrdônansy io isika.”[13] Rehefa misotro ny rano isika dia mieritreritra ny ra izay nalatsany tao Getsemane sy teo amin’ny hazofijaliana ary ny hery manamasina ananan’izany.[14] Ny fahafantarantsika fa “tsy misy zavatra tsy madio afaka miditra ao amin’ ny fanjakana,” dia mahatonga antsika hanapakevitra ny ho isan’ “ireo izay efa nanasa ny fitafiany tamin’ ny ra[n’ny Mpamonjy], noho ny finoany sy ny fibebahana tamin’ ny fahotany rehetra ary ny fahatokiany hatramin’ ny farany.”[15]

Efa niresaka mikasika ny fandraisana ny fahasoavana manavotry ny Mpamonjy aho, izay manaisotra ny fahotantsika sy ny vokatr’ireo fahotana ireo ao amintsika. Kanefa ny fihinanana ara-tsariteny ny nofony sy ny fisotroana ara-tsariteny ny rany dia ny fiezahana hanana ao anaty ny zavatra tsara sy ny toetra ananan’i Kristy, ny fanaisorana ny maha-olona araka ny nofo ka lasa Olomasina “amin’ny alalan’ny Sorompanavotan’i Kristy Tompo.”[16] Rehefa mandray ny mofo sy ny rano amin’ny fanasan’ny Tompo isika isankerinandro dia hiezaka kokoa isika ny hieritreritra tsara ny fomba tsy maintsy hampidirantsika feno sy tanteraka ny toetrany sy ny lamin’ny fiainany tsy nisy fahotana eo amin’ny fiainantsika sy ny fisiantsika. Tsy afaka nanao fanavotana hamafana ny otan’ny hafa i Jesoa raha tsy hoe tsy nanam-pahotana ny tenany. Koa satria tsy nanan-javatra notakina taminy ny fahamarinana, dia afaka nanolotra ny tenany hisolo antsika Izy mba hanome fahafahana-po ny fahamarinana ary avy eo dia hanolotra famindram-po. Rehefa mahatsiaro sy manaja ny sorompanavotany isika dia tokony handinika ihany koa ny fiainany izay tsy nisy fahotana.

Izany dia midika fa tsy maintsy miezaka mafy isika ny hanatanteraka ny anjarantsika. Tsy afaka ny ho faly hijanona fotsiny tahaka izao isika fa tsy maintsy mandroso tsy tapaka mankany amin’ “ny ohatry ny halehiben’ ny fahafenoan’ i Kristy.”[17] Tahaka ny rain’ny Mpanjaka Lamônia ao amin’ny Bokin’i Môrmôna, isika dia tokony ho vonona ny hamoy ny fahotantsika rehetra[18] ka hifantoka amin’ny zavatra andrasan’ny Tompo amintsika tsirairay sy miaraka.

Vao haingana no nisy namana iray nitantara tamiko ny zavatra niainany nandritra ny naha-filohan’ny misiôna azy. Nandalo fandidiana izay nilàna herinandro maromaro nakana aina izy. Nandritra ny fotoana niandrasany ny fahasitranany dia nanokana fotoana handalinana ny soratra masina izy. Indray tolakandro raha mbola nisaintsaina ny tenin’ny Mpamonjy ao amin’ny 3 Nefia toko-faha 27 izy, dia resin-tory tsimoramora. Dia nitantara izy avy eo hoe:

“Tafalatsaka tao anatin’ny nofy iray aho izay nampahitana ahy manontolo ny fiainako tamin’ny fomba miavaka. Naseho ahy ny fahotako, ireo safidy ratsiko, ireo fotoana . . . tsy nananako faharetana tamin’ny olona, sy ny fanadinoako ireo zavatra tsara tokony ho nolazaiko na nataoko. . . . Naseho ahy tao anatin’ny minitra vitsy monja, kanefa toa lavalava kokoa noho izany, ny [fijerena] . . . manontolo . . . ny fiainako. Nifoha tamim-pahatairana aho dia . . . namoritra teo no ho eo ny lohaliko teo antsisin’ny fandriana ka nanomboka nivavaka, mba hitalaho famelan-keloka, namboraka ny



zavatra tsapako tao am-poko tamin’ny fomba izay tsy mbola nataoko hatrizay.

Mialoha ilay nofy dia tsy fantatro fa tena nila nibebaka be toy izany aho. Nanjary hitako mazava tsara tampoka teo ny fahadisoako sy ny fahalemeko ka [toy] ny an-tapitrisana kilaometatra ny elanelana nisy teo amin’ilay izaho tamin’izany sy ny fahamasinana sy ny hatsaran’ Andriamanitra. Tao anatin’ny vavaka nataoko tamin’io harivariva io dia nilaza ny fankasitrahako lalina indrindra ny Ray any An-danitra sy ny Mpamonjy tamin’ny foko manontolo aho noho izay nataon’Izy ireo ho ahy sy noho ny fifandraisako tena lalaiko amin’ny vadiko sy ny zanako. Teo ampandohalihako dia tsapako ihany koa ny fitiavana sy ny indrafon’ Andriamanitra izay tena lalina, na dia teo aza ny fahatsapako ho tena tsy mendrika. . . .

“Azoko lazaina fa niova aho nanomboka tamin’io andro io. . . . Niova ny foko. . . . Vokatr’io zavatra niainana io dia lasa nahatakatra kokoa izay mahazo ny hafa aho, sy nanana fahaiza-mitia bebe kokoa, ary niaraka tamin’ny fahatsapana hamehana hitory ny filazantsara. . . .



Afaka nahatakatra, mihoatra lavitra noho ny teo aloha, ilay hafatry ny finoana sy ny fanantenana ary ny fanomezam-pahasoavan'ny fibebahana hita ao amin'-ny Bokin'i Môrmôna aho."[19]

Zava-dehibe ny mahafantatra fa ny fampahafantaran'io lehilahy tsara io tamin'ny fomba miavaka ny fahotany sy ny fahadisoany dia tsy nahaketraka na nitarika azy ho amin'ny fahakiviana. Ekena fa taitra sy nalahelo izy. Tsa-pany fa tena nila nibebaka mafy izy. Nampianarina nanetry tena izy, kanefa nahatsapa fankasitrahana sy fiadanana ary fanantenana, fanantenana tena izy, noho i Jesoa Kristy, "ilay mofo velona izay nidina avy tany an-danitra."[20]

Niresaka momba ilay elanelana nisy teo amin'ny fiainany sy ny fahamasi-nan' Andriamanitra ilay namako. Ny *Fahamasinana* raha ny marina kokoa. Ny fihinanana ny nofo sy ny fisotroana ny ran'i Kristy dia midika hoe mikatsa-ka ny fahamasinana. Mandidy Andria-manitra hoe: "Ho masina hianareo, satria masina Aho."[21]

Nanoro hevitra antsika i Enôka hoe: "Koa ampianaro ny zanakao izao fa ny olona rehetra, na aiza na aiza, dia tsy maintsy mibebaka, fa raha tsy izany dia tsy afaka mandova mihitsy ny fanjakan' Andriamanitra izy, fa tsy misy zavatra tsy madio afaka mitoe-tra ao na mitoetra eo anatrehany; fa amin' ny fitenin' i Adama dia Lehila-hin' ny Fahamasinana no anarany ary ny anaran' ny Lahitokany dia Zanak' Olona, dia i Jesoa Kristy."[22] Fony aho zazalahikely dia nanontany tena aho hoe nahoana i Jesoa ao amin'ny Tes-tamenta Vaovao no antsoina matetika (ary miantso ny tenany mihitsy aza) hoe ny Zanak' Olona kanefa tena Ilay Zanak' Andriamanitra Izy, kanefa ny zavatra nolazain'i Enôka dia manazava izany hoe ireo anarana fiantsoana ireo, raha ny marina, dia fanekena ny maha-Andriamanitra Azy sy ny fahamasinany. Izy no Zanaky ny Olon'ny Fahamarina-na, dia Andriamanitra Ray.

Rehefa maniry ny hitoetra ao amin'i Kristy isika ary mampitoetra Azy ao amintsika,[23] dia ny fahamasinana no katsahintsika, sady ara-batana no ara-panahy.[24] Katsahintsika any amin'ny tempoly, izay ahitana ny soratra hoe "Hamasinina ho an'i Jehovah" izany. Katsahintsika ao amin'ny fanamba-diantsika, ny fianakaviantsika, ary ny tokantranontsika izany. Mikatsaka izany isika isan-kerinandro rehefa manao ny andro masin'ny Tompo ho fahafinare-tana.[25] Katsahintsika izany, eny fa na dia ao anatin'ireo antsipiriany amin'ny fiainana andavan'andro aza: ny fite-nintsika, ny fitafintsika, ny eritreritsika. Araka ny nolazain'ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Isika dia vokatra azo avy amin'ny zavatra rehetra vakintsika, ny zavatra rehetra jerentsika, ny zavatra rehetra henointsika ary ny zavatra rehetra eritreretintsika."[26] Mikatsaka ny fahamasinana isika rehefa mitondra ny hazofijaliantsika isan'andro.[27]

Hoy Rahavavy Carol F. McConkie hoe: "Fantatsika ireo fizahan-toetra sy fakam-panahy ary fahoriana maro mety manaisotra antsika amin'izay zavatra rehetra mendrika, madio, ary mendri-piderana eo anatrehan'Andriamani-tra. Kanefa ny zavatra iainantsika eto an-tany dia manolotra fahafahana ho antsika mba hifidy ny fahamasinana. Raha ny matetika indrindra dia ny faha-foizantena ataontsika mba hitandrina ny fanekempihavanantsika no mana-masina antsika ka mahatonga antsika ho masina."[28] Ary tiako hampiana ami-n'izay "fahafoizantena ataontsika" izay koa ny asa fanompoana atolotsika.


Fantatsika fa "rehefa eo amin' ny fanompoana ny mpiara-belona amin[ntsika isika], dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamani[tsika isika]."[29] Ary ny Tompo dia mampa-hatsiahy antsika fa ny fanompoana toy izany dia ampahany manan-danja amin'ny fiainany sy ny toetrany: "Fa ny Zanak'Olona tsy tonga mba hotom-poina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro."[30] Nanazava tamim-pahendrena ny Filoha Marion G. Romney hoe: "Ny fanom-poana dia tsy zavatra iaretantsika eto an-tany mba hahazoantsika ny zo hiaina ao amin'ny fanjakana selestialy. Ny fanompoana no singa fototra nane-fena ny fiainana iray voasandratra any amin'ny fanjakana selestialy."[31]

Naminany i Zakaria fa amin'ny andro hanjakan'ny Tompo mandritra ny arivo taona dia na ny famohamandrin-tsoavaly aza dia hahitana ny soratra hoe "Hamasinina ho an'i Jehovah."[32] Tao anatin'izany foto-pisainana izany no nametahan'ireo Olomasina mpa-maky lay tao amin'ireo lohasaha izany fampahatsiahivana hoe "Hamasinina ho an'i Jehovah" izany teny amin'ireo zavatra hita fa niraisana na nahazatra, ary ihany koa ireo zavatra nifandray mivantana kokoa tamin'ny resaka fivavahana. Nosoratana teo amin'ireo kaopy sy lovian'ny fanasan'ny Tompo izany ary nosoratana tao amin'ireo tara-tasy fanamarinana ny fanendrena ireo Fitopololahy sy teo amin'ny fanevan'ny Fikambanana Ifanampiana. Ny hoe "Hamasinina ho an'i Jehovah" ihany koa dia hita teo amin'ny vata fitara-try ny Zion's Cooperative Mercantile Institution (Ivontoeran'ny Farimbon'asa Ara-barotr'i Ziona), dia ny departe-mantan'ny tsenan'ny ZCMI izany. Hita teo amin'ny lohan'ny maritoa iray sy teo amin'ny amponga iray izany. Ny hoe "Hamasinina ho an'i Jehovah" dia voasokitra teo amin'ny famoham-baravarana metaly teo amin'ny tra-non'ny Filoha Brigham Young. Ireo firesahana momba ny fahamasinana teny amin'ny toerana izay hita fa tsy mahazatra na tsy nampoizina ireo dia mety ho hafahafa, kanefa izy ireny dia milaza fotsiny ny tokony ho fahafenoa-na sy ny tsy fiovaovan'ny fifantohantsi-ka amin'ny fahamasinana.








Ny fihinanana ny nofon'ny Mpamonjy sy ny fisotroana ny rany dia midika hoe manaisotra eo amin'ny fiainantsika izay mety ho zavatra tsy afaka miaraka amin'ny toetra tahaka ny an'i Kristy sy ny fiezahantsika hanana ny toetrany. Izao no dikan'ny fibebahana raha velarina kokoa: tsy miala fotsiny ihany amin'ny fahotana teo aloha fa "mampitodika [ihany koa] amin' Andriamanitra ny [fo] sy ny [sitrapo]"[33] sady mandroso hatrany. Andriamanitra dia haneho amintsika, tahaka izay niseho tamin'ilay namako tao anatin'ny nofiny izay nampahafantatra zavatra azy, ny fahadisoantsika sy ny kilemantsika, kanefa hanampy antsika ihany koa Izy mba hamadika ny fahalemena ho lasa tanjaka.[34] Raha manontany amin-kitsim-po isika hoe: "Inona no tsy mbola mahatanteraka ahy?"[35] Dia tsy hamela antsika haminany izany Izy, fa hamaly am-pitiavana kosa mba ho fifaliana ho antsika. Ary hanome fanantenana antsika Izy.

Ezaka tena mandany hery, ary mety tena nampatahotra tokoa raha toa ka irery isika tamin'ny ezaka nataontsika mba hanana fahamasinana. Ny fahamarinana feno voninahitra dia hoe tsy irery isika. Isika dia manana ny fitiavan' Andriamanitra, ny fahasoavan'i Kristy, ny fampiononana sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina, ary ny finamanana sy ny famporisihan'ireo Olomasina namantsika ao amin'ny tenan'i Kristy. Tsy tokony ho afa-po amin'ny toepanahintsika amin'izao fotoana izao isika, kanefa aoka koa isika tsy ho kivy mihitsy. Mamporisika antsika ny hira Kristianina tsotra kanefa mampieritreritra iray hoe:

*Makà fotoana hanamasinan-tena,*
*na dia manohy ny fanaony aza*
*izao tontolo izao;*
*Mandania fotoana mitokana miaraka amin'i Jesoa ao amin'ny*
*mangingina.*
*Rehefa mitodika any amin'i Jesoa,*
*dia ho lasa tahaka Azy ianao;*
*Ho hitan'ireo namanao amin'ny*
*fitondran-tenanao ny fitovianao*
*Aminy.*[36]

Mijoro ho vavolombelona ny amin'i Jesoa Kristy aho, "[Ilay] mofo velona izay nidina avy tany an-danitra,"[37] ary "Izay mihinana ny nofo[ny] sy misotro ny ra[ny] no manana fiainana mandrakizay,"[38] amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jaona 6:9.
2. Jereo ny Jaona 6:26.
3. Jaona 6:27.
4. Jaona 6:48–51.
5. Jaona 6:52.
6. Jaona 6:53–55.
7. Jaona 6:56–57.
8. Jaona 6:60, 66. Tamin'io fotoana io ny Mpamonjy no nanontany ny Roambinifololahiny hoe: "Hianareo koa va mba te-hiala?" (Jaona 6:67). Raha namaly tamin'ny finoana tsy voahozongozona tamin'ny toerana ny Roambinifololahy i Petera dia hoy izy hoe: "Tompo ô, hankany amin'iza moa izahay? Hianao no manana ny tenin'ny fiainana mandrakizay. "Ary izahay mino ka mahalala fa Hianao no Ilay Masin'Andriamanitra" (Jaona 6:68–69). Tsy fantatro raha takatr'i Petera sy ireo rahalahiny bebe kokoa, tamin'io fotoana io, ny zavatra nampianarin'ny Tompo raha oharina amin'ireo mpianatra izay namela irery ny Tompo tamin'io fotoana io, kanefa fantatr'i Petera tamin'ny fijoroana ho vavolombelona azo antoky ny Fanahy fa i Jesoa no ilay Kristy, Zanak' Andriamanitra velona (jereo koa ny Matio 16:15–17), ary tsy afaka ny ho hita any amin'ny toeran-kafa ny famonjena. Noho izany dia nanolo-tena tanteraka ny hanaraka an'i Jesoa Kristy izy na inona na inona miseho. Raha nanana fanontaniana izy, dia azo novaliana tany aoriana tany izany, kanefa tsy hanaiky hiova hevitra amin'ny fahatokiany tamin'ny Zanak' Andriamanitra izy, ary izany dia ohatra tena mahafinaritra ho antsika.
9. Jereo ny Lioka 22:44; Hebreo 13:12; Môsià 3:7; 15:7–8; Almà 7:13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:18; 38:4; 45:4–5.
10. 2 Nefia 31:17.
11. 2 Nefia 31:20–21.
12. Jereo ny Jaona 4:10.
13. Dallin H. Oaks, "Introductory Message" (fandraisam-pitenenana tamin'ny seminera ho an'ireo filohan'ny misiôna vao nantsoina, 25 jona 2017), 2.
14. Jereo ny Mosesy 6:60.
15. 3 Nefia 27:19; jereo koa ny Môrônia 10:32–33.
16. Môsià 3:19.
17. Efesiana 4:13.
18. Jereo ny Almà 22:18.
19. Taratasy avy amin'ny olona iray manokana.
20. Jaona 6:51.
21. 1 Petera 1:16.
22. Mosesy 6:57.
23. Jereo ny Jaona 6:56.
24. Jereo ny Romana 12:1.
25. Jereo ny Isaia 58:13.
26. *Teachings of Thomas S. Monson,* comp. Lynne F. Cannegieter (2011), 267.
27. Jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Matio 16:25–26*;* Lioka 9:23; 14:27–30; Dikantenin'i Joseph Smith, Lioka 14:27–28; Dikantenin'i Joseph Smith, Lioka 14:31.
28. Carol F. McConkie, "Ny hatsaran'ny fahamasinana," *Liahona,* mey 2017, 10.
29. Môsià 2:17.
30. Marka 10:45; jereo koa ny Almà 34:28.
31. Marion G. Romney, "The Celestial Nature of Self-Reliance," *Liahona,* mar. 2009, 19.
32. Zakaria 14:20.
33. Torolalana ho an'ny Soratra Masina, "Fibebahana."
34. Jereo ny Etera 12:27.
35. Matio 19:20.
36. William D. Longstaff, "Take Time to Be Holy," *The United Methodist Hymnal* (1989), lah. 395.
37. Jaona 6:51.
38. Jaona 6:54.




**Nataon'ny Loholona Jeffrey R. Holland**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Aoka ho tanteraka ianareo, amin'ny farany

*Raha maharitra isika dia ho vita sy tontosa any amin'ny mandrakizay any ny fanadiovana antsika.*

Ny soratra masina dia nosoratana mba hitahy sy hankahery antsika, ary tena manao izany tokoa izy ireny. Isaorantsika ny lanitra noho ny toko sy ny andininy tsirairay rehetra nomena antsika. Saingy tsikaritrareo ve fa indraindray misy andinin-tsoratra masina izay toa mampahatsiahy antsika fa somary lavo kely *isika*? Ohatra, ny toriteny teo an-tendrombohitra dia manomboka amin'ireo fahasambarana mampilamina sy mahafinaritra, saingy ao amin'ireo andininy manaraka isika dia tenenina, ankoatra ireo zavatra hafa, mba tsy hoe tsy hamono olona fotsiny fa mba tsy ho tezitra mihitsy koa. Tenenina isika mba tsy hoe tsy hijangajanga fotsiny fa mba tsy hanana eritreritra maloto mihitsy koa. Ho an'ireo izay mangataka izany, dia tokony hanome ny akanjontsika isika ary avy eo dia hanome ny lambantsika ihany koa. Tokony ho tia ny fahavalontsika isika, sy hisaotra an'izay manozona antsika, ary hanao soa izay mankahala antsika.[1]

Raha izany no zavatra hitanao rehefa mandalina soratra masina amin'ny maraina, dia rehefa avy namaky hatreo fotsiny ianao dia efa mahazo antoka fa tsy hahazo naoty tsara ao anatin'ny karine misy ny zavatra takin'ny filazantsara aminao dia ny didy farany ao no tena azo antoka fa tsy ho vitanao ny manaraka azy: "Aoka ho tanteraka hianareo toy ny fahatanterahan'ny Rainareo izay any An-danitra."[2] Te hiverina hatory isika dia hanarona lamba ny lohantsika, manoloana izany didy izany. Toa tsy ho azontsika tratrarina ny tanjona selestialy toy izany. Saingy azo antoka fa tsy hanome antsika didy izay fantany fa tsy ho voatandrintsika na oviana na oviana ny Tompo. Andeha hojerentsika hoe mitondra antsika mankaiza izany safidy sarotra izany.



Maheno olona maro izay sahirana amin'ity olana ity aho manerana ny Fiangonana: "Tsy tsara tsotra izao aho." "Mora lavo loatra aho." "Tsy ho mendrika mihitsy aho." Henoko lazain'ireo zatovo izany. Henoko lazain'ireo misiônera izany. Henoko lazain'ireo vao niova fo izany. Henoko lazain'ireo vao mpikambana efa hatrizay izany. Nilaza ranabavy Darla Isackson izay Olomasin'ny Andro Farany marani-tsaina iray hoe, toa nataon'i Satana izay hahatonga ireo fanekempihavanana sy didy ho toy ny ozona sy fanamelohana. Ho an'ny sasany dia novainy ho zavatra miteraka fankahalana tena sy mitondra fahoriana ireo fitsipika sy sy fitaomam-panahy ao amin'ny filazantsara.[3]

Izany zavatra lazaiko izany akory tsy hoe mandà na mampihena velively ny didy izay nomen' Andriamanitra antsika. Mino ny fahatanterahany aho, ary fantatro fa zanany ara-panahy isika, manana hery anaty masina ho tonga tahaka Azy. Fantatro ihany koa fa amin'ny maha-zanany antsika dia tsy tokony hanevateva na hanaratsy be ny tenantsika isika, toy ny hoe ny fampijaliana ny tenantsika no hahatonga antsika ho lasa ilay olona tian' Andriamanitra hahatongavantsika. Tsia! Miaraka amin'ny fahavononana hibebaka sy faniriana hampitombo foana ny fahamarinana ao am-pontsika dia manantena aho fa hanohy ny fivoarantsika manokana amin'ny fomba izay tsy mifono faharatrana eo amin'ny vatana na malain-kanina vokatry ny aretin-tsaina, na mahatsapa fahakiviana na fanimbana ny fahatokiantenantsika isika. *Tsy* izany velively no tian' Andriamanitra ho an'ireo ankizy ao amin'ny Kilonga na izay mihira amin-kitsimpo hoe: "Miezaka ny ho tahaka an'i Jesoa aho."[4]

Mba hitondrana fanazavana manodidina izany resaka izany dia mamelà ahy ianareo hampahatsiahy antsika rehetra fa isika dia miaina ao anaty tontolo lavo ary amin'izao isika dia olona lavo. Ao anatin'ny fanjakana *telestialy* isika izao, izay manomboka amin'ny *t* fa tsy *s*. Araka ny nampianarin'ny Filoha Russell M. Nelson hoe, ety an-tany ny fahatanterahana dia mbola "andrasana."[5]

Noho izany dia mino aho fa i Jesoa dia tsy nikasa ny hanao ny toriteniny mikasika izany lohahevitra izany ho toy ny famelezana am-bava momba ireo fahalementsika.Tsia, mino aho fa nataony izany ho fanehoana fanajana ny maha-izy azy an'ilay Andriamanitra Ray Mandrakaizay sy ny zavatra azontsika tanterahina miaraka Aminy any amin'ny mandrakizay. Na izany na tsy izany, dia feno fankasitrahana aho noho ny fahafantarako fa dia eo aza ny tsy fahalavorari*ako*, dia lavorary Andriamantira farafaharatsiny, ary fahafaratsiny Izy, ohatra, dia afaka mitia ny fahavalony, satria matetika loatra, noho ilay lehilahy sy vehivavy "araka ny nofo"[6] ao anatintsika, dia isika izany fahavalo izany. Tena feno fankasitrahana aho fa farafaharatsiny Andriamanitra dia afaka mitahy izay manisy ratsy Azy satria, noho ny tsy fananantsika faniriana na fikasana hanao toy izany, dia manisy ratsy Azy isika *rehetra*. Feno fankasitrahana aho fa be famindram-po sy mpampihavana Andriamanitra satria mila famindram-po aho ary izao tontolo izao dia mila fampihavanana. Mazava ho azy fa ny zavatra rehetra resahintsika mikasika ireo hatsaran-toetran'Andriamanitra dia mahakasika ny an'ny Zanany Lahitokana ihany koa, izay niaina sy maty tao anatin'izany fahatanterahana izany ihany koa.

Te hilaza haingana aho fa ny fifantohana amin'ireo zavatra notanterahin'ny Ray sy ny Zanaka fa tsy amin'ireo tsy fahombiazantsika dia tsy mitondra fanamarinana na dia pitiny kely aza ny fiainana goragora na ny tsy fanomezana lanja ireo fitsipika iainantsika. Tsia, efa hatrany am-boalohany ny filazantsara no natao "ho fanatanterahana ny olona masina, . . . mandrapahatongantsika . . . mahatratra ny ohatry ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy."[7] Manoro hevitra fotsiny aho hoe farafahakeliny ny tanjon'ny soratra masina na didy iray dia mety natao hampahatsiahivana antsika "ny [tena] halehiben'ny fahafenoan'i Kristy"[8] izay mitaona antsika hanana fitiavana sy fiderana lehibe kokoa Azy ary faniriana bebe kokoa ny ho lasa tahaka Azy.

"Eny, manatòna an'i Kristy, ary aoka hatao tanteraka ao Aminy . . . ," hoy ny



fiangavian'i Môrônia. "Tiava an' Andriamanitra amin'ny herinareo, ny sainareo ary ny tanjakareo rehetra, amin'izany . . . *amin'ny alalan'ny fahasoavany no hahatonga anareo ho tanteraka ao amin'i Kristy*.[9] Ny hany fanantenantsika ho an'ny fahalavorariana tanteraka dia amin'ny fandraisana izany ho toy ny fanomezana avy any an-danitra, ary tsy ho "azontsika samirery" izany. Noho izany, ilay fahasoavana manonitra avy amin'i Kristy dia tsy manolotra famonjena antsika amin'ny alahelo sy ny fahotana ary ny fahafatesana fotsiny ihany fa manolotra famonjena antsika amin'ny fitsikerantsika tena izay tsy mety afaka.

Mamelà ahy ianareo hampiasa iray amin'ireo fanoharan'ny Mpamonjy mba hilazana izany amin'ny fomba hafa. Nisy mpanompo iray nananan'ny mpanjakany trosa mitentina talenta 10.000. Rehefa naheno ilay mpanompo nangataka andro sy famindram-po "ny tompon' izany mpanompo izany dia onena azy ka . . . namoy ny trosa taminy." Kanefa avy eo io mpanompo io dia tsy namela ny mpanompo namany izay nananany denaria 100. Rehefa nahare izany ilay mpanjaka dia nilaza tamin'alahelo an'ilay mpanompo izay navelany hoe: "Moa tsy tokony mba ho namindra fo tamin'ny mpanompo namanao koa va hianao tahaka ny namindrako fo taminao?"[10]

Misy tsy fitovian-kevitra eo amin'ireo manam-pahaizana mikasika ny sandam-bola resahina eto, ary miala tsiny aho amin'ny fampiasana ny vola fampiasantsika mahazatra, saingy mba hanamora ny kajy dia, raha ataontsika hoe Ariary 100 amin'izao fotoana ohatra ilay denaria 100 tsy foy, ilay talenta 10.000 izay nafoy kosa dia hanakaiky ny iray miliara Ariary, na mihoatra!

Raha trosan'ny tena manokana izany dia tena vola be tena tsy takatry ny saina. (Amin'ny fomba ahoana moa no handaniana izany vola izany!) Fa ho an'ny tanjon'ity fanoharana ity dia *natao* tsy ho takatry ny saina izany, *natao* ho mihoatra lavitra ny fahafahantsika manakatra izany, mba tsy hilazana hoe tsy voaloantsika. Izany no izy satria tsy hoe tantaran'ny mpanompo anankiroa nifanditra tao amin'ny Testamenta Vaovao izany. Izany dia tantara momba antsika, ao anatin'ny fianakaviamben'ny olombelona rehetra izay lavo, mpitrosa, mpandika lalàna, ary gadra. Isika tsirairay ireo dia mpitrosa ary ny didy dia sazy an-tranomaizina ho antsika tsirairay avy. Ary dia hijanona any isika rehetra raha tsy noho ny fahasoavan'ny Mpanjaka iray izay manafaka antsika satria tia antsika tsotra izao Izy ary "[entanin'ny] fangorahana [antsika]."[11]

Mampiasa fandrefesana tsy hay takarina i Jesoa eto satria ny Sorompanavotany



dia fanomezana tsy hay takarina amin'ny vidiny tsy takatry ny saina. Izany amiko no farafahakeliny ampahany amin'ny hevitra ao ambadik'ilay didy nomen'i Kristy mba ho tanteraka. Mety mbola tsy afaka mampiseho fahalavorariana mitovy sanda amin'ny talenta 10.000 izay efa tratran'ny Ray sy ny Zanaka isika, saingy *tsy* tafahoatra kosa raha mba mangataka antsika mba hampiseho toetra masina bebe kokoa Izy ireo ao anatin'ireo zavatra madinika, mba hiteny, hanao asa, hitia, hamela sy hibebaka ary hivoatra mifanaraka amin'ny haavom-pahalavorariana mitovy sanda amin'ny denaria 100 isika, izay mazava fa vitantsika.

Ry rahalahiko sy anabaviko isany, ankoatra ny an'i Jesoa, dia tsy mbola nisy fiainana tonga lafatra teto amin'ity diantsika eto an-tany ity, koa mandritra ity fiainana eto an-tany ity dia ndeha isika hiezaka mafy mba hivoatra hatrany, fa tsy hifantoka loatra amin'izay lazain'ny mpahay siansa hoe "fikatsahana amin'ny fomba manimba ny ho tonga lafatra."[12] Tokony hosorohantsika io zavatra tafahoatra farany io izay andrandraina ho vitan'ny tenantsika sy ny hafa ary ampiako hoe ireo izay voantso hanompo ato am-piangonana, izay midika hoe *isika rehetra* ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, satria voantso hanompo daholo isika rehetra na aiza na aiza.

Raha ny amin'io, dia nanoratra momba ny pretra iray i Leon Tolstoy, izay notsikerain'ny iray tamin'ireo mpivavaka tao am-piangonany ho tsy niaina tsara araka ny tokony ho izy. Nofintinin'ilay mpitsikera fa ireo fitsipika nampianarin'ilay mpitory nanao hadisoana noho izany dia tsy maintsy diso.

Ho valin'izany tsikera izany dia hoy ilay pretra hoe: "Jereo ny fiainako amin'izao, dia ampitahao amin'ny fiainako teo aloha. Ho hitanao fa miezaka miaina ny fahamarinana izay toriko aho." Tsy afaka niaina araka ireo fitsipika ambony izay nampianariny anefa ilay pretra, dia niaiky fa lavo. Saingy nihiaka izy hoe:

"Enjeho aho, [raha tianao.] Izaho tenako aza manao izany, kanefa [aza] enjehina . . . ny lalana arahiko. . . . Raha fantatro ny lalana mody [kanefa] mamo aho mandeha amin'izany, moa ve lasa tsy marina izany ilay lalana satria mivembena etsy sy eroa aho?


". . . Aza mihorakoraka amimpifaliana hoe—Jereo ange izy e! . . . Iny izy fa mivarina any an-kady!— Tsia, aza mifaly amin'izany, fa . . . ampio [izay miezaka mandeha eo amin'ny lalana miverina any amin' Andriamanitra.]"[13]

Ry rahalahy sy anabavy, maniry ny hanana fiainana tahaka ny an'i Kristy kokoa isika tsirairay avy nefa matetika tsy vitantsika ny miaina azy. Raha miaiky izany amin-kitsimpo isika ary miezaka ny hivoatra dia tsy mpihatsaravelatsihy, fa olombelona isika. Enga anie isika handà ka tsy hamela ireo hadalantsika amin'ny maha-olombelona, sy ny tsy fahatanterahana tsy azo ihodivirana hita na dia eo amin'ireo lehilahy sy vehivavy tena tsara manodidina antsika aza, hahatonga antsika hiroan-tsaina mikasika ireo fahamarinan'ny filazantsara, ny fahamarinan'ny Fiangonana, ny fanantenantsika ny hoavintsika, na ny fahafahana ho lasa masina. Raha maharitra isika dia ho vita sy tontosa any amin'ny mandrakizay any ny fanadiovana antsika, izay dikan'ny hoe *tanteraka* ao amin'ny Testamenta Vaovao.[14]

Izaho dia mijoro ho vavolombelona ny amin'izany anjara goavana izany izay atolotra ho antsika amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy Tompo, izay Izy tenany aza nanohy "fahasoavana niampy fahasoavana"[15] mandra-pandraisany tao amin'ny tsy fahafatesany[16] ny fahafenoan'ny voninahitra selestialy.[17] Mijoro ho vavolombelona aho fa amin'izao ora izao sy amin'ny ora rehetra, miaraka amin'ny tanany misy holatra, dia manolotra izany fahasoavana izany amintsika Izy, tsy kivy amintsika ary mankahery antsika, tsy handao antsika raha tsy tonga soa aman-tsara any amin'ilay fonenantsika eo an-tsandrin'ny Ray aman-dreny any an-danitra isika. Tohiziko ny ezaka na dia mitavozavozasa aza aho mba hahatongavana amin'izany fotoana tonga lafatra izany. Tohiziko ny fanehoana fankasitrahana na dia tsy ampy fahaizana aza, noho izany fanomezana tonga lafatra izany. Ataoko izany amin'ny anaran'ilay Tonga Lafatra, Ilay tsy mba nitavozavoza velively na Ilay tsy mba hoe tsy ampy fahaizana, kanefa dia tia antsika rehetra, dia i Jesoa Kristy Tompo izany. Amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny Matio 5:1–47.
2. Matio 5:48.
3. Jereo ny Darla Isackson, "Satan's Counterfeit Gospel of Perfectionism," *Meridian Magazine,* 1 jona 2016, ldsmag.com.
4. "Jésus Christ est mon modèle," *Chants pour les enfants,* 40.
5. Jereo ny Russell M. Nelson, "Perfection Pending," *Ensign,* nôv. 1995, 86–88.
6. Môsià 3:19.
7. Efesiana 4:12–13.
8. Efesiana 4:13
9. Môrônia 10:32; nampiana fanamafisana.
10. Jereo ny Matio 18:24–33.
11. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:4.
12. Jereo ny Joanna Benson and Lara Jackson, "Nobody's Perfect: A Look at Toxic Perfectionism and Depression," *Millennial Star,* 21 martsa 2013, millennialstar.org.
13. "The New Way," *Leo Tolstoy: Spiritual Writings* nofantenin'i Charles E. Moore (2006), 81–82.
14. Ho fandalinana lalina ny dikan'ilay teny grika nampiasaina ao amin'ny Testamenta Vaovao ho an'ny hoe *tanteraka* ("teleios"), dia jereo ny lahateny nataon'ny Filoha Russell M. Nelson tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny ôktôbra 1995 "Perfection Pending" (*Ensign,* nôv. 1995, 86–88).
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:13.
16. Jereo ny Lioka 13:32.
17. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:13.



Fivoriana Sabotsy Tolakandro | 30 Septambra 2017

**Natolotry ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Fanohanana ireo Mpiandraikitra ao amin'ny Fiangonana

Ry rahalahy sy anabavy, ankehitriny aho dia hanolotra aminareo ireo Manampahefana Ambony, Fitopololahin'ny Vondrom-paritra ary Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny maneran-tany an'ny Fiangonana mba hotohananareo.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Thomas Spencer Monson amin'ny maha-mpaminany sy mpahita ary mpanambara azy ary Filohan' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany; Henry Bennion Eyring, amin'ny maha-Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany azy; ary Dieter Friedrich Uchtdorf, amin'ny maha-Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany azy.



Ireo izay manohana dia afaka maneho izany.

Ireo izay manohitra, raha misy, dia afaka maneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Russell Marion Nelson ho Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary ireto manaraka ireto ho mpikambana ao amin'izany kôlejy izany: Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, ary i Dale G. Renlund.

Ireo izay manohana dia aoka haneho izany.

Izay manohitra dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana ireo mpanolotsaina ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ireo Apôstôly Roambinifolo ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara.

Ireo rehetra izay manohana aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, aoka haneho izany koa.

Ny Loholona Donald L. Hallstrom sy Richard J. Maynes dia nisaorana tamin'ny naha-mpikambana tao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy azy ireo.

Ireo izay maniry ny haneho fankasitrahana ireo Rahalahy ireo noho ny asa fanompoana izay nataony dia afaka manao izany amin'ny fananganan-tanana.

Aroso amintsika ny hanohanana ny Loholona Juan A. Uceda sy Patrick Kearon, izay nantsoina mba ho mpikambana ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy.

Ireo izay maniry hanohana ireo Rahalahy ireo amin'ny andraikitr'izy ireo vaovao, dia aoka haneho izany.

Izay manohitra dia aoka haneho izany koa.

Aroso amintsika ny hisaorana amim-pankasitrahana ny asa fanompoana feno fanolorantena nataon'ny Loholona Stanley G. Ellis, Larry R. Lawrence, ary W. Craig Zwick tamin'ny naha-Fitopololahy Manampahefana Ambony azy ireo ary omena ny anarana maha-Manampahefana Ambony

nahavita asa tamim-boninahitra izy ireo.

Ireo izay maniry ny hiaraka haneho fankasitrahana aminay ho an'ireo Rahalahy ireo noho ny asa fanompoana miavaka izay nataon'izy ireo dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hisaorana ireto manaraka ireto tamin'ny naha-Fitopololahin'ny Vondrom-paritra azy ireo: Pedro U. Adduru, Detlef H. Adler, Angel H. Alarcon, Winsor Balderrama, Christopher Charles, Robert M. Call, Gene R. Chidester, Ralph L. Dewsnup, Ángel A. Duarte, Peter F. Evans, Francisco D. N. Granja, Yuriy A. Gushchin, Clifford T. Herbertson, Aniefiok Udo Inyon, Luiz M. Leal, Alejandro Lopez, L. Jean Claude Mabaya, Declan O. Madu, Alexander T. Mestre, Jared R. Ocampo, Andrew M. O'Riordan, Jesús A. Ortiz, Abenir V. Pajaro, Siu Hong Pon, Robert C. Rhien, Jorge Luis Romeu, Jorge L. Saldívar, Ciro Schmeil, Alin Spannaus, Moroni B. Torgan, Steven L. Toronto, Ricardo Valladares.

Ireo izay maniry hiara-haneho aminay ny fankasitrahana azy ireo noho ny asa fanompoana tena tsara natolotr'izy ireo dia aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana an'i Torben Engbjerg ho Fitopololahin'ny Vondrom-paritra.

Ireo rehetra izay manohana aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, aoka haneho izany.

Aroso amintsika ny hanohanana ireo Manampahefana Ambony, Fitopololahin'ny Vondrom-paritra, sy ireo Fiadidian'ny Vondrona Fanampiny izay misy ankehitriny.

Ireo rehetra izay manohana aoka haneho izany.

Izay manohitra, raha misy, aoka haneho izany koa.

Ireo nanohitra izay mety olona natolotra teo dia tokony hihaona amin'ny filohan'ny tsatòkany.

Ry rahalahy sy anabavy, misaotra anareo izahay noho ny finoana maharitra anananareo sy ny vavaka tsy tapaka ataonareo ho an'ireo mpitarika ny Fiangonana. ■



**Nataon'ny Loholona Gary E. Stevenson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fanakona-masoandro ara-panahy

*Aza avela hanakona ny hazavan'ny lanitra ireo zava-mahavariana eo amin'ny fiainana.*

Tamin'ny 21 aogositra tamin'ity taona ity dia nisy trangan-javatra tsy dia fahita niseho izay nisarika ny sain'ny olona manerana izao tontolo izao. Ny voalohany dia ny fankalazana ny tsingerintaona faha-90 an'ny mpaminany malalantsika, dia i Thomas S. Monson. Tamin'io fotoana io aho dia nanatanteraka iraka tany amin'ny Vondromparitr'i Pasifika ary faly tokoa fa ireo Olomasina tany Australie, Vanuatu, Nouvelle Zélande ary Polynésie Française dia tsy hoe nahafantatra ilay fotoana miavaka teo amin'ny fiainany fotsiny fa nifaly tamin'ny fankalazany izany ihany koa. Nahatsapa ho niangarana aho niaraka tamin'izy ireo tamin'ny nanehoany tamin-kitsimpo ny finoany sy ny fitiavany an'ity lehilahy mahafinaritra ity. Tena manentana ny fanahy ny nahita ny fifandraisana ananan'ny Olomasin'ny Andro Farany amin'ny mpaminanin'izy ireo.

Mazava ho azy fa rehefa nahafantatra ny fisian'ireo izay naniry ny hirary soa azy noho ny tsingerintaonany ny Filoha Monson dia nanoritsoritra ny zavatra izay hitany fa fanomezana tsara homena azy amin'ny tsingerintaona nanao hoe: "Mitadiava olona mandalo fotoan-tsarotra na marary na irery dia manaova zavatra ho azy ireo. Izany no mba hangatahiko."[1] Tianay ianao ary manohana anao izahay ry Filoha Monson.

#### Fanakona-masoandro

Ilay tranga iray hafa izay tsy fahita loatra sy avy amin' Andriamanitra niseho tamin'io andro io, ary nahasarika olona ana hetsiny manerana izao tontolo izao, dia ny fanakonana tanteraka ny masoandro. Io no fotoana voalohany nitrangan'ny fanakona-masoandro nanerana an'i Etazonia tao anatin'ny 99 taona.[2] Efa nahita fanakona-masoandro ve ianao? Azoko hazavaina amin'ny antsipiriany bebe kokoa angamba izany.

Ny fanakonana tanteraka ny masoandro dia mitranga rehefa mandalo eo anelanelan'ny tany sy ny masoandro ny volana, izay saika manakana tanteraka izay hazavana avy eny amin'ny masoandro.[3] Fahagagana ho ahy ny fahafantarana fa afaka mitranga izany. Raha alaina sary an-tsaina hoe toy ny kodiaran'ny bisikileta ny haben'ny masoandro, ny volana kosa raha ampitahaina amin'izany dia mety ho toy ny vato kely fotsiny.

Ahoana no mahatonga ilay loharano mitondra hafanana sy hazavana ary fiainana mihitsy eo amintsika no ho voarakotry ny zavatra kely tsy misy dikany raha oharina aminy raha ny habe no lazaina?

Na dia ngeza in'efajaton'ny volana aza ny masoandro, dia in'efajato lavitry ny tany koa izy.[4] Raha amin'ny fijery avy ety amin'ny tany, izany fitoerany izany dia mahatonga ny masoandro sy ny volana hitovy habe. Raha vao mifanitsy fotsiny izy roa, dia hita toa mandrakotra ny masoandro manontolo ny volana. Ireo namanay sy fianakavianay izay tany amin'ny toerana nahita ny fanakona-masoandro tanteraka dia namariparitra ny fomba nanoloan'ny haizina ny hazavana, nipoitra ireo kintana, ary nitsahatra tsy nihira ny vorona. Lasa nangatsiaka ny andro, satria afaka midina ambanin'ny 11 Degrée Celsius ny mari-pana rehefa misy fanakona-masoandro.[5]

Nilaza fahatsapana fitalanjonana, hagagana, ary eny, fitaintainana ihany koa izy ireo satria ny fanakona-masoandro dia mitondra loza vitsivitsy. Nampiasa fitandremana anefa izy ireo nandritra ny fanakona-masoandro mba hisorohana ny fahasimban'ny maso na ny "fahajambana avy amin'ny fanakona-masoandro." Nisy fiarovana satria nampiasa solomaso misy sivana manokana izay miaro ny maso tsy ho azon'ny loza mety hitranga izy ireo.

#### Ny fifanahafana

Tahaka ny fahafahan'ny volana kely manakona ny masoandro lehibe, izay manakana ny hazavana sy ny hafanana avy aminy, dia misy fanakona-masoandro *ara-panahy* mety hitranga rehefa avelantsika hameno ny fifantohantsika ireo sakana madinika sy manelingelina, izay hatrehantsika eo amin'ny fiainantsika andavanandro, ka hanakana ny halehibe sy ny famirapiratana ary ny hafanana entin'ny fahazavan'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany.

Novelabelarin'ny Loholona Neal A. Maxwell io fifanahafana io raha nilaza izy hoe: "Na ny zavatra faran'izay kely toy ny ankihibe aza, raha tazonina eo akaikin'ny maso, dia afaka manakana antsika tsy hahita ny masoandro izay tena lehibe. Kanefa mbola eo ilay masoandro. Ny fahajambana dia vokatry ny ataon'ny olona amin'ny tenany ihany. Rehefa variana mifantoka amin'ny zavatra hafa loatra isika, ka mametraka izany ho lohalaharana dia hotakonantsika ny fahitantsika ny lanitra."[6]

Mazava fa tsy misy amintsika hanao fanahy iniana hanakona ny fahitantsika ny lanitra na hamela fanakona-masoandro ara-panahy hitranga eo amin'ny fiainantsika. Mamelà ahy hizara hevitra vitsivitsy izay mety hanampy antsika hisoroka ny fanakona-masoandro ara-panahy tsy hiteraka ny fahasimbana ara-panahy maharitra eo amintsika.

#### Solomason'ny filazantsara: mihazona fomba fijery araka ny filazantsara

Tadidinareo ve ny fanazavako ny momba ilay solomaso manokana izay ampiasaina mba hiarovana ireo izay mijery ny fanakona-masoandro amin'ny fahasimban'ny maso na ny fahajambana noho ny fanakona-masoandro mihitsy aza? Ny fijerena ny fanakona-masoandro ara-panahy amin'ny alalan'ny solomaso miaro sy manalefaky ny Fanahy dia miteraka fomba fijery araka ny filazantsara, izay miaro antsika amin'ny fahajambana ara-panahy.

Ndeha isika hijery ohatra vitsivitsy. Rehefa manana ny tenin'ny mpaminany ao am-pontsika sy ny Fanahy Masina ho mpanoro lalana antsika isika, dia afaka mahita ny fahazavan'ny lanitra, izay takona amin'ny ampahany, amin'ny alalan'ny "solomason'ny filazantsara," ary tsy tratran'ny loza ateraky ny fanakona-masoandro ara-panahy.

Koa ahoana ary no hanaovantsika ny solomason'ny filazantsara? Ireto misy ohatra vitsivitsy: Ireo solomason'ny filazantsara ananantsika dia mampahafantatra antsika fa ny Tompo dia maniry ny handraisantsika ny fanasan'ny Tompo isan-kerinandro ary iriany ny handalinantsika ny soratra masina sy ny hivavahantsika isan'andro. Mampahafantatra antsika ihany koa izy ireo fa haka fanahy antsika tsy hanao izany i Satana. Fantatsika fa ny fandaharam-potoany dia mikatsaka ny hanaisotra ny fahafahantsika misafidy amin'ny alalan'ireo fialam-boly sy fakam-panahin'izao tontolo izao. Na tamin'ny andron'i Joba aza dia nisy angamba ireo niaina fanakona-masoandro ara-panahy, izay voafariparitra hoe: "Na dia amin' ny antoandro aza dia tafatsarapaka ao amin' ny maizina ireny ka miraparapa amin' ny mitataovovonana tahaka ny amin' ny alina."[7]

Ry rahalahy sy ranabavy, rehefa miresaka momba ny fijerena amin'ny solomason'ny filazantsara aho, dia fantaro fa tsy milaza aho akory hoe tsy tokony hiaiky ny fisian'ireo olana hatrehantsika isika na hiresaka izany, na mandeha milamina tsy mahafantatra ireo fandrika sy faharatsiana napetraky ny fahavalo manoloana antsika. Tsy miresaka momba ny tokony hanaovana fanakonana maso aho, fa ny mifanohitra amin'izany indrindra. Manoro hevitra aho ny mba hijerentsika ireo olana amin'ny alalan'ny solomason'ny filazantsara. Nilaza ny Loholona Dallin H. Oaks fa "ny fomba fijery dia fahafahana mahita ny fampahalalana manan-danja rehetra ao anatin'ny fifandraisana manan-danja iray."[8] Ny fomba fijery araka ny filazantsara dia manitatra ny fahitantsika ho lasa fijery mibanjina ny mandrakizay.

Rehefa anaovanao ilay solomason'ny filazantsara dia hihatsara ny fomba fijerinao, ny fifantohanao, sy ny fomba fieritreretanao ireo laharampahamehanao, ireo olanao, ireo fakam-panahy mahazo anao, eny fa na dia ireo fahadisoanao aza. Hahita fahazavana mazava kokoa ianao, izay tsy ho hitanao raha tsy manao izany solomaso izany.

Ny mampihomehy kely dia tsy ny zavatra ratsy ihany no afaka miteraka fanakona-masoandro ara-panahy eo amin'ny fiainantsika. Matetika ireo ezaka mahafinaritra sy tsara nanolorantsika tena dia mety hifantohantsika loatra ka ho lasa sakana hanakona ny fahazavan'ny filazantsara ary mitondra haizina. Mety tafiditra ao amin'ireo loza sy zava-manintona ireo ny fianarana sy ny firoboroboana, ny fahefana sy ny hery enti-mitaona ny hafa, ny nofinofy, eny

fa na dia ireo talenta sy fanomezampahasoavana aza.

Nampianatra ny Filoha Dieter F. Uchtdorf hoe: "ny toetra tsara rehetra, rehefa entina amin'ny mihoampampana dia mety ho tonga toetra ratsy. Ary dia tonga ny fotoana hoe ny zava-bita dia lasa vato manafintohana ary ny tanjona iriana lasa vato misakana."[9]

Mamelà ahy ianareo hizara amin'ny antsipiriany bebe kokoa ny ohatra izay mety ho lasa antony mba hisorohana ny fanakona-masoandro ara-panahy eo amintsika manokana.

#### Fampahalalam-baovao ara-tsôsialy

Vao haingana aho no nandahateny tamin'ny fihaonamben'ny vehivavy tao BYU.[10] Nazavaiko ny fomba ahafahan'ny teknôlôjia, tafiditra amin'izany ny tambazotra ifaneraserana, mampiely patrana "ny fahalalana ny Mpamonjy . . . eran' ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary mponina tsirairay."[11] Tafiditra amin'izany teknôlôjia izany ireo tranonkala toy ny LDS.org sy ny Mormon.org; ireo application amin'ny finday toy ny Bibliothèque de l'Évangile, ny Mormon Channel, ny outils SDJ, ary ny Arbre Familial, sy ireo tambazotra ifaneraserana toy ny Facebook, ny Instagram, ny Twitter ary ny Pinterest. Ireo tambazotra ireo dia nanaparitaka j'aime, partage, vue, retweet, ary pin ana hetsiny maro ary lasa tena nahomby sy mahomby amin'ny fizarana ny filazantsara amin'ny fianakaviana, namana ary mpiara-miasa.

Na dia eo aza ny zavatra tsara rehetra sy ny fomba tsara fampiasana an'ireo teknôlojia ireo, dia misy atahorana ny amin'izy ireo izay, raha ifantohana loatra, dia mety hahatonga antsika ao anatin'ny fanakona-masoandro arapanahy ary mety hanakana ny hazavana sy ny hafanan'ny filazantsara.

Ny fampiasana ny tambazotra ifaneraserana sy ny application amin'ny finday ary ireo kilalao dia mety tena handany fotoana be sy hampihena ny fifandraisana mivantana amin'olona. Ny tsy fifampiresahana dia mety hisy fiantraikany eo amin'ny fanambadina, maka ny toeran'ireo fombafomba masina sarobidy, ary manaparitaka ny fampivoarana ny fahaiza-manao eo amin'ny fiarahamonina, indrindra eo amin'ny tanora.

Loza roa hafa misy hifandraisany amin'ny tambazotra ifaneraserana ny zava-misy namboarina araka izay eritreretina ho filamatra sy ny fampitahana miteraka tsy fahombiazana.

Maro (raha tsy ny ankamaroany) amin'ireo sary aely eny amin'ny tambazotra ifaneraserana no maneho ny tsara indrindra amin'ny fiainana, amin'ny fomba tsy mitombina mihitsy matetika. Isika rehetra dia efa samy nahita sarin'ny trano voahaingo, fialan-tsasatra mahafinaritra, olona mitsikitsiky, fikarakarana sakafo mafilotra, vatan'olona izay toa tsy misy akory.

Ity ohatra misy sary iray mety ho hitanareo eny kaontin'olona ao amin'ny tambazotra ifaneraserana. Na izany aza izy io dia tsy maneho ny sary *manontolo* n'ny zavatra *tena* mitranga amin'ny tena fiainana.

Ny fampitahana ny fisiantsika toa antonontonony amin'ny an'ny hafa izay voarindra tsara, ireo fiainana namboarina ho lafatra araka ny aseho ao amin'ny tambazotra ifaneraserana dia mety hitondra fahatsapana ho kivy, sy hitsiriritra, ary tsy fahombiazana mihitsy eo amintsika.


Nisy olona iray izay nizara ny sariny maromaro, izay angamba nananihany kely dia nilaza hoe: "Inona no antony hifalifaliana raha tsy haelinao amin'ny tambazotra akory izany?"[12]


Araka ny nampahatsiahivin'ny Rahavavy Bonnie L. Oscarson antsika androany maraina, ny fahombiazana amin'ny fiainana dia tsy avy amin'ny isan'ny "j'aime" azontsika na ny isan'ny namantsika ao amin'ny tambazotra ifaneraserana na ny isan'ny mpanaraka antsika. Fa izany kosa anefa dia misy hifandraisany amin'ny fifandraisana amin'ny fomba manandanja amin'ny hafa sy ny fitondrana hazavana amin'ny fiainan'izy ireo.

Enga anie isika hianatra ny haneho ny maha-tena isika antsika, ho tia mifalifaly kokoa, ary tsy ho kivy loatra rehefa mahita sary izay mety haneho zava-misy toy ny tonga lafatra sy matetika no mitarika amin'ny fampitahana miteraka tsy fahombiazana.

Hita mibaribary fa tsy zavatra manamarika izao fotoana iainantsika izao fotsiny ny fampitahana, fa nanamarika ny tany aloha ihany koa. Nampitandrina ny olona tamin'ny androny i Paoly Apostoly fa "ny sasany izay midera tena, na hampitaha ny tenanay aminy; [dia] tsy hendry."[13]

Amin'ireo fomba maro be azo ampiasana amin'ny fomba mety sy nentanim-panahy ny teknôlôjia, handeha isika hampiasa izany mba hampianarana sy hanentanam-panahy ary hampitrakana antsika, sy hankahereza na ny hafa ho lasa ilay tsara indrindra vitan'izy ireo; fa tsy hoe mba hanehoana ilay isika izay tsy tena izy sady mody tonga lafatra. Handeha isika hampianatra sy haneho ihany koa amin'ny taranaka vao misondrotra ny fomba tsara azo hampiasana ny teknôlôjia ary hampitandrina amin'ny loza sy ny fampiasana manimba avy amin'izany. Rehefa mijery ny tambazotra ifaneraserana amin'ny alalan'ny solomason'ny filazantsara dia afaka misoroka izany tsy ho lasa fanakona-masoandro ara-panahy.




*Ny sary aseho amin'ny tambazotra ifaneraserana dia tsy maneho ny sary manontolon'ny zavatra tena mitranga amin'ny tena fiainana.*

#### Fieboeboana

Izao isika dia hiresaka momba ilay vato mahatafintohina nisy efa ela be, dia ny fieboeboana. Ny fieboeboana no mifanohitra amin'ny fiantrana, izay "fahavononana hanaraka ny sitrapon'ny Tompo."[14] Rehefa mieboebo isika dia miezaka maka ny voninahitra ho eo amintsika fa tsy manome izany an'ny hafa, anisan'izany ny Tompo. Ny fieboeboana matetika dia fifaninanana. Fironana mikatsaka ny hanana kokoa sy hieritreritra ny tenantsika ho tsaratsara kokoa noho ny hafa izany. Matetika ny fieboeboana dia miteraka fahatezerana sy fankahalana. Mahatonga ny olona hitana lolompo na tsy hamela heloka izany. Na izany aza, ny fieboeboana dia afaka ny ho resin'ilay toetra tahaka ny an'i Kristy dia ny fanetrentena.

Ny fifandraisana, na dia amin'ny fianakaviana akaiky na ny olona tiana aza, *indrindra fa* amin'ny fianakaviana akaiky sy ny olona tiana, na eo amin'ny mpivady aza, dia voakolokolo ao amin'ny fanetrentena ary simbain'ny fieboeboana.

Taona maro lasa izay dia niantso ahy ny mpitarika iray tao amina fivarotana lehibe iray mba hiresaka momba ny orinasany izay hovidin'ny iray amin'ireo mpifaninana aminy. Natahotra mafy izy sy ireo mpiasa maro hafa tao amin'ny foibe fa hamoy ny asany. Rehefa nahafantatra izy fa nahalala tsara ny mpitantana ilay orinasa mpividy aho dia nanontany izy raha toa ka vonona ny hampahafantatra azy sy hilaza zavatra mafonja sy mandresy lahatra momba azy aho, hatramin'ny fandaminana fihaonana ho azy mihitsy aza. Nofaranany tamin'ity fehezan-teny ity izany hoe: "Fantatrao hoe inona no lazain'izy ireo? 'Ho ringana ny malemy fanahy!' "

Takatro fa mihoatra lavitra ny fikasana hilaza zavatra mampihomehy ny zavatra nolazainy. Azoko ilay fampihomehezana. Saingy nisy fitsipika manan-danja iray izay tsapako fa hilainy amin'ny farany. Novaliako hoe: "Raha ny tena marina dia tsy izany ny zavatra lazain'izy ireo. Ny mifanohitra amin'izany mihitsy raha ny tena izy. 'Ny malemy fanahy . . . no handova ny tany,'[15] izay no lazain'izy ireo."

Tamin'ny zavatra niainako tato ampiangonana sy tamin'ny asako, ny olona lehibe indrindra sy mahomby indrindra fantatro dia anisan'ireo izay malemy fanahy sy manetry tena indrindra.

Ny fanetrentena sy ny fahalemempanahy dia tena mifanakaiky sy mifameno. Aoka hotsaroantsika "fa tsy misy azo ekena eo anoloan' Andriamanitra afa-tsy ny malemy fanahy sy ny mietry am-po."[16]

Mivavaka aho ny mba hiezahantsika misoroka ny fanakona-masoandro ara-panahin'ny fieboeboana amin'ny alalan'ny fananana ny toetra tsaran'ny fanetrentena.

#### Fehin-kevitra

Raha fehezina, ny fanakonamasoandro dia trangan-javatra voajanahary tena mahavariana izay mety haharakotra tanteraka ny hatsarana sy ny hafanana ary ny hazavan'ny masoandro amin'ny alalan'ny zavatra kely tsy misy dikany raha oharina aminy ka miteraka haizina sy hatsiaka.

Ny tranga toy izany dia azo avadika hanana heviny ara-panahy, rehefa diso hifantohana loatra ireo zavatra kely sy tsy misy dikany ka manakana ny hatsarana sy ny hafanana ary ny hazavana masin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ary misolo izany amin'ny haizina mangatsiaka.

Ny solomaso natao hiarovana ny fahitan'ireo izay ao amin'ny toerana afaka mahita ny fanakona-masoandro tanteraka dia afaka misoroka ny fahasimban'ny maso maharitra sy ny fahajambana mihitsy aza.[17] Ny solomason'ny filazantsara izay ahitana ny fahalalana sy fijoroana ho vavolombelona momba ireo fitsipika sy ôrdônansin'ny filazantsara dia mitondra fomba fijery araka ny filazantsara izay afaka mitondra fiarovana ara-panahy lehibe kokoa ary fahazavana tahaka izany ho an'ny olona izay tratran'ireo loza ateraky ny fanakona-masoandro ara-panahy.

Raha mahita zavatra izay toa manakana ny fahazavana sy ny fifaliana avy amin'ny filazantsara eo amin'ny fiainanao ianao dia manasa anao aho mba hijery izany amin'ny alalan'ny solomason'ny filazantsara. Mijere amin'ny fomba fijery araka ny filazantsara dia mitandrema tsara mba tsy hamela ny zavatra tsy manan-danja sy tsy mitondra vokatra tsara eo amin'ny fiainana hanakona ny fahitanao amin'ny fomba mibanjina ny mandrakizay ny drafitra lehiben'ny fahasambarana. Raha fintinina dia aza avela hanakona ny hazavan'ny lanitra ireo zava-mahavariana eo amin'ny fiainana.

#### Fijoroana ho vavolombelona

Mijoro ho vavolombelona aho fa na inona na inona sakana izay mandrakotra ny fahitantsika ny fahazavan'ny filazantsara, dia mbola eo ilay hazavana. Ny loharanon-kafanana sy ny fahamarinana ary ny fahazavana dia ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Mijoro ho vavolombelona ny amin'ny Ray any An-danitra be fitiavana aho, ny amin' i Jesoa Kristy Zanany, ary ny andraikitry ny Zanaka amin'ny maha-Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Azy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■


**FANAMARIHANA**

1. Thomas S. Monson, ao amin'ny Sarah Jane Weaver, "What Gift Does President Monson Want for His 90th Birthday?" *Deseret News,* 17 aog 2017, deseretnews.com.
2. Jereo ny Christina Zdanowicz sy Judson Jones, "An Eclipse Will Cross the US for the First Time in 99 Years," 24 jolay 2017, cnn.com.
3. Jereo ny "Eclipse: Who? What? Where? When? and How?" eclipse2017.nasa.gov.
4. Jereo ny EarthSky in Space, "Coincidence That Sun and Moon Seem Same Size?" earthsky.org.
5. Jereo ny Brian Lada, "5 Surprising Effects the Total Solar Eclipse Will Have besides Darkness," accuweather.com.
6. Neal A. Maxwell, *Of One Heart: The Glory of the City of Enoch* 1975), 19.
7. Joba 5:14
8. Dallin H. Oaks, lahateny natao tamin'ny takariva amorom-patana an'ny tanora tokantenan'i Salt Lake Bonneville, Salt Lake City, Utah, 8 feb. 2015.
9. Dieter F. Uchtdorf, "Ny Amin'ireo Zavatra Izay Manan-danja Indrindra", *Liahona,* nôv. 2010, 20.
10. Jereo ny Gary E. Stevenson, "The Knowledge of a Savior" (Fihaonamben'ny vehivavy tao Brigham Young University, 5 mey 2017).
11. Môsià 3:20
12. Jade, "The Obsession of Creating a Picture-Perfect Life on Social Media."
13. 2 Korintiana 10:12
14. Jereo ny *Torio ny filazantsarako: Torolalana ho an'ny asa fanompoan'ny misiônera* (2004), 146.
15. Jereo ny Matio 5:53 Nefia 12:5
16. Môrônia 7:44
17. Jereo ny "Solar Eclipse and Your Eyes," preventblindness.org.



**Nataon'i Stephen W. Owen**
Filohan'ny zatovolahy maneran-tany

# Zavatra tsara foana ny fibebahana

*Raha vao manomboka manao dingana amin'ny lalan'ny fibebahana isika dia manasa ny hery manavotry ny Mpamonjy eo amin'ny fiainantsika.*

Taona maro lasa izay dia nanatrika lalao baolina kitra nataon'ny Oniversite iray ny Filoha Gordon B. Hinckley. Tonga tao izy mba hilaza fa hampitondrana ny anaran'ilay mpanazatra an'ilay ekipa efa hatry ny ela sady malalan'izy ireo, izay efa hisotro ronono tsy ho ela, ilay kianja. Naniry mafy ny handresy ilay lalao ilay ekipa mba hanome voninahitra ny mpanazatra azy ireo. Nasaina hitsidika ny efitrano fiomanana ny Filoha Gordon B. Hinckley ary hizara teny fankaherezana. Noho ny fankaherezany dia nandresy ny lalao ilay ekipa tamin'io andro io, ary namarana ny taom-panatanjahantena tamin'ny isa izay mbola tsy nisy nahavita hatrizay.

Anio aho dia te hiresaka amin'ireo izay mety manahy fa tsy mandresy mihitsy eo amin'ny fiainana. Raha ny tena marina dia "samy efa nanota [isika] ka tsy manana ny voninahitra avy amin' Andriamanitra."[1] Na dia misy aza ny ekipa tsy mety resy mihitsy eo amin'ny lafiny fanatanjahantena dia tsy mitranga eo amin'ny fiainana ny fahalavorariana toy izany. Kanefa mijoro ho vavolombelona aho fa nanatanteraka Sorompanavotana lavorary i Jesoa Kristy Mpamonjy ary nanome antsika ny fanomezam-pahasoavan'ny fibebahana, izay lalana hiverenantsika any amin'ny fanantenana mamirapiratra sy lavorary sy ny fiainana feno fahombiazana.

#### Mitondra fifaliana ny fibebahana

Matetika loatra isika no mihevitra ny fibebahana ho toy ny zavatra mampaory sy mandreraka. Kanefa ny drafitr' Andriamanitra dia ny drafitry ny fahasambarana fa tsy ny drafitry ny fahoriana. Mampahery sy manatsara kokoa ny fibebahana. Ny fahotana no mitondra fahoriana.[2] Ny fibebahana no lalana hivoahantsika! Nanazava ny Loholona D. Todd Christofferson hoe: "Raha tsy misy ny fibebahana dia tsy misy ny fandrosoana na fivoarana marina eo amin' ny fiainana. . . . Amin' ny alalan' ny fibebahana ihany no ahazoantsika ilay famindrampo nifono fanavotana nataon' i Jesoa Kristy sy sy famonjena. Ny fibebahana . . . [dia] mitarika antsika any amin' ny fahafahana, fahatokian-tena ary fiadanana."[3] Ny hafatro ho an'ny rehetra, indrindra fa ny zatovo, dia ny hoe zavatra tsara foana ny fibebahana.

Rehefa miresaka ny fibebahana isika dia tsy miresaka fotsiny ny ezaka ataontsika mba hihatsara kokoa. Mihoatra amin'izany ny fibebahana marina, entanin'ny finoana an'i Jesoa Kristy Tompo sy ny heriny hamela ny fahotantsika izany. Nampianatra antsika ny Loholona Dale G. Renlund hoe: "Raha tsy eo ny Mpanavotra dia, . . . ho lasa dingana mampalahelo hanovàna ny fitondrantena fotsiny ny fibebahana."[4] Afaka miezaka manova ny fitondrantenantsika samirery isika, kanefa ny Mpamonjy ihany no afaka manaisotra ny pentina eo amintsika sy manamaivana ny entamavesatsika, izay hahatonga antsika ho afaka hanaraka ny lalan'ny fankatoavana amim-patokian-tena sy amin-kery. Ny fifaliana avy amin'ny fibebahana dia lehibe kokoa noho ny fifaliana avy amin'ny fananana fiainana azoazo. Izany dia fifaliana avy amin'ny famelankeloka, fifaliana noho ny fahadiovana indray, ary fifaliana avy amin'ny fanakaikezana an' Andriamanitra. Raha vantany



vao mahatsapa izany fifaliana izany ianao dia tsy hisy fahatsapana latsak'izany ka hahasolo izany intsony.

Ny fibebahana marina dia mitaona antsika hanao ny fankatoavantsika ho fanolorantena, fanekempihavanana, izay miantomboka amin'ny batisa ary havaozina isan-kerinandro amin'ny fanasan'ny Tompo. Rehefa mandray ny fanasan'ny Tompo isika dia mahazo ilay fampanantenana fa afaka "[manana] mandrakariva ny Fanahiny miaraka [amintsika],"[5] miaraka amin'ny fifaliana sy ny fiadanana rehetra azo avy amin'ny fananana Azy ho namana mandrakariva. Izany no vokatry ny fibebahana, ary izany no mahatonga ny fibebahana ho mahafaly!

### Mitaky fikirizana ny fibebahana

Tiako ilay fanoharana momba ny zanaka adala.[6] Misy zavatra tena manan-danja mikasika ilay fotoandehibe nitondra fiovana rehefa "nody ny sain'" ilay zanaka adala. Teo ampipetrahany tao an-tranon-kisoa, sady naniry ny "hameno ny kibony tamin'ny voan-kazo fihinan'ny kisoa," dia tonga saina ihany izy nony farany fa tsy ny lova avy amin'ny rainy ihany no nariany fa ny fiainany manokana ihany koa. Rehefa nino izy fa mety hanaiky ny hiverenany ny rainy, raha tsy toy ny zanaka dia sitrany ahay mba toy ny mpanompo, dia tapakevitra izy ny hiala amin'ny fikomiana ka handeha hody.

Matetika aho no nanontany tena momba ny dia lavitra ezaka nataon'ilay zanaka nandeha nody. Nisy fotoana nampisalasala azy sy nanontaniany tena ve hoe: "Ahoana re no handraisan'ny raiko ahy e?" Mety nisy fotoana aza angamba niverenany kely tany amin'ilay tranon-kisoa. Alaivo sary an-tsaina ny mety ho fiovan'ny tantara raha nilavo lefona izy. Kanefa ny finoana dia nihazona azy handroso, ary ny finoana dia nihazona ny rainy hiambina sy hiandry tamim-paharetana, ka nony farany:

"Raha mbola lavitra izy, dia tazandrainy, ary onena azy izy ka nihazakazaka, dia namihina ny vozony sady nanoroka azy.

"Ary ilay zanany nanao taminy hoe: Raiko ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy teo anatrehanao aho ka tsy mendrika hatao hoe zanakao intsony.

"Fa ny rainy kosa nanao tamin'ny ankizilahiny hoe: Alao haingana ny akanjo tsara indrindra ka ampiakanjoy azy; ary asio peratra ny tànany sy kapa ny tongony; . . .

"Fa ity zanako ity efa maty, fa velona indray, ary efa very, fa hita indray."

### Natao ho an'ny rehetra ny fibebahana

Ry rahalahy sy ranabavy isany, zanaka adala daholo isika. Tokony "hody [daholo] ny saintsika," izay mazàna no mihoatra ny indray mandeha, ary hifidy ny lalana mitondra antsika hody any an-trano. Safidy ataontsika isan'andro izany, mandritra ny fiainantsika.

Matetika isika no mampiaraka ny fibebahana amin'ny fahotana goavana izay mitaky "fiovana mahery vaika."[7] Kanefa natao ho an'ny rehetra ny fibebahana, ireo izay mireniteny any amin'ny "lalana voarara . . . ka very"[8] sy ireo izay "nihazo ny lalana ety sy tery" ka mila "mibosesika mandroso"[9] amin'izao fotoana izao. Ny fibebahana dia sady mametraka antsika eo amin'ny lalana marina no sady mihazona antsika eo amin'ny lalana marina. Izany dia natao ho an'ireo izay vao manomboka mino, ireo izay efa nino hatrizay, ary ireo izay mila manomboka mino indray. Nampianatra ny Loholona David A. Bednar hoe: "Ny ankamaroantsika dia mahatakatra tsara fa ny Sorompanavotana dia natao ho an'ny mpanota. Tsy tena matoky aho anefa fa isika dia mahafantatra sy mahatakatra fa ny Sorompanavotana dia natao koa ho an'ireo olomasina, dia ireo lehilahy sy vehivavy tsara izay mankatò, mendrika ary . . . miezaka ny ho lasa tsara kokoa."[10]

Vao haingana aho no nitsidika ivontoerana fanofanana ny misiônera tamin'ny fotoana nahatongavan'ny andiana misiônera vaovao. Nihetsi-po tokoa aho teo am-pijerena azy ireo ka nahita ny hazavana tao anatin'ny mason'izy ireo. Toa namiratra sy faly ary navitribitrika ery izy ireo. Avy eo dia tonga tamiko ny eritreritra hoe: "Niaina ny finoana mitondra ho amin'ny fibebahana izy ireo. Izany no maha-feno fifaliana sy fanantenana azy ireo."



Raha ny hevitro dia tsy midika akory izany fa nanao fandikan-dalàna goavana daholo izy ireo tany aloha, fa fantatr'izy ireo kosa ny fomba hibebahana. Nianatra izy ireo fa zavatra tsara ny fibebahana, ary vonona sy dodona ny hizara izany hafatra mahafaly izany amin'izao tontolo izao izy ireo.

Izany no mitranga rehefa mahatsapa ny fifaliana avy amin'ny fibebahana isika. Saintsaino ny ohatra nasehon'i Enôsa. Nisy ny fotoany manokana izay "nodian'ny sainy", ary rehefa "nofafana ny hadisoany," dia nitodika avy hatrany tamin'izay mahasoa ny hafa ny fony. Nandany ny androny sisa tamin'ny fanasana ny olona rehetra hibebaka i Enôsa ka "nifaly tamin' izany mihoatra noho ny tamin' ny zavatr' izao tontolo izao."[11] Izany no vokatry ny fibebahana: mampitodika ny fontsika amin'ireo mpiara-belona amintsika izany, satria fantatsika fa ny fifaliana tsapantsika dia natao ho tsapan'ny rehetra.

### Atao mandritra ny fiainana manontolo ny fibebahana

Manana namana aho izay lehibe tao anatin'ny fianakaviana Olomasin'ny Andro Farany malaindaina. Fony izy olon-dehibe vao herotrerony dia "nody

[koa] ny sainy" ka nanapakevitra ny hiomana hanao asa fitoriana izy.

Lasa misiônera tena tsara izy. Tamin'ny andro farany mialoha ny hodiany dia nanao tafasiry taminy ny filohan'ny misiôna ary nangataka azy hijoro ho vavolombelona. Nanao izany izy, ary rehefa avy nifamihina tamindranomaso izy ireo dia hoy ilay filoha hoe: "Elder, afaka manadino na mandà ny zavatra rehetra vao avy nijoroanao ho vavolombelona teo ianao ao anatin'ny volana vitsivitsy raha tsy manohy manao ireo zavatra izay mampiorina ny fijoroana ho vavolombelona anananao aloha."

Taty aoriana ilay namako dia nilaza tamiko fa nivavaka sy namaky soratra masina isan'andro izy hatramin'ny niverenany avy nanao asa fitoriana. Ny "[f]amahanana azy [lalandava t]amin'ny teny soan' Andriamanitra" dia nitahiry azy "[t]amin'ny lalana tsara."[12]

Ianareo izay miomana hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno sy ianareo izay miverina avy any, henoy izao! Tsy ampy ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona fotsiny. Mila mihazona sy manamafy orina izany ianareo. Ny misiônera rehetra dia mahafantatra fa raha mijanona mamoy bisikileta ianao dia hianjera, ary raha tsy manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona anananao ianao, dia hihamaivana izany. Mihatra amin'ny fibebahana io fitsipika io. Zavatra atao mandritra ny fiainana izany fa tsy zavatra hiainana indray mandeha monja eo amin'ny fiainana.

Ho an'ireo rehetra izay mikatsaka famelan-keloka, ny zatovo, ny tanora tokan-tena, ny ray aman-dreny, ny ray aman-drenibe, ary eny fa na dia ireo rain'ny ray aman-drenibe aza, manasa anareo aho mba hody. Izao no fotoana hanombohana izany. Aza ahemotra ny andro hibebahanao.[13]

Ary raha vao nandray izany fanapahankevitra izany ianao dia araho hatrany ilay lalana. Miandry ny Raintsika, miandrandra ny handray anao. Mihinjitra "mandritra ny manontolo andro" ho anao ny sandriny.[14] Mendrika ny ezaka ilay valisoa azo.

Tsarovy ireto teny nolazain'i Nefia ireto: "Tsy maintsy mibosesika handroso amin' ny fiorenana ao amin' i Kristy ianareo, amin' ny fanananareo fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban' ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra. Koa raha mibosesika handroso ianareo ka mivoky amin' ny tenin' i Kristy ary maharitra hatramin' ny farany, dia indro, izao no lazain' ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo."[15]



Indraindray dia toa haharitra ela ny dia, sady dia mankany amin'ny fiainana mandrakizay rahateo ilay izy. Kanefa afaka ny ho dia feno fifaliana izany raha ataontsika amim-pinoana an'i Jesoa Kristy sy amin'ny fananana fanantenana handray ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotany. Mijoro ho vavolombelona aho fa raha vao manomboka manao dingana amin'ny lalan'ny fibebahana isika dia manasa ny hery manavotry ny Mpamonjy eo amin'ny fiainantsika. Izany hery izany dia hahatonga antsika tsy hihozongozona, hanitatra ny fahatakarantsika, ary hanamafy ny fahavononantsika handroso hatrany, tsikelikely, mandra-pahatonga ilay andro feno voninahitra izay hiverenantsika amin'izay any amin'ny fonenantsika any an-danitra sy handrenesantsika ny Raintsika any An-danitra hiteny amintsika hoe: "Tsara izany."[16] Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Romana 3:23.
2. Jereo ny Almà 41:10.
3. D. Todd Christofferson, "Ilay fanomezana masin'ny fibebahana," *Liahona,* nôv. 2011, 38.
4. Dale G. Renlund, "Ny fibebahana: safidy mahafaly," *Liahona,* nôv. 2016, 122.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77.
6. Jereo ny Lioka 15:11–32.
7. Almà 5:12.
8. 1 Nefia 8:28.
9. 2 Nefia 31:19, 20
10. David A. Bednar, "Ny Sorompanavotana sy ilay dia eto an-tany," *Liahona,* apr. 2012, 14.
11. Jereo ny Enôsa 1.
12. Môrônia 6:4.
13. Jereo ny Almà 13:27.
14. Jakôba 6:4.
15. 2 Nefia 31:20.
16. Matio 25:21.



**Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ireo zavatra iainana mahazatra any amin'ny mandrakizay

*Tena ilaina ny fananana fanetrentena momba ny maha-isika antsika sy ny tanjon' Andriamanitra ho antsika.*

Hatramin'ny nanaovako asa fanompoana tany amin'ny Misiôna Britanika fony aho zatovolahy no nankafizako ny vazivazy Britanika. Indraindray dia hita mibaribary ao anatin'izany ny firesahana ny fiainana amin'ny fomba milaza fanomezantsiny ny tena, tsotra, ary tsy mieboebo. Ohatra iray amin'izany ity fomba namaritana ny fotoam-pahavaratra ity. Somary fohy sy miovaova ny fotoam-pahavaratra Britanika. Hoy ny mpanoratra iray tamin'ny fomba tena tsotra hoe: "Tena tiako ny fotoam-pahavaratra Britanika, io no andro tena tiako ao anatin'ny taona."[1] Ny mpilalao sary miaina Britanika iray tiako indrindra dia naseho tamin'ny alalan'ny sary, nifoha tara teo am-pandriany ny maraina sady nilaza tamin'ny alikany hoe: "Oadray marina! Noheveriko fa natory ela loatra isika ka efa nilaozantsika sahady ny fotoam-pahavaratra."[2]

Misy fifanahafana amin'ny fiainantsika eto amin'ity tany tsara tarehy ity ao amin'io vazivazy io. Mazava ny voalazan'ny soratra masina fa fotoana fohy tokoa ny fisiantsika eto an-tany izay sarobidy. Azo lazaina avy amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay fa ny fotoantsika eto an-tany dia fohy toy ny fotoam-pahavaratra Britanika.[3]

Indraindray dia fariparitana amin'ny teny tsotra ihany koa ny tanjon'ny olombelona sy ny antom-pisiany mihitsy. Ny mpaminany Mosesy dia nobeazina tao amin'ny fianakaviana izay mety antsoin'ny olona ankehitriny hoe nanana tombontsoa manokana. Araka ny voarakitra ao amin'ny Voahangy Lafo Vidy, ny Tompo, izay nanomana an'i Mosesy ho amin'ny fanendrena azy ho mpaminany, dia nanome fahafahana an'i Mosesy hanao topimaso ny tantaran'izao tontolo izao sy ny zanak'olombelona rehetra izay ary sy nohariana.[4] Ny valintenin'i Mosesy izay somary tsy nampoizina dia hoe: "Ankehitriny . . . dia fantatro fa tsinontsinona ny olona, izay zavatra tsy noheveriko na oviana na oviana."[5]

Taorian'izay, mba handisoana izay mety ho fahatsapan-tena ho tsinotsinona izay mety ho tsapan'i Mosesy, Andriamanitra dia nanambara ny tena tanjony: "Fa indro izao no asako sy voninahitro—ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona."[6]

Mitovy daholo isika eo anatrehan' Andriamanitra. Mazava ny fotopampianarany. Mamaky isika ao amin'ny Bokin'i Môrmôna fa "ho an' Andriamanitra dia mitovy ny rehetra," anisan'izany "ny mainty sy ny fotsy, na andevo na olona afaka, na lahy na vavy."[7] Araka izany dia asaina hanatona ny Tompo ny rehetra.[8]

Izay rehetra milaza ny tenany ho ambony eo ambanin'ny drafitry ny Ray noho ny toetoetra tahaka ny volonkoditra, ny maha-lahy na ny mahavavy, fiaviana, fiteny, na toe-piainana ara-bola dia diso ara-pitondrantena ary tsy mahatakatra ny tena tanjon'ny Tompo ho an'ny zanaky ny Ray rehetra.[9]

Indrisy fa amin'izao androntsika izao saika ao amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiarahamonina dia ahitantsika ny fanindraindran-tena sy ny fanambonian-tena izay ieboeboana raha toa kosa ka voahilikilika ny fanetrentena sy ny maha-tompon'andraikitra eo anatrehan' Andriamanitra. Maro amin'ny fiarahamonina no tsy mahatakatra ireo fitsipika fototra ary tsy mahatakatra ny antom-pisiantsika eto an-tany. Ny fanetrentena marina, izay tena ilaina mba hahatratrarana ny tanjon'ny Tompo ho antsika, dia tsy dia fahita firy.[10]

Zava-dehibe ny mahatakatra ny halehibehin'ny fanetrentena, sy ny fahamarinana, ny toetra, ary ny faharanitantsainan'i Kristy araka izay aseho ao amin'ny soratra masina. Hadalana ny manao tsinontsinona ny antony ilana ny fiezahana tsy tapaka ny hanana ireo hatsarana sy toetra tahaka ny an'i Kristy ireo isan'andro, indrindra fa ny fanetrentena.[11]

Milaza mazava ny soratra masina fa na dia somary fohy aza ity fiainana ity dia tena manan-danja lehibe tokoa. Hoy i Amioleka izay mpiara-mitory tamin'i Almà ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hoe: "Fa indro, izao fiainana izao no fotoana ho an' ny olona mba hiomanana hihaonana amin' Andriamanitra; eny, indro, ny andron' izao fiainana izao no andro ho an' ny olona mba hanatontosany ny asany."[12] Tsy te ho tahaka ilay mpilalao

sary miaina tiako isika ka hatory mandritra ity fiainana ity.

Ny ohatry ny Mpamonjy momba ny fanetrentena sy ny fahafoizantena ho an'ny zanakolombelona rehetra no fotoana miavaka indrindra eo amin'ny tantara. Ny Mpamonjy, na dia mpikambana ao amin' Ny Andriamanitra aza, dia vonona ny ho ety an-tany toy ny zaza tsotra ary nanomboka niaina fiainana izay nahitana fampianarana sy fanasitranana ireo rahalahiny sy anabaviny, ary nifarana tamin'ny fiaretana fijaliana tsy hay lazaina tao Getsemane sy teo amin'ny hazofijaliana mba hanatanterahany ny Sorompanavotany. Io fanehoam-pitiavana sy fanetrentena avy amin'i Kristy io no antsoina hoe ny fiambaniany.[13] Nataony izany ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy tsirairay noharina sy hoharian' Andriamanitra.

Tsy tian'ny Raintsika any An-danitra ho kivy na hilavo lefona ny zanany amin'ny fikatsahany ny voninahitra selestialy. Rehefa tena mandinika an' Andriamanitra Ray sy i Kristy Ilay Zanany lahy, sy ny momba Azy ireo, ary ny zavatra vitan'Izy ireo ho antsika isika dia fenoin'izany fanajana, fitalanjonana, fankasitrahana ary fanetrentena ao anatintsika.

**Tena ilaina amin'ny fanampiana ny Tompo amin'ny fampiorenana ny Fiangonana ny fanetrentena.**

Tamin'ny androny i Almà dia nametraka fanontaniana iray izay mety tsara amin'izao fotoana izao hoe: "raha efa nandalo fiovam-po ianareo ary raha efa nahatsiaro ny hikalo ny hiran' ny fitiavana manavotra ianareo, dia hanontany aho, tsapanareo ve izany ankehitriny?"[14] Notohizan'i Almà hoe: "Raha toa, hono, ka antsoina ho faty ianareo izao ankehitriny izao, moa va ianareo afaka miteny . . . fa ampy tokoa ny fanetren-tenanareo?"[15]

Miaiky aho isaky ny mamaky momba an'i Almà zanany izay nahafoy ny toerany tamin'ny naha-filohampanjakana azy mba hitory ny tenin' Andriamanitra.[16] Hita mazava fa i Almà dia nanana fijoroana ho vavolombelona matanjaka momba an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy ary nahatsapa tena ho tompon'andraikitra teo anatrehan' Izy ireo tanteraka fa tsy nanana ahiahy. Nanana ny laharam-pahamehana tena izy sy ny fanetrentena hamoy ny lazany sy ny toerany izy noho ny fahafantarany fa manan-danja kokoa ny manompo ny Tompo.

Ny fananana fanetrentena ampy eo amin'ny fiainantsika mba hanorina ny Fiangonana dia manan-danja manokana. Inty misy ohatra iray teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana izay hanampy antsika hahatakatra tsara izany. Tamin'ny volana jona 1837, ny Mpaminany Joseph Smith dia nentanim-panahy fony izy tao amin'ny Tempolin'i Kirtland mba hiantso ny Apôstôly Heber C. Kimball hitondra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ho any "Angletera . . . ka hanokatra ny varavaran'ny famonjena ho an'izany firenena izany."[17] Notendrena hiaraka aminy ny Apôstôly Orson Hyde sy ny vitsivitsy hafa. Nahavariana ny fihetsiky ny Loholona Kimball. "Saika tsy zakako intsony ny fieritreretana ny fanendrena ahy hanatanteraka iraka lehibe toy izany. . . . Efa kely sisa [aho] dia vonona ny hilentika tao ambanin'ny entamavesatra natatao tamiko."[18] Na dia teo aza izany dia nataony tamim-pinoana, sy fanolorantena ary fanetrentena tanteraka ny iraka nampanaovina azy.

Indraindray ny fanetrentena dia ny fanekena antso rehefa mahatsapa tena ho tsy mahay izany isika. Indraindray ny fanetrentena dia ny fanompoana amim-pahatokiana rehefa mahatsapa tena ho afaka manatanteraka andraikitra lehibe kokoa isika. Ireo mpitarika manetry tena dia nanambara am-bava sy tamin'ny alalan'ny ohatra fa tsy ny toerana anompoanao no manan-danja fa ny fomba fanompoanao amimpahatokiana.[19] Indraindray ny fanetrentena dia ny fandresena ny ratram-po rehefa tsapantsika ho tsy nitondra antsika tsara ny mpitarika na ny olona hafa.

Tamin'ny 23 Jolay 1837 ny Mpaminany Joseph Smith dia nihaona tamin'ny Loholona Thomas B. Marsh izay Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'izany. Araka ny re dia sorena ny Loholona Marsh ny amin'ny niantsoan'ny Mpaminany mpikambana roa tao amin'ny kôlejiny ho any Angletera kanefa tsy nila hevitra taminy. Rehefa nihaona tamin'ny Loholona Marsh i Joseph dia hadino daholo izay mety ho ratram-po, ary nahazo fanambarana mahatalanjona iray ny Mpaminany. Ny fizarana faha-112 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana izany ankehitriny.[20] Izy io dia manome antsika fitarihana mahatalanjona avy any an-danitra mahakasika ny fanetrentena sy ny asa fitoriana ny filazantsara. Mivaky toy izao ny Andininy faha-10: "Aoka ianao *hanetry tena;* ary ny Tompo Andriamanitra dia hitarika anao amin'ny tanana sy hanome anao ny valin'ny fivavakao."[21]

Io fanambarana io dia azo tamin'ny andro izay nanambaran'ny Loholona isany Kimball sy Hyde ary John Goodson, tamim-panetrentena tokoa, ny famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy tany Vauxhall Chapel tao Preston, Angletera.[22] Io no fotoana voalohany nanambaran'ny misiônera ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny tany ivelan'i Amerika Avaratra tamin'ity fotoampitantanana ity. Ny ezaka nataon'izy ireo tamin'ny fitoriana ny filazantsara dia saika nitondra avy hatrany tamin'ny fanaovana batisa mpikambana vaovao izay lasa mpikamban'ny Fiangonana mahatoky maro.[23]

Ny ampahany farany amin'ilay fanambarana no mitarika ny asa fitoriana ny filazantsara amin'izao androntsika izao. Izay mivaky toy izao "Na zovy na zovy no hirahinareo amin'ny anarako . . . dia hanan-kery hanokatra ny varavaran'ny fanjakako . . . araka izay *hanetreny tena* eo anoloako sy hitoerany eo amin'ny teniko ary hihainoany ny feon'ny Fanahiko."[24]

Ny fanetrentena izay ampahany manan-danja amin'ity asa mahatalanjona fitoriana ny filazantsara ity dia mamela ny Tompo hampiorina ny Fiangonany amin'ny fomba miavaka.

Mahavelom-pankasitrahana ery fa mahita izany tsy tapaka ato am-piangonana isika ankehitriny. Ny mpikambana, anisan'izany ireo taranaka vao misondrotra dia mahafoy ny fotoany sy manemotra ny fianarany sy ny asany mba hitoriana ny filazantsara. Maro amin'ireo mpikambana efa nahazo taona no mandao ny asany sy manao

fanolorantena hafa mba hanompoana an' Andriamanitra na amin'inona na amin'inona iantsoana azy ireo. Tsy avelantsika hisy olana manokana hanembantsembana na hampiala antsika amin'ny fanatanterahana ny tanjony.[25] Mitaky fanetrentena ny asa fanompoana ato am-piangonana. Manompo amimpanetrentena amin'ny anjara asa izay hiantsoana antsika hanompo amin'ny herintsika, sy ny saintsika ary ny tanjatsika isika. Isaky ny antanan-tohatra ato am-piangonana dia zava-dehibe ny mahatakatra ny fanetrentena izay toetra tahaka ny an'i Kristy.

**Ny fanetrentena tsy tapaka dia ilaina amin'ny fanomanana ny isam-batan'olona hihaona amin' Andriamanitra**

Ny tanjon'ny fanajana ny Tompo sy ny fanekentsika ny sitrapony[26] dia tsy omen-danja firy eo amin'ny fiarahamonina ankehitriny raha oharina amin'ny taloha. Ny mpitondra Kristianina sasany avy amin'ny antokom-pinoana hafa dia mino fa isika dia miaina ao anatin'ny tontolo izay tsy maha-manan-danja ny maha-Kristianina intsony.[27]

Nandritra ny taona dia ny hasin'ny fanetrentena mifototra amin'ny fivavahana sy ny hasina ara-piarahamonin'ny fahatsorana, ary ny tsy fizahozahoana no fenitra nibahan-toerana.

Ao anatin'ny tontolo ankehitriny dia tsy mitsaha-mitombo ny fanomezana vahana ny fieboeboana, ny fanambonian-tena sy ilay antsoina hoe "maha-tena izy marina" izay indraindray dia mitarika ho amin'ny tsy fananana fanetrentena marina. Ny sasany dia milaza fa ny soatoavina ara-pitondrantena hahazoana ny fahasambarana amin'izao fotoana izao dia ahitana ny hoe "Tazony ny maha-ianao marina anao, matanjaha, miasá tsara—fa ny tena manan-danja indrindra dia aza miankina amin'ny hafa . . . satria ianao ihany no . . . afaka manapaka izay hataonao sy izay ho avinao."[28]

Ny soratra masina dia manoro hevitra mba hampiasana tetikady hafa. Manoro hevitra izy ireny fa tokony ho mpanaradia marina an'i Jesoa Kristy isika. Izany dia ahitana ny fiezahana hanana fahatsapana mahery vaika fa tompon'andraikitra



eo anatrehan' Andriamanitra sy ny fiainana amim-panetrentena. Ny Mpanjaka Benjamina dia nampianatra fa ny olona araka ny nofo dia fahavalon' Andriamanitra ary nanoro hevitra fa mila manaiky ny "fitaoman'ny Fanahy Masina" isika. Anisan'ny nohazavainy fa izany dia mitaky ny fahatongavana ho "m[p]ankato, malemy paika, manetry tena, miaritra ary feno fitiavana."[29]

Misy olona sasany mampiasa vilana ny hoe *ny maha-tena izy marina ny tena* mba hanindraindrana ny olona araka ny nofo sy ireo toetra izay mifanohitra amin'ny fanetrentena, ny hatsaram-panahy, ny indra fo, sy ny famelan-keloka, ary ny fahalalam-pomba. Azontsika indraindraina ny mampiavaka manokana antsika amin'ny mahazananak' Andriamanitra antsika kanefa tsy mampiasa ny maha-tena izy marina ny tena ho fialan-tsiny amin'ny fitondrantena mifanohitra amin'ny an'i Kristy.

Eo amin'ny fikatsahantsika ny fanetrentena ny internet maoderina dia mamorona olana manakantsakana ny fialana amin'ny fieboeboana. Ohatra roa amin'izany ilay paikady fanaranam-po hoe "Jereo aho" na ny famelezana ny hafa amin'ny alalan'ny resaka an-kasiahana lava reny ao amin'ny tambazotra ifaneraserana. Ny ohatra iray fanampiny dia ilay "fizahozahoana amin'ny fomba malefaka." Izy io dia faritana ho toy ny "teny [na sary] izay toa manetry tena na manambany tena, kanefa ny tena tanjony marina dia ny hisintona ny eritreritra ho amin'ny zavatra izay mampirehareha ny tena."[30]

Ireo mpaminany dia efa nampitandrina mandrakariva ny amin'ny avonavona sy ny fanindraindrana ny zavapoanan'izao tontolo izao.[31]

Olana iray ihany koa ny fihanaky ny fahasimban'ny fifandraisana amimpanajana. Ny fitsipika mandrakizain'ny fahafahana misafidy dia mitaky antsika hanaja ireo safidy maro izay tsy ekentsika. Ny tsy fifankahazoana sy ny fifandirana ankehitriny no matetika mandika ny "fefin'ny fahalalam-pomba tsara izay iraisana."[32] Mila fahatsorana sy fanetrentena misimisy kokoa isika.

I Almà dia nampitandrina ny amin'ny "[fikirizana] ao amin'ny avonavon'ny fonareo," amin'ny "[fiheverena] fa ianareo dia tsaratsara kokoa noho ny hafa," ary amin'ny fanenjehana ireo manetry tena izay "mandeha araka ny lamina masin' Andriamanitra."[33]

Mahita hatsarana tsisy fitaka aho eo anivon'ireo olona avy amin'ny antokompinoana samihafa izay manetry tena sy mahatsapa tena ho tompon'andraikitra eo anoloan' Andriamanitra. Maro amin'izy ireny no manaraka ny fampianaran'ny mpaminany Mika ao amin'ny Testamenta Taloha, izay nanambara hoe: "izay ilain'i Jehovah aminao dia izao ihany: ny hanao ny marina sy ny ho tia famindrampo ary hanaraka an' Andriamanitra amin'ny fanetren-tena."[34]

Rehefa manetry tena marina isika dia mivavaka mba hangataka famelankeloka ary mamela ny hafa. Araka ny hitantsika ao amin'ny Môsià, i Almà dia nampianatra fa isaky ny mibebaka isika dia havelan'ny Tompo ny fahadisoantsika.[35] Etsy an-kilan'izay, araka ny voalaza ao amin'ny vavaka nataon'ny Tompo,[36] dia hoe rehefa tsy mamela ny hadisoan'ny hafa isika dia mametraka ny tenantsika eo ambany fanamelohana.[37] Noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, dia ho voavela amin'ny alalan'ny fibebahana ny fahotantsika. Rehefa tsy mamela ireo izay manao hadisoana amintsika isika dia mandà ny Sorompanavotana nataon'ny Mpamonjy isika vokatr'izany. Ny fitanana lolompo na ny tsy fetezana hikarakara amim-panetrentena ny fifandraisantsika amin'ny fomban'i Kristy dia tena mitondra antsika marina ho amin'ny

fanamelohana. Manimba ny fanahintsika ny fitanana lolompo.[38]

Mamelà ahy hampitandrina amin'ny fanambonian-tena. Nanavaka tamin'ny fomba henjana ny mpanambony tena sy ny mpanetry tena tamin'ny alalan'ny mpaminany Môrônia ny Tompo nanao hoe: "Manaraby ny adala, nefa hitoloko izy; ary ny fahasoavako dia ampy ho an'ny malemy fanahy ." Mbola nanambara koa ny Tompo hoe: "Omeko ho an' ny olona ny fahalemena mba hahazoany *mietry;* ary ampy ho an' ny olon-drehetra ny fahasoavako mba *hanetreny* tena eo anoloako; fa raha *manetry tena* eo anoloako izy ary manam-pinoana Ahy, amin' izany, ny zavatra malemy dia hataoko tonga matanjaka ho azy."[39]

Anisan'ny fanetrentena ihany koa ny fahaizana mankasitraka amin'ireo fitahiana maro ananantsika sy ny fanampian' Andriamanitra. Ny fanetrentena dia tsy karazana zava-bita lehibe mivandravandra na koa fandresena olana goavana be. Izany dia mariky ny tanjaka ara-panahy. Izany dia ny fanantana fahatokian-tena mangina fa afaka miantehitra amin'ny Tompo sy manompo Azy ary manatratra ny tanjony isan'andro isan'andro sy isan'ora isika. Mivavaka aho ny mba hiezahantsika tsy tapaka hanana fanetrentena marina isan'andro eto amin'ity tontolo feno fifandirana ity. Misy tononkalo tiako indrindra iray izay milaza azy toy izao:


*Ny fizahan-toetra ny fahatsarana no*
*lalana*
*Hahafahan'ny olona iray miaina ireo*
*zavatra mahazatra any amin'ny*
*mandrakizay.*[40]

Mizara fijoroana ho vavolombelona azo antoka aho ny amin'ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotany ary ny lanja lehiben'ny fanompoana Azy amim-panetrentena isan'andro isan'andro. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**FANAMARIHANA**

1. Kathy Lette, ao amin'ny "Town and Country Notebook," natontan'ny Victoria Marston, *Country Life,* 7 jona 2017, 32; nampiana fanamafisana.
2. Annie Tempest, "Tottering-by-Gently," *Country Life,* 3 ôkt. 2012, 128.
3. Jereo ny Salamo 90:4. Na fohy na lava amin'ny fandrefesan-taona eto an-tany, ny fotoana iainantsika dia fohy raha oharina amin'ny mandrakizay. "Ny rehetra dia toy ny indray andro amin' Andriamanitra, ary ho an' ny olona ihany no refesina ny fotoana" (Almà 40:8). Ny Apostoly Petera dia nanambara toy izao, "Nefa ry malala, izao zavatra iray loha izao no aoka tsy hohadinoinareo: ny indray andro amin'ny Tompo dia toy ny arivo taona, ary ny arivo taona toy ny indray andro" (2 Petera 3:8).
4. Jereo ny Mosesy 1:6–9. I Kristy eto no miteny amin'ny maha-Andriamanitra Azy amin'ny fomba manetriketrika momba ny fahefana (jereo ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Fielding Smith* [2013], 47, footnote 11).
5. Mosesy 1:10.
6. Mosesy 1:39.
7. 2 Nefia 26:33; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana; 38:16; Fanambarana Ofisialy 2.
8. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37 dia miantomboka amin'ny hoe: "Ireo rehetra izay manetry ny tenany eo anoloan' Andriamanitra." Mametraka ireo zavatra takina hahafahana manao batisa izany avy eo. Jereo ihany koa ny Matio 11:28.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:37.
10. Fantatsika fa raha toa isika tsy mibebaka, sy mandray ireo ôrdônansy, ary manaraka ny lalan'ny fanekempihavanana izay manomana antsika ho amin'ny mandrakizay dia, "ho avy ny alin'ny haizina izay tsy misy asa azo atao" (Almà 34:33).
11. Jereo ny 3 Nefia 27:27.
12. Almà 34:32.
13. Jereo ny 1 Nefia 11:26–33; 2 Nefia 9:53; Jakôba 4:7; Fotopampianarana sy Fenekempihavanana 122:8.
14. Almà 5:26.
15. Almà 5:27.
16. Jereo ny Almà 4:19.
17. Joseph Smith, ao amin'ny Heber C. Kimball, "History of Heber Chase Kimball by His Own Dictation," ca. 1842–1856, Heber C. Kimball Papers, 54, Church History Library; jereo ihany koa ny Orson F. Whitney, *Life of Heber C. Kimball, an Apostle; the Father and Founder of the British Mission* (1888), 116.
18. Heber C. Kimball, "History of Heber Chase Kimball by His Own Dictation," 54; jereo ihany koa ny Orson F. Whitney, *Life of Heber C. Kimball,* 116.
19. Nampianatra ny Filoha J. Reuben Clark Jr. fa "Eo amin'ny fanompoana ny Tompo dia tsy ny toerana hanompoanao fa ny fomba hanaovanao izany no manan-danja. Ato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia mandray ny toerana izay niantsoana azy ny olona iray, izay toerana sady tsy katsahina no tsy lavina" (ao amin'ny Conference Report, Apr. 1951, 154).
20. Jereo ny *The Joseph Smith Papers, Documents, Volume 5: October 1835–January 1838,* ed. Brent M. Rogers sy ny hafa (2017), 412–17. I Vilate Kimball dia nilaza tao anatin'ny taratasy iray ho an'ny vadiny, Heber C. Kimball, fa nandika ny fanambarana avy ao amin'ny "bokin'ny Loholona Marshs tahaka izay nanoratany izany avy amin'ny vavan'i Joseph" izy (Vilate Murray Kimball to Heber C. Kimball, 6 sept. 1837, ao amin'ny *The Joseph Smith Papers, Documents, Boky 5: Ôktôbra 1835–Janoary 1838,* 412).
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:10; nampiana fanamafisana.
22. Jereo ny Orson F. Whitney, *Life of Heber C. Kimball,* 136–37.
23. Jereo ny Orson F. Whitney, *Life of Heber C. Kimball,* 149.
24. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 112:21–22; nampiana fanamafisana.
25. "Noho isika tsy mangataka ny hisaorana amin'ny antso iray dia, raha miova ny toe-javatra iainantsika dia azo ekena ihany ny hifampiresahantsika amin'ireo izay nanome ilay antso ary avy eo dia mamela azy ireo handray ny fanapahan-kevitra" (Boyd K. Packer, "Called to Serve," *Ensign,* nôv. 1997, 8).
26. Jereo ny "Fanetrentena," ao amin'ny toko 6 an'ny *Torio ny Filazantsarako: Torolalana ho an'ny Asa Fanompoan'ny Misiônera* (2004), 120.
27. Jereo ny Charles J. Chaput, *Strangers in a Strange Land* (2017), 14–15; jereo koa ny Rod Dreher, *The Benedict Option* (2017).
28. Carl Cederstrom, "The Dangers of Happiness," *New York Times,* 19 jolay 2015, SR8.
29. Môsià 3:19
30. *English Oxford Living Dictionaries,* "humblebrag," oxforddictionaries.com.
31. Amin'ny lafiny sasany ity dia manamafy ny famaritana ao amin'ny bokin'i Almà ireo izay nahazo "ny zava-tsoa isan-karazany rehetra, izay efa azony noho ny taozavany; . . . [kanefa] izy ireo dia . . . nanandra-tena tao amin'ny avonavon'ny masony" (Almà 4:6). Nomarihana fa ny "fizahozahoana amim-panetren-tena" dia mbola fizahozahoana ihany.
32. David Brooks, "Finding a Way to Roll Back Fanaticism," *New York Times,* 15 aog. 2017, A23.
33. Almà 5:53, 54.
34. Mika 6:8.
35. Jereo ny Môsià 26:30.
36. Jereo ny Matio 6:12, 15.
37. Jereo ny Môsià 26:31.
38. Araka ny nolazain'i Nelson Mandela, "Ny fahatezerana dia toy ny fisotroana poizina ary avy eo dia manantena fa hahafaty ny fahavalonao izany" (ao amin'ny Jessica Durando, "15 of Nelson Mandela's Best Quotes," *USA Today,* 5 des., 2013, usatoday.com).
39. Etera 12:26, 27; nampiana fanamafisana.
40. Edmund Vance Cooke, "The Eternal Everyday," *Impertinent Poems* (1907), 21.



**Nataon'ny Loholona Ronald A. Rasband**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Amin'ny alalan'ny drafitra masina

*Mitarika anareo ny tanan'ny Tompo. Amin'ny alalan'ny "drafitra masina," dia ao anatin'ireo antsipirian-javatra bitika sy ao amin'ireo zava-mitranga goavana eo amin'ny fiainanareo Izy.*

Rahalahy sy ranabavy isany, raha mitsangana eto amin'ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany mitaona fanahy ity aho sy mahatsapa ny tanjakareo sy ny fanahinareo, dia tsy haiko ny tsy hieritreritra ireo tenin'i Petera Apôstôly hoe: "[Tompo], tsara raha mitoetra eto isika."[1]

Tsy dia izay tanteraka no nolazain'i Almà rehefa avy nitory tamin'ny vahoaka tao Amonihà izy. Nandao ilay tanàna i Almà noho ny faharatsian'ilay vahoaka. Vetivety dia niseho taminy ny anjely iray ary niantso azy mba "hiverenany any an-tanànan' i Amônihà, ary ny hitory indray amin'ny mponin'ny tanàna."[2]

Nataon'i Almà "faingana" izany, tamin'ny fidirana "ny tanàna tamin'ny lalana hafa."[3]

"Ary raha niditra ny tanàna izy dia mosarena, ary hoy izy tamin'ny lehilahy iray: Moa hanome hanin-kohanina ity mpanompon' Andriamanitra mietry tena ity va ianao?

"Ary hoy ralehilahy taminy: Izaho dia Nefita, ary fantatro fa mpaminany masin' Andriamanitra ianao, satria ianao ilay lehilahy izay nolazain'ny anjely tamin'ny fahitana hoe: Horaisinao izy."[4]

I Amioleka ilay lehilahy.

Izao ary, tongatonga ho azy ve ny fihaonan'i Almà tamin'i Amioleka? Tsia, tsy fifandrifian-javatra ny nidirany ny tanàna tamin'ilay lalana izay hitondra azy ho any amin'ity lehilahy mahatoky ity izay ho lasa mpiara-mitory aminy.

Ny Loholona Neal A. Maxwell dia nanazava indray mandeha hoe: "Tsy misy na iza na iza amintsika mampiasa tanteraka amin'ireo namantsika ny fahafahana miseho amintsika amin'ny fihaonana aman'olona. Izaho sy ianao dia mety hiantso ireny fihaonana ireny ho 'fifandrifian-javatra.' Tsy tokony hahagaga raha mampiasa io teny io ny olombelona, saingy ny teny hoe *fifandrifian-javatra* dia tsy mety raha hamaritana ny asan'ilay Andriamanitra mahay ny zava-drehetra. Tsy manao zavatra amin'ny 'fifandrifian-javatra' Izy fa . . . amin'ny alalan'ny 'drafitra masina.'"[5]


Ny fiainantsika dia tahaka ny kilalao eseka iray ary ny Tompo no mamindrafindra antsika etsy sy eroa, raha toa ka mihaino ireo bitsika arapanahy isika. Raha mijery ny lasa isika dia afaka mahita ny tanany eo amin'ny fiainantsika.

Afaka mahita izany fanampian'ny lanitra izany isika rehefa niverina mba haka ireo takelaka tany amin'i Labana i Nefia. "Ary notarihin'ny Fanahy izy, tsy nahafantatra mialoha ny zavatra izay tokony hataony."[6] Vetivety teo dia teo anoloany i Labana, mamo tampina, dia novonoin'i Nefia izy, nalainy ireo takelaka, ary nitsoaka niverina tany amin'ny rahalahiny izy. Tongatonga ho azy ve ny fihaonany tamin'i Labana? Sa tamin'ny alalan'ny "drafitra masina" izany?

Ahitana zava-niseho manan-danja ao amin'ny filazantsara sy ao amin'ny Fiangonana izay mampandroso ny fanjakan' Andriamanitra eto ambonin'ny tany. Tsy tongatonga ho azy izy ireny fa tamin'ny alalan'ny drafitr' Andriamanitra. Izy izay namolavola ny endrik'ity izao tontolo izao ity dia afaka mampitony ny ranomasina amin'ny teniny sy afaka mitarika an'i Almà sy i Amioleka ary i Nefia sy i Labana ho eo amin'ny toerana tokony hisy azy ireo amin'ny fotoana tena ilàna izany.

Torak'izany koa, misy ireo tranga sy fikambanana ao anatin'ny fiainantsika tsirairay izay mampandroso ny asan' Andriamanitra eto ambonin'ny tany.

Ny Loholona Joseph B. Wirthlin malala dia niresaka momba ny fotoana iray izay nitenenan'ny Filoha Thomas S. Monson taminy hoe: "Misy tanana mitarika eo ambonin'ny zavatra rehetra. Matetika rehefa misy zavatra mitranga dia tsy tongatonga hoe azy izany. Indray andro, rehefa mijery ireo zavatra izay toa fifandrifian-javatra teo amin'ny fiainantsika isika, dia hahita fa tsy fifandrifian-javatra velively izy ireny."[7]





Matetika tokoa dia vitsy ihany no mahalala ireo asa tsara ataontsika. Voarakitra any an-danitra anefa izy ireny. Indray andro dia hijoro ho vavolombelon'ny fanolorantenantsika tamin'ny fanahy manontolo tamin'ireo asan'ny fahamarinana isika. Tsy misy fisedrana na antambo afaka mampivily ny drafitry ny fahasambarana nataon' Andriamanitra. Eny tokoa, amin'ny alalan'ny "drafitra masina," "[ny] maraina . . . dia misy fihobiana."[8] "Tonga teo amin' izao tontolo izao Aho mba hanao ny sitrapon'ny Ra[y],"[9] hoy ny nampianarin'i Jesoa. Rahalahy sy ranabavy malala isany, tokony hanao izany koa isika.

Tamin'ny alalan'ny zavatra niainako teo amin'ny lalam-piainako manokana dia fantatro fa mamindrafindra antsika ny Tompo eo amin'ilay toa kilalao eseka mba hanao ny asany. Izay miseho ho toy ny vintana kisendrasendra, raha ny marina, dia voaramason'ny Ray any Andanitra be fitiavana izay afaka manisa ny volo eo amin'ny loha tsirairay.[10] Tsy misy na dia varidimiventy iray akory aza ho latsaka amin'ny tany, raha tsy avelan'ny Rainareo.[11] Ny Tompo dia mijery ireo antsipirian-javatra bitika eo amin'ny fiainantsika, ary ireny zava-mitranga sy fahafahana ireny dia natao mba hanomanana antsika hampitraka ny fianakaviantsika sy ny hafa eo am-pananganantsika ny fanjakan' Andriamanitra eto an-tany.

Tsarovy, araka ny nolazain'ny Tompo tamin'i Abrahama hoe: "Fantatro hatramin'ny voalohany ny farany; koa homba anao ny tanako."[12]

Nametraka ahy tao anatin'ny tokantrano iray nahitana ray aman-dreny be fitiavana ny Tompo. Araka ny fenitr'izao tontolo izao dia tena olon-tsotra izy ireo: ny raiko, izay lehilahy be fanolorantena, dia mpitondra fiara vaventy, ny reniko, izay anjely, dia mpikarakara tokantrano. Nanampy ahy hahita an'i Melanie, vady malalako, ny Tompo. Nobitsihany ny mpandraharaha iray, izay tonga tena namako, mba hanome asa ho ahy. Niantso ahy ny Tompo mba hanompo ao amin'ny sahan'ny misiôna, fony aho zatovolahy sy fony aho filohan'ny misiôna. Nantso ahy ho ao amin'ny Kôlejin'ny Fitopololahy Izy ary izao dia niantso ahy ho Apôstôly. Rehefa manao jery todika aho dia hitako fa tsy nandamina na inona na inona tamin'ireo fifindrafindrana ireo aho; ny Tompo no nanao izany, tahaka ny handaminany ireo fifindrafindrana manan-danja ho anao sy ho an'ireo olon-tianao.

Inona no tokony hotadiavinao eo amin'ny fiainanao manokana? Inona ireo fahagagana ataon' Andriamanitra izay mampahatsiahy anao fa akaiky Izy, milaza hoe: "Eto akaiky eto Aho"? Eritrereto ireo fotoana, ny sasany isan'andro, izay nanaovan'ny Tompo asa teo amin'ny fiainanao, avy eo mbola nanao asa indray Izy. Ankamamio ireny fotoana izay nampisehoan'ny Tompo fitokisana anao sy ny safidy nataonao ireny. Kanefa avelao Izy hamoaka zavatra betsaka kokoa avy ao aminao mihoatra noho izay azonao avoaka samirery. Ankamamio ny fandraisany anjara. Indraindray isika dia mandray ireo fiovana eo amin'ireo drafitra nataontsika ho fahadisoan-dalana eo amin'ny diantsika. Eritrereto kokoa ho dingana voalohany mba ho eo "amin'ny asan'ny Tompo" izy ireny.[13]

Volana vitsivitsy lasa izay dia niaraka tamin'ny vondrona tanora iray mba hitsidika toerana manan-tantara maro an'ny Fiangonana ny zafikelinay vavy. Ny dia farany dia nilaza fa handalo eo amin'ilay faritra izay nanompoan'ny anadahiny mihitsy, dia ny zafikelinay lahy tamin'ny naha-misiônera azy. Tsy nanana fikasana hahita ny anadahiny tany amin'ny asa fitoriany ny zafikelinay vavy. Rehefa niditra ny tanàna izay nanompoan'ny anadahiny anefa ilay fiarabe, dia tazana nandeha teny an-dalana ny misiônera roa. Anadahiny ny iray tamin'ireo misiônera.

Tsy nahandry ery ny iray fiarabe rehefa nangataka ilay mpamily mba hijanona haka sisiny ilay zatovo hahafahany miarahaba ny anadahiny. Tsy ampy iray minitra akory dia nanohy ny lalany hanatanteraka ireo adidiny amin'ny maha-misiônera azy ilay anadahiny, rehefa avy nitomany sy nifanao teny mamy. Fantatray taty aoriana fa tsy ampy dimy minitra akory no naha-teo amin'io lalana io an'ilay anadahiny, avy namonjy fotoana iray nankeny amin'ny fiarany.

Afaka mametraka antsika ao anatin'ny toe-java-mitranga manokana ny Ray any An-danitra miaraka amin'ny fikasana manokana ao an-tsainy. Nanao toy izany Izy teo amin'ny fiainako, ary manao toy izany eo amin'ny fiainanareo, tahaka ny nataony teo amin'ny fiainan'ireo zafikely malalanay.

Isika tsirairay dia sarobidy sy tian'ny Tompo, izay miahiahy, mibitsika, ary miambina antsika amin'ny fomba miavaka ho an'ny tsirairay amintsika.Tena hendry kokoa sy mahery kokoa noho ny lehilahy sy ny vehivavy mety maty Izy. Fantany ireo olantsika, ireo fandresentsika, ary ireo faniriana marina ao am-pontsika.

Iray taona mahery izay, rehefa nandeha tao amin'ny Temple Square aho dia nanatona ahy ny iray tamin'ireo misiônera vehivavy ary nanontany hoe: "Tadidinao ve aho? Avy any Floride." Nolazainy tamiko fa Rahavavy Aida Chilan no anarany. Eny, tadidiko ny nihaona taminy sy ny fianakaviany. Nanoro hevitra ahy ny filohan'ny tsatòkany mba hitsidihanay ny fianakaviany. Lasa nazava fa i Aida zanakavavin'izy ireo, izay tsy vita batisa, no nankanesanay tany. Taorian'ny fitsidihanay ary maherin'ny iray taona nampianarana sy nifaneraserana taminy dia natao batisa i Aida.

Rehefa avy nitsidika ny Temple Square izahay dia nanoratra taratasy ho ahy izy. Hoy izy: "Fantatro amin'ny

foko manontolo fa mahafantatra antsika tsirairay ny Ray any An-danitra ary manohy mametraka antsika eny amin'ny lalan'ny hafa noho ny antony iray. Misaotra anao fa iray tamin'ireo misiônera nampianatra ahy ianao, nanolotanana ahy sy nitady ahy dimy taona lasa izay."[14] Nalefan'i Aida tamiko ihany koa ny tantaran'ny fiovampony nitantara ireo "fifandrifian-javatra masina" nitranga teo amin'ny fiainany ka nitarika azy tamin'ny batisa sy fandraisana ho mpikambana, hanao asa fitoriana tao Temple Square, ary ny fanambadiana tany amin'ny tempoly vao haingana.[15]

Fifandrifian-javatra fotsiny ve ny nanentanan'ilay filohan'ny tsatòka anay ho any amin'ny tokantranon-dry Chilan na ny nihaonanay teo amin'ny Temple Square taty aoriana? Ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Aida dia manamafy fa izany dia anisan'ny "drafitra masin'" Andriamanitra.

Tian'ny Tompo ny miaraka amintsika. Tsy fifandrifian-javatra ny hoe rehefa mahatsapa ny fanahiny ianareo sy manao asa araka ireo bitsika voalohany azonareo dia hotsapanareo Izy araka ny nampanantenany hoe: "Izaho handeha eo alohanareo. Ho eo ankavananareo sy eo ankavianareo Aho, ary ho ao am-ponareo ny Fanahiko, ary hanodidina anareo ny anjeliko mba hanohana anareo."[16]

Misy zavatra mitovy mitranga eo amin'ny fiainantsika rehetra. Mety hihaona amin'ny olona toa tsy vaovao isika, hiverina hahita olom-pantatra, na hisy fitoviana amin'ny olona tsy fantatra. Rehefa mitranga ireo, dia angamba mampahatsiahy antsika ny Tompo fa tena mpiray tampo tokoa isika rehetra. Tena mpandray anjara ao anatin'ny tanjona mitovy isika, ilay nantsoin'i Joseph Smith hoe "ny tanjon'i Kristy."[17]

Izao dia aiza ho aiza ao amin'ny "drafitra masina" ny fahafahantsika misafidy? Manana safidy hanaraka na tsy hanaraka ny Mpamonjintsika sy ireo mpitarika nofinidiny isika. Mazava io lamina io ao amin'ny Bokin'i Môrmôna rehefa niala tamin'ny Tompo ny Nefita. Nitalaho i Môrmôna nanao hoe:

"Ary hitany . . . fa tsy nitsimbina azy intsony ny Fanahin'ny Tompo; eny,



izany dia efa nisintona niala taminy, satria tsy mitoetra ao amin'ny tempoly izay tsy masina ny Fanahin'ny Tompo—

"Noho izany ny Tompo dia nitsahatra nitsimbina azy tamin'ny heriny mahagaga sy tsy manan-tsahala, satria efa lavo tao amin'ny toetry ny tsy finoana sy ny faharatsiana mahatsiravina izy."[18]


Tsy ny zavatra rehetra angatahin'ny Tompo amintsika no vokatry ny tanjaka ananantsika, na ny fahatokiantsika, na ny fahalalantsika. Eritrereto i Saoly, izay nosakanan'ny Tompo teny amin'ny lalana mankany Damaskosy. Diso lalana izy teo amin'ny fiainany, ary tsy misy idiran'ny avaratra sy atsimo izany. Nahitsin' Andriamanitra ny lalan'i Saoly. Rehefa fantatra izy taty aoriana tamin'ny hoe Paoly, ny asa fanompoany tamin'ny naha-apôstôly azy dia nampiseho izay efa fantatry ny Tompo fa ho vitany sy mety hahatongavana, fa tsy izay fikasana tiany hatao tamin'ny naha-Saoly azy. Amin'ny fomba toy izany koa no ahafantaran'ny Tompo izay vitantsika tsirairay sy mety hahatongavantsika. Inona no nampianarin'i Paoly Apôstôly? "Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an' Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo."[19]

Rehefa marina sy vonona ary afaka manao zavatra isika, rehefa miezaka ny ho mendrika isika, dia mandroso ho amin'ny toerana izay tsy noeritreretintsika velively ary lasa ampahany amin'ny "drafitra masin'" ny Raintsika any An-danitra. Manana fahamasinana ao anatintsika isika tsirairay. Rehefa mahita an' Andriamanitra miasa amintsika sy miaraka amintsika isika, dia enga anie isika hahazo hery, eny hankasitraka izany fitarihana izany. Rehefa niteny ny Ray any An-danitra hoe: "Fa izao no asako sy voninahitro: ny manatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ny olona,"[20] dia niresaka momba ny zanany rehetra Izy, dia ianao manokana.

Mitarika anareo ny tanan'ny Tompo. Amin'ny alalan'ny "drafitra masina," dia ao anatin'ireo antsipirian-javatra bitika sy ao amin'ireo zava-mitranga goavana eo amin'ny fiainanareo Izy. Araka ny voalaza ao amin'ny Ohabolana hoe: "Matokia an'i Jehovah amin'ny fonao rehetra, fa Izy handamina ny lalanao."[21] Mijoro ho vavolombelona aho fa hitahy anareo sy hanohana anareo ary hitondra fiadanana ho anareo Izy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Lioka 9:33.
2. Almà 8:16.
3. Almà 8:18.
4. Almà 8:19–20.
5. Neal A. Maxwell, "Brim with Joy" (fampaherezam-panahy tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young, 23 jan.1996), 2, speeches.byu.edu.
6. 1 Nefia 4:6.
7. Joseph B. Wirthlin, "Lessons Learned in the Journey of Life," *Liahona,* mey 2001, 38; nalaina avy tamin'ny lahateny iray nataon'ny Loholona Wirthlin tamin'ny takariva amorom-patana iray an'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana tao amin'ny Brigham Young University, 7 nov. 1999.
8. Salamo 30:5.
9. 3 Nefia 27:13.
10. Jereo ny Lioka 12:7.
11. Jereo ny Matio 10:29.
12. Abrahama 2:8.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 64:29.
14. Taratasy avy tamin'i Aida Chilan, 20 apr. 2017.
15. Taratasy avy tamin'i Aida Chilan, 30 mey 2017.
16. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:88.
17. Jereo ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* (2007), 349–57.
18. Helamàna 4:24–25.
19. Romana 8:28.
20. Mosesy 1:39.
21. Ohabolana 3:5–6.



**Nataon'ny Loholona O. Vincent Haleck**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ny fon'ilay mpitondratena

*Handeha isika hanao izay ilaina atao mba hananana ny fon'ilay mpitondratena, hifaly marina tokoa amin'ireo fitahiana izay hameno ny "zavatra ilaina" vokatr'izany.*

Fitahiana lehibe ho ahy ny nanompo teo anivon'ireo Olomasina ao amin'ny Pasifika tamin'ny ankabetsahan'ny fotoana naha-olon-dehibe ahy. Ny finoana sy ny fitiavana ary ny fahafoizan-tena mahatalanjona anananireo Olomasina be fanolorantena ireo dia mahatonga ahy ho feno aingampanahy sy fankasitrahana ary fifaliana. Toy ny anareo ny tantaran'izy ireo.


Nanana eritreritra aho fa ireo Olomasina ireo dia nisy nitovizana be tamin'ilay mpitondratena izay nodinihin'ny Mpamonjy raha "nipetraka . . . tandrifin' ny fandatsahan-drakitra Jesosy, dia nijery ny fandatsaky ny vahoaka vola tao Izy; ary maro ny mpanan-karena nandatsaka be tao.

"Fa nisy mpitondratena malahelo anankiray kosa tonga teo ka nandatsaka farantsakely roa ankevitry ny variroaventy avy. . . .

"Ary Jesoa niantso ny mpianany hanatona Azy ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminareo marina tokoa fa io mpitondratena malahelo io no efa nandatsaka be noho izay rehetra nandatsaka tao amin'ny fandatsahan-drakitra:

"Fa ireo rehetra ireo, dia tamin'ny haben'ny fananany no nandatsahany tao; fa izy kosa, tamin'ny alahelony no nandatsahany tao izay rehetra nananany dia ny fivelomany rehetra."[1]

Na dia anjara biriky kely dia kely aza ireo farantsakely roa nomeny, ho an'ny Mpamonjy dia tena sarobidy tokoa ny fanomezana nomeny, satria nanome ny zavatra rehetra izy. Tamin'izay fotoana izay dia nahafantatra tanteraka ilay mpitondratena ny Mpamonjy, satria nampiseho ny fony Taminy ny fanomezana nomeny. Toy izany ny hatsarana



sy ny halalin'ny fitiavany sy ny finoany ka nanome izy sady nahafantatra fa ho azo ny zavatra "ilainy."

Hitako ny fo toy izany teo amin'ireo Olomasina tany amin'ny Pasifika. Tao amin'ny tanàna kely iray tao amin'ny iray amin'ireo nosy ireo, dia nisy lehilahy efa zokinjokiny iray niaraka tamin'ny vadiny nanaiky ny fanasan'ny misiônera mba hanontany ny Tompo raha toa ka marina ireo lesona nampianarina azy ireo. Tao amin'io dingana io dia neritreretin'izy ireo ihany koa ireo vokatra aterak'ireo fanolorantena ilain'izy ireo atao raha toa ka hitarika amin'ny faneken'izy ireo ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny ny valiny azon'izy ireo. Nifady hanina sy nivavaka izy ireo mba hahafantarana ny fahamarinan'ny Fiangonana sy ny maha-marina ny Bokin'i Môrmôna. Tonga tamin'ny endrika fanamafisana malefaka kanefa mazava ny valin'ny vavaka nataon'izy ireo: "Eny! Marina izany!"

Nisafidy ny hatao batisa izy ireo rehefa nandray izany tenivavolombelona izany. Tsy safidy tsy nisy tambiny manokana izany. Novidian'izy ireo lafo ny fanapahan-keviny hanaiky ny filazantsara sy ho atao batisa. Very asa izy ireo, nahafoy ny toerana nananany teo amin'ny fiarahamonina, nifarana hatreo ny finamanana manan-danja, ary nihatahan'ny fanohanana sy ny fitiavana ary ny fanajan'ny fianakaviana. Izao izy ireo dia mandeha an-tongotra mankany am-piangonana isan-kerinandro, jerijeren'ireo namana sy mpifanolobodirindrina izay mandeha any amin'ny lalana mifanohitra amin'ny azy ireo.

Tao anatin'ireo toe-java-miseho sarotra ireo dia nanontaniana ity rahalahy tsara ity ny fahatsapany momba ny fanapahan-kevitr'izy ireo hiditra ho mpikamban'ny Fiangonana. Ny valinteny tsotra sy tsy misalasala nomeny dia hoe: "Marina izany, sa tsy izany? Mazava ny safidy nataonay."

Tena nanana ny fon'ilay mpitondratena ireto Olomasina roa vao niova fo ireto. Izy ireo, tahaka ilay mpitondratena, dia "nandatsaka tao izay rehetra" azony nomena, sady nahafantatra fa nanome izay "nilainy." Vokatry ny fo feno finoana sy ny finoana maharitra

nananan'izy ireo nandritra ireo fotoantsarotra ireo dia nohamaivanina ny enta-mavesany. Nisy nanampy izy ireo ary voahodidina mpikamban'ny Fiangonana be fanohanana sy be fanompoana, ary nampatanjaka azy ireo manokana ny fanompoany tao amin'ireo antso tao am-piangonana.

Rehefa avy nandatsaka izay "rehetra" azony natolotra izy ireo, dia tonga ny andro lehibe indrindra rehefa nofehezina ho fianakaviana mandrakizay tany amin'ny tempoly izy ireo. Tahaka izay nataony tamin'ireo niova fo teo ambany fitarihan'i Almà dia: "nampahatanjaka azy ny Tompo mba hahafahany mitondra mora foana ny enta-mavesany, ary izy dia nanaiky tamim-pifaliana sy tamim-paharetana ny sitrapon' ny Tompo rehetra."[2] Toy izany ny fon'ilay mpitondratena hita taratra teo amin'ireo mpivady mahafinaritra ireo.

Mamelà ahy hiresaka momba ny zavatra niainana iray izay nahitana tsara ny fon'ilay mpitondratena. Tany Samoa, dia niara-niasa tamin'ny filankevitra tao an-tanàna izahay mba hahafahan'ny misiônera mitory ny filazantsara. Taona vitsy lasa izay dia niresaka tamin'ny lehiben'ny tanàna iray aho, ary tsy navela nitory ny filazantsara tao amin'io tanàna io ny misiônera nandritra ny taona maro dia maro aho. Nitranga ilay resadresaka tsy ela akory taorian'ny nanokafan'ilay lehibe faratampony teo amin'ny tanàna mba hidiran'ny Fiangonana, ka namela ireo misiônerantsika mba hampianatra ireo izay liana momba ny filazantsara sy ny fotopampianarana ao aminy.

Taona maro no nandrasana mba hitrangan'izany fiovan-javatra mahagaga izany, nahaliana ahy ny hahafantatra momba ny zava-nitranga ka nahatonga ilay lehibe faratampony teo amin'ny tanàna hanao izany zavatra izany. Nanontany momba izany aho, ary ilay lehibe izay nifampiresaka tamiko dia namaly hoe: "Afaka miaina ao anatin'ny haizina mandritra ny fotoana iray ny olona iray, saingy ho avy ny fotoana izay haniriany hivoaka mba ho ao amin'ny mazava."

Ilay lehibe indrindra, rehefa nanokatra ilay tanàna, dia nampiseho ny fon'ilay mpitondratena, fo iray izay nihanalefaka rehefa niseho ny hafanana sy hazavan'ny fahamarinana. Io mpitarika io dia vonona hanary fomba amampanao natao nandritra ny taona maro, hiatrika fanoherana, ary hijoro tsy voahozongozona mba hahafahan'ny hafa ho voatahy. Izany dia mpitarika iray izay nampifantoka ny fony tamin'ny mahasoa sy ny fahasambaran'ny olony, fa tsy tamin'ny fanaovana ho ambonin-javatra ny fomba amam-panao sy ny kolontsaina ary ny fahefan'ny tena manokana. Nariany ireo fanahiana ireo hanarahana ilay nampianarin'ny Filoha Thomas S. Monson hoe: "Rehefa manaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy isika dia hanana ny fahafahana ho fahazavana eo amin'ny fiainan'ny hafa."[3]

Farany dia avelao aho hizara aminareo zavatra niainako iray hafa teo anivon'ireo Olomasina tany amin'ny Pasifika izay mijanona ho miorim-paka lalina sy masina ato amin'ny fanahiko. Taona vitsy lasa izay dia mpanolotsaina vao herotrerony an'ny eveka iray tao amin'ny paroasy vaovao tao American Samoa aho. Nanana mpikambana 99 isa izahay izay nahitana mpamboly sy mpiompy hamelomana ny fianakaviany, mpiasa ao amin'ny fitahirizana sakafo am-bifotsy, mpiasan'ny governemanta, ary ny fianakavian'izy ireo. Nisy fifaliana sy fankasitrahana nasehonay rehetra rehefa nanambara ny Fiadidiana Voalohany tamin'ny 1977 fa hisy tempoly iray hatsangana ao Samoa. Nitaky fanaovana dia mankany Hawaii na Nouvelle Zélande ny fandehanana any amin'ny tempoly avy tany American Samoa tamin'izany fotoana izany. Dia lafo be izay tsy vitan'ny ankamaroan'ny mpikamban'ny Fiangonana izany.

Nandritra io fotoana io dia namporisihana ny mpikambana mba handrotsaka vola ao amin'ny kitapom-bola ho fanorenana iray entina hanampiana amin'ny fananganana tempoly. Noho izany dia nangataka ireo mpikambana tao amin'ny paroasy ny episkôpà mba hisaintsaina ombam-bavaka ny amin'izay azon'izy ireo omena. Napetraka tamin'ny fianakaviana ny daty hiangonana mba hanolorana ny vola arotsak'izy ireo. Taty aoriana, rehefa nosokafana manokana ireo vola narotsaka, dia feno fanetrentena ny episkôpà ary faly noho ny finoana sy ny halalahan-tanan'ireo mpikambana mahafinaritra tao amin'ny paroasinay.

Fantatro ny fianakaviana tsirairay sy ny zavatra niainan'izy ireo, nanana fahatsapana fahagagana sy fanajana ary fanetrentena lalina sy maharitra aho. Ireo dia tena farantsa maoderina an'ilay mpitondratena izay nomena malalaka avy tamin'ny "kely nananan' " izy ireo tamim-pifaliana mba ho an'ilay fitahiana nampanantenaina mba hanamboarana tempoly masin'ny Tompo iray ao Samoa. Ireo fianakaviana ireo dia nanokana ny zavatra rehetra azon'izy ireo nomena mba ho an'ny Tompo, niaraka tamin'ny finoana fa tsy ho tavela amin'izao tsy hahazo izany fitahiana izany izy ireo. Naneho ny fon'ilay mpitondratena izay nananan'izy ireo ny fanomezana nataony. Ireo rehetra izay nanome dia nanao izany an-tsitrapo sy tamim-piravoravoana satria ilay fon'ilay mpitondratena tao anatin'izy ireo dia afaka nahita tamin'ny mason'ny finoana ireo fitahiana goavana indrindra notahirizina ho an'ny fianakavian'izy ireo sy ireo vahoaka rehetra tao Samoa sy Samoa Amerikana, ho an'ireo taranaka maro ho avy. Fantatro fa ireo fanatitra natokan'izy ireo, ny farantsan'ilay mpitondratena izany nananany, dia fantatry ny Tompo sy ekeny.

Ny fon'ilay mpitondratena izay nanome ireo farantsa roa dia fo iray izay hanome ny zava-drehetra amin'ny alalan'ny fanaovana fahafoizan-tena; amin'ny alalan'ny faharetana ny mafy sy ny fanenjehana ary ny fandavana; ary amin'ny alalan'ny fitondrana ireo entamavesatra maro karazany. Ny fon'ilay mpitondratena dia fo iray izay mahafantatra sy mahatsapa ary mahalala ny fahazavan'ny fahamarinana ary hanome na inona na inona mba hankamamiana izany fahamarinana izany. Izany ihany koa dia manampy ny hafa hahita izany fahazavana izany ihany sy hanatona ilay fatra-pahasambarana sy fifaliana mandrakizay. Farany, ny fon'ilay mpitondratena dia voafaritra amin'ny alalan'ny fahavononana hanome ny zava-drehetra ho fananganana ny fanjakan'Andriamanitra eto ambonin'ny tany.


Handeha isika hiaraka amin'ireo Olomasina manerana izao tontolo izao

amin'ny fanaovana izay ilaina atao mba hananana ny fon'ilay mpitondratena, hifaly marina tokoa amin'ireo fitahiana izay hameno ny "zavatra ilaina" vokatr'izany. Ny vavaka ataoko ho antsika tsirairay dia fiangaviana iray mba hanana fo hizakana ireo entamavesatsika, hanao ireo fahafoizantena ilaina, ary hanana faniriana hanao asa sy hanome. Mampanantena aho fa tsy hamela anareo tsy hanana na inona na inona ny Tompo. Ny fon'ilay mpitondratena dia feno fankasitrahana fa ny Mpamonjy dia "lehilahy ory sady zatra ny fahoriana"[4] ka tsy mila manandrana ilay "kapoaka mangidy"[5] isika. Na eo aza ireo fahalementsika sy fahalavoantsika, ary noho izy ireny, dia manohy manolotra ny tanany, izay voalefona ho antsika, Izy. Hampitraka antsika Izy raha toa isika ka vonona ny hanatona ao amin'ny fahazavan'ny filazantsarany, hamihina Azy, ary hamela Azy hameno "izay ilaintsika."

Mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny fitiavana lehibe izay azontsika zaraina amin'ny maha-mpianatra sy mpanaradia an'ny Tompo Jesoa Kristy antsika. Tiako sy tohanako ho mpaminan' Andriamanitra eto ambonin'ny tany ny Filoha Thomas S. Monson. Vavolombelona iray hafa momba an'i Jesoa Kristy ho an'izao tontolo izao ny Bokin' Môrmôna, ary manasa ny rehetra aho hamaky izany sy hahita ny hafatra ho anareo ao anatin'izany. Ireo rehetra manaiky ny fanasana omen'ny Tompo mba hanatona Azy dia hahita fiadanana sy fitiavana ary fahazavana. I Jesoa Kristy no Ohatra lehibe ho antsika sy Mpanavotra antsika. Amin'ny alalan'i Jesoa Kristy irery ihany, sy ny fahagagana nateraky ny Sorompanavotana tsy manam-petra nataony no ahafahantsika mahazo ny fiainana mandrakizay. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarany masina, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Marka 12:41–44
2. Môsià 24:15
3. Filoha Thomas S. Monson, "Aoka ianao ho ohatra sy fahazavana," *Liahona*, nôv. 2015, 88.
4. Isaia 53: 3.
5. 3 Nefia 11:11



**Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson**
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Bokin'i Môrmôna: hanao ahoana re ny fiainanao raha tsy nisy azy?

*Amin'ny fomba feno fahagagana sy miavaka indrindra no ampianaran'ny Bokin'i Môrmôna antsika momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany.*

Tamin'ny 1986 dia nasaina hitondra lesona manokana tany amina oniversite iray tao Accra, Ghana ny tenako.Nihaona tamin'ny olona manan-kaja maro aho tany, isan'izany ny mpanjakan'ny foko Afrikanina iray. Raha nihaona tamin'ilay mpanjaka nialoha ny lesona aho dia niresaka tamiko tamin'ny alalan'ny mpandika teniny izy. Mamaly amin'ilay mpandika teny aho ary avy eo dia mandika ny zavatra nolazaiko tamin'ny mpanjaka izy.

Taorian'ny lesona dia nanatona ahy avy hatrany ilay mpanjaka saingy tsy niaraka tamin'ny mpandika teniny izy tamin'izay fotoana izay. Dia gaga aho fa niteny Anglisy tsara izy, ny teny Anglisin'ny Mpanjakavavy mihitsy aza!

Toa gaga ilay mpanjaka."Fa iza marina moa ianao?" hoy izy.

Dia novaliako hoe: "Izaho dia Apôstôly voatendrin'i Jesoa Kristy."

Nanontany ilay mpanjaka hoe: "Inona no azonao ampianarina amiko momba an'i Jesoa Kristy?"

Novaliako tamin'ny alalan'ny fanontaniana izany: "Azoko anontaniana ve ianao ny amin'izay efa fantatrao momba an'i Jesoa Kristy?"

Ny valinteny nomen'ny mpanjaka dia nanambara fa mpandalina Baiboly mahafatrampo izy ary olona tia ny Tompo.

Dia nanontaniako izy avy eo raha toa mahafantatra momba ny asa fanompoana nataon'i Jesoa Kristy tamin'ny vahoaka tany Amerika fahiny?

Efa neveriko fa ho tsia ny valiny.

Nazavaiko fa taorian'ny Fanomboana ny Mpamonjy tamin'ny hazofijaliana sy ny Fitsanganany tamin'ny maty dia tonga tany amin'ny vahoaka tany Amerika fahiny izy, izay nampianarany ny filazantsara. Nanangana ny Fiangonany Izy ary nangataka ireo mpianany mba hanao raki-tsoratra ny asa fanompoany teo anivon'izy ireo.

"Io raki-tsoratra io," hoy aho, "dia fantatra amin'ny hoe ny Bokin'i Môrmôna.Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy izany. Soratra masina mitovy lenta amin'ny Baiboly izany."

Tamin'io fotoana io dia lasa *tena* liana tokoa ilay mpanjaka. Nitodika tany

amin'ny filohan'ny misiôna izay niaraka tamiko aho ary nanontany raha toa nanana tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna tany aminy izy. Namoaka anankiray avy tao amin'ny kitapony izy.

Nosokafako tao amin'ny 3 Nefia toko faha-11 izany, dia niara-namaky ny toritenin'ny Mpamonjy tamin'ny Nefita izaho sy ilay mpanjaka. Dia nanolotra taminy ilay tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna aho avy eo. Ny zavatra navaliny dia raikitra ato antsaiko sy ato am-poko mandrakizay: "Azonao natao ny nanolotra diamondra sy vatosoa ahy, saingy tsy misy zavatra sarobidy hafa amiko mihoatra noho ity fahalalana fanampiny momba ny Tompo Jesoa Kristy ity."

Rehefa avy nahatsapa ny herin'ny tenin'ny Mpamonjy tao amin'ny 3 Nefia, dia nanambara ilay mpanjaka hoe: "Raha miova fo sy miditra ho mpikamban'ny Fiangonana aho dia hoentiko miaraka amiko ny fokoko manontolo."

"Ry mpanjaka ô" hoy aho, "tsy tahaka izany anie no fandehany e! Ny famonjena dia an'ny tena manokana.Nanompo ny Nefita tsirairay ny Mpamonjy. Ny olona tsirairay dia mandray tenivavolombelona sy fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy."[1]

Ry rahalahy sy ranabaviko, *inona* no lanjan'ny Bokin'i Môrmôna ho anao? Raha tolorana diamondra sy vatosoa *na* ny Bokin'i Môrmôna ianao dia inona no ho safidianao? Lazao ny marina, *inona* no manan-danja kokoa aminao?



Mamaky ny Bokin'i Môrmôna amin'ny alalan'ny fanamariham-pejy "Zanaky ny Ray aho" i Riley.



*Manaraka ny torohevitry ny Filoha Thomas S. Monson tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny aprily 2017 ny handalina sy hisaintsaina ny Bokin'i Môrmôna isan'andro ny Filoha Russell M. Nelson.*

Tsaroanareo ve fa tamin'ny fivoriana alahady maraina tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana manerantany tamin'ny aprily 2017, ny Filoha Thomas S. Monson dia niangavy "antsika mba handalina sy hisaintsaina ombam-bavaka ny Bokin'i Môrmôna isan'andro."[2] Betsaka no nanaraka ny fiangavian'ny mpaminany.

Aoka aho hiteny fa na ny tenako na i Riley izay valo taona dia tsy nahafantatra mihitsy fa hisy haka sary izahay. Mariho fa mamaky ny Bokin'i Môrmôna amin'ny alalan'ny fanamariham-pejy manao hoe "Zanaky ny Ray aho" i Riley.

Misy zavatra tena mahery vaika mitranga rehefa mikatsaka ny hahafantatra misimisy kokoa momba an' Andriamanitra sy ny Zanakalahiny malala ny zanak' Andriamanitra iray. Tsy misy fampianarana ireo fahamarinana ireo amin'ny fomba mazava sy mahery vaika kokoa mihoatra noho ny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Nanomboka tamin'ny fanamby nomen'ny Filoha Monson enim-bolana lasa izay ka hatramin'izao dia niezaka nanaraka ny toroheviny aho. Ankoatra ny zavatra natao hafa dia nanao lisitra aho momba ny hoe *inona* no Bokin'i Môrmôna, inona no *hamafisiny,* inona no *laviny,* inona no *tanterahiny,* inona no *hazavainy,* ary inona no *hambarany*. Ny mandalina ny Bokin'i Môrmôna amin'ny alalan'izany fijery izany dia fanao tena nahazoam-pahalalana sy fankaherezana mihitsy! Mamporisika anareo hanao toy izany koa aho.

Nandritra izany enim-bolana izany aho dia nanasa vondrona isankarazany, tafiditra ao anatin'izany ny Rahalahiko ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy, ny misiônera any Chili, ary ny filohan'ny misiôna sy ny vadin'izy ireo izay tafavory tao Argentine, mba handinika fanontaniana anankitelo momba izany izay hanasako ny fandinihanareo ihany koa anio:

Voalohany, hanao ahoana re ny fiainanao raha *tsy nisy* ny Bokin'i Môrmôna? Faharoa, inona no zavatra *tsy ho fantatrao*? Ary farany, inona ny zavatra *tsy ho nananananao*?

Ny valinteny feno fahazotoana avy amin'ireo vondrona voalaza teo ireo dia tena avy amin'ny fo tokoa. Indreto ny sasantsasany amin'ny valintenin'izy ireo.

"Raha tsy nisy ny Bokin'i Môrmôna dia hikorontan-tsaina aho ny amin'ireo fampianarana sy hevitra mifanipaka momba ny zavatra *maro tokoa*. Ho lasa tahaka ny hoe mbola tsy nahita ny Fiangonana aho, fony aho mbola nikaroka fahalalana sy finoana ary fanantenana."

Ny anankiray hafa dia nilaza hoe: "Tsy ho nahafantatra momba ny anjara asa afaka ananan'ny Fanahy Masina eo amin'ny fiainako aho."

Anankiray hafa: "Tsy hahatakatra mazava tsara ny tanjoko eto an-tany aho!"

Ny anankiray hafa dia nilaza hoe: "Tsy ho nahafantatra aho fa misy fivoarana tsy tapaka aorian'ity fiainana ity. Noho ny Bokin'i Môrmôna dia mahafantatra aho fa tena misy fiainana aorian'ny fahafatesana. Izany no tanjona faratampony indrindra hiasantsika."

Izany valinteny farany izany dia nahatonga ahy handinika ny fiainako am-polo taona maro lasa izay, fony aho mpianatra mpitsabo mpandidy fo vao herotrerony. Ny iray amin'ireo andraikitra tena sarotra zakain'ny mpandidy fo indraindray dia ny mampahafantatra ny fianakaviana rehefa nodimandry ny olon-tiana iray. Tao amin'ny hôpitaly iray niasako dia natsangana ny efitrano manokana iray izay nahitana rindrina namboarina ho malemilemy mba handraisan'ny fianakaviana izany vaovao izany. Ao ny olona sasany afaka mamoaka ny alahelony, manakapokapoka ny lohany amin'ilay rindrina malemilemy. Tena naniry mafy aho hampianatra ireo olona ireo fa ny fahafatesana, na dia sarotra ho an'ny sisa tavela aza dia dingana ilaina amin'ny fisiantsika mandrakizay. Ny fahafatesana dia mamela antsika hivoatra mankany amin'ny tontolo manaraka.[3]

Ny iray hafa tamin'ny mpamaly ilay fanontaniana napetrako dia nilaza hoe: "Tsy nanana fiainana aho talohan'ny namakiako ny Bokin'i Môrmôna. Na dia nivavaka sy nankany amin'ny fiangonako aza aho nandritra ny fiainako manontolo, ny Bokin'i Môrmôna no nanampy ahy tena hifanerasera voalohany amin'ny Ray any An-danitra."

Ny anankiray hafa dia nilaza hoe: "Raha tsy nisy ny Bokin'i Môrmôna dia tsy ho nahatakatra aho fa ny Mpamonjy dia tsy nijaly ho an'ny fahotako ihany fa afaka manasitrana ny fanaintainako sy ny alaheloko ihany koa."[4]

Mbola nisy anankiray hafa: "Tsy ho nahafantatra aho fa manana mpaminany mitarika antsika isika."

Ny fandalinana lalina tsy tapaka ireo fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna dia afaka hanova ny fiainantsika.Ny iray amin'ireo zafikelinay misiônera, Soeur Olivia Nelson, dia nampanantena naman'ny Fiangonana iray fa raha mamaky ny Bokin'i Môrmôna isan'andro izy dia hihatsara ny naotiny amin'ny fanadinana any amin'ny oniversite. Namaky izy ary nihatsara ireo naoty.

Ry rahalahy sy ranabaviko malala, mijoro ho vavolombelona aho fa tena tenin' Andriamanitra tokoa ny Bokin'i Môrmôna.Ahitana ny valin'ireo fanontaniana tena manan-danja indrindra amin'ny fiainana. Mampianatra ny fotopampianaran'i Kristy.[5] Mamelabelatra sy manazava fahamarinana "tsotra sy sarobidy"[6] maro izay very nandritra ny taonjato maro sy noho ny dikantenin'ny Baiboly isan-karazany.

Ny Bokin'i Môrmôna dia mitondra ny fahatakarana feno sy manan-danja indrindra momba ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, izay tsy hita n'aiza n'aiza. Mampianatra ny tena dikan'ny hoe teraka indray izany. Avy amin'ny Bokin'i Môrmôna no ahafantarantsika momba ny fanangonana an'i Isiraely niely



*Olivia, zafikelin'ny Filoha Nelson.*

patrana isika. Fantatsika hoe inona no antony maha-eto an-tany antsika. Ireo sy ny fahamarinana hafa dia ampianarina amin'ny fomba mahery vaika sy mandresy lahatra kokoa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna mihoatra noho ny ao amin'ny boky hafa. Ny hery rehetran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Izay no izy.

Ny Bokin'i Môrmôna dia sady manazava ireo fampianaran'ny Tompo no mampibaribary ireo teti-dratsin'ny fahavalo.[7] Ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra fotopampianarana marina mba handresena ireo fomba amam-panao arapivavahana diso, toy ny fanatanterahana ny batisa ho an'ny zazakely, izay fombafomba tena diso.[8] Ny Bokin'i Môrmôna dia manome tanjona ny fiainana amin'ny fanentanana antsika hisaintsaina ny fahafahana mahazo fiainana mandrakizay sy "fahasambarana tsy mifarana."[9] Ny Bokin'i Môrmôna dia mandrava ny finoanoam-poana fa azo tratrarina ao anatin'ny faharatsiam-panahy ny fahasambarana[10] ary ny fahatsaran'ny tena manokana no hany ilaina mba hiverenana eo anatrehan' Andriamanitra.[11] Manafoana tanteraka ny foto-kevitra diso ilay izy fa ny fanambarana dia nifarana tamin'ny Baiboly ary ny lanitra dia mikatona amin'izao fotoana izao.

Rehefa mieritreritra momba ny Bokin'i Môrmôna aho dia mieritreritra momba ny teny hoe *hery*. Ireo fahamarinana ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia manana ny *hery* manasitrana, mankahery, mamerina amin'ny laoniny, manavotra, mampatanjaka, mampionona, ary mamelombelona ny fanahintsika.


Ry rahalahy sy ranabaviko malala, mampanantena anareo aho fa rehefa mandalina ombam-bavaka ny Bokin'i Môrmôna *isan'andro* ianareo dia handray fanapahan-kevitra tsara kokoa ianareo, *isan'andro*. Mampanantena aho fa rehefa misaintsaina ny zavatra halalininareo ianareo dia hisokatra ny varavaran'ny lanitra, ka handray ny valin'ny fanontanianareo sy torolalana ho an'ny fiainanareo ianareo. Mampanantena aho fa rehefa mandalina lalina ny Bokin'i Môrmôna ianareo dia ho voaro amin'ireo zavatra ratsy

amin'izao vanin'andro izao, eny na dia ny aretina mamikitry ny pôrnôgrafia sy ireo fiankinan-doha hafa mahadonto ny saina mihitsy aza.

Isaky ny maheno olona, ka tafiditra amin'izany ny tenako, milaza hoe "Fantatro fa marina ny Bokin'i Môrmôna," aho dia te hihiaka mafy hoe, "Tsara be izany, kanefa tsy ampy!" Mila mahatsapa lalina, hatrany amin'ny "aty fo indrindra" isika,[12] fa tsy azo hiadiankevitra *ny maha* tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna. Tsy maintsy mahatsapa izany lalina tokoa isika hany ka tsy tiantsika hisy na dia andro iray aza tsy amakiana azy. Hiteny ny voalazan'ny Filoha Brigham Young amin'ny alalan'ny teniko manokana aho hoe: "Inay anie aho nanana feom-baratra mahery mba hamohazana ny olona"[13] ny amin'ny fahamarinana sy herin'ny Bokin'i Môrmôna.

Mila isika ho tahaka ity misiônera tanora manompo any Eorôpa ity izay tena manome lanja lalina ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna hany ka mihazakazaka ara-bakiteny miaraka amin'ny tahadikan'io rakitsoratra masina io mihitsy izy mba homena ilay lehilahy ao amin'ny valan-javaboahary.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Joseph Smith no mpaminany ary mbola *ilay* mpaminanin'ity fotoampitantanana farany ity. Izy no nandika teny io boky masina io, tamin'ny alalan'ny hery sy fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra.



*Mihazakazaka ny misiônera tanora iray mba hizara ny Bokin' i Môrmôna amin'ny lehilahy iray ao amin'ny zaridaina fialam-boly iray.*

Io no *ilay* boky hanampy antsika hanomana izao tontolo izao amin'ny Fiavian'ny Tompo Fanindroany.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no Zanakalahy arabakinteny velona an'ny Andriamanitsika velona. Izy no Mpamonjy, Mpanavotra, Ohatra lehibe, ary Mpisolovava antsika ao amin'ny Ray. Izy no ilay Mesia nampanantenaina, ilay Mesia tety an-tany, ary ho Izy ilay Mesian'ny Arivotaona. Mijoro ho vavolombelona amin'ny fanahiko manontolo aho fa amin'ny fomba feno fahagagana sy miavaka indrindra no ampianaran'ny Bokin'i Môrmôna antsika momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany.

Fantatro fa ny Filoha Thomas S. Monson no mpaminanin' Andriamanitra eto an-tany amin'izao fotoana izao. Tiako sy tohanako amin'ny foko manontolo izy. Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

*Lisitra nataon'ny Filoha Nelson momba ny Bokin'i Môrmôna?*

**Ny Bokin'i Môrmôna *dia:***

- Testamenta iray hafa momba an'i Jesoa Kristy. Ireo nanoratra betsaka indrindra tao, dia i Nefia, Jakoba, Môrmôna, Môrônia, ary i Joseph Smith izay nandika teny ny boky dia vavolombelona nanatri-maso ny Tompo *daholo.*
- Rakitsoratra mirakitra ny asa fanompoany ny vahoaka niaina tao Amerika fahiny.
- Marina, araka ny nambaran'ny Tompo.

**Ny Bokin'i Môrmôna dia *manamafy:***

- Ny maha-olona roa miavaka an'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanakalahiny malala.
- Ny nilana ny Fahalavoan'i Adama sy ny fahendren'i Eva, mba hahazoan'ny olona fifaliana.

**Ny Bokin'i Môrmôna dia *mandiso* ny fiheverana fa:**

- Nifarana tamin'ny Baiboly ny fanambarana.
- Mila atao batisa ny zazakely.
- Afaka hita ao anatin'ny faharatsiam-panahy ny fahasambarana.
- Ny fahatsaran'ny tena manokana dia ampy mba hahazoana ny fisandratana (mila ôrdônansy sy fanekempihavanana).
- Ny fahalavoan'i Adama dia mandoto ny olombelona amin'ilay "fahotana voalohany."

**Ny Bokin'i Môrmôna dia *manatanteraka ireo faminaniana* manambara fa:**

- Ny "ondry hafa" dia haheno ny feony.
- Hanao "asa mahatalanjona sy mahagaga" Andriamanitra, hiteny "avy ao amin'ny vovoka."
- Ny "tapa-kazon'i Joda" sy ny "tapa-kazon'i Josefa" dia hitambatra.
- Isiraely niparitaka dia ho voahangona "amin'ny andro farany" ary ny fomba hanatanterahana izany.
- Ny tany nampanantenaina ny taranak'i Josefa dia ny ilabolantany andrefana.

**Ny Bokin'i Môrmôna dia *manazava* fahatakarantsika momba ny:**


- Fiainana talohan'ny nahaterahana.
- Fahafatesana. Singa ilaina amin'ny drafitry ny fahasambarana lehiben' Andriamanitra izany.
- Manomboka ao am-paradisa ny fiainana aorian'ny fahafatesana.
- Ny fitsanganan'ny vatana amin'ny maty, miaraka atambatra amin'ny fanahy indray, dia lasa olona tsy mety maty.
- Ny fitsaran'ny Tompo antsika dia araka ny asa sy ny fanirian'ny fontsika.
- Ireo fomba araka ny tokony ho izy hanaovana ireo ôrdônansy: ohatra, ny batisa, ny fanasan'ny Tompo, ny fanomezana ny Fanahy Masina.
- Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.
- Ny Fitsanganana tamin'ny maty.
- Ny anjara asa manan-danjan'ireo anjely.
- Ny maha-mandrakizain'ny fisoronana.
- Ny fitondrantenan'ny olombelona dia voataona kokoa amin'ny alalan'ny herin'ny teny noho ny amin'ny alalan'ny herin'ny sabatra.

**Ny Bokin'i Môrmôna *dia manambara fahalalana izay mbola tsy fantatra hatrizay*:**

- Efa notanterahina talohan'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy ny batisa.
- Nanangana sy nampiasa tempoly ny vahoaka tany Amerika fahiny.
- I Josefa, zanakalahin'i Isiraely faha-iraika ambin'ny folo dia naminany ny hahampaminany an'i Joseph Smith.
- I Nefia (600–592 talohan'ny nahaterahan'i J.K.) dia naminany ny hahitana sy ny hanjanahana an'i Amerika.
- Nesorina tao amin'ny Baiboly ireo ampahany tsotra sy sarobidy.
- Omena ny olona rehetra ny fahazavan'i Kristy.
- Ny maha-manan-danja ny fahafahan'ny tena manokana misafidy ary ny ilana ny fifanoherana amin'ny zava-drehetra.
- Fampitandremana momba ny "tsikombakomba miafina."


**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 3 Nefia 17:9–12.
2. Thomas S. Monson, "Ny herin'ny Bokin'i Môrmôna," *Liahona,* mey 2017, 87.
3. Jereo ny Almà 42:8
4. Jereo ny Almà 7:11–12
5. Jereo ohatra ny 2 Nefia 31:2–21
6. Jereo ny 1 Nefia 13:29–33
7. Jereo ny 2 Nefia 26–33
8. Jereo ny Môrônia 8:11–15
9. Môsià 2:41; jereo ihany koa ny Almà 28:12
10. Jereo ny Almà 41:10–11
11. Takiana ihany koa ny ôrdônansy sy fanekempihavanana manokana.
12. Jereo ny Almà 13:27
13. Jereo ny Teachings of Presidents of the Church: Brigham Young (Enseignements des Présidents de l'Église): Brigham Young 1997, 333. Niresaka momba ny maha-zava-dehibe ny tempoly sy ny fanaovana tantaram-pianakaviana izy.



**Nataon'ny Loholona Dale G. Renlund**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny fisoronana sy ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy

*Mba hahatanteraka ireo tanjon'ny Ray any An-danitra dia mila manana fahafahana hahazo ny herin'ny Sorompanavotan'i Kristy ireo zanak' Andriamanitra. Ny fisoronana no mitondra ireo fahafahana ireo.*

Ndeha hiaraka haka sary an-tsaina ny sambon-danitra iray izay akisaka ho eo amin'ny rampe de lancement mba hanomanana ny fiaingany. Dia eritrereto indray izao ny famelomana ilay izy. Ny solika, rehefa dorana mba hampiasaina amin'ny zavatra iray, dia miova ho entona mafana izay mipoaka, ka miteraka ny tosika ilaina amin'ny fampandehanana ilay sambon-danitra mba hanidina eny amin'ny habakabaka. Ary farany dia alaivo sary an-tsaina ny entana hoentin'ilay sambon-danitra izay mipetraka eo ambonin'ilay izy. Ny hahatongavan'ny entana hoentin'ilay sambon-danitra any amin'ny toerana tokony halehany sy ny fandehanan'izany araka ny tokony ho izy no tena tadiavina indrindra. Tsy voatery ho manam-pahaizana amin'ny resaka sambon-danitra ianao vao afaka mahatsikaritra fa ny zanabolana lafobe iray fampiasa amin'ny fifaneraserana dia tsy misy dikany raha mipetra-potsiny ao amin'ny trano fitehirizana iray. Ny tanjon'ny sambon-danitra dia ny mitatitra fotsiny ny entana iray.

Androany hariva aho dia te hampitaha *ny fisoronana hazonintsika* amina sambon-danitra ary *ny fahafahana mahazo tombontsoa avy amin'ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy* amin'ny entana taterin'ilay sambon-danitra.



Noho ny Sorompanavotana nataony dia manana ny hery sy fahefana hanavotra ny olombelona rehetra i Jesoa Kristy. Mba hahafahana mahazo ny herin'ny Sorompanavotany dia nanome ampahany amin'ny heriny sy ny fahefany ho an'ny lehilahy eto an-tany Izy. Io hery sy fahefana nomena io dia antsoina hoe *fisoronana*. Izy io dia mamela ireo mpihazona ny fisoronana hanampy ny Ray An-danitra sy i Jesoa Kristy amin'ny asan'Izy Ireo, mba hanatanteraka ny famonjena sy ny fisandratan'ny zanak' Andriamanitra. Izany no izy satria ny fisoronana dia manome fahafahana ny zanany handray ireo fitahian'ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy.

Ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia tena manan-danja satria tsy misy amintsika afaka miverina any amin'ny tranontsika any an-danitra raha tsy mahazo fanampiana. Mandritra ny fiainana ety an-tany dia tsy azo ihodivirananу hanaovantsika fahadisoana sy handika ny lalàn' Andriamanitra isika. Lasa voaloton'ny fahotana isika ary tsy afaka ny hiverina eo anatrehan' Andriamanitra. Mila ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy isika mba hahafahantsika mihavana amin'ny Ray any An-danitra. Nanapatapaka ny famatoran'ny fahafatesana ara-batana i Jesoa, izay mamela ny fitsanganan'ny rehetra amin'ny maty. Manolotra ny famelankeloka Izy, izay miankina amin'ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsarany. Amin'ny alalany ny fisandratana no atolotra. Ny fahafahana mahazo tombontsoa avy amin'ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy no entana taterina manan-danja indrindra misy eto amin'ity fiainana ity.

Mba hahatanteraka ireo tanjon'ny Ray any An-danitra dia mila manana fahafahana hahazo ny herin'ny Sorompanavotan'i Kristy ireo zanak' Andriamanitra.[1] Ny fisoronana no mitondra ireo fahafahana ireo. Io no sambon-danitra. Ny fisoronana dia zava-dehibe satria ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana ilaina ety an-tany dia tsy tanterahina raha tsy amin'ny alalan'ny

fahefany. Raha tsy manome fahafahana hahazo tombontsoa avy amin'ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ny fisoronana dia mba ho inona moa no tanjony? Tsy ho tsipoapoaka lafobe manintona fotsiny ve ilay izy raha izany? Nataon' Andriamanitra mba hampiasaina ankoatra ny ao amin'ny kilasy amin'ny andro alahady na mandritra ny fotoana hanaovana asa fanompoana fotsiny ny fisoronana. Nataony mba hitaterana ilay entana izany.

Ny tsy fahalavorariana kely monja eo amin'ny sambon-danitra iray dia mety hahatonga ny tsy fandehanan'izany araka ny tokony ho izy. Ny fitaovana mora simba sy efa tonta ao amin'ny sambon-danitra iray dia mety hanimba azy. Mba hitandrovana ny fisoronana tsy ho mora simba sy ho tonta aratsarinteny dia sady miaro ny fanomezana izany no miaro ny fampiasana izany Andriamanitra.[2] Ny fanomezana ny fisoronana dia tandrovin'ny fanalahidin'ny fisoronana, izay zo hiahy omena ny lehilahy.[3] Ny fampiasana ny fisoronana koa dia tandrovin'ny fanalahidin'ny fisoronana, nefa koa tandrovin'ny fanekempihavanana ataon'ilay mpihazona ny fisoronana ihany koa. Noho izany ny fampiasana ny fisoronana dia sady tantanan'ny fanalahidin'ny fisoronana no tantanan'ny fanekempihavanana. Ny andraikitry ny lehilahy iray ao amin'ny fisoronana dia omena azy manokana ary tafiditra tanteraka ao aminy;[4] ny fisoronana dia tsy loharanon-kery mitokana afaka mandeha amin'izao.

Na ny Fisoronana Aharôna na ny Fisoronana Melkizedeka dia samy raisina amin'ny alalan'ny fanekempihavanana.[5] Andriamanitra no mamaritra ireo fepetra ary ny lehilahy dia manaiky. Amin'ny ankapobeny, ireo mpihazona ny fisoronana dia manao fanekempihavanana hanampy an' Andriamanitra amin'ny asany. Tamin'ny voalohandohan'ity fotoampitantanana ity dia nanazava i Jesoa Kristy fa ny fanekempihavanan'ny fisoronana dia "hamafisina aminareo noho ny aminareo, ary tsy noho ny aminareo ihany fa noho ny amin'izao tontolo izao manontolo . . . satria tsy manatona Ahy izy ireo."[6]



Mampianatra izany fa ny tanjon'ny fisoronana dia ny manasa ny hafa hanatona an'i Kristy amin'ny fanampiana azy ireo handray ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Manana ny fisoronana isika mba hahafahantsika manampy ireo zanaky ny Ray any An-danitra mba hohamaivanina amin'ny vesatry ny fahotana sy mba ho lasa tahaka Azy. Amin'ny alalan'ny fisoronana dia miharihary ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra eo amin'ny fiainan'ny olona rehetra izay manao sy mitandrina ireo fanekempihavanan'ny filazantsara ary mandray ireo ôrdônansy mifandray amin'izany.[7] Amin'ny alalan'izany fomba izany no ahafahan'ny tsirairay avy amintsik amanatona an'i Kristy, ho voadia, ary lasa mihavana amin' Andriamanitra. Misy ny fahafahana mahazo ny herin'ny Sorompanavotan'i Kristy, amin'ny alalan'ny fisoronana izay mitatitra ilay entana.

Ny fanaovana fanekempihavanana amin' Andriamanitra dia matotra sy mihaja. Ny lehilahy dia tokony hiomana sy hianatra ary hiditra amin'izany fanekempihavanana izany miaraka amin'ny faniriana hanaja izany. Ny fanekempihavanana iray dia lasa fampanantenana feno ataon'ny tena. Raha lazaiko amin'ny fombako manokana ny voalazan'i Robert Bolt, ilay mpanoratra tantara teratany Anglisy, dia tsy manao fanekempihavanana ny lehilahy iray raha tsy te hanolotena tanteraka amin'ny fampanantenana iray. Mampifandray ny fahamarinan'ilay fampanantenana amin'ny hatsaran-toetrany izy. Rehefa manao fanekempihavanana ny lehilahy iray dia toy ny hoe mihazona ny tenany tahaka ny rano amin'ny alalan'ny tanany izy. Ary raha sanatria manokatra ny rantsantanany izy dia very ny tenany. Ny mpandika fanekempihavanana dia tsy afaka manolo-tena intsony ary tsy afaka manome antoka intsony.[8]

Ny mpihazona Fisoronana Aharôna iray dia manao fanekempihavanana hisoroka ny ratsy sy hanampy ny hafa hihavana amin' Andriamanitra ary hiomana amin'ny fandraisana ny Fisoronana Melkizedeka.[9] Ireo andraikitra masina ireo dia tanteraka rehefa mampianatra, manao batisa, mankahery ireo mpikamban'ny Fiangonana, ary manasa ny hafa handray ny filazantsara izy. Ireo no anjara asan'ny "sambondanitra" izay azy. Ho valin'izany dia mampanantena fanantenana, famelankeloka, ny fanompoan'ny anjely, ary ny fanalahidin'ny filazantsaran'ny fibebahana sy ny batisa Andriamanitra.[10]

Ny mpihazona Fisoronana Melkizedeka dia manao fanekempihavanana hanatanteraka ireo andraikitra ho an'ny Fisoronana Aharôna ary hilofo amin'ny antsony ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka.[11] Manao izany izy rehefa mitandrina ireo didy mifandray amin'ilay fanekempihavanana. Tafiditra ao anatin'izany didy izany ny



"[hitandremana] fatratra ny tenin'ny fiainana mandrakizay" amin'ny fivelomana "amin'ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra,"[12] ny mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy sy ny asany amin'ny andro farany,[13] ny tsy mirehareha amin'ny tenany manokana,[14] ary ny hoe lasa sakaizan'ny Mpamonjy, matoky Azy tahaka ny ho ataon'ny namana iray.[15]

Ho setrin'izany dia mampanantena Andriamanitra fa ny mpihazona Fisoronana Melkizedeka dia handray ireo fanalahidy hahatakarana ny zava-miafin' Andriamanitra. Ho lasa tanteraka izy mba hahafahany mijoro eo anatrehan' Andriamanitra. Afaka hanatanteraka ny anjara asany eo amin'ny asa fanavotana izy. Hanomana ny lalana mialoha ny mpihazona fisoronana i Jesoa Kristy ary hiaraka aminy Izy. Ny Fanahy Masina dia ho ao am-pon'ny mpihazona fisoronana ary ireo anjely dia hanohana azy. Ny vatany dia hampatanjahana sy havaozina. Handova ireo fitahian'i Abrahama izy ary, miaraka amin'ny vadiny, handova miaraka amin'i Jesoa Kristy ny fanjakan' Andriamanitra.[16] Izany rehetra izany dia "teny fikasana sady soa no lehibe indrindra."[17] Tsy misy fampanantenana lehibe kokoa noho izany azo heverina.

Ho an'ny lehilahy tsirairay avy izay mandray ny Fisoronana Melkizedeka dia manambara ny fampanantenany ao amin'ny fanekempihavanana miaraka amin'ny fianianana Andriamanitra.[18] Ny Fisoronana Melkizedeka ihany no voakasik'io fianianana io,[19] ary Andriamanitra no manao ilay fianianana fa tsy ilay mpihazona fisoronana.[20] Koa satria mitaky ny heriny sy ny fahefany masina izany toe-javatra miavaka izany dia mampiasa ny fianianana Andriamanitra, mampiasa ny fomba fiteny mahery indrindra fantany mba hanomezana toky antsika fa ny fampanantenany dia matotra ary tsy azo ivalozana.

Mafy ny vokatra entin'ny tsy fitandremana ireo fanekempihavanan'ny fisoronana ary ny fialàna amin'izany tanteraka.[21] Ny tsy miraiky loatra na tsy miraharaha ny antso ao amin'ny fisoronana dia toy ny mampiditra fitaovana efa tonta ao amin'ilay sambon-danitra. Handrava ny fanekempihavanan'ny fisoronana izany satria mety hiteraka ny tsy fandehanan'ilay sambon-danitra. Ny tsy fankatoavana ny didin' Andriamanitra dia mandrava ilay fanekempihavanana. Ho an'ny olona mpandika fanekempihavanana iray, ka maharitra izany ary tsy mibebaka izy, dia hosintonina ireo fitahiana nampanantenaina.

Lasa nahatakatra misimisy kokoa ny fifandraisana eo amin'ny sambon-danitra an'ny "fisoronana" sy ny entan'ny "fahafahana mahazo tombontsoa avy amin'ny sorompanavotan'i Kristy" aho taona maromaro lasa izay. Nandritra ny faran'ny herinandro dia nahazo andraikitra roa aho. Ny iray tamin'izany dia ny hanangana ny tsatòka voalohany tao amin'ny firenena iray ary ilay andraikitra iray hafa dia ny hanao dinidinika amina tanora iray, ary raha nilamina avokoa ny zava-drehetra, dia hamerina ireo fitahian'ny fisoronana sy ny tempoly taminy. Io lehilahy 30 taona io dia lasa mpikamban'ny Fiangonana fony izy zatovo. Nanao asa fitoriana mendrika tamin'ny fotoana feno izy. Saingy rehefa niverina izy dia nania, ary very ny naha-mpikambana azy tato amin'ny Fiangonana. Taona maro taty aoriana dia "nody ny sainy,"[22] ary niaraka tamin'ny fanampian'ny mpitarika ao amin'ny fisoronana feno fitiavana sy mpikambana tsara fanahy dia nibebaka izy ary naverina naroso mba hatao batisa tato amin'ny Fiangonana.

Taty aoriana dia nangataka izy ny mba hamerenana aminy ireo fitahian'ny fisoronana sy ny tempoly. Nanao fotoana izahay mba hihaona ny sabotsy maraina amin'ny 10 ao amin'ny trano fiangonana. Rehefa tonga mba hanao ireo dinidinika mialoha ny azy aho dia efa tao izy. Tsindrindaona izy hahazo ny fisoronana indray, tsy andriny erỳ izany.

Nandritra ny dinidinika dia nampisehoako azy ilay taratasy manazava fa ny Filoha Thomas S. Monson mihitsy no nandinika ny fangatahany ary nanome lalana ny dinidinika. Nitomany ity tovolahy izay tsy mpaneho fihetsehampo firy ity. Dia nolazaiko izy avy eo hoe ny datin'ny dinidinika nataonay dia tsy hisy lanjany ôfisialy eo amin'ny fiainany. Gaga izy. Nampahafantariko taminy fa aorian'ny famerenana ireo fitahiany amin'ny laoniny dia ireo daty voalohany nanaovana ny batisany, nandraisana azy ho mpikambana, nanendrena azy tao amin'ny fisoronana, ary nandraisany ny fanafiana masina ihany no ho hita ao amin'ny ny firaketana ny mombamomba ny maha-mpikambana azy.Gaga indray izy.

Nasaiko novakiny ny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana:

"Indro, izay efa nibebaka tamin'ny fahotany, dia izy no voavela, ary Izaho Tompo dia tsy mahatsiaro izany intsony.

"Izao no ahafantaranareo raha mibebaka amin'ny fahotany ny olona—indro hibaboka izany izy ary hahafoy izany."[23]

Nitomany fanintelony izy. Dia napetrako teo ambonin'ny lohany ny tanako avy eo ary, tamin'ny anaran'i Jesoa

Kristy sy tamin'ny alalan'ny fahefan'ny Fisoronana Melkizedeka ary rehefa nahazo lalana avy tamin'ny Filohan'ny Fiangonana, dia naverina taminy ireo fitahian'ny fisoronana sy ny tempoly.

Tena lalina tokoa ny fifaliana tsapanay. Fantany fa nahazo lalana hihazona sy hampiasa ny fisoronana indray izy. Fantany fa nananany tanteraka indray ireo fitahian'ny tempoly. Feno fifaliana ny fihetsiny rehetra ary feno hazavana ny endriny. Faly noho ny aminy aho ary nahatsapa aho fa faly taminy ihany koa ny Ray any An-danitra.

Taorian'izay dia natsangana ilay tsatòka.Olomasina mahatoky sy mazoto no nanatrika ireo fivoriana, ary naroso mba hotohanana ny fiadidian'ny tsatòka mahafinaritra. Tamiko anefa, ny fifaliana tsapako tamin'ny namerenana ny fitahian'ilay tanora taminy dia nanalokaloka ny zava-nitranga manantantaran'ny nananganana ny tsatòka voalohany tao amin'ilay firenena.


Lasa tonga saina aho fa ny tanjon'ny fananganana tsatòka iray, na izay mety hampiasana ny fisoronan' Andriamanitra, dia ny mba hanampiana ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy amin'ny asan' Izy Ireo, dia ny fanomezanafahafahana ny zanak' Andriamanitra tsirairay avy hahazo fanavotana sy fisandratana izany. Tahaka ny sambondanitra izay ny hitondra ny entana no tanjony, ny fisoronana dia mitatitra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ka mamela ny rehetra hanao fanekempihavanana sy handray ireo ôrdônansy mifandray amin'izany. "Ny ran'ny Sorompanavotan'i Kristy"[24] amin'ny alalan'izany dia afaka mihatra eo amin'ny fiainantsika rehefa miaina ny fitaomana manadion'ny Fanahy Masina sy mandray ireo fitahiana nampanantenan' Andriamanitra isika.



Ankoatra ny fankatoavanareo ireo lalàna sy ôrdônansin'ny filazantsara dia manasa anareo aho hanao sy hitandrina ireo fanekempihavanan'ny fisoronana. Raiso ny fianianana sy ny fampanantenan' Andriamanitra. Milofosa amin'ny andraikitrareo ao amin'ny fisoronana mba hanampy ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy. Ampiasao ny fisoronana mba hanampiana ny fitondrana fahafahana hahazo tombontsoa avy amin'ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy ho an'ny olona iray! Rehefa manao izany ianareo dia fitahiana lehibe no ho avy aminareo sy ny fianakavianareo. Mijoro ho vavolombelona aho fa velona sy mitarika ity asa ity ny Mpanavotra. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny 1 Nefia 1–22; 2 Nefia 2:8.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 121:36.
3. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 42:11; jereo ihany koa ny Dallin H. Oaks, "Ny fanalahidy sy ny fahefan'ny fisoronana," *Liahona,* mey 2014, 49–52.
4. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:95, 130, 132. Ny fisoronana izay raisin'ny lehilahy iray dia tsy azo sarahina aminy tahaka ny hoe ny herin'ny Sorompanavotan'i Kristy dia tsy azo sarahina amin'i Kristy.
5. Ahitana toko sy andininy mifandray amin'ny fisoronana ambany ao amin'ny Nomery 25:10–13; Nehemia 13:29; ary Malakia 2:2–8. Ahitana toko sy andininy mifandray amin'ny Fisoronana Melkizedeka ao amin'ny Dikantenin'i Joseph Smith, Genesisy 14:26–37 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina); Salamo 110:1, 4; ary Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:39–42. Jereo ihany koa ny Bruce R. McConkie, "The Doctrine of the Priesthood," *Ensign,* mey 1982, 32-34.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:48, 50.
7. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19–21.
8. Jereo ny Robert Bolt, *A Man for All Seasons: A Play in Two Acts* (1990), xiii-xiv, 140.
9. Jereo ny Nomery 25:12–13; Nehemia 13:29; Ezekiela 34:2–6; Malakia 2:2–9; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 13:1; 20:46–59; 84:33–40.
10. Jereo ny Hebreo 7:19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:26–27.
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:43–44.
13. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:61–62.
14. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:73.
15. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:77–88.
16. Jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Genesisy 14:26–37 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina); Hebreo 7:11; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:19, 33–34, 38, 42, 77–88.
17. 2 Petera 1:4.
18. Jereo ny Dikantenin'i Joseph Smith, Genesisy 14:27–31 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina); Salamo 110:1, 4; Dikantenin'i Joseph Smith, Hebreo 7:19–21 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina); Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:33–40, 48.
19. Jereo ny *The Teachings of Ezra Taft Benson* (1988), 223; Joseph Fielding Smith, ao amin'ny Conference Report, apr. 1970, 59; *Teachings of the Prophet Joseph Smith* nofantenan'i Joseph Fielding Smith (1976), 323.
20. Tsy misy soratra masina na tantara milaza hoe ny mpandray fisoronana dia manao fianianana rehefa manao ny fanekempihavanan'ny Fisoronana Melkizedeka. Hita kosa nefa ao amin'ny Dikantenin'i Joseph Smith, Genesisy 14:27–31 (ao amin'ny Torolalana ho an'ny Soratra Masina); Salamo 110:1, 4; Hebreo 7:21; ary Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:40 fa Andriamanitra no manao fianianana rehefa manao fanekempihavanana amin'ilay olona handray fisoronana. Nilaza ny Loholona Bruce R. McConkie hoe: "Manao fianianana amin'ny anarany ny Tompo . . . fa izay rehetra mitandrina ny fanekempihavanana mifandray amin'ny Fisoronana Melkizedeka dia handova sy handray ary hahazo ny zavatra rehetra ao amin'ny fanjakany tsy misy fiafarany. . . . Manao fianianana Andriamanitra fa hasandratra i Kristy, ary mianiana indray Izy, isak'izay handraisan'ny tsirairay avy amintsika ny Fisoronana Melkizedeka, fa hahazo ny fisandratana toy izany koa isika raha toa marina sy mahatoky amin'ny zava-drehetra" ("The Doctrine of the Priesthood," 33).
21. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:41–42. Azo atao hatrany ny fibebahana ho an'ireo izay vonona hiova. Jereo ohatra ny Dale G. Renlund, "Ny fibebahaba: safidy mahafaly," *Liahona,* nôv. 2016, 121–24.
22. Lioka 15:17
23. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:42–43.
24. Môsià 4:2.



**Nataon'ny Loholona David F. Evans**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ny fahamarinan'ny zava-drehetra

*Isika tsirairay dia manana andraikitra manokana mba hanao izay ilaina atao hahazoana sy hihazonana fijoroana ho vavolombelona matanjaka.*

Tonga isika anio hariva miaraka amin'ny fanantenana sy finoana fa hiala eto nampatanjahana sy notahiana tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina, izay mampianatra ny fahamarinana.[1] Mahakasika ny fikatsahantsika manokana ny fahamarinana no tiako horesahina.

Fony aho zatovolahy dia nanana fanontaniana maro momba ny Fiangonana aho. Tena avy tamin'ny fo ny sasany tamin'ireo fanontaniako. Tsy toy izany ny sasany sy nampiseho ny ahiahian'ny hafa.

Matetika aho no nifampiresaka momba ireo fanontaniako tamin'ny reniko. Azoko antoka fa tsapany fa maro tamin'ireo fanontaniako no tamin-kitsimpo sy avy tamin'ny foko. Eritreretiko fa diso fanantenana kely tamin'ireo fanontaniana izay tsy tena tamin-kitsimpo sy nahatonga adihevitra bebe kokoa izy. Na izany aza anefa dia tsy nanao izay tsy nampahazo aina ahy velively noho ny fananako fanontaniana izy. Nihaino izy dia niezaka namaly azy ireo. Rehefa tsapany fa voalazany avokoa izay rehetra azony nambara ka mbola nanana fanontaniana anefa aho, dia nilaza zavatra toy izao izy: "David, fanontaniana tsara izany. Rehefa mizaha sy mamaky ary mivavaka *ianao* mba hahazo valiny, dia nahoana *ianao* no tsy manao ireo zavatra fantatrao fa tokony hataonao ka tsy manao ireo zavatra fantatrao fa tsy tokony hataonao?" Nanjary ho lamina narahiko hitadiavako ny fahamarinana izany. Hitako tamin'ny alalan'ny fandalinana sy vavaka ary fitandremana ireo didy fa misy valiny ireo fanontaniana




manan-danja nananako. Hitako ihany koa fa ilain'ireo fanontaniana sasany ny finoana tsy tapaka sy ny faharetana ary ny fanambarana.[2]

Napetrak'i Neny tamiko ny andraikitra amin'ny fampitomboana finoana sy ny fahitana valinteny. Fantany fa ho tonga avy amin'ny fikatsahako ny fahamarinana amin'ny fomba nanoratan'ny Ray any An-danitra azy ireo valinteny manan-danja. Fantany fa nila nahita ny fahamarinana aho. Fantany fa nilaiko ny ho mahitsy fo tamin'ireo fanontaniana nananako sy ny ho vonona hanao zavatra araka ireo izay efa fantatro fa marina. Fantany fa nila nandalina sy nivavaka aho ary nila nikolokolo faharetana lehibe kokoa aho rehefa nikatsaka valinteny avy tamin'ny Tompo. Ny fahavononana dia ampahany amin'ny fitadiavantsika ny fahamarinana sy ampahany amin'ny lamin'ny Tompo amin'ny fanambarana fahamarinana.[3]

Rehefa nandeha ny fotoana dia nanjary fantatro fa ny reniko dia nampianatra ahy ny lamin'ny Ray any An-danitra amin'ny fikatsahana fahamarinana. Nitombo ny finoana, nanomboka tonga ireo valinteny, ary nanaiky ny antso mba hanao asa fitoriana aho.

Dia tonga ny fotoana iray, tany amin'ny fiandohan'ny asa fitoriako, izay nahafantarako fa nila nahafantatra aho raha toa ka marina ny Fiangonana ary mpaminanin' Andriamanitra i Joseph Smith. Tsapako ilay nolazain'ny Filoha Thomas S. Monson mazava tsara tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonantsika farany hoe: "Raha tsy manana fijoroana ho vavolombelona matanjaka ny amin'ireo zavatra ireo ianareo dia ataovy izay tokony hatao mba hahazoana izany. Zava-dehibe ho anareo ny fananana fijoroana ho vavolombelona anareo manokana, satria ny fijoroana ho vavolombelon'ny hafa dia tsy afaka ny hanampy anareo ho lasa lavitra."[4] Fantatro ny zavatra nilaiko natao. Nila namaky ny Bokin'i Môrmôna tamin-kitsimpo, omban'ny tena finiavana aho, ary mangataka amin' Andriamanitra raha marina izany.

Henoy ny fampanantenana mahatalanjona nomen'ny Raintsika any Andanitra tamin'ny alalan'ny mpaminany

Mörônia: "Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo, dia ta hamporisika anareo aho ny mba hanontanianareo an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin'ny anaran'i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan'izany aminareo Izy amin'ny herin'ny Fanahy Masina."[5]

Mba hahazoako izay tao anatin'ny Bokin'i Môrmôna dia nila namaky izany aho.Natomboko tamin'ny fiandohany ilay boky ary namaky isan'andro aho. Misy ireo mandray tenivavolombelona vetivety monja. Ho an'ny sasany dia hitaky fotoana bebe kokoa sy vavaka bebe kokoa ary mety hahitana ny famakiana imbetsaka ilay boky izany.Nila namaky ilay boky manontolo aho mialoha ny nahazoako ilay tenivavolombelona nampanantenaina. Kanefa dia naneho ny fahamarinan'izany tamiko tamin'ny herin'ny Fanahy Masina tokoa Andriamanitra.

Nofariparitako tao anatin'ny diariko tany amin'ny asa fitoriana ny fifaliako tamin'ny fahafantarana ny fahamarinana ary koa ny fanambarana fanolorantena nataoko manokana sy ny tena finiavako hanao asa araka ilay fahamarinana noraisiko.Nanoratra aho hoe: "Manolo-tena amin'ny Raiko any An-danitra syamin'ny tenako aho fa hanao ny tsara indrindra vitako, hanolotra ny 100 isan-jato mandritra ny androm-piainako sisa, na inona na inona hangatahina, dia hataoko, fa izao aloha dia manana ny sisa amin'ny asa fitoriako aho ary hanao izany ho asa fitoriana lehibe, izay tsy hampiasa saina ahy ny momba izany, saingy tsy ho ahy, fa ho an'ny Tompo. Tiako ny Tompo, ary tiako ny asa, ary ivavahako fotsiny mba tsy hiala amiko na oviana na oviana izany fahatsapana izany."

Nanjary fantatro fa ny famelombelomana tsy tapaka sy ny ezaka tsy tapaka mba hibebaka sy hitandrina ireo didy dia ilaina mba tsy hialan'izany fahatsapana izany intsony. Nilaza ny Filoha Monson hoe: "Ny fijoroana ho vavolombelona iray dia mila hazonina ho velombelona sy miaina amin'ny alalan'ny fankatoavana tsy tapaka ny didin' Andriamanitra sy amin'ny alalan'ny vavaka sy fandalinana ny soratra masina isan'andro."[6]



Nandritra ny taona maro dia nanontaniako ireo misionera sy ireo tanora manerana izao tontolo izao ny fomba nanombohan'izy ireo ny ezaka nataony manokana mba hikatsaka ny fahamarinana sy hahazo fijoroana ho vavolombelona. Saika ho izy rehetra tsy misy ankanavaka no mamaly fa ny ezaka nataon'izy ireo mba hahazo fijoroana ho vavolombelona an'ny tena manokana dia nanomboka tamin'ny fanapahan-kevitry ny tena manokana mba hamaky ny Bokin'i Môrmôna hatrany any amin'ny voalohany sy hangataka amin' Andriamanitra raha toa ka marina izany. Rehefa manao izany izy ireo dia misafidy ny "hihetsika" fa tsy "hetsehin'"[7] ny ahiahin'ny hafa.

Mila miaina ny filazantsara[8] sy "manandrana"[9] ny teny isika. Ampitandremana isika mba tsy hanohitra ny Fanahin'ny Tompo.[10] Ny fibebahana, miaraka amin'ny fahavononana hitandrina ireo didy, dia ampahany manandanja amin'ny fikatsahan'ny tsirairay ny fahamarinana.[11] Raha ny marina dia mila vonona ny "hamoy" ny fahotantsika rehetra isika mba hahafantarana ny fahamarinana.[12]

Didiana isika mba "[hikatsaka] ny fianarana amin'ny alalan'ny fandinihana ary koa amin'ny alalan'ny finoana" ary "[hikatsaka] . . . ao amin'ny boky tsara indrindra ny teny fahendrena."[13] Ny fikatsahantsika ny fahamarinana dia tokony hifantoka amin' "ny boky tsara indrindra" sy ireo loharano tsara indrindra. Anisan'ireo tsara indrindra ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany velona.

Nangataka antsika tsirairay ny Filoha Monson mba "hanao izay ilaina atao" hahazoana sy hihazonana fijoroana ho vavolombelona matanjaka.[14] Inona no ilaina mba hampiorim-paka sy hampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananao? Isika tsirairay dia manana andraikitra manokana mba hanao izay ilaina atao hahazoana sy hihazonana fijoroana ho vavolombelona matanjaka.

Ampahany amin'ny lamin' Andriamanitra amin'ny fianarana fahamarinana ny fitandremana amim-paharetana ireo fanekempihavanantsika sady "manao izay ilaina atao" mba hahazoana valiny avy amin'ny Tompo. Indrindra rehefa sarotra ny zava-miseho, dia mety takiana isika mba "[h]anaiky amim-pifaliana sy amim-paharetana ny sitrapon'ny Tompo rehetra."[15] Ny fitandremana amim-paharetana ny fanekempihavanana dia mampitombo ny fanetrentenantsika, mahatonga ny faniriantsika hahafantatra ny fahamarinana ho lalina kokoa, ary mamela ny Fanahy Masina mba "hitarika [antsika] amin'ny lalan'ny fahendrena hahazoana mitahy sy mampiroborobo ary mitsimbina [antsika]."[16]

Izaho sy i Mary vadiko dia mahafantatra olona iray tena tianay izay sahirana be tamin'ny ankamaroan'ny fiainany tamin'ny zavatra sasantsasany momba ny Fiangonana. Tia ny filazantsara izy, ary tia ny Fiangonana saingy mbola nanana fanontaniana ihany.



Nofehezina tany amin'ny tempoly izy, mazoto ao amin'ny Fiangonana, manatanteraka ireo antsony, ary reny sy vady mahafinaritra. bbVao tsy ela izay dia nangataka ny hihaona aminy sy ny vadiny ny evekany. Nangataka azy ireo izy mba hanaiky ny asa atao ao amin'ny tempoly dia ny ho solontenan'ireo izay mila ireo ôrdônansy atao any amin'ny tempoly.Nahataitra azy ireo izany antso izany, kanefa nanaiky izy ireo ary nanomboka ny fanompoany tao amin'ny tranon'ny Tompo. Nandray anjara vao tsy ela tamin'ny fikarohana ny tantaram-pianakaviana ny zanakalahin'izy ireo izay mbola zatovo ka nahita anaran'ny havana iray izay tsy mbola tontosa ny ôrdônansy atao any amin'ny tempoly. Dia nisolo tena izy ireo ka nanao ireo ôrdônansy atao any amin'ny tempoly ho an'io olona io sy ny fianakaviany. Rehefa nandohalika teo amin'ny alitara izy ireo ka notanterahina ny ôrdônansin'ny famehezana, ity vehivavy mahafinaritra sy manam-paharetana ity izay nitady fatratra hatry ny ela dia nahazo traikefa ara-panahy azy manokana izay nahafantarany fa marina sy tena izy ny tempoly sy ireo ôrdônansy notanterahina tao. Niantso ny reniny izy ka nitantara ny zavatra niainany ary nilaza fa na dia mbola manana fanontaniana ihany aza izy dia fantany fa marina ny tempoly, fa marina ireo ôrdônansy atao any amin'ny tempoly, ary marina ny Fiangonana. Nitomany tamin'ny ranomasom-pankasitrahana ny reniny noho ny amin'ny Ray any An-danitra be fitiavana sy manam-paharetana ary ny amin'ny zanany vavy izay manohy mitady amim-paharetana.

Ny fitandremana fanekempihavanana amim-paharetana dia mitondra ireo fitahian'ny lanitra ao amin'ny fiainantsika.[17]

Nahita fitoniana lehibe aho tao amin'ny fampanantenan'ny Tompo fa "amin'ny herin'ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan'ny zava-drehetra."[18] Na tsy mahalala ny zava-drehetra aza isika dia afaka mahafantatra ny fahamarinana. Afaka mahafantatra fa marina ny Bokin'i Môrmôna. Raha ny marina ny Filoha Russell M. Nelson dia nampianatra antsika tamin'ity tolakandro ity fa afaka "mahatsapa lalina, hatrany amin'ny "aty fo[ntsika] indrindra" isika, [jereo ny Almà 13:27], fa tsy azo hiadian-kevitra *ny maha*-tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna. Ary afaka "mahatsapa izany lalina tokoa isika hany ka tsy tiantsika hisy na dia andro iray aza tsy amakiana azy."[19]

Afaka mahafantatra isika fa marina ny Bokin'i Môrmôna; fa Andriamanitra no Raintsika, tia antsika Izy; ary ny Zanakalahiny, Jesoa Kristy, no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Afaka mahafantatra isika fa ny mahampikambana ato amin'ny Fiangonany dia natao hankamamiana ary ny fandraisana isan-kerinandro ny fanasan'ny Tompo dia hanampy antsika sy ny fianakaviantsika ho voaro. Afaka mahafantatra isika fa amin'ny alalan'ireo ôrdônansy atao any amin'ny tempoly, ny fianakaviana dia tena afaka ny hiaraka mandrakizay. Afaka mahafantatra isika fa ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ireo fitahiana avy amin'ny fibebahana sy ny famelan-keloko dia marina sy tena misy. Afaka mahafantatra isika fa ny mpaminany malalantsika, Thomas S. Monson, no mpaminan'ny Tompo ary ireo mpanolotsaina azy sy ireo mpikambana ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo dia apôstôly, mpaminany, mpahita ary mpanambara.

Izany rehetra izany dia fantatro fa marina ary ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■


#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Môrônia 10:5.
2. Iray amin'izany fanontaniana izany ny mikasika ny fahazoana ny fisoronana ho an'ny lehilahy mendrika rehetra. Io fanontaniana io dia voavaha tamin'ny alalan'ny fanambarana iray noraisin'ny Filoha Spencer W. Kimball, sy ny mpanolotsaina azy, ary ireo mpikambana tao amin'ny Roambinifololahy tamin'ny 1 jona 1978. Ity fanambarana ity dia ny Fanambarana Ofisialy 2 ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana.
3. Jereo, ohatra, ny Lioka 21:15; Romana 8:5; Almà 32:41–43; Etera 12:19; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:5; 101:38; 107:30–31.
4. Thomas S. Monson, "Ny herin'ny Bokin'i Môrmôna," *Liahona,* mey 2017, 87.
5. Môrônia 10:4.
6. Thomas S. Monson, "Ny herin'ny Bokin'i Môrmôna," 87.
7. 2 Nefia 2:14; jereo ihany koa ny David A. Bednar, "Mikatsaka fianarana amin'ny alalan'ny finoana," *Liahona,* sept. 2007, 19–21.
8. Jereo, ohatra, ny Jaona 7:17, izay nampanantenan'ny Mpamonjy fa "Raha misy olona ta-hanao ny sitrapony, dia hahalala ny amin'ny fampianarana izy, na avy amin' Andriamanitra izany, na miteny ho Ahy Aho." Jereo ihany koa ny Almà 32.
9. Jereo ny Almà 32:27.
10. Jereo ny Almà 32:28.
11. Jereo ny Almà 22:18; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:27–28.
12. Almà 22:18.
13. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:118.
14. Thomas S. Monson, "Ny herin'ny Bokin'i Môrmôna," 87.
15. Môsià 24:15; jereo ihany koa ny Môsià 24:13–14; David A. Bednar, "Mitondra mora foana ny enta-mavesany," *Liahona,* mey 2014, 87–90.
16. Môsià 2:36.
17. Jeffrey R. Holland, "An High Priest of Good Things to Come," *Liahona,* jan. 2000, 45. Ao anatin'izany hafatra izany, ny Loholona Holland dia nilaza hoe: "Ny fitahiana sasany dia vetivety dia mirotsaka, ny sasany somary taraiky, ary ny sasany kosa dia tsy mirotsaka mihitsy raha tsy any an-danitra; fa ho an'ireo izay manaiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, *dia mirotsaka ihany izy ireo.*
18. Môrônia 10:5.
19. Russell M. Nelson, "Ny Bokin'i Môrmôna: hanao ahoana re ny fiainanao raha tsy nisy azy?" *Liahona,* nôv. 2017, 63.



# Manampahefana Ambony sy Mpiandraikitra Ambony ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany


## NY FIADIDIANA VOALOHANY



Henry B. Eyring
Mpanolotsaina Voalohany


Thomas S. Monson
Filoha


Dieter F. Uchtdorf
Mpanolotsaina Faharoa

## NY KÔLEJIN'NY APÔSTÔLY ROAMBINIFOLO


Russell M. Nelson



Dallin H. Oaks


M. Russell Ballard



Jeffrey R. Holland



David A. Bednar



Quentin L. Cook


D. Todd Christofferson



Neil L. Andersen



Ronald A. Rasband



Gary E. Stevenson


Dale G. Renlund


## NY FIADIDIAN'NY FITOPOLOLAHY



L. Whitney Clayton



Craig C. Christensen


Ulisses Soares


Lynn G. Robbins


Gerrit W. Gong


Juan A. Uceda


Patrick Kearon

# FITOPOLOLAHY MANAMPAHEFANA AMBONY

(manaraka ny abidia)




Marcos A. Aidukaitis, Jose L. Alonso, Wilford W. Andersen, Ian S. Ardern, Mervyn B. Arnold, W. Mark Bassett, David S. Baxter, Randall K. Bennett, Shayne M. Bowen, Mark A. Bragg, Craig A. Cardon, Yoon Hwan Choi, Kim B. Clark, Weatherford T. Clayton, Carl B. Cook, Lawrence E. Corbridge

Valeri V. Cordon, J. Devn Cornish, Claudio R. M. Costa, Joaquin E. Costa, LeGrand R. Curtis Jr., Massimo De Feo, Benjamín De Hoyos, Edward Dube, Kevin R. Duncan, Timothy J. Dyches, Larry J. Echo Hawk, David F. Evans, Enrique R. Falabella, Bradley D. Foster, Randy D. Funk, Eduardo Gavarret

Robert C. Gay, Carlos A. Godoy, Taylor G. Godoy, Christoffel Golden, Walter F. González, C. Scott Grow, O. Vincent Haleck, Donald L. Hallstrom, Kevin S. Hamilton, Allen D. Haynie, Paul V. Johnson, Larry S. Kacher, Von G. Keetch, Jorg Klebingat, Joni L. Koch, Erich W. Kopischke


Hugo E. Martinez, James B. Martino, Richard J. Maynes, Peter F. Meurs, Hugo Montoya, Marcus B. Nash, K. Brett Nattress, S. Gifford Nielsen, Brent H. Nielson, Adrián Ochoa, Allan F. Packer, S. Mark Palmer, Adilson de Paula Parrella, Kevin W. Pearson, Anthony D. Perkins, Paul B. Pieper

John C. Pingree Jr., Rafael E. Pino, Michael T. Ringwood, Gary B. Sabin, Evan A. Schmutz, Gregory A. Schwitzer, Joseph W. Sitati, Steven E. Snow, Vern P. Stanfill, Brian K. Taylor, Michael John U. Teh, José A. Teixeira, Arnulfo Valenzuela, Terence M. Vinson, Taniela B. Wakolo, Scott D. Whiting



Larry Y. Wilson, Chi Hong (Sam) Wong, Kazuhiko Yamashita, Jorge F. Zeballos, Claudio D. Zivic

# NY EPISKÔPÀ MPIAHY



Dean M. Davies, Mpanolotsaina Voalohany; Gérald Caussé, Eveka Mpiahy; W. Christopher Waddell, Mpanolotsaina Faharoa

# MPIANDRAIKITRA AMBONY

## SEKOLY ALAHADY



Devin G. Durrant, Mpanolotsaina Voalohany; Tad R. Callister, Filoha; Brian K. Ashton, Mpanolotsaina Faharoa

## ZATOVOVAVY



Carol F. McConkie, Mpanolotsaina Voalohany; Bonnie L. Oscarson, Filoha; Neill F. Marriott, Mpanolotsaina Faharoa

## FIKAMBANANA IFANAMPIANA



Sharon Eubank, Mpanolotsaina Voalohany; Jean B. Bingham, Filoha; Reyna I. Aburto, Mpanolotsaina Faharoa

## KILONGA



Bonnie H. Cordon, Mpanolotsaina Voalohany; Joy D. Jones, Filoha; Cristina B. Franco, Mpanolotsaina Faharoa

## ZATOVOLAHY



Douglas D. Holmes, Mpanolotsaina Voalohany; Stephen W. Owen, Filoha; M. Joseph Brough, Mpanolotsaina Faharoa





**Nataon'ny Loholona Richard J. Maynes**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Fahazoana ny fitokian'ny Tompo sy ny fianakavianao

*Ny lehilahy "mahitsy fo" dia lehilahy tokony hatokisana, satria ny fitokiana dia miorina amin'ny fahitsiana.*

Ry rahalahy, angamba tsy misy fandokafana tsara kokoa avy amin'ny Tompo noho ny fahafantarana fa matoky antsika Izy amin'ny mahampihazona mendrika ny fisoronana sy vady ary ray tsara antsika.

Ny zavatra iray azo antoka dia izao: ny fahazoana ny fitokian'ny Tompo dia fitahiana azo avy amin'ny ezaka mafy avy amintsika. Ny fitokiana dia fitahiana mifototra amin'ny fankatoavana ny lalàn' Andriamanitra. Ny fahazoana ny fitokian'ny Tompo dia vokatry ny fijanonana ho marina amin'ireo fanekempihavanana izay nataontsika tao amin'ny ranon'ny batisa sy tao amin'ny tempoly masina. Rehefa mitandrina ireo fampanantenana nataontsika tamin'ny Tompo isika dia mitombo ny fitokiany antsika.

Tiako ny soratra masina taloha sy ny soratra masina maoderina izay mampiasa ny andian-teny hoe "fahitsian'ny fo" rehefa manoritsoritra ny toetran'olona marina.[1] Ny fahitsiana na ny tsy fahitsiana dia singa iray manan-danja amin'ny toetran'ny olona. Ny lehilahy "mahitsy fo" dia lehilahy tokony hatokisana, satria ny fitokiana dia miorina amin'ny fahitsiana.

Ny hoe lehilahy mahitsy dia midika tsotra hoe madio sy marina ny fikasanao sy ny zavatra ataonao amin'ny lafiny rehetra amin'ny fiainanao, na eny imasom-bahoaka izany na amin'ny mangingina. Amin'ny fanapahankevitra tsirairay raisintsika dia na isika mendrika kokoa ny hahazo ny fitokian' Andriamanitra na hampihena ny fitokiany. Ao amin'ilay andraikitra nomen' Andriamanitra antsika amin'ny maha-vady sy ray antsika angamba ireo fitsipika ireo no tena mihatra.



Amin'ny maha-vady sy maha-ray antsika isika dia nahazo andraikitra masina avy amin'ireo mpaminany sy mpahita ary mpanambara maoderina ao amin'ilay taratasy "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" isika. Io taratasy io dia mampianatra antsika fa (1) "ny ray no tokony hitarika ny fianakaviany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana," (2) ny ray dia "tompon'andraikitra amin'ny fanomezana izay ilaina eo amin'ny fiainana," ary (3) ny ray dia tompon'andraikitra amin'ny fiarovana ny fianakaviany.[2]

Mba hahafahantsika mahazo ny fitokian' Andriamanitra, dia mila manatanteraka ireo andraikitra telo nomen' Andriamanitra ireo isika ao amin'ny fianakaviantsika amin'ny fomban'ny Tompo. Araka ny voalaza any aoriandriana ao amin'ilay fanambarana momba ny fianakaviana, ny fomban'ny Tompo dia ny fiarahana manatanteraka ireo andraikitra ireo amin'ny vadintsika amin'ny maha-"mpiara-miasa mira lenta" antsika.[3] Ho ahy dia midika izany fa tsy mandray fanapahan-kevitra manan-danja mifandraika amin'ny iray amin'ireo andraikitra ireo ka tsy nisy fiaraha-miasa tanteraka amin'ny vadintsika isika.

Ny dingana voalohany amin'ny fikatsahana ny hahazo ny fitokian'ny Tompo dia ny fametrahana ny fitokiantsika Aminy. Naneho ohatra an'io karazana fanoloran-tena io ny mpaminany Nefia rehefa nivavaka hoe: "Tompo ô, efa natoky Anao aho ary mbola hatoky Anao mandrakizay. Tsy hapetrako amin'ny sandry nofo ny fitokiako."[4] Nanolo-tena tanteraka i Nefia tamin'ny fanaovana ny sitrapon'ny Tompo. Ankoatra ny *filazany* fa "hanao ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo," dia tsy voahozongozona i Nefia tamin'ny fanolorantenany *hanatanteraka* ny andraikiny, araka ny hita ao amin'ny zavatra nolazainy hoe: "Raha velona koa ny Tompo ary raha velona koa isika, dia tsy handeha hidina any amin-draintsika any an-tany foana raha tsy efa tontosantsika ny zavatra izay efa nandidian'ny Tompo antsika."[5]

Satria natoky an' Andriamanitra aloha i Nefia, dia nametraka fitokiana tanteraka tamin'i Nefia Andriamanitra.



dia mitàna anjara asa tena manan-danja amin'ny firoboroboan'ny tokantrano mifototra amin'i Kristy.

Nanana fahafahana nankafy izany kolontsaina mifototra amin'i Kristy izany koa aho rehefa nitombo tao amin'ny tokantrano izay nanajan'ny raiko ny fisoronany sy nahazoany ny fitokian'ny fianakaviany manontolo noho ny "fahitsian'ny fony."[7] Mamelà ahy ianareo hizara zavatra iray niainako tamin'ny fahatanorako izay maneho ny fiantraikany tsara sy maharitra mety hananan'ny ray iray izay mahatakatra sy miaina ny fitsipiky ny fitokiana miorina eo amin'ny fahitsian'ny fo amin'ny fianakaviany.

Fony aho mbola kely dia nanangana orinasa nifantoka manokana tamin'ny fihariam-pandehatenany ny raiko. Io raharahan'asa io dia namolavola sy nanamboatra ary nametaka milina famokaran-javatra maneran-tany mandehatenany.

Rehefa tany amin'ny sekoly ambaratonga faharoa fototra aho dia naniry ny hianarako miasa ny raiko. Niriany ihany koa ny hianarako ilay asa amin'ny antsipiriany rehetra. Ny asako voalohany dia ny mikarakarana ny tokotany sy ireo faritra lokoina amin'ny tranon'ny orinasa izay tsy hitan'ny ankapoben'ny olona.

Rehefa niditra ny sekoly ambaratonga faharoa aho dia nasaina niasa tamin'ny tanin'ilay orinasa. Nanomboka nianatra ny fomba famakiana drafitra torolalana sy ny fampandehanana milina lehibe fanamboaram-by aho. Rehefa nahazo diplaoma aho taorian'ny

Nitahy azy ny Tompo ary nandrotsahany ny Fanahy izay nitahy ny fiainany sy ny fiainan'ny fianakaviany ary ny fiainan'ny olony izy. Satria nitarika tamimpitiavana sy tamim-pahamarinana i Nefia ary namelona sy niaro ny fianakaviany sy ny olony dia nanoratra izy hoe: "Niaina tao amin'ny toetry ny fahasambarana izahay."[6]

Mba hanehoana ny fomba fijerin'ny vehivavy momba io lohahevitra io dia nangataka ireo zanako vavy anankiroa izay efa manambady aho mba hanampy ahy. Nangatahiko izy ireo raha afaka manome fehezan-teny iray na roa momba ny fahitany ny maha-zavadehibe ny fitokiana rehefa ampiharina amin'ny fanambadiany sy ny fiainampianakaviany. Ireto ny hevitr'i Lara Harris sy i Christina Hansen.

Voalohany, ny an'i Lara: "Ny iray amin'ireo zavatra tena manan-danja amiko dia ny fahafantarana fa rehefa mandeha manatanteraka ny tontolo androny ny vadiko dia manao safidy izay maneho fanajana sy fitiavana ahy. Raha afaka mifampatoky toy izany isika, dia hitondra fiadanana ao an-tokantranontsika izany, izay ahafahantsika mankafy ny fitaizana miaraka ny fianakaviantsika."

Izao indray dia ny hevitr'i Christina: "Ny fitokiana olona dia mitovy amin'ny finoana olona. Raha tsy misy an'izany fitokiana sy finoana izany dia misy ny tahotra sy ny fiahiahiana. Ho ahy, ny iray amin'ireo fitahiana lehibe indrindra izay avy amin'ny fahafahana matoky tanteraka ny vadiko dia ny fiadanana, fiadanan-tsaina amin'ny fahafantarana fa tena hanao ny zavatra izay lazainy sy hataony tokoa izy. Ny fitokiana dia mitondra fiadanana, fitiavana ary tontolo iray izay ahafahan'izany fitiavana izany hitombo."

Tsy nisy nahita izay nosoratan'ny anankiray i Lara sy i Christina. Tena mahavariana ahy fa samy nahita izy ireo fa ny fitahian'ny fiadanana ao an-tokantrano no vokatra mivantana azo avy amin'ny fananana vady azony itokisana. Araka ny asehon'ny ohatr'ireo zanako vavy, ny fitsipiky ny fitokiana



sekoly ambaratonga faharoa dia nianatra teny amin'ny oniversite ary avy eo dia niditra ny sahan'ny misiôna. Rehefa niverina avy nanao asa fitoriana aho dia niverina niasa avy hatrany. Nila nitady vola aho ho amin'ny fianarako ny taona manarak'io.

Indray andro taoriana kelin'ny misiônako dia niasa tao amin'ny orinasa aho raha niantso ahy ny raiko ho ao amin'ny biraony ary nanontany ahy raha te handeha hiaraka aminy hanao dia fandraharahana any Los Angeles aho. Izay no fotoana voalohany nanasan'ny raiko ahy mba hanaraka azy ho amin'ny dia fandraharahana. Namela ahy hivoaka ampahibemaso hisolo tena ny orinasa tokoa ihany izy nony farany.

Talohan'ny niainganay hanao ilay dia, dia nanomana ahy izy tamin'ny zavatra vitsivitsy momba ilay mpanjifa vaovao. Voalohany, ilay mpanjifa dia orinasa iraisam-pirenena. Faharoa dia nanatsara ny miliny famokaran-javatra maneran-tany amin'ny teknôlôjia farany amin'ny zavatra mandehatenany izy. Fahatelo, tsy mbola nanolotra tolotra ara-teknôlôjika azy ireo mihitsy ny orinasanay teo aloha. Ary farany, ilay mpiandraikitra ambony misahana ny fividianan-javatra ao amin'ilay orinasa no niantso anay ho amin'io fihaonana io mba hijery ny tolo-bidinay amin'ny tetikasa vaovao iray. Fahafahana vaovao sy mety ho manan-danja ho an'ny orinasanay io fihaonana io.

Rehefa tonga tany Los Angeles izaho sy ny raiko dia nandeha tany amin'ilay hôtely hanaovana ilay fivoriana. Ny raharaha natao voalohany dia ny firesahana sy ny fandinihana ny filàna arateknôlôjika an'ilay tetikasa. Ny zavatra niadian-kevitra manaraka dia momba ny fanatanterahana, tafiditra amin'izany ny fomba fandefasana sy ny daty hahatongavany. Ny fandaharam-potoana farany dia nifantoka tamin'ny vidiny sy ireo fepetra. Teo vao tena nahaliana.

Nanazava taminay ilay mpiandraikitra fa ny tolo-bidy nomenay no ambany indrindra tamin'ireo izay nanome tolotra tamin'ilay tetikasa. Nahagaga fa nolazainy taminay avy eo ny tolo-bidy ambony kelin'ny anay. Nanontany anay izy avy eo raha te hiverina handinika ny tolo-bidinay izahay ka handefa izany indray. Nilaza izy hoe ilay tolo-bidinay vaovao dia tokony ho latsaka kelin'ilay tolo-bidy farany ambony. Dia nanazava izy avy eo fa hozarainay zara mitovy aminy ilay vola vao niampy. Nanamarina izany izy tamin'ny filazana fa samy mahazo ny tsirairay. Hahavoa ny orinasanay satria hahazo vola bebe kokoa mihoatra ilay tolo-bidy tamin'ny voalohany. Hahavoa ny orinasany satria mbola ilay tolo-bidy farany ambany no noraisiny. Ary mazava ho azy fa hahavoa koa izy amin'ny fakàna ny anjarany satria izy no nikonokonona io raharaha lehibe io.

Dia nanome anay laharana birao iray izy avy eo izay ahafahanay mandefa ilay vola nangatahiny. Taorian'izany rehetra izany dia nijery ny raiko izy ary nanontany azy hoe: "Ahoana, raikitra ve izany?" Tena nahagaga ahy fa nitsangana ny raiko, nandray ny tanany, ary nilaza taminy fa mbola hiverina aminy izahay.

Rehefa niala ilay fivoriana izahay dia nandeha tao amin'ilay fiara nofaina; ary nitodika tamiko ny raiko dia nanontany hoe: "Inona no tokony hataontsika araka ny eritreritrao?"

Novaliako izany tamin'ny filazana fa tsy tokony hanaiky io tolo-kevitra io izahay.

Dia nanontany ny raiko avy eo hoe: "Tsy mieritreritra ve ianao fa manana andraikitra isika mba hahatonga ny mpiasantsika rehetra hahazo fanampikarama tsara araka ny asany?"

Raha nieritreritra ny fanontaniany aho sy tsy mbola namaly akory dia izy ihany no namaly ny fanontaniany. Hoy izy: "Henoy ry Rick, raha vao mandray kolikoly na manao zavatra manimba ny fahitsianao ianao dia tena sarotra ny mamerina izany. Aza manao izany mihitsy, na indray mandeha fotsiny aza."

Ny fizarako io traikefa io dia midika fa tsy hadinoko mihitsy ny zavatra nampianarin'ny raiko ahy tamin'izany dia voalohany fandraharahana niaraka taminy izany. Mizara izany traikefa izany aho mba hanehoana ny fiantraikany maharitra ananantsika ray. Azonareo sary an-tsaina ve ny fitokiana nananako tamin'ny raiko noho ny fahitsian'ny




fony? Niaina ireo fitsipika ireo izy tamin'ny fiainany manokana niaraka tamin'ny reniko sy ny zanany ary izay rehetra niara-niasa taminy.

Ry rahalahy, mivavaka aho amin'ity takariva ity mba hametraka ny fitokiantsika amin'ny Tompo aloha isika rehetra, araka ny ohatra nasehon'i Nefia, ary avy eo amin'ny alalan'ny fahitsian'ny fontsika dia hahazo ny fitokian'ny Tompo, sy ny fitokian'ny vadintsika sy ny zanatsika. Rehefa mahatakatra sy mampihatra io fitsipika masin'ny fitokiana miorina eo amin'ny fahitsian'ny fo io isika, dia ho marina amin'ny fanekempihavanantsika isika. Hahomby ihany koa isika amin'ny fitarihana ny fianakaviantsika amim-pitiavana sy amim-pahamarinana, manome izay ilaina amin'ny fiainana, ary miaro ny fianakaviantsika amin'ny zava-dratsin'izao tontolo izao. Ireo fahamarinana ireo no ijoroako ho vavolombelona amimpanetrentena amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ohatra ny, 1 Mpanjaka 9:4; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:15.
2. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo Izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129.
3. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," 129.
4. 2 Nefia 4:34.
5. 1 Nefia 3:7, 15.
6. 2 Nefia 5:27.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:15.



**Nataon'ny Filoha Dieter F. Uchtdorf**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Mpihazona fahazavana avy any an-danitra

*Amin'ny maha-mpihazona ny fisoronan' Andriamanitra anao ary amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy anao, dia mpihazona fahazavana ianao.*


Nisy lehilahy iray efa lehibe nitsangana nilahatra tao amin'ny paositra mba hividy hajia eo amin'ny toerana fividianana izany. Tsikaritry ny zatovovavy iray fa sahirana izy mamindra ka dia natorony azy ny fomba fividianana hajia amin'ny alalan'ny masinina iray mba tsy ho lany fotoana. Hoy ilay lehilahy efa lehibe izay andrian-toetra hoe: "Misaotra fa aleoko miandry. Tsy mba hanontany ahy mikasika ny arthrite izay mahazo ahy mantsy ilay masinina."

Indraindray dia manampy ny firesahantsika amin'olona izay miraharaha ny olantsika.

Zavatra iarahantsika lalovana ny fijaliana, ny alahelo sy ny aretina. Ireo fotoana itrangan'ny loza tampoka, sy fahoriana ary vitan-dratsy dia mety tena hibahana ao an-tsaintsika.

Raha mahakasika ny mahasoa ny vatantsika dia manaiky ny fahanterana sy ny aretina ho anisan'ny tafiditra ao anatin'ilay diantsika eto an-tany isika. Mitady torohevitra any amin'ireo matihanina isika izay mahafantatra ny vatana. Rehefa tratran'ny olana ara-pihetsehampo na aretin-tsaina isika dia mitady fanampiana any amin'ireo manam-pahaizana manokana izay mitsabo ireo karazana aretina ireo.

Raha miatrika olana ara-batana sy ara-pihetsehampo isika, dia miatrika olana ara-panahy ihany koa. Ny ankamaroantsika dia efa niaina fotoana teo amin'ny fiainantsika izay nampiredareda ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika. Mety efa niaina fotoana izay toa naha-lavitra ny Raintsika any An-danitra koa isika. Misy fotoana izay hanomezantsika lanja lehibe amin'ny fontsika iray manontolo ireo zavatry ny Fanahy. Mety misy koa fotoana izay toa tsy dia sarobidy izy ireo na latsa-danja.



Androany dia te-hiresaka mikasika ny fahasalamana ara-panahy aho. Ny fomba ahafahantsika mahazo fahasitranana amin'ny fihazohazoana, ka handeha eo amin'ilay lalan'ny fahasalamana ara-panahy tena matanjaka.

### Tsy fahasalamana ara-panahy

Matetika ny tsy fahasalamana arapanahy dia tonga vokatry ny fahotana na ratra ara-pihetsehampo. Matetika ny fitotonganana ara-panahy dia tena tonga tsikelikely ka zara raha hitantsika ny zava-mitranga. Tahaka ireo soson'ny vato avy amin'ny antsanga, dia mety miforona tsikelikely eny ny fanaintainana sy ny fahoriana ara-panahy, ka manavesatra ny fanahintsika mandra-pahatonga izany ho tsy hay zakaina. Ohatra, mety miseho izany rehefa toa lasa tena mavesatra ireo andraikitsika any am-piasana sy any an-tokantrano ary any am-piangonana ka manadino ny fifaliana avy amin'ny filazantsara isika. Mety hahatsapa ho toy ny tsy manana omena intsony mihitsy aza isika na mahatsapa ho toy ny tsy vitantsika ny manaja ireo didy.

Saingy ny fisian'ireo fitsapana ara-panahy dia tsy midika fa tsy azo sitranina izany.

Afaka ny ho sitrana ara-panahy isika.

Na dia ireo ratra ara-panahy faran'izay lalina aza, eny fa na dia ireo izay toa tsy azo sitranina intsony aza, dia azo sitranina.

Ry namako malala, tena misy ilay hery manasitran'i Jesoa Kristy amin'izao androntsika izao.

Ilay fikasihan'ny Mpamonjy, izay mitondra fahasitranana dia afaka manova ny fiainantsika toy ny nataony tamin'ny androny. Raha manam-pinoana fotsiny isika dia afaka mandray ny tanantsika Izy sy mameno ny fanahintsika amin'ny fahazavana avy any an-danitra sy fahasitranana, ary miteny ireo teny masina amintsika hoe: "Mitsangàna, ento ny fandrianao, ka mandehana."[1]

### Haizina sy fahazavana

Na inona na inona antony mahatonga ny aretintsika ara-panahy dia manana zavatra anankiray iraisana izy ireo: ny tsy fisian'ny fahazavana masina.

Mampihena ny fahafahantsika mahita mazava tsara ny haizina. Mampanjavozavo ny fahitantsika ilay zavatra izay, nisy fotoana, tsotra sy mazava izany. Rehefa ao anatin'ny haizina isika dia mety tena manao safidy ratsy satria tsy afaka mahita ny loza manambana eo amin'ny lalantsika isika. Rehefa ao anatin'ny haizina isika dia mety tena very fanantenana satria tsy afaka mahita ny fiadanana sy ny fifaliana izay miandry antsika raha manohy mibosesika hatrany fotsiny isika.

Ny fahazavana etsy ankilany dia manome fahafahana antsika hahita ireo zavatra araka ny tena toetrany. Manome antsika fahafahana hanavaka ny marina sy ny diso izany ary ny zavatra manan-danja sy ny tsy manan-danja. Rehefa ao anatin'ny fahazavana isika dia afaka manao safidy tsara izay mifototra amin'ireo fitsipika marina. Rehefa ao anatin'ny fahazavana isika dia manana "fanantenana mamirapiratra sy lavorary"[2] satria afaka mahita ireo fitsapana lalovantsika eto an-tany amin'ny fomba fijery mibanjina ny mandrakizay.

Hahita fahasitranana ara-panahy isika rehefa mivoaka avy ao anatin'ny alok'izao tontolo izao ary miditra ao amin'ny fahazavan'i Kristy izay maharitra mandrakizay.

Arakaraka ny hahatakarantsika sy hampiharantsika bebe kokoa ny sahankevitra ara-potopampianaran'ny fahazavana sy arakaraka ny hiarovantsika tena bebe kokoa amin'ny aretina ara-panahy izay mamely na manakorontana antsika avy amin'ny lafy rehetra no ahafahantsika manompo tsara kokoa amin'ny maha-mpihazona ny fisoronana masina feno hery, sy mahery fo ary be fitiavana sy manetry tena antsika. Mpanompo marina ary mpianatr'ilay Mpanjaka malalantsika sy mandrakizay.

#### Ilay Fahazavan'izao tontolo izao

Hoy i Jesoa Kristy hoe: "Izaho no fahazavan'izao tontolo izao; izay manaraka Ahy tsy mba handeha amin'ny maizina, fa hanana ny fahazavan'aina."[3]

Inona no dikan'izany?

Tsotra fotsiny ny dikany: Izay manaraka amim-panetrentena an'i Jesoa Kristy dia hiaina ny fahazavany sy hahazo anjara amin'izany. Ary hitombo izany fahazavana izany ka handroaka na dia ny haizina faran'izay lalina aza.

Midika izany fa misy hery mitarika mahery vaika sy matanjaka izay mivoaka avy amin'ny Mpamonjy. Izany dia mivoaka "avy eo anatrehan' Andriamanitra mba hameno ny fidadasiky ny habakabaka."[4] Noho io hery manamaivana sy mampisondrotra ary manazava ny fiainantsika io, dia matetika ny soratra masina no miantso izany hoe fahazavana, saingy antsoina koa hoe fanahy sy fahamarinana izany.

Hitantsika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ny hoe: "Fa fahamarinana ny tenin'ny Tompo, ary izay rehetra fahamarinana dia fahazavana, ary izay rehetra fahazavana dia Fanahy, dia ny Fanahin'i Jesoa Kristy."[5]

Izany hevi-dehibe lalina izany, ny hoe fahazavana dia fanahy izay fahamarinana ary ny fahazavana dia mamiratra eo amin'ny fanahin'ny olona rehetra izay tonga eto an-tany, dia sady manan-danja no mitondra fanantenana. Ny Fahazavan'i Kristy dia manazava sy mameno ny fanahin'ireo izay mihaino ny feon'ny Fanahy.[6]

Mameno an'izao rehetra izao ny Fahazavan'i Kristy.

Mameno ny tany izany.

Ary afaka mameno ny fo rehetra izany.

"Tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra."[7] Afaka mahazo ny fahazavany ny olona rehetra, na lehibe na kely, na mahantra na manan-karena, na mahita fahombiazana na tsy mahita fahombiazana.

Raha sokafinao ny sainao sy ny fonao mba handray ny Fahazavan'i Kristy ary raha manaraka amimpanetrentena ny Mpamonjy ianao, dia hahazo fahazavana bebe kokoa. Andalan-tsoratra anampy andalantsoratra, etsy kely ary eroa kely, dia hanangona fahazavana sy fahamarinana bebe kokoa ao anatin'ny fanahinao ianao, mandra-pialan'ny haizina tanteraka eo amin'ny fiainanao.[8]

Hanokatra ny masonao Andriamanitra.

Hanome fo vaovao anao Andriamanitra.

Ny fitiavan' Andriamanitra sy ny fahazavany ary ny fahamarinany dia



mahatonga ireo zavatra natoritory ho lasa velombelona ary ho teraka indray ao anatin'ny fiainam-baovao ao amin'i Jesoa Kristy.[9]

Nampanantena ny Tompo hoe: "Ary raha tsy mibanjina afa-tsy ny voninahitro ny masonareo, dia ho feno fahazavana ny vatanareo manontolo ka tsy hisy haizina ao aminareo; ary izany vatana izay feno hazavana izany dia mahatakatra ny zava-drehetra."[10]

Izany no fanafody faran'izay tsara ho an'ny aretina ara-panahy. Manjavona ny haizina eo anatrehan'ny fahazavana.

#### Fanoharana momba ny haizina ara-panahy

Tsy manery antsika handray ny fahazavany anefa Andriamanitra.

Raha lasa mahazo aina amin'ny haizina isika dia tena tsy hiova ny fontsika.

Mba hisian'ny fiovana dia mila mamela amim-pahavitrihana ilay fahazavana mba hiditra isika.

Nandritra ireo sidina nataoko nanerana an'ity planetantsika tany ity tamin'ny naha-komandàn'ny fiaramanidina ahy, dia sondriana foana tamin'ny hatsaran'ny zavatra noharian' Andriamanitra sy ny fahalavorariany aho. Hitako tena mambabo ny fifandraisana misy eo amin'ny tany sy ny masoandro. Raisiko ho lesona an'ohatra lalina ny fisian'ny haizina sy ny fahazavana.

Fantatsika rehetra fa isaky ny 24 ora dia mivadika ho andro ny alina ary mivadika ho alina ny andro.

Noho izany ary, inona no atao hoe alina?

Aloka tsotra fotsiny ihany ny alina. Na dia ao anatin'ny ali-mikitroka aza dia tsy mitsahatra mampiely ny hazavany ny masoandro. Mitohy ny famirapiratany bebe kokoa noho ny hatramin'izay. Saingy ao anatin'ny haizina ny antsasaky ny tany.

Miteraka haizina ny tsy fisian'ny fahazavana.

Rehefa milatsaka ny haizin'ny alina dia tsy kivy na miahiahy isika hoe novonoina ny masoandro. Tsy mieritreritra isika hoe tsy eo ny masoandro na maty izany. Takatsika fa ao anatin'ny aloka isika, ary hitohy hihodina ny tany ary amin'ny farany dia ho tonga eo amintsika indray ireo taratry ny masoandro amin'ny farany.

Ny haizina dia tsy mari-pamantarana fa tsy misy ny fahazavana. Midika tsotra fotsiny izany matetika fa tsy ao amin'ny toerana tokony ho izy mba hahazoana fahazavana isika. Nandritra ilay fanakona-masoandro vao tsy ela teo dia olona maro no niezaka mafy ho tonga ao amin'ilay aloka nateraky ny volana, eo anivon'ny andro mazavan'ny masoandro mamiratra.

Torak'izany koa, ny fahazavana ara-panahy dia mitohy mamiratra eny amin'ny zavatra nohariana rehetra. Hanao izay azony atao i Satana mba hanisy aloka na hanao izay hidirantsika ao anatin'ny aloka noforonin'ny tenantsika manokana. Hotereny hamorona zavatra tsy ahafahantsika mahita fahazavana isika. Hatosiny ao anatin'ny haizin'ny lavany isika.

Ny haizina ara-panahy dia afaka manisy voalin'ny fanadinoana na dia eo amin'ireo izay efa nandeha tao anatin'ny fahazavana sy nifaly tao amin'ny Tompo aza. Na izany aza, na dia ao anatin'ireo fotoana hisian'ny haizina lalina, dia maheno ireo fangatahana ataontsika amim-panetrentena Andriamanitra rehefa mivavaka isika manao hoe: "Tompo o! Mino aho; vonjeo aho ho afaka amin'ny tsy finoako."[11]

Maro tamin'ny andron'i Almà no sahirana tamin'ny fanekena ireo zavatra ara-panahy ary "noho ny tsy finoany," dia tsy afaka niditra tao am-pon'izy ireo ny fahazavan' Andriamanitra sy ny fahamarinany "ary nohamafisina ny fony."[12]

#### Mpihazona fahazavana isika

Ry rahalahy, anjarantsika ny misafidy ny ho eo amin'ny toerana tokony ho izy na tsia mba hahitana ilay fahazavana masina sy ny fahamarinan'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Na dia efa nilatsaka aza ny alina ary toa maizina izao tontolo izao, dia afaka misafidy ny handeha ao amin'ny fahazavan'i Kristy isika sy hitandrina ny didiny ary hijoro ho vavolombelona amin-kerimpo ny amin'ny fisiany sy ny halehibeny.

Amin'ny maha-mpihazona ny fisoronan' Andriamanitra anao ary amin'ny maha-mpianatr'i Jesoa Kristy anao, dia mpihazona fahazavana ianao. Tohizo ny fanaovana ireo zavatra izay hampitombo ilay fahazavany masina. "Aingao ambony ny fahazavanareo"[13] ary "aoka hazava eo imason'ny olona," tsy hoe mba hahitany anareo sy hiderany anareo fa "mba hahitany ny asa soa ataonareo ka hankalazany ny Rainareo Izay any An-danitra."[14]

Ry rahalahy malalako, fitaovana eo am-pelatanan'ny Tompo ianareo miaraka amin'ny tanjona hitondra fahazavana sy fahasitranana ho an'ny fanahin'ireo zanaky ny Ray any Andanitra. Angamba mety mieritreritra ianao hoe tsy mahay manasitrana ireo izay marary ara-panahy, toy ny tsy fahaizan'ny mpiasan'ny paositra iray mihitsy manampy amin'ny ny arthrite. Mety miatrika olana ara-panahy manokana ianao. Na izany aza, dia niantso anao ny Tompo. Nomeny fahefana sy andraikitra hanampy ireo izay mila fanampiana ianao. Nomeny ny herin'ny fisoronany masina ianao mba hitondra fahazavana ao anatin'ny haizina ka hampitraka sy hitahy ireo zanak' Andriamanitra. Naverin' Andriamanitra tamin'ny laoniny ny Fiangonany sy ny filazantsarany sarobidy, "izay manasitrana ny fanahy maratra."[15] Efa nomaniny ilay lalana mitondra any amin'ny fahasalamana ara-panahy mba hahazoana fahasitranana amin'ny fihazohazoana, ka hiroso mankany amin'ny fahasalamana ara-panahy tena matanjaka.

Isaky ny mampitodika ny fonareo amin' Andriamanitra ianareo ao anatin'ny vavaka feno fanetrentena, dia miaina ny fahazavany ianareo. Isaky ny mikatsaka ny teniny sy ny sitrapony ao anatin'ny soratra masina ianareo dia mihamamiratra ilay fahazavana. Isaky ny mahatsikaritra olona iray mila fanampiana ianareo ka mahafoy ny tontolo mampiadana anareo mba hanampy amim-pitiavana dia mivelatra sy mitombo ilay fahazavana. Isaky ny manohitra fakam-panahy ary misafidy ny fahadiovana ianareo, isaky ny mikatsaka na manolotra famelana ianareo, isaky ny mijoro ho vavolombelona amin-kerimpo momba ny fahamarinana ianareo, dia roahin'ny fahazavana ny haizina ary sarihiny ireo olona hafa izay mikatsaka fahazavana sy fahamarinana ihany koa.

Eritrereto ireo zavatra niainanao manokana, sy ireo fotoana nanompoana an' Andriamanitra sy ny mpiara-belona ka namirapiratan'ilay fahazavana masina teo amin'ny fiainanao tany amin'ny tempoly masina, na teo amin'ny latabatry fanasan'ny Tompo, na tao anatin'ny fotoana mangingina nisaintsainana ombam-bavaka, na nandritra ny fanaovana asa fanompoana amin'ny alalan'ny fisoronana. Zarao amin'ny fianakaviana sy ny namana ireo fotoana ireo ary indrindra miaraka amin'ireo zatovonareo izay mikatsaka fahazavana. Mila maheno avy aminareo izy ireo fa avy amin'io fahazavana io dia misy ny fanantenana sy ny fahasitranana, na dia ao amin'ny tontolo feno haizina aza.


Ny fahazavan'i Kristy dia mitondra fanantenana sy fifaliana ary fahasitranan'izay mety ho ratra na aretina ara-panahy.[16] Ireo izay miaina izany hery mitarika manadio izany dia lasa fitaovana eo am-pelatanan'ilay Fahazavan'izao tontolo izao mba ho fahazavana ho an'ny hafa.[17] Hahatsapa ny zavatra tsapan'i Lamônia mpanjaka izy ireo: "Izany fahazavana izany dia efa nitondra fifaliana lehibe tokoa tao amin'ny fanahiny, rehefa nisava ny rahon'ny fahamaizinana ary ny fahazavan'ny fiainana maharitra mandrakizay no narehitra tao amin'ny fanahiny."[18]

Ry rahalahy malalako, ry namako malala, ny zavatra katsahintsika dia ny hitady ny Tompo mandrapiredaredan'ilay fahazavan'ny fiainana maharitra mandrakizainy ao anatintsika sy mandra-pahatongan'ny fijoroantsika ho vavolombelona ho feno fahatokiana sy tanjaka na dia eo afovoan'ny haizina aza.

Ny vavaka ataoko sy ny tsodrano atolotro dia ny mba hahombiazanareo eo amin'ny fanatanterahanareo ny anjaranareo amin'ny maha-mpihazona ny fisoronan' Andriamanitra Tsitoha anareo sy ny mba haha-mpihazona ny fahazavany avy any an-danitra feno firavoravoana anareo hatrany. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, ilay Tompontsika, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jaona 5:8.
2. 2 Nefia 31:20.
3. Jaona 8:12.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:12; jereo koa ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:6–7.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:45.
6. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 84:46.
7. Asan'ny Apostoly 10:34.
8. Ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:40 dia mampianatra fa "ny fahazavana miraikitra amin'ny fahazavana." Amin'ny teny hafa dia arakaraka ny handraisantsika fahazavana sy fahamarinana sy fahendrena ary fahatsaran-toetra bebe kokoa no hisarihantsika zavatra bebe kokoa ho ao amin'ny fiainantsika."Izay avy amin' Andriamanitra dia hazavana, ary izay mandray hazavana sy mitoetra ao amin' Andriamanitra, dia handray hazavana misimisy kokoa, ary izany hazavana izany dia mihamamiratra hatrany hatrany mandrapitataovovonan'ny andro" (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 50:24).
9. Iray amin'ireo fampanantenana avy amin'ny batisa izany, dia ny hoe, rehefa alevintsika ilay fiainana ratsy sy maloto niainantsika, dia mivoaka avy ao anaty rano lasa velona ao amin'i Kristy isika. Mivoaka toy ny olom-baovao izay mandeha amin'ny fiainam-baovao isika (jereo ny Romana 6:4; 2 Korintiana 5:17).
10. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:67; jereo koa ny Matio 6:22.
11. Marka 9:24.
12. Môsià 26:3.
13. 3 Nefia 18:24.
14. Matio 5:16.
15. Jakôba 2:8.
16. Jereo ny 1 Jaona 1:7; Almà 7:11–13.
17. Jereo ny Matio 5:14.
18. Almà 19:6.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Mitarika ny Fiangonany ny Tompo

*Ny fitarihan'ny Tompo ny Fiangonany dia mitaky finoana lehibe sy mafy orina avy amin'ireo rehetra izay manompo Azy eto an-tany.*

Ry rahalahiko malala izay mihazona ny fisoronan' Andriamanitra, anio hariva aho dia maniry ny hiresaka aminareo mikasika ilay fomba mahatalanjona izay hitarihan'ny Tompo ny fanjakany eto an-tany. Efa fantatrareo ireo singa fototra. Mivavaka aho mba hanamafy azy ireny aminareo ny Fanahy Masina.

Voalohany dia i Jesoa Kristy no lohan'ny Fiangonana maneran-tany.

Faharoa, mitarika ny Fiangonany Izy amin'izao fotoana izao amin'ny alalan'ny firesahana amin'ireo lehilahy nantsoina ho mpaminany, ary manao izany amin'ny alalan'ny fanambarana Izy.

Fahatelo, nanome fanambarana an'ireo mpaminaniny Izy fahiny elabe, sy mbola manao izany amin'izao fotoana izao, ary mbola hanao izany hatrany.

Fahefatra, manome fanambarana fanamafisana an'ireo izay manompo eo ambanin'ny fitarihan'ireo mpaminaniny Izy.

Raha miainga avy amin'ireo singa fototra ireo, dia miaiky isika fa ny fitarihan'ny Tompo ny Fiangonany eto an-tany dia mitaky finoana lehibe sy mafy orina avy amin'ireo rehetra izay manompo Azy eto an-tany.

Ohatra, mitaky finoana ny fahatokiana marina fa manara-maso ny antsipirian-javatra isan'andro ao amin'ny fanjakany ny Tompo. Mitaky finoana ny fahatokiana marina fa miantso olona tsy tonga lafatra hanompo amin'ny antso ilàna fitokisana Izy. Mitaky finoana ny fahatokiana marina fa mahafantatra tanteraka ny olona antsoiny Izy, na ny fahaiza-manaony na ny zavatra mety ho vitany, ka noho izany dia tsy manao fahadisoana Izy amin'ny olona antsoiny.



Mety hampitsiky na hampihifikifidoha ny sasany izay manatrika eto izany, na ireo izay mihevitra fa mety ho fahadisoana ny antso nomena azy ireo manokana, na ireo izay mieritreritra ny olona sasany izay fantany fa tsy hahavita ny antso nomena azy ireo ao amin'ny fanjakan'ny Tompo. Ny torohevitra omeko an'ireo vondrona roa ireo dia ny hanatsahatra ny fitsaratsarana toy izany mandra-pahitanareo tsara kokoa ny zavatra izay hitan'ny Tompo. Ny fitsarana ilainareo atao, ho solon'izay, dia ny hoe manana ny fahafahana handray fanambarana sy hanao asa mifanaraka amin'izany tsy amin-tahotra *ianareo*.

Mitaky finoana ny fanaovana izany. Mbola mitaky finoana lehibe kokoa noho izany aza ny fahatokiana marina fa ny Tompo dia niantso olombelona mpanompo tsy tonga lafatra hitarika anareo. Ny tanjoko anio hariva dia ny hampiorina ny finoanareo fa mitarika anareo amin'ny fanompoanareo Azy Andriamanitra. Ary ny tena manandanja indrindra aza, ny fanantenako dia ny hampiorina ny finoanareo fa mitaona ny fanahin'ireo olona tsy tonga lafatra nantsoiny ho mpitarika anareo ny Tompo.

Mety hieritreritra ianareo amin'ny voalohany fa tsy zava-dehibe amin'ny fahombiazan'ny Fiangonan'ny Tompo sy ny fanjakany ny finoana toy izany. Kanefa, mety hanjary ho fantatrareo, na inona na inona ny antsonareo ao amin'ny fisoronana, manomboka any amin'ny mpaminanin'ny Tompo ka hatrany amin'ny olona vaovao iray mpihazona ny fisoronana Aarôna, fa ilaina ny finoana.

Ndeha hatombotsika amin'ny dikan'ny finoana ho an'ny filohan'ny kôlejin'ny mpampianatra na diakona. Zava-dehibe ho azy ny mino fa niantso azy manokana ny Tompo, ary fantany tsara ny fahalemena sy ny tanjak'izany mpampianatra izany. Mila mino izy fa nahazo fanambarana avy amin'ny Fanahin' Andriamanitra ilay lehilahy nanome ilay antso. Ireo mpanolotsaina azy sy ireo mpikambana ao amin'ny kôlejiny dia mila izany finoana izany koa mba hanarahana azy amim-patokiantena tsy misy tahotra.



Nahita fahatokiantena toy izany aho rehefa niara-nipetraka tamin'ny fiadidian'ny kôlejin'ny diakona nisy azy indray alahady maraina ny zazalahy iray. Izy no mpitantsoratr'izy ireo vao nantsoina. Nanao filankevitra izany fiadidiana vao herotrerony izany. Niresaka fomba maro azon'izy ireo hanatanterahana ny fangatahan'ny eveka izy ireo mba hamerina zazalahy malaindaina iray hiangona. Rehefa avy nivavaka sy nifanakalo hevitra izy ireo dia nomen'izy ireo andraikitra ilay mpitan-tsoratra handeha any amin'ny tranon'ny zazalahy iray izay tsy mbola nanatrika fivoriana mihitsy sy hanasa azy.

Tsy nahafantatra an'ilay zazalahy ilay mpitan-tsoratra, kanefa fantany fa mpikambana malaindaina ny iray tamin'ireo ray aman-drenin'ilay zazalahy ary tsy mpikambana sy tsy dia sariaka loatra ny iray. Nahatsapa tebiteby fa tsy tahotra ilay mpitan-tsoratra. Fantany fa nangataka ny mpihazona ny fisoronana hamerina ny ondry very ny mpaminanin' Andriamanitra. Ary henony ny vavaka nataon'ny fiadidian'ny kôlejiny. Reny ny nifanarahan'izy ireo ny amin'ny anaran'ilay zazalahy mba hovonjena sy ny anarany manokana.

Nijery teo aho rehefa nandeha nidina teo an-dalambe nankeny amin'ny tranon'ilay zazalahy malaindaina ilay mpitantsoratra. Nandeha moramora izy, toy ireny hoe tena manaton-doza ireny. Kanefa tao anatin'ny antsasak'adiny dia niverina teo an-dalana niaraka tamin'ilay zazalahy izy, sady falifaly ery. Tsy mino aho hoe nahafantatra izy tamin'izay, fa izy dia nandeha tamim-pinoana fa namita iraka ho an'ny Tompo. Nijanona tao aminy foana izay finoana izay ary nitombo tao anatin'ireo taona naha-misiônera, raim-pianakaviana, mpitarika ny zatovolahy, ary eveka azy.

Ndeha hiresaka mikasika ny dikan'ny finoana toy izany ho an'ny eveka iray. Ny eveka iray indraindray dia antsoina mba hanompo olona izay mahafantatra azy tsara. Ny mpikambana ao amin'ny paroasy dia mahafantatra zavatra mikasika ny fahalemeny amin'ny maha-olombelona azy sy ny tanjany ara-panahy, ary mahafantatra izy ireo fa misy olona hafa azo antsoina tsara ao amin'ilay paroasy, olona hafa izay toa nandranto fianarana misimisy kokoa, manana traikefa kokoa, mahafinaritra kokoa, na tsara jerena kokoa mihitsy aza.

Mila mahafantatra ireo mpikambana ireo fa ny antso mba ho eveka dia avy amin'ny Tompo, amin'ny alalan'ny fanambarana. Raha tsy mino izany izy ireo dia ho sarotra kokoa ho an'ilay eveka nantsoin' Andriamanitra ny hahazo ny fanambarana ilainy mba hanampiana azy ireo. Tsy hahomby izy raha tsy misy ny finoan'ireo mpikambana mba hanohana azy.

Soa ihany fa hahomby indray izy raha ny mifanohitra amin'izay no miseho. Eritrereto ny Mpanjaka Benjamina mpanompon'ny Tompo, izay nitarika ny olony hibebaka. Ny fon'ny vahoaka dia nohalefahin'ny finoan'izy ireo fa voantson' Andriamanitra izy, na dia eo aza ny fahalemeny amin'ny maha-olombelona azy, ary avy amin' Andriamanitra ny teny nolazainy. Tadidinareo ny zavatra nolazain'ny vahoaka: "Eny, mino ny teny rehetra izay efa nolazainao taminay izahay; . . . fantatray koa

fa azo antoka sy marina ireny, noho ny amin'ny Fanahin'ny Tompo Tsitoha izay efa nahatonga fiovana mahery vaika tao aminay, na tao am-ponay, ka tsy manana fironana hanao ratsy intsony izahay fa ny hanao soa lalandava kosa" (Môsià 5:2).

Mba hahombiazan'ny mpitarika iray amin'ny asan'ny Tompo, dia tokony hatanjaka kokoa noho ny fahitan'ny olona ny rofy sy ny fahalemeny amin'ny maha-olona mety maty azy ny fahatokian'izy ireo fa voantson' Andriamanitra izy. Tadidinareo ny fomba nanazavan'ny Mpanjaka Benjamina ny anjara asany amin'ny maha-mpitarika azy:

"Izaho dia tsy nandidy anareo ho tonga etoana mba hatahoranareo ahy na hiheveranareo fa ny tenako dia mihoatra noho ny olona mety maty.

"Fa izaho dia tahaka ny tenanareo andairan'ny karazany rehetra amin'ny rofin'ny vatana sy ny saina; kanefa dia efa nofinidin' ity vahoaka ity aho, ary natokan'ny raiko sy navelan'ny tanan'ny Tompo mba ho mpanapaka sy ho mpanjakan' ity vahoaka ity; ary dia efa notehirizina sy notsimbinina tamin'ny heriny tsy manan-tsahala aho mba hanompo anareo amin'ny hery sy saina ary tanjaka rehetra izay efa nomen'ny Tompo ahy" (Môsià 2:10–11).

Ny mpitarika anareo ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo dia mety ho malemy sy toa olombelona ihany raha ny fijerinareo azy, na mety ho hitanareo fa toa matanjaka na entanim-panahy. Ny marina dia fitambaran'ireo toetoetra ireo sy ny maro hafa ny mpitarika rehetra. Manampy an'ireo mpanompon'ny Tompo izay nantsoina hitarika antsika isika rehefa afaka mahita azy ireo tahaka ny nahitan'ny Tompo azy ireo tamin'ny fotoana niantsoany azy.

Mahita tanteraka ny mpanompony ny Tompo. Hitany ny hery hahafahana mahavita zavatra izay ananany sy ny hoaviny. Ary fantany ny fomba azo hanovana ny toetra araboajanaharin'izy ireo. Fantany ihany koa ny fomba azo hanovana azy ireo amin'ny alalan'ny traikefa azon'izy ireo miaraka amin'ireo olona tarihiny.

Mety efa nahatsapa ho nohatanjahana bebe kokoa tamin'ny alalan'ny olona izay nasaina notompoinao tamin'ny antsonao ianao. Indray mandeha aho dia nantsoina ho evekan'ny tanora tokantena. Tsy fantatro tsara na ny fanampiako Azy hitondra fiovana teo amin'izy ireo no tanjon'ny Tompo na ny fiovana izay fantany fa azon'izy ireo entina ato anatiko.

Tsy dia takatro loatra ilay izy, fa ny ankamaroan'ireo tanora tao amin'ilay paroasy ireo dia nandray ahy toy ny hoe voantson' Andriamanitra ho azy ireo mihitsy aho. Hitan'izy ireo ny fahalemeko saingy tsy navelan'izy ireo hanimba ny fahitan'izy ireo ahy izany.

Tadidiko ny tovolahy iray izay nangataka torohevitra momba ny safidy tokony hataony amin'ny fianarany. Vao taona voalohany tao amina oniversite tena tsara izy. Herinandro taorian'ny nanomezako ilay torohevitra azy dia nangataka fotoana hihaonana amiko izy.

Rehefa tonga tao amin'ilay birao izy dia nanampoka ahy tamin'ny fanontaniana hoe: "Eveka a, afaka mivavaka ve isika alohan'ny hiresahantsika? Dia afaka mandohalika ve isika. Dia afaka mivavaka ve aho?"

Tsy nampoiziko ny fangatahany. Fa ny vavaka nataony no mbola tsy nampoiziko kokoa. Tahatahaka izao ilay izy: "Ray any An-danitra, fantatrao fa nanome torohevitra ahy ny Eveka Eyring tamin'ny herinandro, dia tsy nahomby ilay izy. Mba omeo fitaomampanahy izy hahalala ny zavatra tokony hataoko izao."

Mety mampitsiky anareo izany izao, fa izaho tsy nitsiky. Efa fantany ny



zavatra tian'ny Tompo hataony. Saingy nanome haja ny biraon'ny eveka iray tao amin'ny Fiangonan'ny Tompo izy, ary angamba naniry ny hananako fahafahana hahazo fahatokian-tena bebe kokoa mba handray fanambarana tamin'io antso io.

Nahomby ilay izy. Raha vantany vao nitsangana izahay dia nipetraka avy eo, dia tonga tao amiko ny fanambarana. Nolazaiko azy ny zavatra tsapako fa tian'ny Tompo hataony. Vao 18 taona izy tamin'izay, fa natanjaka be ara-panahy.

Efa fantany fa tsy mila mankany amin'ny eveka izy raha ny mahakasika ny olana toy izany. Saingy efa nianarany ny hanohana ny mpanompon'ny Tompo na dia eo aza ny fahalemeny amin'ny maha-olombelona azy. Lasa filohan'ny tsatòka izy taty aoriana. Tsaroany sy nampihariny foana ilay lesona niarahanay nianatra: raha mino ianao fa mitarika ny Fiangonany amin'ny alalan'ny fanambarana omena an'ireo mpanompo tsy tonga lafatra antsoiny ny Tompo, dia hanokatra ny varavaran'ny lanitra ho azy ireo, tahaka ny hanokafany izany ho anao ny Tompo.

Nianatra lesona aho, avy amin'izany zavatra niainana izany, fa ny finoan'ny olona tompointsika, izay matanjaka kokoa noho ny finoantsika indraindray, dia mitondra fanambarana ho antsika amin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo.

Nisy lesona iray hafa azoko. Raha nitsara ahy tamin'ny tsy nanomezako azy torohevitra tsara tamin'ny voalohany io zazalahy io, dia tsy ho niverina mihitsy izy mba hangataka indray. Ka noho izany, rehefa nifidy ny tsy hitsara ahy izy, dia nahazo ny fanamafisana izay niriany.

Fa mbola misy lesona iray hafa avy amin'izany zavatra niainana izany, izay nanampy ahy tokoa. Raha ny fahafantarako azy hatreto, dia tsy nolazainy an'iza n'iza tao amin'ilay paroasy fa tsy nanome azy torohevitra tsara aho tamin'ny voalohany. Raha nanao izany izy, dia mety nampihena ny finoan'ny hafa tao amin'ilay paroasy mba hatoky ny fitaomam-panahy azon'ny eveka.

Miezaka ny tsy hitsara ny mpanompon'ny Tompo aho, na hiresaka ny



fahalemen'izy ireo izay hita mibaribary. Ary miezaka mampianatra izany amin'ny alalan'ny ohatra amin'ireo zanako aho. Ny Filoha James E. Faust dia nizara fotopinoana iray izay ezahiko ampiharina. Zaraiko aminareo izany:

"Isika . . . dia mila manampy sy manohana ireo mpitarika antsika eo an-toerana, satria izy ireo . . . dia -voantso sy voafidy.- Ny mpikambana rehetra ato amin'ity Fiangonana ity dia afaka mandray torohevitra avy amin'ny eveka iray, na filohan'ny sampana iray, filohan'ny tsatòka na filohan'ny misiôna iray, ary ny Filohan'ny Fiangonana sy ireo mpiara-miasa aminy. Tsy nisy nangataka ny antsony ireo rahalahy ireo. Tsy misy olona tonga lafatra. Kanefa izy ireo no mpanompon'ny Tompo, izay nantsoiny tamin'ny alalan'ireo izay nomena fahefana hahazo fitaomampanahy. Ireo olona nantsoina, notohanana, ary natokana ireo dia manana zo ny hotohanantsika.

". . . Ny tsy fanajana ireo mpitarika ara-pivavahana dia niteraka ny fihenan'ny hery ara-panahy sy ny fianjeran'ny olona maro. Tokony hamela izay mety ho tsy fahalavorariana hita taratra, na fahadisoana, na fahalemen'ireo lehilahy nantsoina hitarika antsika isika, ary hanohana ny anjara fanompoana tanan'izy ireo" ("Called and Chosen," *Liahona* nôv. 2005, 54–55).

Mitahy ny mpanompon' Andriamanitra ao anatin'ny toe-javatra misy rehetra izany torohevitra izany.

Tamin'ny fotoana niorenan'ny Fiangonan'ny Tompo vao haingana dia nanombola niresaka momba ny hadisoan'ny Mpaminany Joseph Smith ireo mpitarika akaiky azy. Na dia teo aza ireo zavatra maro efa hitan'izy ireo sy fantany momba ny toerana tanany eo anatrehan'ny Tompo, dia niparitaka haingana be ny toe-tsaina tia manakiana sy ny fialonan'izy ireo. Ny iray tamin'ireo Roambinifololahy dia naneho tamintsika ny fenitry ny finoana sy ny fahatokiana rehetra tokony hananantsika raha te hanompo ao amin'ny fanjakan'ny Tompo isika.

Toy izao no voalaza: "Loholona maro no nampiantso fivoriana tao amin'ny tempoly ho an'ireo rehetra izay nihevitra fa Mpaminany tsy mendrika i Joseph Smith. Nikasa ny hanendry an'i David Whitmer ho mpitarika ny Fiangonana vaovao izy ireo. . . . Rehefa avy nihaino ireo adihevitra nanoherana ny Mpaminany i Brigham [Young], dia nitsangana izy ary nijoro vavolombelona hoe: -Mpaminany i Joseph, ary fantatro izany, ary afaka miampanga mafy sy manaratsy azy araka izay mahafinaritra azy izy ireo; tsy afaka ny hamotika ny fanendrena ny Mpaminanin' Andriamanitra izy ireo, ny hany azon'izy ireo atao dia ny mamotika ny fahefan'izy ireo manokana sy manapaka ny rohy izay nampifamatotra azy ireo tamin'ny Mpaminany sy tamin' Andriamanitra, ary mitsoraka any amin'ny helo-" (*Church History in the Fulness of Times Student Manual* [Church Educational System manual, 2003], ed. faha-2, 174; jereo koa ny*Enseignements des Présidents de l' Église: Brigham Young* [1997], 79).

Misy rohy mampifamatotra antsika amin'ny Tompo amin'ny fanompoana ataontsika. Izy io dia mifandray avy any amin'ny toerana rehetra na aiza na aiza no iantsoana antsika hanompo ao amin'ny fanjakana, ka hatrany amin'ireo izay nantsoina hitarika antsika ao amin'ny fisoronana, ary mankany amin'ny mpaminany, izay mifamatotra amin'ny Tompo. Mitaky finoana sy fanetrentena ny fanompoana eo amin'ny toerana izay niantsoana antsika, ny matoky fa niantso antsika sy ireo mpitarika antsika ny Tompo, ary ny manohana azy ireo amin'ny finoana feno.

Hisy fotoana, tahaka ny tamin'ny andron'i Kirtland, izay ilantsika ny finoana sy ny fahamarinana nananan'i Brigham Young mba hijoroantsika amin'ny antso izay niantsoan'ny Tompo antsika, mahatoky amin'ny mpaminaniny sy ireo mpitarika nantsoiny.

Zaraiko aminareo ny fijoroako ho vavolombelona, izay feno fahamatorana nefa feno fifaliana ihany koa, fa i Jesoa Kristy Tompo no eo amin'ny familiana. Mitarika ny Fiangonany sy ny mpanompony Izy. "Mijoro ho vavolombelona aho fa i Thomas S. Monson no hany lehilahy mihazona sy mampiasa ny fanalahidin'ny fisoronana masina rehetra eto an-tany amin'izao fotoana izao. Ary mangataka fitahiana aho ho an'ireo mpanompo manetry tena rehetra izay manompo an-tsitrapo tokoa sady manompo tsara ato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny, izay tarihiny manokana. Mijoro ho vavolombelona aho fa nahita an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy i Joseph Smith. Niresaka taminy Izy ireo. Naverina tamin'ny laoniny ireo fanalahidin'ny fisoronana mba hitahiana ny zanaky ny Ray any An-danitra rehetra. Iraka ampanaovina antsika sy mariky ny fananantsika fitokisana ny fanompoantsika amin'ny antsontsika ao amin'ny asan'ny Tompo. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



Fivoriana Alahady Maraina | 1 Ôktôbra 2017

Nataon'i Jean B. Bingham
Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany

# Ka ho tanteraka ny fifalianareo

*I Jesoa Kristy no loharanon'ny fanasitranana, ny fiadanana ary ny fivoarana mandrakizay rehetra.*

Ranadahy sy rahavavy malala, fifaliana ny miaraka aminareo eto. Ary izany no tiako horesahina aminareo anio maraina: ny fananana ny fahafenoan'ny fifaliana.

Hoy ny lohatenin-gazety iray vao haingana hoe: "Mamotika ny firenena [sy] izao tontolo izao ny loza."[1] Miala avy amin'ny tafiodrivotra mankamin'ny andro migaingaina sy ny hain-tany, avy amin'ny doro tanety sy ny horohorontany mankamin'ny ady sy ny aretina mandringana, dia hita fa toa ny "ao anaty korontana ny tany manontolo."[2]

An-tapitrisany ny olona voatery nandao ny trano fonenany, ary fiainan'olona maro no voatohintohina noho ireo olana ireo. Ny fifandirana eo anivon'ny fianakaviana sy ny fiarahamonina sy ny ady amin'ny tahotra sy ny ahiahy ao anaty ary ny tsy fahatanterahan'ny zavatra nandrandraina dia mahatonga antsika hihotakotaka ihany koa. Mety ho sarotra ny hahatsapa ilay fifaliana izay nampianarin'i Lehia fa tanjon'ny fiainana.[3] Efa nisy fotoana nanontaniantsika rehetra hoe: "Aiza no ahitako fiadanana? Aiza ny fampiononana ahy . . . ?"[4] Manontany tena isika hoe, ahoana no hahitako fifaliana na dia eo aza ireo zava-tsarotra eto amin'ny fiainana an-tany?

Mety ho toy ny tsotra be ny valiny, kanefa efa hatramin'ny andron'i Adama no nahazoana porofo fa marina izany. Ny fifaliana maharitra dia azo amin'ny alalan'ny fifantohana amin'i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika sy ny fiainana ny filazantsara araka izay nasehony sy nampianariny. Arakaraka ny *ianarantsika momba azy, sy hinoantsika* ary *hakantsika tahaka* an'i Jesoa Kristy no hahatakarantsika bebe kokoa fa Izy no loharanon'ny fanasitranana, ny fiadanana ary ny fivoarana mandrakizay rehetra. Manasa ny tsirairay amintsika Izy hankany Aminy,[5] izay fanasana nofariparitan'ny Filoha Henry B. Eyring ho "ilay fanasana manan-danja indrindra azon'ny rehetra ekena."[6]



### Mianatra amin'i Jesoa Kristy

Ahoana no hankanesantsika any Aminy? Tamin'ny aprily lasa teo dia namporisika antsika ny Filoha Russell M. Nelson sy ny Loholona M. Russell Ballard mba handalina ny "Ilay Kristy Velona"[7] rehefa mianatra momba ny Mpamonjy. Maro ireo izay nanaiky ilay fanamby ka dia voatahy. Vao haingana izay ny namana malala iray no nanome ny zanany efa lehibe tsirairay ny tahadikan'io tahirin-kevitra io niaraka tamin'ny sary momba ny filazantsara mba hanazavana ny fehezan-teny tsirairay. Namporisika ireo zanany izy mba hanampy ny zafikeliny hahatakatra sy hanao tsianjery izany. Fotoana vitsy taty aoriana ilay namako dia nizara horonan-tsary ahitana ny zafikeliny vavy enin-taona, i Laynie, nibadabada nanao tsianjery izany tamin-kafanam-po sy tamim-pahatokian-tena. Tsapako fa raha toa ka afaka manao izany ny zaza enin-taona iray, dia afaka manao izany koa aho!

Nandritra ny fandalinako ny fiainana sy ny fampianaran'i Jesoa Kristy tamim-pifantohana kokoa sy ny fanolorako tena hanao tsianjery ny "Ilay Kristy Velona", dia nitombo ny fankasitrahako sy ny fitiavako ny Mpamonjy antsika. Ny fehezan-teny tsirairay ao amin'io tahirin-kevitra io dia mirakitra fampianarana ka nanatsara ny fahatakarako ny anjara asa masina tanany sy ny iraka nampanaovina Azy teto an-tany. Ny zavatra nianarako sy tsapako nandritra io fotoana nandalinana sy nisaintsainana io dia manamafy fa i Jesoa Kristy tokoa no "fahazavana, fiainana, ary fanantenan'izao tontolo izao."[8] Ny soratra masina fahiny sy ny tenin'ireo mpaminanin'ny andro farany izay voasoratra na voalaza izay mankalaza Azy dia mijoro ho vavolombelona fa "Ny fampianarany no lalana mitondra mankany amin'ny fiadanana eo amin'izao fiainana izao sy mankany amin'ny fiainana mandrakizay amin'ny fiainana ho avy."[9]

#### Manàna finoana an'i Jesoa Kristy

Rehefa mandalina ny fiainana sy ny fampianaran'i Kristy amin'ny fomba isan-karazany ianareo dia hitombo ny finoanareo Azy. Hahafantatra ianareo fa tia anareo tsirairay Izy ary azony tsara ny zava-misy iainanareo. Tao anatin'ny 33 taona niainany teto an-tany dia niaritra fandavana Izy; fanenjehana, hanoanana ara-batana, hetaheta, ary harerahana;[10] fanirery; teny maharary sy herisetra ara-batana; ary ny farany, dia fahafatesana tamin'ny fomba feno habibiana teo am-pelatanan'ireo lehilahy mpanota.[11] Tao amin'ny Sahan'i Getsemane sy teo amin'ny hazofijaliana tao Kalvary Izy dia nahatsapa ny fanaintainana, ny fahoriana, ny fakam-panahy, ny aretina, ary ny rofi*ntsika* rehetra.[12]

Na inona na inona zavatra efa nozakaintsika dia Izy no loharanon'ny *fanasitranana*. Ireo izay niaina izay mety ho karazana fanararaotana, famoizana tena nampalahelo, aretina mitarazoka, na fahoriana tsy nahafahana nandroso, fanendrikendrehana, fanenjehana feno fitaka, na fahavoazana ara-panahy vokatry ny fahotana, na ny tsy fifankahazoankevitra dia azo sitranina avokoa amin'ny alalan'ilay Mpanavotra an'izao tontolo izao. Na izany aza dia tsy hiditra Izy raha tsy asaina. Tokony hanatona Azy isika dia hamela Azy hanatanteraka ny fahagagana avy Aminy.

Indray andro lohataona tena tsara iray dia navelako nivoha ny varavarana mba hankafizana ny rivotra madio. Nanidina niditra ilay varavarana nivoha ny vorona kely iray ary avy eo dia hitany fa tsy tao no tiany handehanana. Nanidina tamin-tebiteby manerana ilay efitra izy, ary namerimberina nanidina ka nidona teo amin'ny fitaratry ny varavarankely raha niezaka hitsoaka. Niezaka nitarika azy moramora ho eny amin'ilay varavarana nivoha aho, saingy natahotra izy ka dia nanohy nanidina haingana hatrany. Nony farany dia nipetraka teo amin'ny tampon'ny lambam-baravarankely tao anatin'ny havizanana sy ny fahaverezan-kevitra izy. Naka borosy lava aho dia nanakatra tsimoramora tamin'ny volon'ilay borosy ny toerana nipetrahan'ilay vorona izay nitebiteby mafy. Rehefa notazoniko teo akaikin'ny tongony ny lohan'ilay borosy dia nanandrana nandingana nankeo amin'ny volon'ilay borosy ilay vorona. Nandeha moramora, tena niadana, nankeny amin'ilay varavarana nivoha aho, sady nihazona ilay borosy tsy hihetsiketsika araka izay vitako. Raha vantany vao tonga teo amin'ilay varavarana nivoha izahay dia nanidina haingana ho any amin'ny fahafahana ilay vorona.

Tahaka io vorona io, indraindray isika dia matahotra ny hatoky satria tsy takatsika ny fitiavana sy ny faniriana feno ananan' Andriamanitra mba hanampy antsika. Kanefa rehefa mandalina ny drafitry ny Ray any Andanitra sy ny asa nanirahana an'i Jesoa Kristy isika dia mahatakatra fa ny hany tanjon'izy ireo dia ny fahasambarana sy ny fivoarantsika mandrakizay.[13] Faly hanampy antsika Izy ireo rehefa mangataka sy mitady ary mandondona isika.[14] Rehefa mampihatra finoana sy vonona ny handray amim-panetrentena ny valinteny avy amin'izy ireo isika dia lasa tsy voafetran'ny tsy fahatakarantsika sy ny anoanontsika intsony, ary azo aseho antsika ny lalana mandroso.

I Jesoa Kristy ihany koa no loharanon'ny *fiadanana*. Manasa antsika Izy "hiantehitra amin'ny sandri[ny] matanjaka"[15] ary mampanantena ny "fiadana[na] . . . izay mihoatra ny fahalalana rehetra,"[16] fahatsapana izay tonga rehefa "[m]anambara fiadanana . . . ho an'ny fanahin[tsika]"[17] ny Fanahiny na inona na inona olana manodidina antsika. Na olan'ny tena manokana izany, na olana mianjady amin'ny fianakaviana, na olona eo anivon'ny fiarahamonina, dia ho tonga ny fiadanana rehefa matoky isika fa manana ny hery hampitony ilay fanahintsika marary ny Zanaka Lahitokan' Andriamanitra.

Niantehitra tamin'ny Mpamonjy i Snježana Podvinski, izay iray amin'ireo mpikambana vitsy ao Karlovac, Croatie, rehefa nodimandry tao anatin'ny enimbolana tamin'ny taon-dasa ny vadiny sy ireo ray aman-dreniny. Na dia notambesaran'alahelo aza izy, kanefa nanana fijoroana ho vavolombelona fa mandrakizay ny fianakaviana, dia nampiasa ny tahirim-bolany rehetra izy mba handehanana any amin'ny tempoly, izay namehezana azy tamin'ny vadiny sy ny ray aman-dreniny. Nilaza izy fa fotoandehibe teo amin'ny fiainany ireo andro naha-tany amin'ny tempoly azy ireo. Noho ny fijoroana ho vavolombelona mafy orina momba an'i Jesoa Kristy sy Sorompanavotany izay nananany dia nahatsapa fiadanana izy ary niaina fanasitranana, izay lasa nanome tanjaka an'ireo manodidina azy ihany koa.

Mitondra fanomezam-pahasoavana betsaka kokoa noho ny fanasitranana sy ny fiadanana mihitsy aza ny finoana an'i Jesoa Kristy. Hoy ny Filoha Henry B. Eyring hoe: "Izaho dia efa feno fankasitrahana noho ireo fomba maro izay namangian'ny Tompo ahy tamin'ilay Mpampionona rehefa nila fiadanana. Saingy tsy ny fampiononana antsika ihany no mampiahiahy ny Raintsika any An-danitra fa miahiahy bebe kokoa ny amin'ny fandrosoantsika mihitsy Izy."[18]

Noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, izay ahitana ny fanomezam-pahasoavan'ny fanavotana sy ny fitsanganana amin'ny maty, isika dia afaka mibebaka sy miova ary *mivoatra mandrakizay*. Noho ny hery omeny antsika rehefa mankatò isika, dia afaka ny ho lasa tsara kokoa noho izay azontsika hahatongavana amin'ny alalan'ny herintsika samirery isika. Mety tsy hahatakatra tanteraka ny fomba hanaovana izany isika, kanefa ny tsirairay amintsika izay nahatsapa ny fitombon'ny finoana an'i Kristy dia efa nahazo ihany koa fahatakarana lehibe kokoa momba ny toetra maha-andriamanitra sy ny tanjona masintsika, izay mitarika antsika hanao safidy mifanaraka amin'izany fahalalana izany.

Na dia eo aza ny tontolo izay hiezaka ny hampihen-danja antsika hitovy amin'ny "biby fotsiny ihany,"[19] ny fahafantarantsika hoe Raintsika Andriamanitra dia hanome antoka antsika fa manana fahafahana hanao zavatra araka an' Andriamanitra sy fampanantenana lehibe isika. Na dia eo aza ny tontolo izay milaza amintsika fa tsy misy tanjona ity fiainana ity, dia manome antsika fanantenana fivoarana mandrakizay ny fahafantarana fa ny Sorompanavotan'ny Zanaka Lahitokan' Andriamanitra dia nanao

izay hahafahana manavotra antsika sy hitsanganantsika amin'ny maty.

**Alaovy tahaka izay nataon'i Jesoa Kristy**

Rehefa mianatra bebe kokoa momba an'i Jesoa Kristy isika dia mampitombo bebe kokoa ny finoana Azy ary lasa maniry ho azy ny hanaraka ny ohatra nasehony. Lasa faniriantsika lehibe indrindra ny hitandrina ny didiny. Maniry ny hanamaivana ny fijalian'ny hafa tahaka izay nataony ny fontsika, ary maniry ny hahatsapan'izy ireo ilay fiadanana sy fifaliana azontsika isika.

Nahoana no manana hery lehibe toy izany ny fiezahana manao izay nataony? Satria rehefa ampiasaintsika ny finoantsika dia mijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinana mandrakizay ny Fanahy Masina.[20] Mampianatra ny mpianany i Jesoa mba hitandrina ny didiny satria fantany fa rehefa manaraka ny ohatra asehony isika, dia hanomboka hahatsapa fifaliana, ary rehefa manohy mandeha amin'ny lalany isika dia ho feno tanteraka ny fifaliantsika. Nanazava Izy hoe: "Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo."[21]

Moa ve miorina amin'ny fototra vatolampin'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika? Rehefa manery antsika ireo fitsapana eo amin'ny fiainana, moa ve isika mihazakazaka tsy amimpiheverana mitady boky torolalana na zavatra iray navoaka tao amin'ny internet mba hanampy antsika? Ny fakana fotoana hampiorina sy hanamafy orina ny fahalalantsika sy ny fijoroantsika ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy dia hitondra valisoa lehibe amin'ny fotoan'ny fitsapana sy ny fahoriana. Ny famakiana ny soratra masina isan'andro sy ny fisaintsainana ny tenin'ny mpaminany velona; ny fanaovana antsitrapo vavaky ny tena manokana misy heviny manan-danja; ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo amim-pifantohana isan-kerinandro; ny fanaovana asa fanompoana tahaka izay ho nataon'ny Mpamonjy: ny tsirairay avy amin'ireo asa atao tsotra ireo dia lasa fototra hiorenan'ny fiainana feno fifaliana.



Inona no mitondra fifaliana ho anareo? Ny fahitana ireo havan-tianareo amin'ny fifaranan'ny andro navesatra iray ve? Ny fahafaham-po noho ny asa vita tsara ve? Ny hazavana ao anatin'ny mason'ny olona iray ve rehefa avy niara-nitondra taminy ny enta-mavesany ianareo? Ny tonon'ny hira iray ao amin'ny fihirana izay tena nahakasika ny fonareo ve? Ny fandraisan-tanana ho fiarahabana ataon'ny namana akaiky iray ve? Makà fotoana manokana hieritreretana ireo fitahiana azonareo, dia mitadiava fomba hizarana izany avy eo. Rehefa manolo-tanana mba hanompo sy hampahery ny anadahy sy ny rahavavinareo izay miara-monina aminareo na manerana an'ity izao tontolo izao ity izay feno korontana ity ianareo, dia hahatsapa fiadanana sy fahasitranana ary fivoarana mihitsy aza.

Manatòna Azy. Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa mampifantoka ny fiainanareo amin'i Jesoa Kristy ianareo dia hahita fifaliana ao anatin'ny toe-javatra iainanareo, na inona izany na inona. Marina tokoa fa, "Izy Irery ihany,"[22] no valiny. Manokàna fotoana ary mandania fotoana hahafantarana an'i Jesoa Kristy amin'ny alalan'ny fandalinana amim-pahazotoana sy ny fampitomboana ny finoana Azy bebe kokoa, ary ny fiezahana ho tonga bebe kokoa tahaka Azy. Rehefa manao izany isika dia hihetsi-po ihany koa hiteny, toa an'i Laynie kely, hoe: "Isaorana anie Andriamanitra noho ny nanomezany ny Zanany masina, izay fanomezana tsy manam-paharoa."[23] Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Tamara Lush and Jay Reeves, "Disasters Rock the Nation, World," *Deseret News* 10 sept. 2017, A1.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:26.
3. Jereo ny 2 Nefia 2:25.
4. "Où pourrais-je chercher?" *Cantiques,* no. 68.
5. Jereo ny 3 Nefia 9:14, 22.
6. Henry B. Eyring, "Come unto Christ," *Liahona,* mar. 2008, 49.
7. Jereo ny "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," *Liahona,* apr. 2000, 2–3.
8. "Ilay Kristy Velona," 3.
9. "Ilay Kristy Velona," 3.
10. Jereo ny Môsià 3:7.
11. Jereo ny Lioka 24:7.
12. Jereo ny Almà 7:11–12.
13. Jereo ny Mosesy 1:39.
14. Jereo ny Matio 7:7.
15. "Lean on My Ample Arm," *Hymns* no. 120.
16. Filipiana 4:7.
17. Almà 58:11.
18. Henry B. Eyring, "Ny fiadanako no avelako ho anareo," *Liahona*, mey 2017, 17.
19. "Sachez que chacun peut choisir," *Cantiques* no. 155.
20. Jereo ny Jaona 7:17.
21. Jaona 15:11.
22. "Où pourrais-je chercher?" no. 68.
23. "Ilay Kristy Velona," 3.



**Nataon'ny Loholona Donald L. Hallstrom**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Moa efa nitsahatra va ny andron'ny fahagagana?


*Ny fifantohantsika faratampony dia tokony ho amin'ireo fahagagana ara-panahy izay mety ho azon'ny zanak' Andriamanitra rehetra.*

Herin-taona lasa izay raha namita iraka tany Californie aho dia niaraka tamina filohan'ny tsatòka iray hamangy an'i Clark sy i Holly Fales miaraka amin'ny fianakaviany tao antranony. Nolazaina aho fa niaina fahagagana izy ireo vao tsy ela. Tamin'ny nahatongavanay tao dia sahirana i Clark ny hitsangana sy hiarahaba anay satria nisy fitaovana fiarovana ny taolana tapaka tsy hihetsika teny amin'ny lamosiny sy ny tendany ary ny tanany.

Vao roa volana talohan'izay i Clark sy i Ty zanany lahy ary zatovolahy hafa niisa teo amin'ny 30 teo niaraka tamin'ny mpitarika dia nandeha nivoaka nanao fitsangatsanganana lehibe, hananika ny tendrombohitra Shasta, iray amin'ireo tendrombohita avo indrindra tao Californie izay nanana haavo 4.322 metatra. Tamin'ny andro faharoa niakarana mafy dia tonga teny an-tampony ireo mpananika, zava-bita tena nahafinaritra noho ny fiomanana nandritra ny volana maro.

Iray tamin'ireo olona tafanika voalohany teny amin'ilay tampony tamin'io andro io i Clark. Rehefa avy niala sasatra kely teo amoron'ilay tampony izy dia nitsangana ary nanomboka nandeha. Raha nanao izany izy dia voafingana ary nianjera nankany aoriana teo amoron'ny hantsana iray ary dia latsaka efa ho 12 m, avy eo dia tsy nahafehy ny tenany ka lavo nitsontsorika indray tamin'ny havoana misy ranomandry efa ho 90 m teo ny haavony. Nahavariana fa tafavoaka velona i Clark saingy naratra mafy sady tsy afaka nihetsika izy.

Vao nanomboka fotsiny tamin'izay ny fahagagana niainan'i Clark tamin'io



tranga nampivarahontsana io. Ny sasany tamin'ny olona voalohany tonga teo aminy dia mba "sendra" andian'olona mpihanika izay nahitana mpamonjy voina an-tendrombohitra sy manampahaizana ara-pahasalamana momba vonjy aina. Nokarakarain'izy ireo avy hatrany i Clark noho ny dona nahazo ary nomeny fitaovana hihazonana azy ho mafana. Ity vondrona ity koa dia "sendra" nanandrana fitaovampifandraisana vaovao ary nandefa fangatahana fanampiana maika tamin'ny toerana izay tsy nisy tambazotra ho an'ny finday. Nisy helikôptera kely avy hatrany nalefa nankany amin'ilay Tendrombohitra Shasta, adiny iray niala teo. Rehefa avy nanao andrana indroa izay nampidi-doza nefa tsy nahomby hihidina teo amin'ny haavo izay tsy vitan'ilay helikôptera, sady niady tamin'ny rivotra mahery, ilay mpanamory dia nanao andrana fahatelo sady farany. Rehefa nanatona avy tamin'ny lalana hafa ilay helikôptera no "sendra" niova ilay rivotra izay nahafahan'ilay helikôptera hipetraka nandritra ny fotoana naharitra nahafahan'ilay vondrona namehy an'i Clark haingana tamin-kasarotana teo amin'ilay toerana kely taorian'ny sezan'ilay mpanamory.

Rehefa nojerena izy tany amin'ny ivontoeram-pitsaboana ny ratra lehibe dia nambara fa nisy fahatapahana maro ny taolana tamin'ny tendany, ny lamosiny, ny tehezany ary ny tanany; trobaka ny havokavony ary nisy fahatapahana sy ratra maro. Nisy dokotera mpandidy fanta-daza manam-pahaizana momba ny faharatran'ny atidoha sy ny taovam-pahatsapana "sendra" niasa tamin'io andro io. Imbitsy isan-taona ihany izy no ao amin'io hôpitaly io. Nilaza io dokotera io taty aoriana fa tsy mbola nahita mihitsy olona niharan'ny fahavoazana be tamin'ny tsokany sy ireo lalandrà mankany amin'ny atidohany ka velona. Tsy hoe velona fotsiny ihany i Clark fa mbola afaka niverina niasa tsara daholo ny vatany manontolo. Raha nilaza ny tenany ho olona tsy mino ny fisian' Andriamanitra ilay mpandidy dia nilaza izy fa ny momba an'i Clark dia nifanohitra tamin'ny zavatra ara-tsiansa rehetra nianarany

momba ny faharatrana amin'ny taovampahatsapana ary tsy misy azo hamaritana izany afa-tsy hoe fahagagana.

Rehefa avy nitantara io tantara lehibe io i Clark sy i Holly dia hitako fa sarotra lazaina izany. Tsy noho ireo fahagagana mibaribary niseho fa noho ny antony iray lehibe hafa. Nanana fahatsapana lalina aho, tenivavolombelona avy amin'ny Fanahy, fa i Holly sy ireo zanany dimy mahafinaritra izay nipetraka tao amin'ilay efitrano fandraisam-bahiny nanodidina ny ray aman-dreniny dia nanana finoana lehibe ka afaka nanaiky izay fiafarany mety ho nitranga tamin'io andro io ka mbola ho niroborobo arapanahy ihany. Miaraka amintsika ato amin'ny Ivontoeran'ny Fihaonamben'ny Fiangonana izao i Ty sy i Porter zanak'i Clark sy i Holly roa zokiny indrindra.

Rehefa nandinika ny zavatra niainan'ny fianakaviana Fales aho dia nieritreritra betsaka momba ny zavatra iainan'ny olona maro hafa. Ahoana ny momba ireo Olomasin'ny Andro Farany tsy tambo isaina izay feno finoana, nandray tsodranon'ny fisoronana, nivavahana foana, nitandrina fanekempihavanana, feno fanantenana nefa tsy nety tonga ny fahagagana nilainy? Farafahakeliny mba ny fomba fahatakarany ny atao hoe fahagagana. Farafahakeliny mba ny fomba nahazoan'ny sasany fahagagana.

Ahoana izany ny momba ireo izay mijaly noho ny fahoriana, ara-batana sy ara-tsaina ary ara-pihetsehampo, nandritra ny taona maro na am-polo taona maro na nandritra ny fiainany manontolo? Ahoana izany ny momba ireo izay maty mbola tanora be?

Vao roa volana lasa izay dia nisy mpivady mpihazona ny fahazoandalana hidirana ny tempoly anankiroa, izay manana zanaka anankitelo manompo amin'ny fotoana feno sy zanaka dimy eo anelanelan'izy ireo, niondrana tao amina fiaramanidina kely handray zotram-piaramanidina fohy. Azoko antoka fa nivavaka izy ireo mba ho voaro talohan'ilay dia ary nivavaka mafy rehefa nanana olana ara-mekanika goavana ilay fiaramanidina talohan'ny nianjerany. Tsy nisy tafavoaka velona tamin'izay. Ahoana izany ny momba azy ireo?



Rariny ve raha ny olona tsara sy ny olona tiany no hametraka ilay fanontaniana napetrak'i Môrmôna manao hoe: "Moa efa nitsahatra va ny andron'ny fahagagana?"[1]

Ny fahalalako voafetra dia tsy afaka hanazava hoe nahoana Andriamanitra no miditra an-tsehatra ary amin'ny fotoana hafa tsia. Fa angamba isika no tsy mahatakatra ny atao hoe fahagagana.

Matetika isika dia manoritra ny fahagagana ho fahasitranana tsy voazavan'ny fitsaboana ara-tsiansa na fisorohana ny loza voajanahary tamin'ny fanarahana bitsika mazava. Kanefa ny famaritana ny *fahagagana* ho "zava-nitranga niteraka tombontsoa iray nentina avy tamin'ny hery masina izay tsy takatry ny olombelona ary tsy azony alain-tahaka"[2] dia manome antsika fomba fijery mivelatra kokoa mankany amin'ny zavatra maharitra mandrakizay. Io famaritana io ihany koa dia manome fahafahana antsika handinika tsara ny anjara asa lehibe sahanin'ny finoana amin'ny fandraisana fahagagana.

Nampianatra i Môrônia hoe: "Tsy nisy na iza na iza, na tamin'ny fotoana inona na tamin'ny fotoana inona, nahavita fahagagana raha tsy taorian'ny ninoany."[3] Nanambara i Amôna hoe: "Andriamanitra dia [namatsy] fitaovana, izay hahazoan'ny olona manao fahagagana mahery amin'ny alalan'ny finoana"[4] Hoy ny nambaran'ny Tompo tamin'i Joseph Smith: "Fa Izaho no Andriamanitra, . . . ary haneho fahagagana . . . amin' ireo rehetra izay mino ny anarako Aho."[5]

Nangataka an'i Sadraka sy Mesaka ary Abednego i Nebokadnezara mpanjaka mba hivavaka amin'ny sary volamena nataony, sady nandrahona nanao hoe: "Raha tsy mety mivavaka kosa hianareo, dia hatsipy . . . ao anatin'ny lafaoro misy afo mirehitra." Avy eo dia naneso azy ireo izy hoe: "Iza moa izany Andriamanitra hahavonjy anareo amin'ny tanako izany?"[6]

Hoy ireto mpianatra anankitelo be zotompo ireto: "Indro, Andriamanitra Izay tompoinay dia mahavonjy anay amin'ny lafaoro misy afo mirehitra. . . . Ary na dia tsy izany aza, aoka ho fantatrao, ry mpanjaka ô, fa ny andriamanitrao dia tsy hotompoinay."[7]

Nanana fahatokiana tanteraka izy ireo fa afaka manavotra azy ireo Andriamanitra, "ary na dia tsy izany aza" dia nanana finoana feno ny drafiny izy ireo.

Mitovitovy amin'izany, indray mandeha dia nanontany zatovolahy iray izay nangataka tsodranon'ny fisoronana ny Loholona David A. Bednar nanao hoe: "Raha sitrapon'ny Raintsika any An-daintra ny hamindrana anao any amin'ny tontolon'ny fanahy amin'ny alalan'ny fahafatesana amin'ny fahatanoranao mba hanohy ny fanompoanao, manana ny finoana hanaraka ny sitrapony ve ianao dia tsy ho sitrana?[8] Manana finoana ve *isika* ka "tsy ho sitrana" amin'ireo fahoriana an-tany fa ho sitrana mandrakizay?

Ny fanontaniana iray tokony halalinina dia hoe: "Amin'iza no ametrahantsika ny finoantsika?" Moa ve ny

finoantsika mifantoka fotsiny amin'ny fitadiavana fanasitranana ny rofy sy ny fahoriantsika, sa ve izany mifototra mafy amin' Andriamanitra Ray sy ny drafiny masina ary i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany? Ny finoana ny Ray sy ny Zanaka dia mamela antsika hahatakatra sy hanaiky ny sitrapon' Izy Ireo rehefa miomana ho amin'ny mandrakizay isika.

Anio aho dia mijoro ho vavolombelona momba ny fahagagana. Ny maha-zanak' Andriamanitra antsika dia fahagagana.[9] Ny fandraisana vatana araka ny endriny dia fahagagana.[10] Ny fanomezana Mpamonjy iray dia fahagagana.[11] Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia fahagagana.[12] Ny fahafahana mahazo ny fiainana mandrakizay dia fahagagana.[13]

Na dia tsara aza ny mivavaka sy ny manao zavatra mba hahazo fiarovana ara-batana sy ho sitrana mandritra ny fisiantsika eto an-tany, ny fifantohantsika faratampony dia tokony ho amin'ireo fahagagana ara-panahy izay mety ho azon'ny zanak' Andriamanitra rehetra. Na inona na inona firazanantsika, na aiza na aiza firenena niaviantsika, na inona na inona zavatra nataontsika ka efa nibebahantsika, na inona na inona zavatra efa nataontsika tamin'ny tenantsika, dia samy manana fahafahana mitovy hahazo ireo fahagagana ireo isika rehetra Isika dia fahagagana velona, ary mbola misy fahagagana miandry antsika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Môrônia 7:35.
2. *Encyclopedia of Mormonism* (1992), "Miracles," 2:908.
3. Etera 12:18.
4. Môsià 8:18.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 35:8.
6. Daniela 3:15.
7. Daniela 3:17–18.
8. David A. Bednar, "Accepting the Lord's Will and Timing," *Liahona,* aog. 2016, 19–20.
9. Jereo ny Salamo 82:6; Asan'ny Apostoly 17:29.
10. Jereo ny Abrahama 4:26.
11. Jereo ny Isaia 9:6.
12. Jereo ny Matio 20:28; Almà 7:11–13; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:69.
13. Jereo ny Jaona 10:28; Môrônia 7:41; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:8.



**Nataon'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Fampanantenana sady soa no lehibe indrindra

*Ny drafitra lehiben'ny fahasambarana an'ny Ray any An-danitra dia ahitana ny fotopampianarana, ny ôrdônansy, ny fanekempihavanana, ary ny fampanantenana sady soa no lehibe indrindra ka amin'ny alalan'izany no ahafahantsika ho lasa mpiray amin'ny fomban' Andriamanitra.*

Ny iray amin'ireo fanamby lehibe atrehantsika tsirairay isan'andro dia ny tsy famelana ny fiahiahiana izao fiainana izao ho tena hibahana ny fotoantsika sy tena handany ny herintsika ka lasa hadinontsika ireo zavatra mandrakizay izay manan-danja indrindra.[1] Mora loatra amintsika ny ho lasa tsy hahatsiaro ireo laharampahamehana ara-panahy tena ilaina sy hifantoka amin'izany noho ireo andraikitra maro sahanintsika sy ny fahateren'ny fandaharam-potoantsika. Indraindray isika mihazakazaka mafy loatra ka mety hadinontsika ny lalana halehantsika sy ny antony hihazakazahantsika.



Ny Apôstôly Petera dia mampahatsiahy antsika fa ho an'ny mpianatr'i Jesoa Kristy dia, "Efa nomen'ny herin' Andriamanitra ho antsika ny zavatra rehetra momba ny *fiainana sy ny toe-panahy araka an' Andriamanitra,* amin'ny fahalalana Ilay niantso antsika tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany;

"Ary izany no nahatanterahany amintsika ireo *[fampanantenana] sady soa no lehibe indrindra,* mba ho tonga *mpiray amin'ny fomban' Andriamanitra* amin'izany hianareo, rehefa afa-nandositra ny fahalotoana izay eo amin'izao tontolo izao noho ny filana."[2]

Ny hafatro dia manamafy ny maha-zava-dehibe ireo fampanantenana sady soa no lehibe indrindra izay nofaritan'i Petera ho toy ny mpampahatsiahy marina ny lalana alehantsika mandritra ny diantsika eto an-tany sy ny antony. Hiresaka koa ny anjara asan'ny andro Sabata, sy ny tempoly masina ary ny tokantranontsika aho eo amin'ny fanampiana antsika mba hahatsiaro ireo fampanantenana manan-danja ara-panahy ireo.

Mivavaka mafy aho mba hampianatra antsika tsirairay ny Fanahy Masina raha hiara-handinika an'ireo fahamarinana manan-danja ireo isika.

### Ny toetrantsika amin'ny maha-Andriamanitra

Ny drafitra lehiben'ny fahasambarana an'ny Raintsika any An-danitra dia ahitana ny fotopampianarana, ny ôrdônansy, ny fanekempihavanana, ary ny fampanantenana sady soa no lehibe indrindra ka amin'ny alalan'izany no ahafahantsika ho lasa mpiray amin'ny fomban' Andriamanitra. Ny drafiny dia mamaritra ilay maha-isika antsika mandrakizay ary ny lalana tsy maintsy arahintsika mba hianarana, hiovana, sy hivoarana ary amin'ny farany mba hiarahana miaina Aminy mandrakizay.

Araka izay hazavaina ao amin'ny "Ny fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao" hoe:

"Ny olombelona rehetra—lahy sy vavy—dia nohariana araka ny endrik' Andriamanitra. Ny tsirairay dia fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra, ary araka izany, ny tsirairay dia samy manana toetra sy anjara araka an' Andriamanitra. . . .

"Tany amin'ny fanjakana talohan'ny nahaterahana, ireo fanahy izay zanakalahy sy zanakavavy dia nahafantatra sy nanompo an' Andriamanitra tahaka ny Rainy mandrakizay ary nanaiky ny drafiny izay ahafahan'ireo zanany hahazo vatana sy hahazo traikefa etỳ ambonin'ny tany mba handrosoany mankany amin'ny fahatanterahana ary hahatratrarany any amin'ny farany ny anjarany tahaka an' Andriamanitra amin'ny maha-mpandova ny fiainana mandrakizay azy."[3]

Mampanantena ny zanany Andriamanitra fa raha manaraka ireo fitsipika ao anatin'ny drafiny sy ny ohatra nasehon'ilay Zanaka malalany izy ireo ary mitandrina ny didy sy maharitra amim-pinoana hatramin'ny farany, dia "hahazo ny fiainana mandrakizay izy ireo izay fanomezana lehibe indrindra amin'ny fanomezan' Andriamanitra rehetra"[4] noho ny fanavotan'ny Mpamonjy. Ny fiainana mandrakizay no fampanantenana faratampony izay sady soa no lehibe indrindra.

### Fahaterahana ara-panahy indray

Takatsika bebe kokoa ny dikan'ny hoe ireo fampanantenana sady soa no lehibe indrindra sy ny hoe manomboka ho lasa mpiray amin'ny fomban' Andriamanitra, amin'ny alalan'ny fandraisana andraikitra araka ny tokony ho izy eo anatrehan'ny antso avy amin'ny Tompo tamin'ny voninahiny sy ny fahatsarany. Araka ny nofaritan'i Petera dia tanteraka io antso io amin'ny alalan'ny fandosirana ny fahalotoana eo amin'izao tontolo izao.

Rehefa mibosesika mandroso amim-panoavana amin'ny finoana ny Mpamonjy isika, dia "[hisy] fiovana mahery vaika [ao amintsika], na ao [am-pontsika], ka tsy manana fironana hanao ratsy intsony [isika] fa ny hanao soa lalandava kosa," noho ny Sorompanavotany sy ny herin'ny Fanahy Masina.[5] Isika dia "ateraka indray; eny, aterak' Andriamanitra, ovaina avy amin'ilay toetran[tsika] manaram-batana sy lavo, ho amin'ny toetry ny fahamarinana, rehefa navotan' Andriamanitra."[6] "Koa raha misy olona ao amin'i Kristy, dia olom-baovao izy; efa lasa ny zavatra taloha, indreo, efa tonga vaovao ireo."[7]

Tsy miseho haingana na miseho indray mandeha daholo raha ny mahazatra ny fiovana tanteraka toy izany eo amin'ny toetrantsika. Isika koa tahaka ny Mpamonjy dia "tsy nandray hatramin'ny voalohany ny fahafenoana, fa [nandray] fahasoavana niampy fahasoavana."[8] "Nefa indro, izao no lazain'ny Tompo Andriamanitra: Hanome ny zanak'olombelona andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra Aho, ary fitsipika anampy fitsipika, etsy kely ary eroa kely; ary sambatra ireo izay mihaino ny fitsipiko, sy mampandry sofina amin'ny torohevitro, fa hianatra fahendrena izy."[9]

Ireo ôrdônansin'ny fisoronana sy ireo fanekempihavanana masina dia tena ilaina ao anatin'ny fizotran'io dingan'ny fahaterahana indray ara-panahy io. Ireo koa dia fitaovana natolotr' Andriamanitra izay ahazoantsika ireo fampanantenany sady soa no lehibe indrindra. Ireo ôrdônansy izay noraisina tamim-pahamendrehana sy tsaroana tsy tapaka dia manokatra ilay fantsona any an-danitra, ka amin'ny alalan'izany no ahafahan'ilay hery masina mikoriana eo amin'ny fiainantsika. Ny fanekempihavanana izay voatandrina mafy sy tsaroana lalandava dia manolotra tanjona sy fananana fahatokiana fa hahazo fitahiana eto an-tany sy mandrakizay.

Ohatra, Andriamanitra dia mampanantena antsika, araka ny fahatokiantsika, ny fananana ho namana lalandava ny mpikambana fahatelo ao amin' Ny Andriamanitra, dia ny Fanahy masina izany,[10] ary amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia afaka mahazo sy mitàna mandrakariva ny famelana ny fahotantsika isika,[11] ary afaka mahazo fiadanana isika eto amin'ity izao tontolo izao ity,[12] ary nanapatapaka ny famatoran'ny fahafatesana ny Mpamonjy ka nandresy ny fasana,[13] ary afaka ny hiaraka mandrakizay ny fianakaviana.

Mazava ho azy fa tsy voaisa na voafaritra tanteraka ireo fampanantenana sady soa no lehibe indrindra izay atolotry ny Ray any An-danitra ny zanany. Saingy na dia ilay lisitra misy ny ampahany amin'ireo fitahiana nampanantenaina notanisaiko teo aza dia tokony "hahagaga"[14] antsika tsirairay sy "hampandohalika [antsika tsirairay] ka hitsaoka ny Ray"[15] amin'ny anaran'i Jesoa Kristy.

### Mahatsiaro ireo fampanantenana

Nampitandrina ny Filoha Lorenzo Snow hoe: "Haintsika loatra ny manadino ny tena tanjon'ny fiainana, sy ny antony nandefasan'ny Raintsika any An-danitra antsika ety mba hahazo vatana, ary koa ilay antso masina izay niantsoana antsika. Ary noho izany, raha tokony handresy ireo zavatra kely mandalo isika . . . , dia matetika loatra no mamela ny tenantsika hidina hitovy haavo amin'izao tontolo izao ka tsy mahazo ny fanampian'ny lanitra izay efa napetrak' Andriamanitra isika, izay hany afaka manome fahafahana antsika handresy [ireo zavatra mandalo ireo]."[16]

Ny andro Sabata sy ny tempoly masina dia loharano anankiroa manokana ahazoana fanampiana masina izay napetrak' Andriamanitra mba hanampiana antsika hihoatra ny haavon'izao tontolo izao sy ny fahalotoany. Mety

hieritreritra isika aty am-boalohany hoe ireo tanjona lehibe indrindra mahakasika ny fihazonana ny andro Sabata ho masina sy ny fanatrehana ny tempoly dia misy ifandraisany saingy samy manana ny tanjony manokana. Izaho anefa dia mino fa ireo tanjona roa ireo dia tena mitovy ary miara-miasa mba hampatanjahana ara-panahy antsika tsirairay sy ny tokantranontsika.

*Ny Sabata*

Rehefa avy nahary ny zava-drehetra Andriamanitra dia nitsahatra izy ny andro fahafito ary nanome didy ny hisian'ny andro iray isan-kerinandro ho fotoana hitsaharana mba hanampiana ny olona hahatsiaro Azy.[17] Fotoana an' Andriamanitra ny Sabata, **fotoana masina iray** natokana hitsaohana Azy ary handraisana sy hahatsiarovana ireo fampanantenany sady soa no lehibe.

Ny Tompo dia nanome didy tamin'ity fotoampitantanana ity hoe:

"Ary mba hahazoanao miaro tanteraka kokoa ny tenanao tsy ho voapentimpetin' izao tontolo izao, dia handeha ho any amin'ny trano fivavahana ianao ary hanatitra ny fanati-pisaoranao amin' ny androko masina;

"Satria marina tokoa fa izany no andro voatendry ho anao hitsaharanao amin' ny asanao; ary hanatanterahanao ny fanompoana ny Avo Indrindra."[18]

Noho izany dia mitsaoka ny Ray amin'ny anaran'ny Zanany isika amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ireo ôrdônansy sy ny fianarana mikasika ireo fanekempihavanana, ny fandraisana sy ny fahatsiarovana ary ny fanavaozana izany. Amin'ny androny masina, ny eritreritsika sy ny zavatra ataontsika ary ny fitondran-tenantsika no marika atolotsika an' Andriamanitra sy famantarana izay maneho ny fitiavantsika Azy.[19]

Ny tanjona iray fanampin'ny Sabata dia ny hampisondrotana ny fijerintsika miala eo amin'ireo zavatr'izao tontolo izao mankany amin'ireo fitahiana avy amin'ny mandrakizay. Rehefa miala amin'ireo zavatra maro fanaontsika mahazatra eo amin'ny fiainantsika mirototoroto isika mandritra io fotoana masina io dia afaka "hijery an' Andriamanitra ka ho velona"[20] amin'ny alalan'ny fandraisana sy fahatsiarovana ireo fampanantenana sady soa no lehibe ka amin'ny alalan'izany no ahafahantsika ho lasa mpiray amin'ny fomban' Andriamanitra.



*Ny Tempoly Masina*

Ny Tompo dia efa nandidy foana ny vahoakany mba hanorina tempoly, toerana masina izay hanatanterahan'ny Olomasina fombafomba masina mifandray amin'ny filazantsara ary ôrdônansy ho an'ny tenan'izy ireo manokana sy ho an'ny maty. Ny tempoly no toerana masina indrindra amin'ny toerana fitsaohana rehetra eto an-tany. Ny tempoly dia tranon'ny Tompo ara-bakiteny, **toerana masina iray** natokana hitsaohana Azy ary handraisana sy hahatsiarovana ireo fampanantenany sady soa no lehibe.

Nanome torolalana ny Tompo tao anatin'izao fotoampitantanana izao hoe: "Mifandamina ianareo; omano ny zavatra rehetra ilaina, ary manorena trano, dia tranon'ny vavaka, tranon'ny fifadian-kanina, tranon'ny finoana, tranon'ny fianarana, tranon'ny voninahitra, tranon'ny filaminana, tranon' Andriamanitra."[21] Ny tena ivon'ny fitsaohana ao amin'ny tempoly dia ny fandraisana anjara amin'ireo ôrdônansy sy ny fianarana mikasika ireo fanekempihavanana, ny fandraisana ary ny fahatsiarovana izany. Ny eritreritsika sy ny zavatra ataontsika ary ny akanjo anaovantsika any amin'ny tempoly dia tsy mitovy amin'ny eritreritsika sy ny zavatra ataontsika ary ny akanjo anaovantsika any amin'ireo toerana hafa mety falehantsika.

Ny tanjona voalohan'ny tempoly dia ny hampisondrotra ny fijerintsika miala eo amin'ireo zavatr'izao tontolo izao mankany amin'ireo fitahiana avy amin'ny mandrakizay. Rehefa mandao mandritra ny fotoana fohy ireo toe-javatra eto amin'izao tontolo izao izay mahazatra antsika isika, dia afaka "hijery an' Andriamanitra ka ho velona"[22] amin'ny alalan'ny fandraisana sy fahatsiarovana ireo fampanantenana sady soa no lehibe ka amin'ny alalan'izany no ahafahantsika ho lasa mpiray amin'ny fomban' Andriamanitra.

Mariho tsara fa ny andro Sabata sy ny tempoly dia samy *fotoana masina* sy *toerana masina* natokana hitsaohana an' Andriamanitra ary handraisana sy hahatsiarovana ireo fampanantenana nataony tamin'ny zanany izay sady soa no lehibe indrindra. Araka ny nanorenan' Andriamanitra azy, dia tena mitovy ny tanjona voalohan'ireo

loharanom-panampiana masina anankiroa ireo: mba hampifantoka mafy hatrany ny saintsika amin'ny Raintsika any An-danitra, ny Zanany Lahitokana, ny Fanahy Masina ary ireo fampanantenana mifandray amin'ireo ôrdônansy sy fanekempihavanan'ny filazantsaran'ny Mpamonjy naverina tamin'ny laoniny.

### *Ny tokantranontsika*

Ny zavatra tena manan-danja dia ny tokony hahatonga ny tokantrano ho fampikambanana tsara indrindra ny **fotoana sy ny toerana,** ka ao anatin'izany no tena ahatsiarovan'ny olona tsirairay sy ny fianakaviana tsara ireo fampanantenan' Andriamanitra izay sady soa no lehibe. Zava-dehibe ny fandaozana ny tokantranontsika mba hanokanana fotoana hanatrehana ireo fivoriana alahady sy hidirana any amin'ilay toerana masin'ny tempoly, saingy tsy ampy izany. Rehefa mitondra ny fanahy sy ny tanjaka azo avy amin'ireo zavatra masina atao ireo any an-tokantranontsika ihany isika vao afaka manohy ny fifantohantsika amin'ireo tanjona lehiben'ny fiainana an-tany sy mandresy ny fahalotoan'izao tontolo izao. Ireo zavatra iainantsika mandritra ny Sabata sy any amin'ny tempoly dia tokony ho fitaovana ara-panahy izay hitondra ho an'ny tenantsika manokana sy ny fianakaviantsika ary ny tokantranontsika fampahatsiahivana tsy tapaka ireo lesona nianarana, ny fanatrehan'ny Fanahy Masina sy ny heriny, ary fiovam-po mitohy sy lalina ao amin'i Jesoa Kristy Tompo sy fananana "fanantenana mamirapiratra sy lavorary"[23] amin'ireo fampanantenana mandrakizain' Andriamanitra.

Ny Sabata sy ny tempoly dia afaka manampy antsika hanorina "lalana tena tsara indrindra"[24] ao an-tokantranontsika rehefa "manangona ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy [isika], na ny any an-danitra, na ety an-tany, dia ho ao aminy."[25] Ny zavatra ataontsika ao an-tokantranontsika mandritra ilay *fotoany masina* ary ny zavatra ianarantsika ao anatin'ilay *toerany masina* dia tena ilaina mba hahatongavana ho mpiray amin'ny fomban' Andriamanitra.

### Fampanantenana sy fijoroana ho vavolombelona

Mora tototr'ireo zavatra mahazatra sy fanaontsika andavanandro eto an-tany isika. Ilaina sy manan-danja ny matory, misakafo, miakanjo, miasa, milalao sy manao fanatanjahan-tena ary ireo zavatra maro hafa fanao mahazatra. Saingy any amin'ny farany, ilay karazan'olona ahatongavantsika, dia vokatry ny fahalalantsika mikasika ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sy ny fahavononantsika hianatra avy amin'izy ireo, fa tsy ny fitambaran'ireo zavatra ataontsika isan'andro fotsiny mandritra ny androm-piainantsika.

Ny filazantsara dia mihoatra lavitra ny lisitra mahazatra ahitana ireo adidy samihafa tokony ho tanterahina; fa toy ny lamba temitry ny fahamarinana tsara tarehy izany izay "irafetan'ny rafitra rehetra"[26] ary voatenona miaraka, natao mba hanampiana antsika ho lasa tahaka ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Tompo, ary ho mpiray amin'ny fomban' Andriamanitra mihitsy aza. Tena jamba avy "amin'ny fibanjinana ny any ivelan'ny tanjona"[27] isika rehefa voabahan'ny zavatra mahavariana an'izao tontolo izao sy ny fiahiahiany ary ny tsy firaharahiany io fahamarinana ara-panahy tena lehibe io.

Rehefa hendry sy manasa ny Fanahy Masina mba ho mpitarika antsika isika,[28] dia mampanantena aho fa hampianatra antsika ny marina Izy. "Hijoro ho vavolombelona ny amin'i Kristy Izy, [sy] hampiseho ao an-tsaintsika ny fomba fijerin'ny lanitra"[29] rehefa miezaka ny manatanteraka ilay anjarantsika mandrakizay isika sy miezaka ny ho lasa mpiray amin'ny fomban' Andriamanitra.

Mijoro ho vavolombelona aho fa azo antoka ireo fampanantenana sady soa no lehibe indrindra izay mifandray amin'ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana. Nanambara izao ny Tompo hoe:

"omeko anareo ireto toromarika momba ny fomba tokony hitondranareo tena ao anoloako ireto, mba hahatonga izany ho famonjena anareo.

"Izaho Tompo dia voafatotra rehefa ataonareo izay lazaiko; fa rehefa tsy ataonareo kosa izay lazaiko, dia tsy manana fampanantenana ianareo."[30]

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona ny Raintsika any An-danitra ary Izy no mpamorona ny drafitry ny famonjena. I Jesoa Kristy no Zanany Lahitokana, Ilay Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Velona Izy. Ary mijoro ho vavolombelona aho fa ny drafitry ny Ray any An-danitra sy ireo fampanantenany, ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy sy ny fananana ny Fanahy Masina ho namana dia ahafahana mahazo "fiadanana eo amin'ity izao tontolo izao ity ary fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy."[31] Mijoro ho vavolombelona ny amin'ireo zavatra ireo aho amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy Tompo, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:10.
2. 2 Petera 1:3–4; nampiana fanamafisana.
3. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao tontolo Izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129.
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 14:7
5. Môsià 5:2.
6. Môsià 27:25
7. 2 Korintiana 5:17
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 93:12
9. 2 Nefia 28:30.
10. Jereo ny Môrônia 2:2; Torolalana ho an'ny soratra masina, "Fanahy Masina," scriptures.lds.org.
11. Jereo ny Môsià 4:10–12.
12. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23.
13. Jereo ny Môsià 16:7–8.
14. "Mahagaga ahy," *Fihirana sy hiran'ny ankizy*, lah. 44.
15. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 18:40.
16. *Enseignements des Présidents de l'Église: Lorenzo Snow* 2012), 101–2.
17. Jereo ny Eksodosy 20:8–11.
18. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:9–10.
19. Jereo ny Russell M. Nelson,"Fahafinaretana ny Sabata," *Liahona,* mey 2015, 130.
20. Almà 37:47; jereo koa ny Almà 37:46.
21. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:119
22. Almà 37:47.
23. 2 Nefia 31:20.
24. 1 Korintiana 12:31; Etera 12:11.
25. Efesiana 1:10.
26. Efesiana 2:21.
27. Jakôba 4:14.
28. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 45:57.
29. "Que l' Esprit soit avec nous," *Cantiques;* no. 78.
30. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 82:9–10.
31. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:23.



**Nataon'ny Eveka W. Christopher Waddell**
Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Episkôpà Mpiahy

# Miverena amin'ny Tompo


*Tsy afaka mifehy ny zavatra rehetra mitranga amintsika isika, kanefa afaka mifehy tanteraka izay ho fihetsitsika manoloana ireo fiovana eo amin'ny fiainantsika.*

Tamin'ny lohataonan'ny taona 1998 dia afaka nanambatra dia momba ny asa sy fialan-tsasatry ny mpianakavy izaho sy i Carol ary nitondra ny zanakay efatra niaraka tamin'ny rafozambaviko izay maty vady vao haingana, nankany Hawaii nandritra ny andro vitsy.

Ny alina talohan'ny nandehananay nisidina nankany Hawaii dia hitan'ny mpitsabo fa voan'ny aretin-tsofina ny sofina roan'i Jonathon zanakay lahy efa-taona, ary nilaza taminay ny mpitsabo fa tsy afaka manao dia lavitra izy ao anatin'ny telo na efatra andro farafahakeliny. Tapakevitra izahay fa hijanona ao an-trano miaraka amin'i Jonathon i Carol, ary izaho kosa dia hanao ilay dia miaraka amin'ny sisa ao amin'ny fianakaviana.

Nitranga fotoana fohy taorian'ny nahatongavanay ny fambara voalohany izay naneho tamiko fa tsy nizotra tsara araka izay nieritreretako azy ilay dia. Rehefa nandeha teo amin'ny lalana nisy hazo palma nilahadahatra notarafin'ny volana sady nahatazana ny ranomasina teo anoloanay izahay, dia nitodika aho mba hilaza ny hatsaran'ilay nosy, ary tamin'io fotoana nampihetsi-po io, raha tokony hahita an'i Carol aho, dia ilay rafozam-baviko, izay lazaiko etoana fa tiako tokoa, indray no nifampijery tamiko. Tsy izay tsotra izao ny zavatra nandrasako. Ary na dia i Carol koa aza dia tsy nanampo ny hanao fialantsasatra irery tao an-trano niaraka tamin'ny zanakay lahy narary.

Hisy fotoana isika eo amin'ny fiainantsika ho tonga eo amin'ny lalana iray tsy nantenaintsika, hiatrika toejavatra iainana izay mafy lavitra kokoa noho ny fialan-tsasatra simba. Inona no ataontsika rehefa manova ny fiainana izay nomanintsika na nantenaintsika ireo zavatra mitranga, izay matetika no tsy voafehintsika?



*I Hyrum Shumway, izay lasa jamba nandritra ny Ady Lehibe Faharoa dia nametraka lovan'ny finoana sy fitokiana ny Tompo ho an'ny taranany.*

Tamin'ny 6 jona 1944 dia nidina an-tanety teo amin'ny morontsiraka tao Omaha Beach i Hyrum Shumway, izay sous-lieutenant vao herotrerony tao amin'ny tafika Amerikana nandritra ilay andro voalohany nanafihana tao Normandie. Tsy azon-doza izy nandritra ny fidinana teo amin'ilay tany, saingy tamin'ny 27 jolay rehefa isan'ireo nandeha nanafika an-tanety izy, dia naratra mafy noho ny vanja mpamotika tanky izay nipoaka. Tao anatin'ny fotoana fohy dia nisy fiantraikany goavana teo amin'ny fiainany sy ny asany amin'ny mahampitsabo kasainy hatao amin'ny ho avy izany. Taorian'ny fandidiana maro be, izay nanampy azy ho sitrana tamin'ny ankamaroan'ireo ratra mafy nahazo azy, dia tsy nety niverina nahiratra intsony ny mason-drahalahy Shumway. Ahoana no ho fihetsiny manoloana izany?

Taorian'ny telo taona nitsaboana azy tao amin'ny hôpitaly fanampiana ny olona tra-doza na tratran'ny fiankinan-doha ho salama sy hiaina tsara indray dia niverina nody tany Lovell, Wyoming izy. Fantany fa ny nofinofiny ho tonga mpitsabo dia tsy ho tanteraka intsony, kanefa vonona ny handroso hatrany izy, hanambady, ary hamelom-bady aman-janaka.

Taty aoriana dia nahita asa tao Baltimore, Maryland izy ary mpanoro hevitra ireo olona tra-doza na tratran'ny fiankinan-doha ho salama tsara sy manam-pahaizana momba ny fitadiavana asa ho an'ny jamba no asany.



Nandritra ny dingana nanazarany tena ho afaka hiaina tsara indray dia nianatra izy fa afaka manao zavatra betsaka kokoa noho izay noheveriny ny jamba, ary nandritra ny valo taona nanaovany izany asa izany dia betsaka kokoa noho izay vitan'ny mpanoro hevitra rehetra manerana ilay firenena ny isan'ny olona jamba nahitany asa.

Ary tamin'izay, rehefa natoky ny fahafahany hamelona fianakaviana i Hyrum dia nangataka ilay malalany mba hanambady azy tamin'ny fitenenana hoe: "Raha vonona ny hamaky ireo taratasy tonga ianao, sy hampitovy ny bakiraroko, ary hamily ny fiara, dia afaka manao ny sisa rehetra aho."Vetivety taorian'izay izy ireo dia voafehy tao amin'ny Tempolin'i Salt Lake ary taty aoriana dia nanan-janaka valo.

Niverina tany Wyoming ry Shumway mianakavy tamin'ny 1954, ary Talemparitra nisahana ny fanabeazana ny marenina sy ny jamba tao nandritra ny 32 taona i Shumway. Nandritra izany fotoana izany dia evekan'ny Paroasy voalohany tao Cheyenne nandritra ny fito taona izy, ary patriarika teo anivon'ny tsatòka nandritra ny 17 taona taty aoriana.Taorian'ny fisotroan-dronono dia misiônera mpivady tao amin'ny Misiônan'i Londres du sud ihany koa Rahalahy sy Rahavavy Shumway.

Nodimandry tamin'ny martsa 2011 i Hyrum Shumway, ka namela lovan'ny finoana sy fitokiana ny Tompo, na dia tao anatin'ny toe-javatra sarotra aza, ho an'ny taranaka maro ahitana zanaka, zafikely, ary zafiafy.[1]

Mety hoe novain'ny ady ny fiainan'i Hyrum Shumway, kanefa tsy niahiahy ny amin'ny toetra araka an' Andriamanitra sy ny fahafaha-manao zavatra mandrakizay nananany mihitsy izy. Tahaka azy, isika dia fanahy zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra, ary "nanaiky ny drafiny izay ahafaha[ntsika] zanany hahazo vatana sy hahazo traikefa etỳ ambonin'ny tany mba handrosoa[ntsika] mankany amin'ny fahatanterahana ary hahatratra[rantsika] any amin'ny farany ny anjara[ntsika] tahaka an' Andriamanitra amin'ny maha mpandova ny fiainana mandrakizay [antsika]."[2] Tsy misy fatram-piovana, na fitsapana, na fifanoherana afaka manova izany lalana mandrakizay izany, afa-tsy ny safidintsika ihany, rehefa mampihatra ny fahafahantsika misafidy isika.

Ireo fiovana, sy ny olana aterak'izany, izay atrehantsika eto amin'ny fiainana an-tany dia hita amin'ny endriny maro ary misy fiantraikany eo amin'ny tsirairay avy amintsika amin'ny fomba miavaka. Tahaka anareo, izaho dia efa nahita namana sy fianakaviana niatrika olana nateraky ny:

- Fahafatesan'ny havan-tiana iray.
- Fisaraham-panambadiana tena mafaitra.
- Angamba koa tsy fananana fahafahana mihitsy mba hanambady.
- Aretina na faharatrana lehibe iray.
- Eny fa na ny loza ara-boajanahary aza, tahaka izay hitantsika vao haingana.

Na dia mety hoe tsy mitovy amin'ny an'ny hafa fa arakaraka ny toe-javatra iainantsika tsirairay aza ny "fiovana" tsirairay, dia misy zavatra iraisana ao anatin'ny fitsapana na ny olana aterak'izany: ny fanantenana sy ny fiadanana dia afaka ny ho azo foana amin'ny alalan'ny sorompanavotan'i Jesoa Kristy. Ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia manome ny fepetra hoentimanitsy sy manasitrana faratampony indrindra ho an'ny vatana maratra sy ny fanahy simba ary ny fo maratra rehetra.

Fantany, amin'ny fomba tsy takatr'iza na iza, ny zavatra ilaintsika tsirairay, mba handrosoana eo anivon'ny fiovana. Ny Mpamonjy, izay tsy mitovy amin'ireo namantsika sy olon-tiantsika, dia tsy vitan'ny hoe miara-ory na miara-paly amintsika fotsiny, fa afaka mahatakatra tanteraka koa ny zavatra tsapantsika Izy, satria efa niainany ny zavatra iainantsika. Ankoatra ny nanonerany ny sarany sy ny fijaliantsika noho ny fahotantsika, i Jesoa Kristy ihany koa dia nandeha tamin'ny lalana rehetra, niatrika ny olana rehetra, niaina ny fijaliana rehetra, na ara-batana, na ara-pihetseham-po, na ara-panahy, izay mety hohatrehantsika rehetra eto amin'ny fiainana an-tany.

Nampianatra ny Filoha Boyd K. Packer hoe: "Tsy voafetra ho an'ireo izay nanota . . . fotsiny ihany ny famindrampo sy fahasoavan'i Jesoa Kristy, fa tafiditra ao anatin'izany ilay fampanantenana ny fiadanana mandrakizay ho an'ireo rehetra izay manaiky sy manaraka Azy. . . . Ny famindrampony no mpanasitrana mahery, eny fa na ho an'ireo voaratra noho ny otan'ny hafa aza."[3]

Tsy afaka *mifehy* ny zavatra rehetra mitranga amintsika isika eto amin'ity fiainana an-tany ity, kanefa afaka mifehy tanteraka izay ho *fihetsitsika* manoloana ireo fiovana eo amin'ny fiainantsika. Tsy midika akory izany fa tsy misy vokany sy mora vahana na raisina an-tanana ireo olana sy fitsapana atrehantsika. Tsy midika izany fa tsy hahatsapa fanaintainana na ratram-po isika. Kanefa izany dia midika fa misy antony tokony hanantenana, ary noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia afaka mandroso isika ary hiaina andro tsaratsara kokoa, andro feno fifaliana sy fahazavana ary fahasambarana mihitsy aza.

Hitantsika ao amin'ny Môsià ny tantaran'i Almà, ilay mpisoron'i Noà Mpanjaka teo aloha, sy ny olony izay "rehefa nampahalalain' ny Tompo mialoha . . . [dia] niainga nankany an-tany foana talohan' ny miaramilan' i Noà mpanjaka." Rehefa afaka valo andro dia "tonga teo amin' ny . . . tany tena tsara sy mahafinaritra [izy ireo]" ary tao izy no "nanangana ny lainy . . . ary rafitra niasa ny tany sy nanomboka nanorina trano."[4]

Toa nahavelom-panantenana ny toe-javatra niainan'izy ireo tamin'izay. Nanaiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy izy ireo. Natao batisa izy ireo ary nanao fanekempihavanana fa hanompo ny Tompo sy hitandrina ny didiny.Ary "nihamaro sy nambinina izaitsizy tokoa izy teo amin' ny ta[ny]."[5]

Na izany aza anefa, dia niova tanaty fotoana fohy ny toe-javatra niainan'izy ireo."Mby tao amin' ny faritry ny sisintany ny miaramilan' ny Lamanita."[6] Vetivety taorian'izay dia navarina ho amin'ny fanandevozana i Almà sy ny olony, ary "lehibe loatra ny fahoriany ka nanomboka ho nahery nitalaho mafy tokoa tamin' Andriamanitra

izy."Ankoatra izay dia vao mainka aza nodidin'ireo mpisambotra azy izy ireo mba tsy hivavaka intsony, fa raha tsy izany "na zovy na zovy no ho hita miantso an' Andriamanitra dia hovonoina ho faty."[7] Tsy nisy zavatra nataon'i Almà sy ny olony ka nahatonga azy ireo ho mendrika ilay toe-javatra vaovao niainany. Inona no fihetsik'izy ireo nanoloana izany?

Raha tokony hoe nanome tsiny an' Andriamanitra izy ireo dia naleony kosa niverina tany Aminy dia "namboraka ny tao am-pony taminy." Ho setrin'ny finoana sy ny vavaka mangina nataon'izy ireo dia namaly ny Tompo hoe: "Atrakao ny lohanareo. . . . "Hohamaivaniko . . . ny enta-mavesatra izay apetraka eo an-tsorokareo, ka tsy hahatsapa izany ny lamosinareo." Fotoana fohy taorian'izay dia "nampahatanjaka azy ny Tompo mba hahafahany mitondra mora foana ny enta-mavesany, ary izy dia nanaiky tamim-pifaliana sy tamim-paharetana ny sitrapon' ny Tompo rehetra."[8] Na dia tsy mbola nohafahana tamin'ny fanandevozana aza izy ireo, rehefa niverina *tamin'* ny Tompo, fa tsy *niala tamin'* ny Tompo, dia notahiana arakaraka ny zavatra nilainy sy araka ny fahendren'ny Tompo.

Araka ny nampianarin'ny Loholona Dallin H. Oaks dia: "Tonga amin'ny fomba maro ny fitahian'ny fanasitranana, ka mifanaraka amin'izay ilaintsika manokana ny tsirairay amin'izany, izay fantatr'Ilay tena tia antsika indrindra. Indraindray ny -fanasitranana- dia manala ny aretintsika na milanja ny enta-mavesantsika. Saingy indraindray dia -sitrana- isika amin'ny alalan'ny fahazoana hery na fahatakarana na fanetrentena mba hahazakana ilay entamavesatra apetraka eo amintsika."[9]

Nony farany dia "lehibe loatra ny finoany sy ny faharetany," hany ka dia nafahan'ny Tompo i Almà sy ny olony, tahaka ny hanafahana antsika ihany koa "[ary] namboraka ny fisaorany" "satria tao amin' ny famatorana izy, ary tsy ho nisy nahafaka azy tamin' izany afa-tsy ny Tompo Andriamaniny."[10]

Ny zavatra mampihomehy sady mampalahelo dia, matetika loatra ireo izay tena mila fanampiana no miala amin'ny loharanom-panampiana tokana sady tonga lafatr'izy ireo, dia i Jesoa Kristy Mpamonjy antsika. Ny tantara iray be mpahalala ao amin'ny soratra masina momba ny menarana varahina dia mampianatra antsika fa manana safidy isika rehefa miatrika olana. Rehefa avy nokaikerin'ny "menaran'afo manidina"[11] ny maro tamin'ny zanak' Isiraely dia "tandindona iray no natsangana . . ., ka na zovy na zovy no ho nijery izany dia ho velona. [Kanefa safidy izany.] Ary maro no nijery ary velona.

". . . Nefa nisy maro izay efa mafy fo loatra ka tsy nety nijery, noho izany dia maty izy ireny."[12]

Tahaka an'i Isiraely fahiny dia asaina sy amporisihina ihany koa isika hijery ny mpamonjy dia ho velona, satria mora ny ziogany ary maivana ny entany, eny na dia mavesatra aza ny antsika.

I Almà zanany dia nampianatra an'io fahamarinana masina io rehefa nilaza hoe: "fantatro fa na zovy na zovy no hametraka ny fitokiany amin' Andriamanitra dia hotohanana izy amin' ny fizahan-toetra azy sy ny fahasahiranany ary ny fahoriany, ary hasandratra izy amin' ny andro farany."[13]

Amin'izao andro farany izao dia nomen'ny Tompo loharanom-pitaovana maro be isika, dia ny "menarana varahi[ntsika]," ary izy rehetra ireo dia natao mba hanampy antsika hijery an'i Kristy sy hametraka ny fitokisantsika Aminy. Ny famahana ireo olana eo amin'ny fiainana dia tsy ny tsy firaharahiana ny zava-misy marina fa ny fisafidianana kosa hoe hifantoka aiza isika ary inona no fototra hanorenanntsika zavatra.

Ireo loharanom-pitaovana ireo dia ahitana ireto, kanefa tsy voafetra amin'izany:

- Fandalinana ny soratra masina sy ny fampianaran'ireo mpaminany velona.
- Fanaovana matetika vavaka sy fifadian-kanina amin-kitsimpo.
- Fandraisana ny fanasan'ny Tompo amim-pahamendrehana.
- Fankanesana matetika any amin'ny Tempoly.
- Tsodranon'ny fisoronana.
- Fandraisana torohevitra hendry amin'ny alalan'ny matihanina efa voahofana.
- Eny na dia ny fihinanana fanafody aza, rehefa nahazoana taratasimpanafody ara-dalàna sy ampiasaina araka izay nankatoavin'ny mpitsabo.


Na inona na inona fiovana eo amin'ny toe-javatra misy eo amin'ny fiainana mety ho tojo antsika eny amin'ny lalantsika, ary na inona na inona lalana tsy nantenaintsika izay tsy maintsy handehanantsika, dia safidy ny fihetsika hasetrintsika izany. Ny fiverenana amin'ny Mpamonjy sy ny fandraisana ny tanany mihinjitra, no safidy tsara indrindra azontsika atao mandrakariva.

Nampianatra ity fahamarinana mandrakizay ity ny Loholona Richard G. Scott: "Ny tena fifaliana maharitra omban'ny hery sy ny herim-po ary ny fahafahana mandresy ny zava-tsarotra feno fanamby indrindra izay miaraka amin'izany, dia azo avy amin'ny fiainana mifantoka amin'i Jesoa Kristy. . . . Tsy misy fanomezana antoka ny amin'ny hahazoana valiny haingana, kanefa tena azo antoka tanteraka fa, amin'ny fotoan'ny Tompo, dia ho avy ny vahaolana, hanjaka ny fiadanana ary hofenoina ny fahabangana."[14]

Mizara ny fijoroako ho vavolombelona momba ireo fahamarinana ireo aho. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Tantara voaray mivantana avy amin'i Joseph Shumway, izay taranak'i Hyrum Smith Shumway.
2. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," *Liahona,* nôv. 2010, 129.
3. Boyd K. Packer, "Ny anton'ny fanantenantsika," *Liahona,* nôv. 2014.
4. Môsià 23:1–5.
5. Môsià 23:20.
6. Môsià 23:25.
7. Môsià 24:10–11.
8. Môsià 24:12–15.
9. Dallin H. Oaks, "He Heals the Heavy Laden," *Liahona,* nôv. 2006.
10. Môsià 24:16, 21–22.
11. 1 Nefia 17:41.
12. Almà 33:19–20.
13. Almà 36:3.
14. Richard G. Scott, "Trust in the Lord," *Ensign,* nôv. 1995, 17.



**Nataon'ny Loholona W. Craig Zwick**
Mpikambana tao amin'ny Fitopololahy
nisaorana tamim-boninahitra

# Tompoko ô, mba hampahirato ny masoko

*Tsy maintsy mijery ny hafa amin'ny fomba fijerin'ny Mpamonjintsika isika.*

*Le Roi Lion* dia sarimiaina malaza iray momba ny alaalam-bozaka any Afrika. Rehefa maty teo am-pamonjena ny zanany ilay liona mpanjaka dia voatery nanao sesitany ilay printsy lionakely, ary ny mpitondra mpanao jadona iray nandritra izany dia nanimba ny firindram-piainana tao amin'ilay alaalam-bozaka. Ilay printsy lionakely dia nitaky ny hamerenana aminy indray ny fanjakana niaraka tamin'ny fanampian'ny mpampianatra iray. Nampahiratina ny masony mba hahita fa nilaina ny firindram-piainana teo amin'ilay fitohizam-piainana lehibe tao amin'ilay alaalam-bozaka. Raha nitaky ny zony amin'ny mahampanjaka azy ilay liona tanora dia nanaraka torohevitra mba "hijery lavitra kokoa mihoatra izay hitany" izy.[1]

Rehefa mianatra ny ho lasa mpandova ny zavatra rehetra ananan'ny Ray isika, ny filazantsara dia mampianatra antsika hijery lavitra kokoa mihoatra izay hitantsika. Mba hahafahana mijery lavitra kokoa mihoatra izay hitantsika dia tsy maintsy mijery ny hafa amin'ny fomba fijerin'ny Mpamonjintsika isika. Afaka mitaona karazana olona isankarazany ny filazantsara. Tsy afaka hahatakatra tanteraka ny safidy sy ny ao an-tsain'ny olona ao amin'ny tontolo misy antsika, ao am-piangonana, ary ao amin'ny fianakaviantsika mihitsy isika satria zara raha mahatakatra ny zavatra rehetra mombamomba azy ireo isika. Tokony havelantsika any ny fieritreretana mora foana fa marina ny zavatra iray sy ny fitsaratsaram-poana ary hampivelatra bebe kokoa ny traikefa kely ananantsika isika.

Nampahiratina ny masoko mba "hijery lavitra kokoa mihoatra izay hitako" fony aho filohan'ny misiôna. Tonga niaraka tamin'ny ahiahy nisoritra teo amin'ny tarehiny ny elder tanora iray. Rehefa nihaona izahay nandritra ny dinidinika iray dia nilaza tamim-pahakiviana izy hoe "Te hody aho." Nieritreritra mangina aho hoe "Eny ary, azontsika vahàna izany." Notoroiko hevitra izy hiasa mafy sy hivavaka momba izany mandritra ny herinandro dia hiantso ahy avy eo. Herinandro taty aoriana, tena katroka mihitsy, dia niantso izy. Mbola te hody foana izy. Mbola notoroiko hevitra ihany izy hivavaka sy hiasa mafy dia hiantso ahy afaka herinandro. Nandritra ny dinidinika nataonay manaraka dia mbola tsy niova ny fandehan-javatra. Nisisika mafy ny handeha hody izy.

Tsy hanaiky ny hitrangan'izany fotsiny tsotra izao aho. Nanomboka nampianatra azy momba ny mahamasina ny antsony aho. Nankahereziko izy "hanadino [ny tenany] dia handeha hiasa.[2] Saingy na inona na inona torohevitra natolotro taminy dia tsy niova hevitra izy. Tamin'ny farany dia nazava tamiko fa mety tsy nahatakatra ny zavatra rehetra momba azy aho. Tamin'izay aho no nahatsapa fitaomam-panahy hametraka aminy ity fanontaniana ity: "Elder, inona no zavatra sarotra aminao?" Ny zavatra nolazainy dia nanohina mafy ny foko: "Ry Filoha, tsy mahay mamaky teny aho."

Ilay torohevitra hendry neritreretiko fa tena manan-danja ho azy dia tsy nifanaraka mihitsy tamin'ny zavatra nilainy. Ny zavatra tena nilainy dia ny hijereko lavitra mihoatra ny fitsarana maimaika nataoko ary hamela ny Fanahy hanampy ahy hahatakatra ny tena tao antsain'io elder io. Nilainy ny hijereko azy araka ny tena maha-izy azy ary ny hanolorako antony iray hananany fanantenana. Izaho kosa anefa dia naneho fihetsika feno fanaparam-pahefana sy nanimba. Io elder maherifo io dia nianatra namaky teny ary lasa tena mpianatr'i Jesoa Kristy marina. Izy dia nanokatra ny masoko tamin'ireo tenin'ny Tompo manao hoe: "Fa ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo" (1 Samoela 16:7).

Tena fitahiana tokoa rehefa manitatra ny fomba fijerintsika ny Fanahin'ny Tompo. Tsaronareo ve i Elisa mpaminany, izay taitra ka nahita ny miaramila



Syriana nanodidina ny tanànany niaraka tamin'ny soavaly sy kalesy? Natahotra ny mpanompony ka nanontany an'i Elisa izay zavatra hataon'izy ireo hoenti-manohitra ny hery lehibe toy izany. Niteny azy tamin'ny teny tsy hay hadinoina i Elisa mba tsy hatahotra manao hoe: "Aza matahotra; fa ny momba antsika dia be noho ny momba azy" (2 Mpanjaka 6:16). Tsy azon'ilay mpanompo mihitsy ny zavatra tian'ny mpaminany niaviana. Tsy afaka nijery lavitra kokoa nihoatra izay hitany izy. I Elisa kosa anefa dia nahita tafik'anjely vonona hiady ho an'ny vahoakan'ny mpaminany. Noho izany i Elisa dia nivavaka tamin'ny Tompo mba hampahiratana ny mason'ilay tovolahy, "ary dia nahita izy: ka, indro, ny tendrombohitra feno soavaly sy kalesy afo manodidina an'i Elisa" (2 Mpanjaka 6:17).

Matetika isika no manavaka ny tenantsika amin'ny hafa amin'ny alalan'ny fahasamihafan'ny zavatra hitantsika. Mahazo aina isika rehefa miaraka amin'ireo izay mitovy hevitra, firesaka, fiakanjo, ary manao zavatra tahaka antsika ary tsy mahazo aina kosa rehefa miaraka amin'ireo izay avy amina toe-piainana na sehatra niaviana hafa. Raha ny marina, moa ve tsy avy amina firenena samy hafa daholo isika ary samy manana ny fiteniny avy? Moa ve isika rehetra tsy mahita izao tontolo izao daholo na dia eo aza ny fahalemena goavana izay mametra antsika avy amin'ny zavatra nolalovantsika teo amin'ny fiainana? Satria ny sasany dia mahita sy miteny amin'ny alalan'ny fijery ara-panahy, tahaka an'i Elisa mpaminany, ary ny sasany kosa dia mijery sy miresaka araka izay zavatra hitan'ny masony tahaka ny zavatra niainako tamin'ilay misiônera tsy nahay namaky teny.


Miaina ao anatin'ny tontolo hankafizan'ny olona ny fanaovana fampitahàna, ny fitsaratsarana, ary fitsikerana isika. Ho solon'ny fijerena zavatra amin'ny alalan'ny fomba fijerin'ny mpampiasa tambazotra ifaneraserana dia mila mikaroka ao anatintsika ireo toetra araka an' Andriamanitra izay azontsika angatahina isika. Ireo toetra sy faniriana araka an' Andriamanitra ireo dia tsy azo aely ao amin'ny Pinterest na ao amin'ny Instagram.

Ny manaiky sy mitia ny hafa dia tsy midika hoe tsy maintsy manaiky ny hevitr'izy ireo isika. Mazava ho azy fa ny fahamarinana dia mitaky ny hanehoantsika ny fahatokiantsika lehibe indrindra, nefa tsy tokony ho sakana hanehoana hatsaram-panahy mihitsy izany. Ny fitiavana marina ny hafa dia mitaky ny fahazarana tsy tapaka hanaiky ny ezaka tsara indrindra ataon'ny olona izay mety tsy ho fantatsika tanteraka mihitsy ny zavatra iainany sy ny fahalemeny. Ny fijerena lavitra kokoa mihoatra izay hitantsika dia mitaky fifantohana tsara amin'ny Mpamonjy.

Tamin'ny 28 mey 2016 dia tao amin'ny toeram-piompian'ny fianakaviany tao Colorado i Beau Richey izay 16 taona sy i Austin namany. Nitaingina ny fiara tsy mataho-dalan'izy ireo tamin'ny fientanentanam-po be i Beau sy i Austin hiatrika andro iray mahafinaritra. Tsy mbola lasa lavitra izy ireo dia sendra toe-javatra henjana, ka tamin'izay fotoana izay dia nisy loza nitranga. Nivadika tampoka ilay fiara nentin'i Beau, ka tototry ny vy milanja 180 kilao izy. Rehefa tonga teo amin'i Beau i Austin namany dia nahita azy niady mafy mba ho tafavoaka velona. Tamin'ny heriny rehetra no niezahany nanala ilay fiara teo ambonin'ny namany. Tsy nihetsika anefa ilay izy. Nivavaka ho an'i Beau izy dia nirifatra nihazakazaka hitady fanampiana avy eo. Tonga ihany ireo mpamonjy voina nony farany saingy ora vitsivitsy taty aoriana dia maty i Beau. Nandao ity fiainana an-tany ity izy.

Tonga ireo ray aman-dreniny izay torotoro fo tokoa. Raha nijoro tao amin'ilay hopitaly kely niaraka tamin'ny namana malalan'i Beau sy ny olona tao amin'ny fianakaviana izy ireo dia niditra ny efitrano ny mpitandro filaminana iray ary nanome ny findain'i Beau an-dreniny. Teo am-pandraisany ilay finday dia naneno ny kiririoka fanairana tao amin'ilay izy. Nosokafany ilay finday dia nahita ny kiririoka fanairana fampiasan'i Beau isan'andro izy. Novakiny mafy ny hafatra izay nataon'ilay zananilahy mbola zatovo tia miala voly sy tena feno fahasahiana tao amin'ilay finday mba hovakiana isan'andro. Hoy ilay izy hoe: "Aza adino ny mifantoka amin'i Jesoa Kristy eo amin'ny fiainanao androany."

Ny fifantohan'i Beau tamin'ny Mpanavotra dia tsy mampihena ny alahelon'ireo olon-tiany rehefa tsy teo intsony izy. Izany anefa dia nitondra fanantenana sy lanja lehibe teo amin'ny fiainana sy ny safidy nataon'i Beau. Namela ny fianakaviany sy ireo namany hijery lavitra kokoa mihoatra ny alahelo noho izy maty tanora fotsiny ihany izany, ka hahita ny zavatra tena misy izay mahafaly any amin'ny fiainana ho avy. Famindram-po lehibe ho an'ny ray aman-drenin'i Beau mihitsy ny nahita tamin'ny alalan'ny fijerin-janany ny zavatra nomeny lanja indrindra.



Amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia nomena kiririoka fanairana ara-panahy ho antsika manokana isika izay mampitandrina antsika rehefa tsy mijery afa-tsy amin'ny fijerintsika olombelona izay lavitra ny famonjena fotsiny isika. Ny fanasan'ny Tompo no mpampahatsiahy antsika isan-kerinandro hanohy hifantoka amin'i Jesoa Kristy hatrany mba hahatsiarovantsika Azy mandrakariva sy mba hananantsika ny Fanahiny miaraka amintsika mandrakariva (jereo ny F&F 20:77). Indraindray anefa dia tsy raharahiantsika ireo fahatsapana mpampahatsiahy sy mpampitandrina ireo. Rehefa ampifantohantsika amin'i Jesoa Kristy ny fiainantsika dia hanao izay hampahiratra ny masontsika Izy mba hahitantsika fahafahana misimisy kokoa izay tsy ho takatsika samirery.

Nandray ity taratasy tena mahaliana momba ny kiririoka fanairana mpampitandrina niainan'ny rahavavy mahatoky iray ity aho. Nilaza tamiko izy fa noho ny fiezahany hanampy ny vadiny hahatakatra ny zavatra tsapany dia nanomboka nanao lisitra elektrônika tamin'ny findainy izy ny amin'ireo zavatra izay nataon'ny vadiny na nolazainy ka nanorisory azy. Ny zavatra neritreretiny dia ny hoe amin'ny fotoana mampety azy dia hanangona porofo voasoratra izy mba haseho an'ny vadiny izay tena hahatonga azy hiova tokoa amin'ny fombany. Indray alahady anefa, raha nandray ny fanasan'ny Tompo sy nifantoka tamin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy izy, dia tonga saina fa ny fakàna an-tsoratra ny zavatra ratsy tsapany momba ny vadiny dia tena mahatonga ny Fanahy tsy hiaraka aminy ary tsy hampiova ny vadiny mihitsy.

Naneno ny kiririoka fanairana ara-panahy tao am-pony, izay nilaza taminy hoe: "Avelao any izany; avelao any izy rehetra. Fafao ireo soratra ireo. Tsy hanampy anao ireo." Dia nanoratra an'izao lazaiko izao izy avy eo: "Elaela aho vao nahatsindry ny -hisafidy azy rehetra- ary elaela kokoa vao nahatsindry ny -hamafa.- Saingy rehefa nanao izany aho dia nanjavona ireo fahatsapana ratsy. Lasa feno fitiavana ny foko, fitiavana ny vadiko ary fitiavana ny Tompo." Tahaka an'i Saoly teo amin'ny lalana nankany Damaskosy dia niova ny fomba fijeriny. Niala ireo zavatra nanakona ny masony.




Matetika ny Mpamonjintsika no nampahiratra ny mason'ireo jamba ara-nofo sy jamba ara-panahy. Ny fanokafantsika ny masontsika hahita ireo fahamarinana masina, na arabakinteny izany na ara-tsarinteny, dia manomana antsika amin'ny fanasitranana ny tsy fahafahana mahita mihoatra izay hita ety ivelany ety an-tany. Rehefa mampandry sofina amin'ireo "kiririoka fanairana" ara-panahy isika, izay milaza amintsika fa mila manova ny fomba fisainantsika sy ny fomba fanaovantsika zavatra isika, na mila manana fomba fijery mibanjina ny mandrakizay mivelatra kokoa dia mandray ilay fampanantenana avy amin'ny fanasan'ny Tompo isika fa hanana ny Fanahiny hiaraka amintsika. Nitranga tamin'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery tao amin'ny Tempolin'i Kirtland izany, raha nampianatra fahamarinana tokony nampiharina i Jesoa Kristy, izay nampanantena fa "ny voalin'ny" fahalemena aranofo dia "nesorina niala ny sain['izy ireo] ary nosokafana ny mason'ny fahatakaran['izy ireo]" (F&F 110:1).

Mijoro ho vavolombelona aho fa amin'ny alalan'ny herin'i Jesoa Kristy dia lasa afaka mahita lavitra kokoa arapanahy mihoatra ny zavatra hitantsika ara-bakinteny isika. Rehefa mahatsiaro Azy sy manana ny Fanahiny miaraka amintsika isika dia hahiratra ny mason'ny fahatakarantsika. Dia ho lasa lalim-paka amim-kery kokoa ao ampontsika tsirairay avy ny tena fisian'ny toetra maha-andriamanitra ao anatintsika tsirairay avy. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Avy ao amin'ny *The Lion King 1½* (2004); ivelan'i Amerika dia fantatra amin'ny hoe *Le Roi Lion 3: Hakuna Matata*.
2. *Teachings of Presidents of the Church: Gordon B. Hinckley* (2016), 201.



**Nataon'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Aza matahotra ny hanao soa

*Ny Tompo dia miteny amintsika fa rehefa mijoro amim-pinoana eo ambonin'ny vatolampiny isika dia mihena ny ahiahy sy ny tahotra, ary mitombo ny faniriana hanao soa.*

Ry rahalahy sy anabaviko malala, mivavaka amim-panetrentena aho mba hiarahan'ny Fanahin'ny Tompo amintsika eto am-pitenenako androany. Feno fankasitrahana ny Tompo, izay tompon'ity Fiangonana ity ny foko, noho ny fitaomam-panahy tsapantsika tao anatin'ireo vavaka tena avy amin'ny fo, sy ireo lahateny nentanim-panahy, ary ireo hira toy ny feon'anjely teto amin'ity fihaonambe ity.

Tamin'ny aprily lasa teo ny Filoha Thomas S. Monson dia nanome hafatra nahakasika fon'olona maro manerana izao tontolo izao, ka anisan'izany ny ahy. Niresaka momba ny herin'ny Bokin'i Môrmôna izy. Nanentana antsika izy handalina sy hisaintsaina ary hampihatra ny fampianaran'ny Bokin'i Môrmôna. Nampanantena izy fa raha manokana fotoana isan'andro handalinana sy hisaintsainana ary mitandrina ireo didy raketin'ny Bokin'i Môrmôna isika, dia hanana fijoroana ho vavolombelona velona momba ny fahamarinany, ary ny fijoroana ho vavolombelona azontsika avy amin'izany momba an'i Kristy velona dia hanampy antsika hiaritra ireo fotoan-tsarotra kanefa tsy ho azon-doza. (Jereo ny "Ny herin'ny Bokin'i Môrmôna," *Liahona,* mey 2017, 86–87.)

Tahaka ny maro aminareo, izaho dia nandre ny tenin'ny mpaminany toy ny feon'ny Tompo miresaka amiko. Ary tahaka ny maro aminareo koa, izaho dia nanapa-kevitra ny hankatò ireo teny ireo. Hatramin'ny fotoana nahazazalahikely ahy dia efa tsapako ny fananana fijoroana ho vavolombelona fa tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna, fa ny Ray sy ny Zanaka dia niseho sy niresaka tamin'i Joseph Smith, ary namangy ny Mpaminany Joseph ireo Apôstôly fahiny mba hamerina ny fanalahidin'ny fisoronana ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo.



Niaraka tamin'ny fananana izany fijoroana ho vavolombelona izany, dia namaky ny Bokin'i Môrmôna isan'andro aho nandritra ny 50 taona mahery. Ka noho ny fanaovako izany, dia afaka nieritreritra tsara mihitsy aho fa natao ho an'olon-kafa ny tenin'ny Filoha Monson. Kanefa, tahaka ny maro aminareo, izaho dia nahatsapa fa nanasa ahy hanao ezaka lehibe kokoa ny famporisihan'ny mpaminany sy ny fampanantenana nataony. Efa nanao ny zavatra nataoko ny maro aminareo: nanao vavaka misy heviny manandanja kokoa, nisaintsaina ny soratra masina tamin'ny finiavana bebe kokoa, ary niezaka mafy kokoa ny hanompo ny Tompo sy ny hafa ho Azy.

Ny vokatra mahafaly azoko, sy azon'ny maro taminareo, dia ny zavatra nampanantenain'ny mpaminany. Isika izay nanaiky tanteraka io torohevitra avy amin'ny fitaomam-panahy io dia nahare ny Fanahy tamin'ny fomba miavaka kokoa. Nahazo hery lehibe kokoa hanoherana ny fakam-panahy isika ary nahatsapa finoana lehibe kokoa an'i Jesoa Kristy izay efa nitsangana tamin'ny maty, sy ny filazantsarany, ary ny Fiangonany velona.

Ao anatin'ny fotoana ahitana korontana tsy mitsaha-mitombo eto amin'izao tontolo izao dia nanaisotra ny ahiahy sy ny tahotra ireo fitomboan'ny fijoroana ho vavolombelona ireo, ary nitondra fahatsapana fiadanana ho antsika. Ny fanarahana ny torohevitry ny Filoha Monson dia nisy fiantraikany roa hafa mahatalanjona teo amiko: Voalohany, ny Fanahy nampanantenainy dia niteraka fanantenana zavatra tsara momba ny zavatra ho avy, eny fa na dia toa mitombo aza ny korontana eto amin'izao tontolo izao. Ary faharoa, ny Tompo dia nanome ahy sy anao fahatsapana lehibe kokoa ny fitiavany an'ireo izay ory. Nahatsapa ny fitombon'ny faniriana handeha hamonjy ny hafa isika. Nanana

anjara toerana fototra tao anatin'ny asa fanompoan'ny Filoha Monson tamin'ny naha-mpitarika azy sy tao amin'ny fampianarany izany faniriana izany.

Ny Tompo dia nampanantena an'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery fa hitombo ny fitiavan'izy ireo ny hafa sy ny herim-pon'izy ireo rehefa toa tena mavesatra ny asa miandry azy ireo. Nilaza ny Tompo fa ilay herim-po ilain'izy ireo dia ho azo avy amin'ny finoan'izy ireo Azy amin'ny maha-vatolampiny azy:

"Aza matahotra ny hanao soa, anaka, fa izay afafinareo no hojinjainareo; koa noho izany, raha mamafy soa ianareo dia hijinja ihany koa ny soa ho valiny.

"Koa aza matahotra ry ondry vitsy; manaova soa; avelao hitambatra ny tany sy ny helo hanohitra anareo, fa raha miorina amin' ny vatolampiko ianareo, dia tsy afaka mandresy izy ireo.

"Indro, tsy manameloka anareo Aho; mandehana ary aza manota intsony; tontosao amin' ny fahamaotinana ny asa izay efa nandidiako anareo.

"Banjino Aho amin' ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra.

"Indro ny fery izay nandoaka ny lanivoako, ary koa ny dian' ny fantsika amin' ny tanako sy ny tongotro; aoka ho mahatoky, tandremo ny didiko, dia handova ny fanjakan' ny lanitra ianareo" (F&F 6:33–37).

Ny Tompo dia niteny tamin'ireo mpitarika notendreny hamerina amin'ny laoniny ny Fiangonany, ary miteny amintsika Izy, fa rehefa mijoro amim-pinoana eo ambonin'ny vatolampiny isika dia mihena ny ahiahy sy ny tahotra, ary mitombo ny faniriana hanao soa. Rehefa manaiky ny fanasan'ny Filoha Monson hampiorim-paka fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ao am-pontsika isika, dia mahazo ny hery, ny faniriana, ary ny herim-po handeha hamonjy ny hafa sady tsy miahiahy ny amin'izay zavatra ilaintsika manokana.

Nahita izany karazana finoana sy herim-po izany im-betsaka aho rehefa niatrika fitsapana nampihorohoro ireo Olomasin'ny Andro Farany nanampinoana. Inty misy ohatra iray: tao Idaho aho tamin'ny fotoana nahavaky ny tohodranon'i Teton tamin'ny 5 Jona 1976.



Niraraka nidina ny ranobe. An'arivony no nandositra niala ny tranony. Trano sy orinasa an'arivony no rava. Tena fahagagana fa latsaky ny 15 ny olona maty.

Ny zavatra hitako tany dia efa hitako foana isaky ny mijoro tsara eo amin'ny vatolampin'ny fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy ny Olomasin'ny Andro Farany. Koa satria azon'izy ireo antoka tsara fa niahy azy ireo Izy, dia lasa tsy natahotra izy ireo. Tsy miraharaha ny fitsapana mahazo azy izy ireo fa mandeha kosa manamaivana ny fijalian'ny hafa. Ary manao izany noho fitiavany ny Tompo izy ireo, sady tsy mangataka tambiny.

Ohatra, tamin'ny fotoana nahavakisan'ny tohodranon'i Teton dia tany amin'ny kilaometatra maromaro niala ny tranony ny mpivady Olomasin'ny Andro Farany iray. Raha vantany vao nahare ilay vaovao tamin'ny onjam-peo izy ireo dia nihazakazaka niverina tany Rexburg. Raha tokony handeha tany an-tranony izy ireo mba hijery raha rava izany, dia naleony nandeha nitady ny evekany. Tao amin'ny trano iray izay nampiasaina ho ivontoerana mitantana ny asa fanarenana sy fanavotana amin'ny loza izy. Nanampy tamin'ny fitarihana ireo mpirotsaka an-tsitrapo an'arivony izay tonga tamin'ny fiarabe mavomavo mpitatitra mpianatra izy.

Nanatona an'ilay eveka izy mivady dia niteny hoe: "Vao tonga izahay. Aiza no ahafahanay manampy ry eveka?" Nomeny azy ireo ny anaran'ny olona ao amin'ny fianakaviana iray. Nijanona nanala fotaka sy rano tao amin'ny trano maro izany mpivady izany. Niasa nanomboka vao mangiran-dratsy ka mandra-pahamaizina ny andro izy ireo. Naka aina izy ireo nony farany mba handeha hijery izay nahazo ny tranony. Nofahon'ny tondra-drano izany, ary tsy nisy na inona na inona azo nodiovina. Ka dia niverina haingana izy ireo mba ho any amin'ny evekany indray. Nanontany izy ireo hoe: "Eveka a, misy olona azonay ampiana ve?"

Izany fahagagana avy amin'ny herim-po sy fiantrana mitondra fiadanana izany, izay ny fitiavana madion'i Kristy, dia niverimberina tao anatin'ny taona maro manerana izao tontolo izao. Nitranga tao anatin'ireo fotoan'ny fanenjehana sy ny fitsapana nampihorohoro tamin'ny andron'ny Mpaminany Joseph Smith tao Missouri izany. Nitranga izany rehefa nitarika ny fifindra-monina avy any Nauvoo i Brigham Young, ary avy eo dia niantso

ny Olomasina ho any amin'ny tany efitra manerana ny faritra andrefan'i Etazonia, mba hifanampy amin'ny fananganana Ziona ho an'ny Tompo.

Raha mamaky ny lahatsoratra ao amin'ny diarin'ireo mpamaky lay ireo ianareo dia hahita ny finoana izay nanaisotra tamin'ny fomba mahagaga ny ahiahy sy ny tahotra. Ary hitanareo ao ny amin'ireo Olomasina izay namela ny raharahany manokana mba hanampy olona hafa ho an'ny Tompo, alohan'ny hiverenany any amin'ireo ondriny na ny taniny izay tsy mbola nohadiany.

Nahita izany fahagagana izany aho, andro vitsy lasa izay tao anatin'ny fahasimbana nateraky ny rivo-doza Irma tao Porto Rico, Saint Thomas, ary Floride, izay niarahan'ny Olomasin'ny Andro Farany niasa tamin'ny fiangonana hafa, sy ny vondron'olona tao amin'ny fiarahamonina teo an-toerana, ary ireo fikambanana teo anivon'ny firenena mba hanomboka ny asa fanadiovana.

Tahaka ireo namako tao Rexburg, dia naleon'ny mpivady iray tsy mpikambana tao Floride nifantoka tamin'ny fanampiana ny fiarahamonina toy izay hiasa teo amin'ny taniny. Rehefa nanolotra fanampiana hanaisotra ireo hazo roa lehibe nanakana ny lalana hivoahan'ny fiaran'izy ireo ireo Olomasin'ny Andro Farany sasany mpiaramonina tamin'izy ireo, dia nanazava izy mivady fa feno dia feno ny fon'izy ireo ka dia nanapakevitra ny hampifantoka ny ezaka nataony mba hanampiana ny hafa izy ireo, sady nanam-pinoana fa hanome ny fanampiana ilain'izy ireo ao amin'ny tranon'izy ireo ny Tompo. Dia nitantara ilay lehilahy fa nivavaka izy mivady talohan'ny nahatongavan'ireo mpikamban'ny Fiangonantsika nanolo-tena hanampy. Nahazo valimbavaka izy ireo fa hisy fanampiana ho avy. Tonga ora maromaro taorian'izany fanomezan-toky izany ilay izy.

Nahare tatitra aho fa nisy olona sasany nanomboka niantso ireo Olomasin'ny Andro Farany nanao akanjo Môrmôna manome tanana hoe "Anjely mavo." Nisy vehivavy Olomasin'ny Andro Farany iray nandeha nampanamboatra ny fiarany, ary ilay lehilahy nanampy azy dia namariparitra ny "zavatra niainany ara-panahy" rehefa nanaisotra ireo hazo teo antokontaniny ireo olona nanao akanjo mavo, dia niteny izy avy eo hoe "nihira hira iray ho ahy momba ny mahazanak' Andriamanitra ahy" izy ireo.

Nisy mponina iray hafa tao Floride, izay tsy mpiara-mivavaka amintsika koa, izay nitantara fa tonga tao an-tranony ny Olomasin'ny Andro Farany tamin'izy niasa teo amin'ny tokontaniny izay rava tokoa, sady nahatsapa ho tena trotraka sy matin'ny hafanana ary efa nila ho latsa-dranomaso. Niteraka "fahagagana tsotra izao", araka ny nilazany azy, ireo mpirotsaka an-tsitrapo. Tsy vitan'ny nanompo tamim-pahazotoana fotsiny izy ireo fa tamim-pihomehezana sy tamim-pifaliana ihany koa, sady tsy nety nandray tambiny.

Nahita izany fahazotoana izany aho sy nahare izany fihomehezana izany rehefa nifampiresaka amin'ny vondron'Olomasin'ny Andro Farany tao Floride, indray sabotsy hariva be. Nanajanona elaela ny asa fanadiovany ireo mpirotsaka an-tsitrapo mba hamelana ahy handray tanan'olona vitsivitsy. Nilaza izy ireo fa namolavola drafitra ny mpikambana miisa 90 tao amin'ny tsatòkan'izy ireo ao Géorgie mba hiarahirotsaka amin'ny asa fanavotan'olona tao Floride ny omaly alin'io.

Niala tao Géorgie tamin'ny 4 ora maraina izy ireo, dia nandeha fiara nandritra ny ora maro, niasa maraina mandra-pahalin'ny andro, ary nanao drafitra ny hiasa indray ny ampitson'izay.

Notantarain'izy ireo tamiko tamin'ny tsiky sy fihetsika tsara izany rehetra izany. Ny hany tsapako nanahirantsaina azy ireo dia ny hoe naniry ny mba tsy hisaorana intsony izy ireo mba hahafahany miverina miasa. Novelomin'ilay filohan'ny tsatòka indray ny tsofa elektrikany dia nanapaka hazo iray nianjera izy, ary nisy eveka iray nanala ny rantsan'ilay hazo rehefa niditra tao amin'ny fiaranay izahay mba hitsidika ny ekipa mpamonjy manaraka.

Ny marainan'io andro io, rehefa niala tao amin'ny toerana hafa iray izahay dia nisy lehilahy nanatona ilay fiara, nanala ny satrony, dia nisaotra anay noho ireo mpilatsaka an-tsitrapo. Hoy izy hoe: "Tsy mpikambana ao amin'ny fiangonanareo aho. Tsy mampino ahy ny zavatra nataonareo ho anay. Andriamanitra anie hitahy anareo." Nitsiky sy nanetsika kely ny sorony, toy ny hoe tsy mendrika ny hoderaina ilay mpilatsaka an-tsitrapo Olomasin'ny Andro Farany nijoro teo akaikiny nanao ambony akanjo mavomavo.

Raha toa ka nandeha nanampy an'io lehilahy izay tena nitolagaga tamin'ny fahatongavan'izy ireo nanampy io ireo mpirotsaka an-tsitrapo avy any Georgie, ireo Olomasin'ny Andro Farany an-jatony avy ao amin'izany faritra ravarava tao Floride izany kosa dia nandeha an-jatony kilaometatra maro nianatsimo tany amin'ny toerana iray hafa tao Floride, izay nandrenesan'izy ireo fa voa mafy kokoa ny olona tao.

Tamin'io andro io dia tadidiko, ary azoko tsaratsara kokoa, ny teny faminaniana nolazain'ny Mpaminany Joseph Smith hoe: "Ny lehilahy heniky ny fitiavan' Andriamanitra dia tsy mifaly fotsiny amin'ny fitondrana fitahiana ho an'ny fianakaviany, fa mitety an'izao tontolo izao, maniry ny hitahy ny zanak'olombelona rehetra" (*Enseignements des présidents de l'Eglise: Joseph Smith* [2007], 426).

Hitantsika eo amin'ny fiainan'ny Olomasin'ny Andro Farany manerana ny toerana rehetra ny fitiavana toy izany. Isak'izay misy zava-mitranga mampivarahontsana na aiza na aiza eto amin'izao tontolo izao, dia manolotra fanomezana sy mirotsaka an-tsitrapo amin'ny asa fanampiana olona ataon'ny Fiangonana ny Olomasin'ny Andro Farany. An-kavitsiana ny ilàna anaovana antso avo. Raha ny marina dia misy fotoana indraindray izay tsy maintsy angatahanay ireo olona te hirotsaka an-tsitra-po mba hiandry vao handeha any amin'ny toerana fitantanana ny asa fanarenana fanavotana amin'ny loza mandra-paha-vonona an'ireo olona mitarika an'ilay asa handray azy ireo.

Izany faniriana ny hitahy izany no vokatra azo avy amin'ny olona mahazo fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy, ny filazantsarany, ny Fiangonany naverina amin'ny laoniny, ary ny mpaminaniny. Izany no antony tsy mampiroanàhana sy tsy

mampatahotra ny olon'ny Tompo. Izany no antony hirotsahan'ny misiônera an-tsitrapo hanompo any amin'ny toerana rehetra manerana izao tontolo izao. Izany no antony hiarahan'ny ray aman-dreny mivavaka amin'ny zanany ho an'ny hafa. Izany no antony hanasan'ireo mpitarika ny tanora ao amin'ny rantsana misy azy mba hanaiky amin-kitsim-po ny fangatahan'ny Filoha Monson mba handalina misimisy kokoa ny Bokin'i Môrmôna. Tsy ho azo avy amin'ny fanentanan'ny mpitarika ny vokatra andrasana avy amin'izany, fa ho azo avy amin'ny fanaovan'ny tanora sy ny mpikambana asa amim-pinoana. Rehefa avadika ho asa izany finoana izany, izay mitaky fahafoizantena tsy misy tambiny, dia mitondra ny fiovampo izay mamela azy ireo hahatsapa ny fitiavan' Andriamanitra.

Ny fontsika anefa dia tsy mijanona amin'izay fiovany izay raha tsy rehefa manohy manaraka ny torohevitry ny mpaminany isika. Raha tsy manohy manao ezaka intsony isika aorian'ny asa lehibe iray, dia hihen-danja izany fiovana izany.

Ireo Olomasin'ny Andro Farany mahatoky dia nampitombo ny finoan'izy ireo an'i Jesoa Kristy Tompo, sy ny maha-tenin' Andriamanitra ny Bokin'i Môrmôna, ary ny famerenana amin'ny laoniny ny fanalahidin'ny fisoronana ao amin'ny Fiangonany marina. Izany fijoroana ho vavolombelona nitombo izany dia nanome antsika herim-po sy fiahiana bebe kokoa ho an'ireo zanak' Andriamanitra hafa. Saingy hitaky zavatra bebe kokoa ireo zava-tsarotra sy ireo fahafahana hanao zavatra amin'ny ho avy.

Tsy afaka maminavina ny antsipirianjavatra isika, kanefa fantatsika amin'ny ankapobeny ny zavatra hitranga amin'ny ho avy. Fantatsika fa amin'ny andro farany dia ho ao anaty korontana ny tany manontolo. Fantatsika fa mandritra ny loza izay mety hitranga, dia hitarika Olomasin'ny Andro Farany mahatoky ny Tompo mba hitondra ny filazantsaran'i Jesoa Kristy any amin'ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra. Ary fantatsika fa ny mpanara-dia marina ny Tompo dia ho mendrika ary ho vonona ny handray Azy rehefa miverina indray Izy. Tsy tokony hatahotra isika.

Noho izany, na dia efa nampiorina finoana sy herim-po be dia be ao ampontsika aza isika dia miandry zavatra bebe kokoa avy amintsika sy avy amin'ireo taranaka maro mifandimby aoriantsika ny Tompo. Mila matanjaka ara-panahy sy be herim-po kokoa izy ireo satria hanao zavatra lehibe sy mafy lavitra kokoa aza noho izay nataontsika izy ireo. Ary hiatrika fanoherana lehibe kokoa avy amin'ny fahavalon'ny fanahintsika izy ireo.

Nomen'ny Tompo ny fomba hahazoana toe-tsaina miandrandra zavatra tsara amin'ny ho avy hoe: "Banjino Aho amin' ny eritreritra rehetra; aza miroanàhana, aza matahotra" (F&F 6:36). Nolazain'ny Filoha Monson antsika ny fomba hanaovana izany. Mila misaintsaina sy mampihatra ireo fitsipika hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna sy ny tenin'ny mpaminany isika. Mivavaka mandrakariva. Mino. Manompo ny Tompo amin' ny fo, ny hery, ny saina, ary ny tanjatsika rehetra. Mila mivavaka amin'ny herin'ny fontsika manontolo isika mba hangataka ny fanomezam-pahasoavan'ny fiantrana, dia ny fitiavana madion'i Kristy (jereo ny Môrônia 7:47–48). Fa ny tena lehibe indrindra, dia mila manaraka tsy tapaka sy amim-pahazotoana ny torohevitry ny mpaminany isika.

Rehefa sarotra ny lalana, dia afaka miantehitra amin'ny fampanantenan'ny Tompo isika, dia ilay fampanantenana nampahatsiahivin'ny Filoha Monson antsika rehefa nindrana matetika ireo tenin'ny Mpamonjy ireto izy hoe: "Ary na zovy na zovy no mandray anareo, dia ho eo koa Aho, fa Izaho handeha eo anoloanareo. Ho eo ankavananareo sy eo ankavianareo Aho, ary ho ao am-ponareo ny Fanahiko, ary hanodidina anareo ny anjeliko mba hanohana anareo" (F&F 84:88).

Mijoro ho vavolombelona aho fa mandeha eo anoloanareo ny Tompo rehefa mirotsaka manao ny asany ianareo. Indraindray dia mety ho ianareo no anjely irahin'ny Tompo hampatanjaka ny hafa. Indraindray dia mety ho ianareo no ireo izay hodidinin'ny



anjely izay mampatanjaka anareo. Fa ianareo anefa dia hanana mandrakariva ny Fanahiny ao am-ponareo, izay efa nampanantenaina anareo amin'ny fivorian'ny fanasan'ny Tompo rehetra. Mila mitandrina ny didiny fotsiny ianareo.

Ho avy ny maraina ho an'ny fanjakan' Andriamanitra ety an-tany. Hampatanjaka ny finoantsika an'i Jesoa Kristy ny fifanoherana, tahaka ny efa nisehoan'izany hatramin'ny andron'ny Mpaminany Joseph Smith. Mandresy ny tahotra foana ny finoana. Ny fiarahana miasa dia miteraka firaisan-kina. Ary ny vavaka ataonareo ho an'ireo olona mila fanampiana dia re sy valian'ny Andriamanitra be fitiavana iray. Sady tsy rendrehana Izy no tsy matory.

Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra Ray ary tiany hody any Aminy ianao. Inty no Fiangonana marin'i Jesoa Kristy Tompo. Fantany ianao; tiany ianao; miahy anao Izy. Nanao sorona fanavotana noho ny fahotanao sy ny fahotako ary ny fahotan'ny zanaky ny Ray any An-danitra rehetra Izy. Ny fanarahana Azy eo amin'ny fiainanao sy amin'ny fanompoanao ny hafa no hany lalana hahazoana ny fiainana mandrakizay.

Mijoro ho vavolombelona ny amin'izany aho ary mitsodrano anareo sy mizara ny fitiavako aminareo. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nosoratan' ny Loholona M. Russell Ballard**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mbola mitohy ny diabe!

*Ny diantsika miverina any amin'ny Raintsika any An-danitra no dia manan-danja indrindra eo amin'ny fiainantsika.*

Fitopolo amby zato taona lasa izay no nanopazan'ny Filoha Brigham Young ny masony voalohany tamin'ny Lemak'i Salt Lake City ka nanambarany hoe: "Ity mihitsy ilay toerana!"[1] Fantany ilay toerana satria ny Tompo no nanambara izany taminy.

Hatramin'ny taona 1869 dia Olomasina 70.000 mahery no nanao diabe nitovy tamin'io. Na dia teo aza ny fahasamihafana maro tamin'ny fiteny, kolontsaina, ary toeram-piaviana dia samy nanana fijoroana ho vavolombelona momba ny Ray any An-danitra, sy i Jesoa Kristy, ary ny Fanahy Masina izy ireo. Samy nanana fijoroana ho vavolombelona momba ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, sy fanirina hanangana an'i Ziona, toeran'ny fiadanana, fahasambarana, ary hatsarana hiomanana ho amin'ny Fiavian'ny Mpamonjy Fanindroany izy ireo.

Anisan'ireo Olomasina voalohany tonga tao Utah i Jane Manning James, zanakavavina andevo nafahana iray, niova fo ho an'ny Fiangonana naverina tamin'ny laoniny, ary mpanara-dia miavaka izay niaina fanamby sarotra. Nijanona ho Olomasin'ny Andro Farany mahatoky rahavavy James mandrapahafatiny tamin'ny taona 1908.

Toy izao no nosoratany: "Tiako holazaina izao ankehitriny izao fa ny finoako ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, araka ny ampianarin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia mbola mafy orina hatrany, tsia, raha mety, dia matanjaka kokoa noho ny tamin'ny andro nanaovana batisa ahy voalohany. Mandoa ny fahafolonkarenako sy ny fanomezako amin'ny fifadiankanina aho, mitandrina ny tenin'ny fahendrena, matory aloha ary mifoha maraina. Miezaka aho amin'ny toe-batako izay marefo mba haneho ohatra tsara amin'ny rehetra."[2]



*Nijanona ho Olomasin'ny Andro Farany mahatoky rahavavy Jane Manning James na dia teo aza ireo olana sarotra nolalovany.*

Tahaka ny Olomasin'ny Andro Farany hafa maro, ny rahavavy James dia tsy vitan'ny hoe nampiorina an'i Ziona tamin'ny ra, sy dinitra, ary ranomaso fotsiny ihany fa nikatsaka ireo fitahian'ny Tompo tamin'ny alalan'ny fiainana ireo fitsipiky ny filazantsara araka izay tsara indrindra vitany no sady nifikitra tamin'ny finoana an'i Jesoa Kristy, ilay mpanasitrana lehibean'ireo izay mitady Azy amin-kitsim-po.

Tsy tanteraka ireo Olomasina taloha kanefa izy ireo dia nanorina fototra iray izay anorenantsika fianakaviana sy fiarahamonina izay tia sy mitandrina fanekempihavanana. Izany dia misongadina any amin'ireo tantara amin'ny vaovao maneran-tany noho ny fanolorantenantsika amin'i Jesoa Kristy sy ireo ezaka an-tsitrapo ataontsika hanampiana ireo akaiky sy any lavitra any.[3]

Ry Filoha Eyring, mamelà ahy hanolotra fankasitrahana fanampiny ho an'ireo anjely ana-hetsiny nanao akanjo mavo nanompo tao Texas, Mexique, sy tany amin'ny toerana hafa izay hitanao.

Resy lahatra tanteraka aho fa raha toa ka ariantsika ny fifandraisantsika amin'ireo izay efa lasana talohantsika, anisan'izany ireo razambentsika lahy sy vavy mpisavalalana, dia ho very harena sarobidy iray isika. Efa niresaka momba ny "Fitarihan'ny finoana isaky ny dingana iray atao" aho taloha ary mbola hiresaka momba izany amin'ny ho avy satria fantatro fa ireo taranaka vao misondrotra dia tsy maintsy manana io karazana finoana an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany naverina amin'ny laoniny nananan'ireo Olomasina taloha io.[4]

Ireo razambeko lahy sy vavy mpisavalalana dia anisan'ireo mpisavalalana mahatoky izay nitarika sarety tarihantanana, sy nisarika sarety fitateran'entana, ary nandeha dia an-tongotra ho any Utah. Tahaka an-drahavavy Jane Manning James, izy ireo koa dia nanana finoana lalim-paka isaky ny dingana ataon'izy ireo tsirairay teo am-panaovan'izy ireo ny diany.

Ny diarin'izy ireo dia feno famaritana ny fahasahiranana, sy ny hanoanana ary ny aretina ary koa ireo

fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny finoan'izy ireo an' Andriamanitra sy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny.

Tena vitsy ny fananan'izy ireo kanefa nankafy ny fitahiana sesehena avy tamin'ny firahalahiana sy ny maha-mpirahavavy hitany tao amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy izy ireo. Raha afaka nanao izany izy ireo dia nampitraka ireo ory sy nitahy ireo marary tamin'ny alalan'ny fifanompoana sy ny fisoronan' Andriamanitra.

Ireo anabavy tao amin'ny Lemak'i Cache Utah dia nanompo ireo Olomasina tamin'ny fanahin'ny Fikambanana Ifanampiana mba "hiasa ao anatin'ny firaisan-kina hanampy ireo sahirana."[5] I Margaret McNeil Ballard renibeko dia niara-nanompo tamin'i Henry vadiny nandritra ny 40 taona nitantanany tamin'ny naha-eveka azy tao amin'ny Paroasy Faharoan'ny Logan. I Margaret no filohan'ny Fikambanana Ifanampian'ny paroasy nandritra ny 30 tamin'ireo taona ireo. Nampiantranoiny tao an-tranony ny mahantra, ny marary, ary ny maty vady sy ny kamboty. Ary nampiakanjo ny maty tamin'ny akanjo madion'ny tempoly mihitsy aza izy.

Na dia ilaina sy manan-danja aza ny mahatsiaro ny tantaran'ny diaben'ny mpisava lalana Mômôna tamin'ny taonjato faha-19 dia mila tsaroantsika fa "mitohy ny diabe mitety ny fiainana!" mba hahafahan'ny tsirairay avy amintsika maneho ny "[finoantsika manokana] isaky ny mandingana."

Tsy mivory any amin'ireo toerana fitobian'ny mpisava lalana any amin'ny faritra andrefan'i Etazonia intsony ankehitriny ireo mpikambana vao niova fo. Ankehitriny kosa, ireo mpikambana vao niova fo dia miangona any amin'ny vondrona misy azy. Toerana izay itsaohan'ny Olomasina ny Ray any An-danitra amin'ny anaran'i Jesoa Kristy. Amin'ireo vondrona mihoatra ny telo hetsy (30.000) misy manerana izao tontolo izao, ny tsirairay avy dia samy miangona any amin'ny Ziona misy azy avy. Araka ny lazain'ny soratra masina hoe "Fa i Ziona dia izao—ny madio am-po."[6]

Mandritra ny diantsika eto amin'ny fiainana, dia hosedraina isika mba hahitana raha toa ka "[h]itandrina ny zava-drehetra izay efa nandidian['ny Tompo]."[7]

Maro amintsika no mizotra amina lalam-piainana ahitana zava-baovao izay mitarika amin'ny fahafaham-po manokana sy fahatakarana ara-panahy. Ny sasany amintsika kosa manao dia be izay mitarika mankany amin'ny alahelo, fahotana, fahoriam-be, ary famoizam-po.

Eto amin'ity sahankevitra ity dia miangavy aho; manontania tena hoe: Aiza no toerana hiafarako? Mitondra anao mankaiza ny dia raisinao? Ary ny lalana izoranao ve mitondra anao any amin'ny "fitahiana sesehena" nampanantenain'ny Mpamonjy?[8]


Ny diabe miverina any amin'ny Raintsika any An-danitra no diabe manan-danja indrindra amin'ny fiainantsika ary mitohy isan'andro, isan-kerinandro, ary isan-taona izany arakaraka ny hampitomboantsika ny finoantsika Azy sy i Jesoa Kristy Zanany Malal.

Tsy maintsy mitandrina isika amin'izay itondran'ny dia ataontsika eto amin'ny fiainana antsika. Tsy maintsy mailo sy mihaino ilay torohevitr'i Jesoa tamin'ireo mpanaradia Azy isika raha namaly ireto fiangaviana ireto Izy: "Lazao aminay izay andro hahatongavan'izany, ary izay ho famantarana ny fihavianao sy ny fahataperan'izao tontolo izao.

"Ary Jesoa namaly ka nanao taminy hoe: Mitandrema fandrao hisy hamitaka anareo."[9]

Anio dia averiko ny torohevitra avy amin'ireo mpitarika ny Fiangonana fahiny.

- Ry rahalahy sy ranabavy, tandrovy ho madio ny fotopampianaran'i Kristy ary aoka tsy ho voafitak'ireo izay manovaova ny fotopampianarana. Ny filazantsaran'ny Ray sy ny Zanaka dia naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'i Joseph Smith, ilay Mpaminanin'ity fotoampitantanana farany ity.
- Aza mihaino ireo izay tsy voatendry sy/na tsy natokana ho amin'ny antson'izy ireo ao am-piangonana ka notohanana tamin'ny faneken'ny mpikamban'ny Fiangonana rehetra.[10]



- Aoka ho malina amin'ireo fikambanana, vondrona, na olona izay milaza ho manana valiny miafina ho an'ireo fanontaniana ara-potopampianarana izay lazain'izy ireo ho tsy ananana na tsy takatr'ireo apôstôly sy mpaminany ankehitriny.
- Aza mihaino ireo izay mamporisika anao amin'ny tetika hahazoan-karena. Efa very vola tsy toko tsy forohana ny mpikambana tato amintsika koa mitandrema.

Amin'ny toerana sasany dia maro loatra amin'ireo olontsika no mibanjina any ivelan'ny tanjona ary mikatsaka fahalalana miafina amin'ny alalan'ny fanaovana fomba fanao lafo vidy sy mampiahiahy ho fanasitranana sy fanohanana.

Misy fanambarana ôfisialin'ny Fiangonana iray, izay navoaka herintaona lasa izay, milaza hoe: "Manainga ny mpikamban'ny Fiangonana izahay ho malina amin'ny fandraisana anjara amina vondrona na toy inona na toy inona izay mampanantena, ka atakalo vola, fanasitranana mahagaga na milaza ho manana fomba manokana mba hahazoana hery fanasitranana ka



tsy natokan'ny mpihazona fisoronana ara-dalana."[11]

Ny *Boky torolalana* an'ny Fiangonana dia manoro hevitra fa: "Ny mpikambana dia tsy tokony hampiasa ireo fomba amam-panao hoentina mitsabo sy hitandroana ny fahasalamana izay mampiahiahy eo amin'ny fitondrantena na eo anatrehan'ny lalàna. Ireo mpitarika eo an-toerana dia tokony hanoro hevitra ny mpikambana izay tsy salama mba hanatona ireo mpitsabo matihanina manampahaizana manokana momba izany, izay manana fahazoan-dalana hanao izany asa izany ao amin'ireo firenena hiasan'izy ireo."[12]

Ry rahalahy sy ranabavy, mahaiza mandanjalanja ary aoka ho fantatrareo fa ny fomba toy ireny dia mety manintona ara-pihetseham-po kanefa mety ho lasa mampidi-doza ara-panahy sy ara-batana.

Ho an'ireo razambetsika mpisava lalana, ny fahavitan-tena sy ny fizakantena dia tena nanan-danja, kanefa tsy latsa-danja amin'izany ny fahaizan'izy ireo mifanampy. Niara-niasa izy ireo ary nifanampy mba handresena ireo fanamby ara-batana sy ara-pihetseham-po tamin'ny andron'izy ireo. Ho an'ireo lehilahy, dia nisy ny kolejin'ny fisoronana, ary ny vehivavy dia nokarakarain'ny Fikambanana Ifanampiana. Tsy mbola niova ireny amin'izao androntsika izao.

Ny Fikambanana Ifanampiana sy ny kolejin'ny fisoronana dia manome fahasalamana ara-batana sy ara-panahin'ireo mpikambana ato amintsika.

Mijanòna eo amin'ny lalan'ny filazantsara amin'ny fananana "finoana isaky ny mandingana" mba hahafahanao miverina tsy misy tomika eo anatrehan' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Tompo. Ny Tompo no Mpamonjy tsy sarobidintsika. Izy no Mpamonjy an'izao tontolo izao. Tokony hanaja ny anarany masina isika sy tsy hampiasa izany fahatany, ary hiezaka ny hitandrina ny didiny mandrakariva. Raha manao izany isika dia hitahy antsika Izy ary hitarika antsika hiverina soa mantsara any an-trano.

Manasa ny tsirairay izay mahare ny feoko aho mba handray sy hikarakara ny olona izay manomboka ny diabeny androany na aiza na aiza misy azy ireo eo amin'izany diany izany.

Tadidio fa tsy misy fitahiana lehibe kokoa izay azon'ny rehetra zaraina mihoatra ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny izay rehefa noraisina sy iainana dia mampanantena hafaliana sy fiadanana maharitra, eny ny fiainana mandrakizay mihitsy aza. Ndeha hampiasaintsika ny herintsika, ny tanjatsika, ary ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika amin'ny alalan'ny fanampiana ireo misiônerantsika hitady sy hampianatra ary hanao batisa ny zanak' Andriamanitra mba hahafahan'izy ireo hahazo ny herin'ny fotopampianaran'ny filazantsara mitarika ny fiainany isan'andro.

Mila mandray ny zanak' Andriamanitra amim-pangorahana isika ary mamongotra izay mety ho fankahalana, ao anatin'izany ny fanavakavahambolon-koditra, fanavakavahana ara-pananahana, ary fanakavahana ara-piaviana. Aleo hazava tsara fa isika dia tena mino fa natao ho an'ny zanak' Andriamanitra rehetra ny fitahiana avy amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny.

Mijoro ho vavolombelona aho fa "mbola mitohy ny diabe," ary manasa anareo aho mba hijanona eo amin'ny lalan'ny filazantsara rehefa mibosesika mandroso amin'ny alalan'ny fanampiana ireo zanak' Andriamanitra rehetra amim-pitiavana, sy fangorahana ianareo, mba hiarahantsika manadio ny fo sy ny tanantsika mba handray ireo "fitahiana sesehena" miandry ireo izay tia marina ny Ray any An-danitra sy ny Zanany malalany. Izany no entiko am-bavaka amim-panetrentena amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Brigham Young, teny nindramin'i Wilford Woodruff, ao amin'ny *The Utah Pioneers* (1880), 23.
2. Jane Manning James autobiography, ca. 1902, Church History Library, Salt Lake City; jereo koa ny James Goldberg, "The Autobiography of Jane Manning James," 11 des. 2013, history.lds.org.
3. Jereo ohatra ny Jill DiSanto, "Penn Research Shows That Mormons Are Generous and Active in Helping Others," *Penn News,* 17 apr. 2012.
4. Jereo ny M. Russell Ballard, "Faith in Every Footstep," *Ensign,* nôv. 1996, 23–25.
5. "The Purpose of Relief Society," lds.org/callings/relief-society/purposes; jereo ihany koa ny *Manuel 2: Administration de l' Eglise* (2010), 9.1.1.
6. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:21.
7. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:25.
8. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 97:28.
9. Matio 25:1–4.
10. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 26:2; 28:13; 43:6–7.
11. Church spokesman Eric Hawkins, ao amin'ny Daniel Woodruff, "The Business behind Christ-Centered Energy Healing," 28 Sept. 2016, kutv.com.
12. *Manuel 2,* 21.3.6.



**Nosoratan'i Tad R. Callister**
Filohan'ny Sekoly Alahady maneran-tany

# Vavolombelona mahery vaika avy amin' Andriamanitra: Ny Bokin'i Môrmôna

*Vavolombelona mahery vaika avy amin' Andriamanitra mikasika ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy sy ny maha-mpaminany voantso an'i Joseph Smith ary ny maha-marina tanteraka ity Fiangonana ity ny Bokin'i Môrmôna.*

Ny Bokin'i Môrmôna dia tsy vato ifaharan'ny fivavahantsika fotsiny fa afaka ny ho lasa vato ifaharan'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika koa, ka rehefa miatrika fitsapana sy fanontaniana tsy ananam-baliny isika, dia afaka mihazona tsara ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika izany. Io boky io no ilay havesarana iray eo amin'ny mizanan'ny fahamarinana izay mihoatra lavitra ny fitambaran'ny havesaran'ireo porofo rehetra asehon'ny mpitsikera etsy ankilany. Nahoana? Satria raha marina izy io dia mpaminany i Joseph Smith ary ity no Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny na inona na inona porofo ara-tantara na porofo hafa izay mifanohitra amin'izany. Noho izany antony izany dia manao izay hanaporofoana ny tsy fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna ireo mpitsikera, kanefa tena goavana ireo sakana atrehan'izy ireo satria marina io boky io.

Voalohany, dia tsy maintsy hazavain'ireo mpitsikera hoe ahoana no fomba namoronan'i Joseph Smith, izay tovolahy 23 taona, mpamboly sy mpiompy tsy nandia fianarana firy, boky iray ahitana anarana sy toerana miavaka an-jatony ary ahitana koa tantara sy zava-nitranga amin'ny antsipiriany. Noho izany dia mpitsikera maro no mandroso hevitra fa olona lalin-tsaina mahay mamorona izy ka niantehitra tamin'ny boky sy loharanom-pitaovana hafa teo an-toerana mba hamoronana ny votoatiny ara-tantaran'ny Bokin'i Môrmôna. Saingy ny zavatra mifanohitra amin'ny fanambaran'izy ireo, dia ny tsy fisian'ny vavolombelona na dia iray aza izay manambara ho nahita an'i Joseph nanana ireo loharanom-pitaovana heverina ho teo am-pelatanany ireo talohan'ny fiantombohan'ny fandikan-teny.

Raha toa ka marina aza io porofo io dia tena tsy ampy izany mba hanazavana ny fisian'ny Bokin'i Môrmôna. Tsy maintsy mamaly ity fanontaniana ity koa ny olona iray: ahoana no fomba namakian'i Joseph ireo loharanom-pitaovana rehetra heverina ho teo am-pelatanany ireo, sy nanasivanany izay tsy nilaina, ary nihazonany araka ny tokony ho izy ireo antsipirian-javatra mikasika ny hoe iza no tany amin'ny toerana iray, dia oviana izany, ary avy eo nanonona izany tamin'ny alalan'ny fitadidiana tonga lafatra? Satria rehefa nandika teny i Joseph Smith dia tsy nanana sora-pitadidiana mihitsy izy. Raha ny marina dia nitantara i Emma vadiny hoe: "Tsy nisy boky sora-tanana na boky novakiny. . . . Raha nisy ny karazan-javatra toy izany dia tsy ho nafeniny ahy izany."[1]



Noho izany, ahoana no fomba nanatanterahan'i Joseph ity asan-kerim-po miavaka nanononana boky ahitana 500 pejy mahery nefa tsy nisy sora-pitadidiana ity? Mba hanatanterahana izany, dia tsy hoe tsy maintsy olona lalin-tsaina mahay mamorona fotsiny izy fa tsy maintsy nanana fitadidiana lavorary tena mahatalanjona koa izy. Kanefa raha marina izany dia nahoana no tsy nifantoka tamin'izany fananany talenta miavaka izany ireo mpitsikera azy?

Mbola misy zavatra hafa anefa ankoatra izany. Ireo porofo ireo dia miantefa fotsiny amin'ny votoatiny ara-tantaran'ilay boky. Fa mbola mitoetra ny tena olana: Ahoana no fomba namokaran'i Joseph boky iray izay mampiely ny Fanahy, ary taiza no nahazoany fotopampianarana lalina toy izany izay manazava na manohitra ireo zavatra inoan'ny Kristianina tamin'ny fotoana niainany?

Ohatra, ny Bokin'i Môrmôna dia mampianatra zavatra mifanohitra amin'ireo zavatra inoan'ny ankamaroan'ny Kristianina, fa ny Fahalavoan'i Adama dia dingana tsara mba handrosoana. Manambara ireo fanekempihavanana natao tamin'ny batisa izany izay tsy voalaza ao amin'ny Baiboly.

Ankoatra izany, dia mety misy hanontany hoe: taiza no nahazoan'i Joseph ilay hevi-baovao mahery vaika fa noho ny Sorompanavotan'i Kristy dia tsy hoe afaka manadio antsika fotsiny Izy fa afaka manao izay hahalavorary antsika koa? Taiza no nahazoany an'ilay toriteny mahatalanjona momba ny finoana ao amin'ny Almà 32? Na ny toritenin'i Benjamina Mpanjaka mikasika ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy, izay angamba toriteny faran'izay miavaka indrindra mikasika io lohahevitra io ao anatin'ny soratra masina rehetra? Na ny fanoharana mikasika ny hazo oliva miaraka amin'ny fahasarotany sy ny hareny ara-potopampianarana? Rehefa mamaky io fanoharana io aho dia tsy maintsy manao sarisary mba hanarahana ireo antsipirian-javatra sarotra fonosiny. Moa ve isika ankehitriny natao hino fa i Joseph Smith dia nanonona fotsiny ireo toriteny ireo avy tao an-tsainy ary tsy nanana sora-pitadidiana izy?



Ny zavatra mifanohitra amin'io fehin-kevitra io dia ny fahitana ny dian-tanan' Andriamanitra manerana ny Bokin'i Môrmôna, izay voaporofon'ireo fahamarinana ara-potopampianarana lehibe ao anatiny, indrindra fa ireo toriteniny miavaka mikasika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

Raha toa ka tsy mpaminany i Joseph, dia mba hahafahana manazava ireo zava-baovao miavaka ara-potopampianarana ireo sy ny maro hafa, dia tsy maintsy manambara ireo mpitsikera fa manam-pahaizana ara-teôlôjia koa izy. Kanefa raha izay tokoa no izy dia mety hisy hanontany hoe: nahoana no i Joseph irery ihany 1800 taona taorian'ny asa fanompoana nataon'i Kristy no namoaka karazana fotopampianarana maro tsy manantsahala sy manazava toy izany? Satria fanambarana fa tsy faharanitan-tsaina no loharano nahazoana io boky io.

Kanefa na dia raisintsika ho toy ny olona lalin-tsaina mahay mamorona sy manam-pahaizana ara-teôlôjia izay manana fitadidiana lavorary aza i Joseph, dia tsy ampy hahatongavana ho mpanoratra mahay ireo talenta ireo. Mba hanazavana ny fisian'ny Bokin'i Môrmôna, dia tsy maintsy manambara koa ireo mpitsikera fa i Joseph dia mpanoratra manan-talenta ara-boajanahary tamin'ny faha-23 taonany. Raha tsy izany dia ahoana no fomba nanambarany anarana sy toerana ary zava-nitranga maro dia maro mba ho lasa zavatra mivaingana iray tsara rindra ary tsy ahitana fikorontanana? Ahoana no fomba nanoratany tetika entina miady amin'ny antsipiriany, sy nandrafetany toriteny manetsipo, ary namoronany andian-teny izay tsipihin'ny olona an-tapitrisany amin'ny loko miavaka, sy ataony tsianjery ary hindraminy sy apetany eo amin'ny varavaran'ny vata fampangatsiahana, andian-teny toy ny hoe: "Rehefa eo amin'ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an'Andriamanitrareo ianareo" (Môsià 2:17) na "Lavo i Adama mba hisian'ny olona; ary misy ny olona mba hahazo fifaliana" (2 Nefia 2:25). Hafatra manana hery lehibe ireo. Hafatra izay velona sy miaina ary manentana ny fanahy. Ny filazana fa i Joseph Smith tamin'ny faha-23 taonany dia nanana ireo fahaizana nilaina mba hanoratana izany asa goavana izany tao anatin'ny drafitra natsangana iray monja nandritra ny 65 andro niasana teo ho eo, dia mifanohitra amin'ny tena zava-misy eo amin'ny fiainana.

Nilaza ny Filoha Russell M. Nelson, izay mpanoratra manan-traikefa sy mahay fa namerina nanoratra inefapolo ny lahateny iray ho an'ny fihaonamben'ny Fiangonana vao haingana izy. Moa ve isika ankehitriny hino fa nanonona irery ny Bokin'i Môrmôna iray manontolo tao anatin'ny drafitra natsangana iray monja i Joseph Smith ary fanovana ara-pitsipi-pitenenana kely fotsiny no natao taorian'izay?

Nanamafy ny tsy fahafahana manatanteraka asa toy izany i Emma vadin'i Joseph: "I Joseph Smith [tamin'ny nahatovolahy azy] dia tsy afaka nanoratra na nanonona ireo teny tao amin'ny taratasy mazava sy milamina; ary azo antoka fa tsy afaka nanonona teny tao anatin'ny boky tahaka ny Bokin'i Môrmôna."[2]

Ary farany na dia misy olona manaiky ireo porofo teo aloha rehetra ireo aza izay mety mampiahiahy, dia misy sakana mananontanona iray hafa mbola atrehan'ireo mpitsikera. Nanambara i Joseph fa ny Bokin'i Môrmôna dia nosoratana teo amin'ny takela-bolamena. Nahazo tsikera tsy an-kijanona izany fanambarana izany

tamin'ny androny, satria "ny olona rehetra" dia nahafantatra fa ireo tantara fahiny dia nosoratana teo amin'ny papirosy na hodi-biby manify mandra-pahatonga ny taona taty aoriana izay nahitana takela-by nisy soratra fahiny. Ankoatra izany dia nanambara ireo mpitsikera fa ny fampiasana simenitra araka ny voalaza ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia mihoatra lavitra ny fahaizana ara-teknika nananan'ireo Amerikana tany am-piandohana ireo, mandra-pahita zavatra natsangana vita tamin'ny simenitra tany Amerika fahiny. Inona no fanazavana homen'ireo mpitsikera eo anatrehan'ireo zavatra ireo sy ireo fahitan-java-baovao hafahafa mitovy amin'izany? Hitantsika a! Mety mpamantatra tena tsara vintana mihitsy koa i Joseph. Mahagaga fa na dia teo aza ireo olana maro natrehany, na dia teo aza ireo fahalalana ara-tsiantifika sy ambony, dia nahay namantatra ny marina izy rehefa diso ny hafa rehetra.

Rehefa avy mandinika ireo zavatra rehetra ireo, dia mety hisy hanontany hoe ahoana no ahafahan'ny olona iray mino fa ireo singa sy hery heverina ho



nisy ireo, araka ny natolotr'ireo mpitsikera, dia nitambatra tampotampoka teo ka nahafahan'i Joseph nanoratra ny Bokin'i Môrmôna, dia namoaka asasoratra feno fitak'i Satana avy eo. Saingy ahoana no haha-marina izany? Ny zavatra mifanohitra mivantana amin'izany fanambarana izany dia ny fitarihan'ity boky ity olona an-tapitrisany maro mba handà an'i Satana sy hiaina fiainana tahaka ny an'i Kristy bebe kokoa.

Raha misy olona mety hisafidy ny hino ny fanazavan'ireo mpitsikera, dia toy ny lala-tampina ara-tsaina sy ara-panahy izany ho ahy. Raha mino izany aho dia tsy maintsy hanaiky petra-kevitra misesy izay tsy voaporofo. Ankoatra izany, dia tsy maintsy tsy hiraharaha ny tenivavolombelona nataon'ireo vavolombelona miisa 11[3] tsirairay aho, na dia nijoro tamin'ny tenivavolombelony hatramin'ny farany aza ny tsirairay tamin'izy ireo. Tsy maintsy handà ny fotopampianarana masina izay mameno ny pejy tsirairay ao anatin'ity boky masina ity miaraka amin'ireo fahamarinana masina ao anatiny aho. Tsy maintsy tsy horahahariako ilay toe-javatra hoe, olona maro ary anisan'izany aho, no lasa nanakaiky kokoa an' Andriamanitra tamin'ny alalan'ny famakiana izany boky izany noho ny tamin'ny alalan'ny boky hafa, ary ny tena zava-dehibe, dia tsy maintsy handà ny bitsiky ny Fanahy Masina izay manome fanamafisana aho. Mifanohitra amin'ny zavatra rehetra izay fantatro fa marina izany.

Nandao ny Fiangonana nandritra ny fotoana fohy ny iray tamin'ireo namako akaiky sy mahiran-tsaina. Izao no nosoratany tamiko vao haingana mikasika ny fiverenany: "Tamin'ny voalohany dia naniry ny hahazo porofo ara-tantara, ara-jeografika, sy ara-pitsikerafiteny ary ara-kolontsaina momba ny Bokin'i Môrmôna aho. Saingy rehefa novaiko hoe, izay ampianarin'izany mikasika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy ny asa famonjena nanirahana Azy no hifantohan'ny saiko, dia nanomboka nahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny fahamarinan'izany aho. Indray andro raha namaky ny Bokin'i Môrmôna tao amin'ny efitranoko aho, dia nijanona kely, dia nandohalika ary nanolotra vavaka avy amin'ny fo, ka nahatsapa mazava tsara ny fibitsihan'ny Ray any An-danitra tamin'ny fanahiko fa tena marina ny Fiangonana sy ny Bokin'i Môrmôna. Ilay telo taona sy tapany namerenako nanadihady ny Fiangonana dia nitarika ahy tanteraka sy tamim-paharesen-dahatra indray tany amin'ny fahamarinany."

Raha toa ny olona iray ka manokana fotoana hamakiana sy hisaintsainana amim-panetrentena ny Bokin'i Môrmôna, toy ny nataon'ilay namako, dia mihaino ny vokatra soa avy amin'ny Fanahy, dia hahazo ilay tenivavolombelona nirina izy amin'ny farany.

Ny Bokin'i Môrmôna dia iray amin'ireo fanomezana sarobidy avy amin' Andriamanitra ho antsika. Sady sabatra izany no ampinga. Mandefa ny tenin' Andriamanitra mba hiady ho an'ny fanahin'ireo olo-marina izany ary toy ny mpiaro faratampony ny fahamarinana. Amin'ny maha-Olomasina antsika dia tsy hoe manana tombontsoa hiaro ny Bokin'i Môrmôna fotsiny isika fa manana fahafahana hampiasa mafy izany mba hitoriana amin-kery ny fotopampianarana masina ao anatiny sy hijoro ho vavolombelona momba ny maha-vavolombelona faratampony an'i Jesoa Kristy an'izany.

Zaraiko ny fijoroana ho vavolombelona tena lehibe ananako, fa nadika araka ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra sy ny heriny ny Bokin'i Môrmôna. Vavolombelona mahery vaika avy amin' Andriamanitra mikasika ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy sy ny maha-mpaminany voantso an'i Joseph Smith ary ny maha-marina tanteraka ity Fiangonana ity izany. Enga anie mba ho vato ifaharan'ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika izany, ka mba holazaina fa isika, toy ireo Lamanita niova fo, dia "tsy nihemotra na oviana na oviana" (Almà 23:6). Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Emma Smith, ao amin'ny "Last Testimony of Sister Emma," *Saints' Herald,* 1 ôkt. 1879, 289, 290.
2. Emma Smith, ao amin'ny "Last Testimony of Sister Emma," 290.
3. Jereo "Ny Tenivavolombleon'ireo Vavolombelona Telo" ary "Ny Tenivavolombelon'ireo Vavolombelona Valo," ao amin'ny Bokin'i Môrmôna.



**Nataon'ny Loholona Joni L. Koch**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Mifanalavitra nefa miray hina hatrany


*Ato amin'ny Fiangonana, na dia eo aza ny fahasamihafantsika, dia manantena antsika ny Tompo mba hiray hina!*

Tamin'ny jona 1994 dia tsindrindaona erỳ aho nody nitondra fiara avy niasa mba hanaraka amin'ny fahitalavitra ny ekipam-pirenenay mpilalao baolina kitra hilalao amin'ny Amboara eran-tany. Vao niainga kely aho dia nahita avy lavitra teo amin'ny sisin-dalana lehilahy iray izay nampandroso haingana ny sezany misy kodiarana, izay tsikaritro fa voaravaka amin'ny sainam-pirenenay Brezilianina. Fantatro tamin'izay fa handeha hody hijery ilay lalao ihany koa izy!

Rehefa nifanena izahay ka nifanojo ny masonay, nandritra ny fotoana fohy dia nahatsiaro ho niray hina mafy tamin'io lehilahy io aho! Samy hafa ny lalanay, tsy nifankafantatra izahay, ary nazava fa tsy nitovy ny toe-piainanay ara-piarahamonina sy ara-batana, nefa ny fitiavanay baolina kitra sy ny fitiavanay ny firenenay dia nahatonga anay hahatsapa ho iray tamin'io fotoana io indrindra! Tsy hitako intsony io lehilahy io hatramin'izay, kanefa anio, am-polotaona maro aty aoriana, dia mbola afaka mahita ireo masony aho ary mahatsapa ilay fifandraisana matanjaka tamin'io lehilahy io. Sady nandresy ilay lalao sy nandrobaka ny Amboara eran-tany ange izahay tamin'io taona io e!

Ato amin'ny Fiangonana, na dia eo aza ny fahasamihafantsika, dia manantena antsika ny Tompo mba hiray hina! Nilaza Izy ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana hoe: "Aoka ho iray ianareo; ary raha tsy iray ianareo dia tsy ahy."[1]

Rehefa miditra ny trano fivoriana iray na ny tempoly iray isika rehetra



mba hitsaoka ao anatina vondrona iray dia tokony havelantsika any ivelany ireo fahasamihafantsika, tafiditra amin'izany ny firazanana, ny toerana eo amin'ny fiarahamonina, sy ny fironana ara-pôlitika, ny zava-bitantsika teo amin'ny lafiny fianarana na arak'asa, fa hifantoka kosa amin'ny tanjontsika arapanahy iombonana. Miara-mihira isika, misaintsaina momba ny fanekempihavanana itovizana mandritra ny fanasan'ny Tompo isika, ary miara-miteny mafy hoe "amena" isika aorian'ireo lahateny, lesona, ary vavaka, izay midika fa miara-manaiky izay nozaraina isika.

Ireo zavatra izay ataontsika miaraka ireo dia manampy amin'ny fanorenana firaisan-kina eo anivon'ny mpiara-miangona.

Ny zavatra tena mamaritra na manamafy na mandrava ny firaisankinantsika anefa dia ny zavatra ataontsika rehefa lavitra an'ireo mpikamban'ny Fiangonantsika isika. Araka ny fantatsika rehetra dia tsy azo ialàna ary zava-misy mihitsy ny hoe tsy maintsy ho tonga ny fotoana hifampiresahantsika momba antsika.

Arakaraka ny zavatra izay safidiantsika holazaina momba ny hafa, ny teny aloaky ny vavantsika dia na izany hahatonga ny "fony mifamihina ao amin'ny firaisan-kina,"[2] araka ny nampianarin'i Almà ireo izay natao batisa teo amin'ny Ranon'i Môrmôna, na izany hampihena tsikelikely ny fitiavana sy ny fahatokiana ary ny fahatsarana tokony hisy eo anivontsika.

Misy ireo teny izay mandrava tsimoramora ny firaisan-kina toy ny hoe "Marina tokoa fa tsara io eveka io; saingy raha hitanao hoe nanao ahoana izy io fony izy zatovolahy!"

Ny endrik'izany izay tsaratsara kokoa dia mety hanao hoe: "Tena lehilahy tsara tokoa ny eveka, ary tena nivoatra tamin'ny lafiny fahamatorana sy fahendrena mihitsy izy nandritra izay taona rehetra izay."

Matetika tokoa isika no mamaritra tanteraka ny olona amin'ny filazana zavatra toy ny hoe: "Tsy afaka ny hiova intsony ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana antsika; mafy loha loatra

izy!" Tokony hilaza kosa anefa isika hoe: "Tsy dia nilefitra loatra ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana antsika tato ho ato; mety mandalo fotoantsarotra angamba izy. Handeha isika hanampy sy hanohana azy!"

Ry rahalahy sy ranabavy, tsy manan-jo hamaritra an'iza na iza ho tsy afaka ny hiova sy hivoatra intsony isika, anisan'izany ny eo amin'ny samy mpiara-mivavaka! Ny zavatra lazaintsika amin'ireo mpiara-belona amintsika kosa dia tokony hahitana taratra ny finoantsika an'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany ary hahitana taratra ny hoe ao Aminy sy amin'ny alalany isika dia afaka ny ho tsaratsara kokoa hatrany!

Ny olona sasany dia manomboka mitsikera ary lasa misara-bazana amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana sy ireo mpikambana noho ny zavatra izay tena tsisy dikany tokoa.

Izany no nitranga tamin'ny lehilahy iray nantsoina hoe Simonds Ryder, izay lasa mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny 1831. Taorian'ny namakiany fanambarana iray momba azy dia sahiran-tsaina izy nahita fa diso tsipelina ny anarany ka nosoratana hoe Rider misy ny litera *i* fa tsy ny litera *y*. Ny fihetsiny nanolona izany zava-nitranga izany dia anisan'ny nahatonga ny fisalasalany momba ny mpaminany ary taty aoriana dia nitarika ny fanenjehana an'i Joseph sy ny fialany tamin'ny Fiangonana.[3]

Azo inoana ihany koa fa hiaina fanitsiana avy amin'ireo mpitarika antsika ara-pivavahana isika rehetra, ary izany no ho fitsapana ny hoe manao ahoana ny firaisan-kinantsika amin'izy ireo.

Vao 11 taona aho tamin'izany, kanefa tsaroako fa 44 taona lasa izay dia nandalo fanavaozana goavana ny trano fiangonana falehan'ny fianakaviako. Talohan'ny nanatanterahana izany dia nisy fivoriana niarahana tamin'ireo mpitarika tao an-toerana sy ireo mpitarika tao amin'ny vondrom-paritra izay niresadresahana momba ny fomba handraisan'ny mpikambana anjara amin'ny asa manoloana izany tanjona izany. Ny raiko, izay efa niahy io vondrona io nandritra ny taona maro dia naneho hevitra fa tena nino tokoa izy ny tokony hanaovan'ny olona matihanina ilay asa fa tsy olon-tsotra.

Tsy vitan'ny hoe nolavina fotsiny ny heviny fa naheno ihany koa izahay fa nanarina mafy sy teo imason'ny rehetra izy tamin'io fotoana io. Fa izy io anefa dia lehilahy tena nanolo-tena tamin'ny Fiangonana ary koa miaramila niady tamin'ny Ady Lehibe faharoa tany Eorôpa, izay zatra nanohatra sy niady ho an'izay zavatra inoany! Mety nisy nanontany tena izao hoe ahoana no mety ho fihetsiny nanoloana izany zava-nitranga izany. Hikiry amin'ny heviny ve izy ary hanohy ny fanoherana ny fanapaha-kevitra izay efa tapaka?

Nahita fianakaviana tao amin'ny paroasinay izahay izay nihanarefo tao amin'ny filazantsara ary nitsahatra namonjy fivoriam-bavaka noho ny tsy niraisany hina tamin'ireo izay nitarika azy ireo. Efa nahita maso ihany koa aho ny amin'ireo namako maro tany amin'ny Kilonga izay lasa tsy nahatoky intsony nandritra ny fahatanorany noho ny ray aman-drenin'izy ireo izay nitady foana ny fahadisoana eo amin'ireo izay ato amin'ny Fiangonana.

Ny Dadako anefa dia nanapa-kevitra ny hijanona ho iray amin'ireo Olomasina tahaka azy. Ary andro vitsivitsy taty aoriana, rehefa vory ireo mpikambana tao amin'ny paroasy hanampy amin'ny asa fanamboarana, dia "nanasa" ny fianakaviako izy mba hanaraka azy ho any amin'ilay trano fiangonana ka hanolotra ny tenanay mba hanome tanana amin'izay zavatra ilaina.

Tena taitra aho. Nahatsapa aho fa tokony ho nanontany azy hoe: "Dada a! Fa nahoana loatra isika no hanampy amin'ilay asa nefa tsy nekenao ny hanaovan'ny mpikambana izany?" Saingy tsy nampahalaina ahy hanao izany ny endrika teny amin'ny tavany. Te hanao tsara tamin'ilay fanokanana indray aho. Koa, soa ihany fa nanapa-kevitra ny hangina aho ka mandeha fotsiny sy nanampy tamin'ny fananganana!

Tsy nanam-pahafahana nahita ny fahavitan'ilay trano fiangonana i Dada satria nodimandry izy talohan'ny famaranana ny asa. Saingy izahay tato amin'ny fianakaviana, izay notarihin'i




reniko, dia nanohy ny anjaranay mandra-pahavita ilay izy, ary izany dia nahatonga anay ho niray hina hatrany tamin'ny raiko, tamin'ny mpiara-mivavaka taminay sy ireo mpitarika anay, ary indrindra indrindra tamin'ny Tompo!

Fotoana fohy talohan'ny zavatra sarotra dia sarotra niainany tao Getsemane, raha nivavaka tamin'ny Rainy ho an'ireo Apôstôliny sy ho antsika rehetra i Jesoa, dia nilaza Izy hoe: "Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao."[4]

Ry rahalahy sy ranabavy, mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa manapa-kevitra ny hiray hina amin'ny mpikambana sy ny mpitarika ato amin'ny Fiangonana isika, mandritra ny fotoana hiarahana mivory aminy ary indrindra indrindra rehefa lavitra amin'izy ireo, dia hahatsapa ihany koa ho miray hina tanteraka kokoa amin'ny Raintsika any An-Danitra sy ny Mpamonjy isika. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:27.
2. Môsià 18:21.
3. Jereo ny Milton V. Backman Jr., *The Heavens Resound: A History of the Latter-day Saints in Ohio, 1830–1838* (1983), 93–94.
4. Jaona 17:21.



**Nataon'ny Loholona Stanley G. Ellis**
Mpikambana tao amin'ny Fitopololahy nisaorana tamim-boninahitra

# Matoky Azy ve isika? Tsara ny zavatra sarotra

*Na inona na inona olana dia afaka ny ho tsara ny zavatra sarotra ho an'ireo izay mandroso amim-pinoana sy matoky ny Tompo sy ny drafiny.*

Alohan'ny hanombohako, amin'ny maha-solontenantsika rehetra ahy izay nianjadian'ny fandravana nataon'ireo rivo-doza sy horohorontany vao haingana, dia maneho fankasitrahana avy amin'ny fo an'ireo Mpanome Tanana rehetra sy ireo mpandrindra ny asa izay nanome fanampiana sy fanantenana ho antsika aho.

Tamin'ny ôktôbra 2006 aho no nanao lahateny voalohany tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Tsapako fa ny hafatra iray manan-danja ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao dia ahitana ny fitsipika hoe: "Matoky antsika ny Tompo!"

Matoky antsika marina tokoa amin'ny fomba tena maro Izy. Nomeny antsika ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, ary nomeny tamin'ity fotoampitantanana ity ny fahafenoan'izany. Ankininy amim-pitokiana amintsika ny fahefampisoronana miaraka amin'ny fanalahidy hampiasana izany araka ny tokony ho izy. Noho io hery io dia afaka mitahy, manompo, mandray ôrdônansy, ary manao fanekempihavanana isika. Ankininy amim-pitokiana amintsika ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny, ary tafiditra ao anatin'izany ny tempoly masina. Ankininy amim-pitokiana amin'ireo mpanompony ny hery famehezana, mba hamehezana ety an-tany ka hamehezana izany any an-danitra! Matoky antsika mihitsy aza Izy mba ho ray aman-dreny ety an-tany, mpampianatra, ary mpikarakara ny zanany.

Taorian'izay taona maro nanompoako tamin'ny naha-Manampahefana Ambony ahy izay dia manambara amim-pahatokiana bebe kokoa aza aho hoe: Matoky antsika Izy.

Fa ny fanontaniana mandritra ity fihaonambe ity dia ny hoe: "Matoky Azy ve isika?"

### Matoky Azy ve isika?

Mampahatsiahy antsika matetika ny Filoha Thomas S. Monson mba "hatoky an'i Jehovah amin'ny fonareo rehetra ary tsy miankina amin'ny fahalalanareo.

Maneke Azy amin'ny alehana[re]o rehetra, Fa Izy handamina ny làlana[re]o.

Aza manao ana[re]o ho hendry" (Ohabolana 3:5–7).

Matoky ve isika fa natao hahasoa antsika ny didiny? Matoky ireo mpitarika nofidiny, na dia tsy tanteraka aza, mba hitarika antsika tsara ve isika? Matoky ve isika fa azo antoka ny fampanantenany? Matoky ve isika fa ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy dia mahafantatra antsika sy maniry ny hanampy antsika? Na dia ao anatin'ny fitsapana, olana, fahoriana, ary fotoantsarotra aza, mbola matoky Azy ve isika?

Rehefa nanao jery todika ny fiainako aho dia nianatra ny sasany tamin'ireo lesona tsara indrindra nandritra ireo fotoan-tsarotra, na tamin'ny fahatanorako izany, na tany amin'ny asa fitoriana, na rehefa nanomboka asa vaovao, na rehefa niezaka nilofo tamin'ireo antsoko, na rehefa nikarakara ireo zanako maro, na rehefa sahirana tamin'ny fizakan-tena. Hitako mazava fa tsara ny zavatra sarotra!

### Tsara ny zavatra sarotra

Ny zavatra sarotra dia mahatonga antsika ho matanja-tsaina kokoa, mampanetry tena antsika, ary manome antsika fahafahana hampiseho ny maha-izy antsika. Ireo mpamaky lay malalantsika izay nitondra sarety entin-tanana dia lasa nahafantatra an' Andriamanitra *nandritra ny fotoana faran'izay sarotra indrindra niainany.* Nahoana no toko anankiroa no nilaina mba hahazoan'i Nefia sy ireo rahalahiny ny takela-barahina nefa andininy telo monja no nandresena lahatra ny fianakavian'i Ismaela mba hiara-honina amin'izy ireo tany an-tany foana? (jereo ny 1 Nefia 3–4; 7:3–5). Hita fa tian'ny Tompo ny hampatanjaka an'i Nefia tamin'ny alalan'ny fahasahiranana teo amin'ny fahazoana ireo takelaka.

Tsy tokony hahagaga antsika ny fisian'ny zavatra sarotra amin'ny fiainana. Anisan'ny fanekempihavanana voalohandohany ataontsika amin'ny Tompo ny lalàn'ny fahafoizan-tena. Raha ny famaritana azy dia tafiditra ao anatin'ny fahafoizan-tena ny fahafoizana zavatra irina. Rehefa mahazo traikefa isika dia tonga saina fa kely ny zavatra hafoy raha oharina amin'ny fitahiana mirotsaka avy eo. Teo ambany fitarihan'i Joseph Smith dia nolazaina fa: "Ny fivavahana izay tsy mitaky fahafoizana ny zava-drehetra dia tsy manana hery ampy velively hiteraka ny finoana ilaina ho amin'ny fiainana sy ny famonjena."[1]



Tsy zava-baovao amin'ireo mpikambana ao amin' Ny Andriamanitra ny zavatra sarotra. Andriamanitra Ray dia nahafoy ny Zanany Lahitokana mba hiaritra ny fijaliana mahatsiravin'ny Sorompanavotana, ka tafiditra ao anatin'izany ny fahafatesana tamin'ny alalan'ny fanomboana tamin'ny hazofijaliana. Milaza ny soratra masina fa i Jesoa dia nianatra "fanarahana tamin'izay fahoriana nentiny" (Hebreo 5:8). Niaritra an-tsitrapo ny fijaliana lehibe tamin'ny Sorompanavotana Izy. Tena manana faharetana ny Fanahy Masina mibitsika sy mampitandrina, ary mitarika antsika, nefa indraindray Izy avy eo dia tsy raharahina, na adika vilana izay lazainy, na hadinoana.

#### Ampahan'ilay drafitra

Ampahan'ny drafitry ny filazantsara ny zavatra sarotra. Anisan'ny tanjon'ity fiainana ity ny fizahana toetra (jereo ny Abrahama 3:25). Ankoatra ny vahoakan'i Almà dia an-kavitsiana no nijaly kokoa nefa tsy mendrika izany. Nitsoaka an'i Noà Mpanjaka ratsy fanahy izy ireo nefa dia lasa andevon'ny Lamanita avy eo! Tamin'ny alalan'ireo fitsapana ireo no nampianaran'ny Tompo azy ireo fa manafay ny olony sy mizahatoetra "ny faharetany sy ny finoany" Izy (jereo ny Môsià 23:21).

Nandritra ireo andro nahatsiravina tao amin'ny fonjan'i Liberty dia nampianatra an'i Joseph Smith ny Tompo mba "[hiaritra] tsara" (F&F 121:8) ary nampanantena Izy fa raha manao izany i Joseph, "ireo zavatra rehetra ireo dia hanome anao traikefa ary ho soa ho anao izany" (F&F 122:7).

Niangavy antsika ny Filoha Monson hoe: "Enga anie isika hisafidy hatrany ny tsara izay mety ho sarotra atao kokoa toy izay ilay ratsy izay mety ho mora atao kokoa."[2] Raha ny tempolintsika no resahina dia nilaza izy hoe: "Tsy misy izany fahafoizan-tena lehibe loatra, na sarany mavesatra loatra, na fahoriana sarotra loatra ka tsy mendrika nanaovana izany mba handraisana ireo fitahian['ny tempoly] ireo."[3]

Eo amin'ny tontolon'ny zava-boahary dia ampahany amin'ny lalam-piainana ny zavatra sarotra. Sarotra ho an'ny akohokely ny mivoaka miala ao amin'ny akoran'atody misy azy. Fa rehefa misy olona manao izay hahamora kokoa izany anefa dia tsy afaka mampitombo ny tanjaka ilainy amin'ny fiainany ilay akohokely. Torak'izany koa, ny fahasahiranan'ny lolo hivoaka ny akoran-dandy dia mampatanjaka azy ho amin'ny fiainany ho avy.

Amin'ny alalan'ireo ohatra ireo dia hitantsika fa ny zavatra sarotra dia *zavatra iainan'ny rehetra!* Manana olana avokoa isika rehetra. Ny *zavatra afaka miova* no hasetrintsika ny zavatra sarotra.

Nisy fotoana ny vahoaka sasany tao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia nizaka "fanenjehana lehibe" sy "fahoriana be" (Helamàna 3:34). Inona no fihetsika nasehon'izy ireo? "Nifady hanina sy nivavaka matetika izy, ary nihanahery kokoa hatrany hatrany tao amin'ny fietreny sy nihamafy kokoa hatrany hatrany tao amin'ny finoana an'i Kristy, hany ka heniky ny fifaliana sy ny fiononana ny fanahiny" (Helamàna 3:35). Nisy ohatra iray hafa niseho taorian'ny taona maro nanjakan'ny ady: "Noho ny faharetan'ny ady izaitsizy tokoa teo amin'ny Nefita sy ny Lamanita, dia maro no efa nanjary nihamafy fo . . . ; ary maro no efa nihanalefaka noho ny fahoriany, hany ka nanetry ny tenany teo anoloan' Andriamanitra izy" (Almà 62:41).

Samy misafidy ny zavatra ataontsika manoloana ny zavatra sarotra isika.

#### Mitandrema amin'ny zavatra mora atao

Talohan'ity antsoko ity dia mpanoro hevitra ara-bola tany Houston, Texas aho. Ny ankamaroan'ny asako dia niarahana tamin'ny olona manambola an-tapitrisany maro izay nanana ny orinasan'izy ireo manokana. Ny ankamaroan'izy rehetra dia nanangana ny orinasa mahombin'izy ireo niainga avy tamin'ny tsy misy tamin'ny alalan'ny asa mafy. Ny zavatra nampalahelo ahy indrindra dia ny naheno ny sasany tamin'izy ireo nilaza fa tiany hamoraina kokoa ny fiainan'ireo zanany. Tsy tiany hijaly tahaka azy ireo ny zanany. Izany hoe hosakanan'izy ireo ny zanany tsy hiaina ilay zavatra izay nahatonga azy ireo nahomby.

Mahafantatra fianakaviana iray anefa izahay izay nampiasa paikady hafa. Nahita hevitra avy amin'ny zavatra niainan'i J. C. Penney ireo ray aman-dreny. Ny rain'izy io dia nilaza taminy rehefa feno valo taona izy fa efa tompon'andraikitra manokana amin'ny fiainany ara-bola izy. Nanana ny fomba fanaony manokana ireo ray aman-dreny: rehefa nahavita ny fianarana tany amin'ny lisea ny zanaka tsirairay dia tompon'andraikitra manokana tamin'ny fiainany ara-bola, mba hanohizana fianarana (oniversite, fianarana amin'ny ambaratonga ambony, sns.) ary mba hianarany mitantana ny volany (mba ho tena mahaleo tena) (jereo ny F&F 83:4). Soa ihany fa nampiseho fahendrena ireo zanaka. Nahavita fianarana tany amin'ny oniversite avokoa izy rehetra,

ary ny sasany amin'izy ireo dia lasa lavitra kokoa, nefa tsy nampiana. Tsy mora izany nefa vitan'izy ireo. Nahavita izany tamin'ny alalan'ny asa mafy sy ny finoana izy ireo.

#### Finoana mba hatoky Azy

Tsaratsara kokoa ny mametraka ilay fanontaniana hoe: "matoky Azy ve isika?" amin'ny alalan'ny hoe: "manana *finoana* mba hatoky Azy ve isika?"

Manana *finoana* mba hatoky ny fampanantenany momba ny fahafolonkarena ve isika fa metimety kokoa ny fiainantsika miaraka amin'ny 90 isan-jaton'ny vola miditra amintsika *miampy ny fanampian'ny Tompo* toy izay miaraka amin'ny 100 isan-jaton'ny vola miditra amintsika isan-taona *ary miady irery isika?*

Manana *finoana* ampy hatokiana Azy ve isika, fa hamangy antsika ao anatin'ny fahoriantsika Izy (jereo ny Môsià 24:14), fa hiady amin'ireo izay miady amintsika Izy (jereo ny Isaia 49:25; 2 Nefia 6:17), ary hanokana ny fahoriantsika ho tombontsoantsika Izy? (jereo ny 2 Nefia 2:2).

Hampiasa *finoana* ilaina mba hitandremana ny didiny ve isika mba hahafahany mitahy antsika sady ara-nofo no ara-panahy? Ary hanohy ho mahatoky hatramin'ny farany ve isika mba hahafahany mandray antsika eo anatrehany? (Jereo ny Môsià 2:41).

Ry rahalahy sy anabavy, afaka manana ny finoana mba hatoky Azy isika! Tiany hahazo izay mahasoa antsika indrindra isika (jereo ny Mosesy 1:39). Hamaly ny vavaka ataontsika Izy (jereo ny F&F 112:10). Hitazona ny fampanantenany Izy (jereo ny F&F 1:38). Manana ny hery mba hahatanteraka ireo fampanantenany ireo Izy (jereo ny Almà 37:16). Mahafantatra ny zavadrehetra Izy! Ary ny tena manan-danja indrindra, dia mahafantatra ny tsara indrindra Izy (jereo ny Isaia 55:8–9).

#### Tontolo mampidi-doza

Sarotra ny miaina ao amin'ny tontolontsika ankehitriny. Mirongatra hatrany ny ratsy, ahitana kolikoly ny firenena rehetra, ny asa fampihorohoroana dia tonga hatrany amin'ireo toerana azo antoka mihitsy aza, mitotongana ny toekarena, ny tsy fananana asa, ny aretina, ny loza voajanahary, ny ady an-trano, ny mpitondra mpanao didy jadona, sy ny sisa. Inona no tokony hataontsika? Handositra ve isika sa hiady? Iza amin'ireo no mety? Samy mampidi-doza ireo safidy ireo. Nampidi-doza an'i George Washington sy ny miaramilany ny niady nefa nampidi-doza an'ireo mpamaky lay razambetsika ihany koa ny nandositra. Nampidi-doza an'i Nelson Mandela ny fitolomana ho an'ny fahalalahana. Voalaza fa ny tsy fanaovan'ny olo-marina zavatra fotsiny dia hahatonga ny fandresen'ny olon-dratsy.[4]

#### Aza matahotra!

Na inona na inona ataontsika dia tsy tokony hanapan-kevitra, na hanao zavatra noho ny tahotra isika. Marina tokoa fa "Tsy nomen' Andriamanitra fanahy osa isika" (2 Timoty 1:7). (Hitanao ve fa ny hoe "aza matahotra" dia antitranterina tokoa ao anatin'ny soratra masina?) Nampianatra ahy ny Tompo fa ny fahakiviana sy ny tahotra dia fitaovan'ny fahavalo. Ny vahaolana omen'ny Tompo hiatrehana ny fotoan-tsarotra dia ny mandroso amim-pinoana.

#### Inona no atao hoe zavatra sarotra?

Mety samy hanana ny heviny momba ny atao hoe sarotra isika tsirairay avy. Ny olona sasany dia mahita fa sarotra ny mandoa fahafolonkarena rehefa teritery ny ara-bola. Matetika ireo mpitarika dia mahatsapa fa sarotra ny manantena ny mahantra handoa fahafolonkarena. Mety ho sarotra amin'ny sasany amintsika ny mandroso amim-pinoana mba hanambady na hanorina fianakaviana. Misy ireo izay mahita fa sarotra ny "[mi]faly amin'ny zavatra izay efa nozarain'ny Tompo ho [azy]" (Almà 29:3). Mety ho sarotra ny hifaly amin'ny antso ananantsika amin'izao fotoana izao (jereo ny Almà 29:6). Mety ho tena sarotra ny fitsipi-pifehezana ato amin'ny Fiangonana, nefa ho an'ny olona sasany dia manamarika ny fiantombohan'ny dingan'ny fibebahana tena izy izany.

Na inona na inona olana dia afaka ny ho tsara ny zavatra sarotra ho an'ireo izay mandroso amim-pinoana sy matoky ny Tompo sy ny drafiny.

#### Ny fijoroako ho vavolombelona

Ry rahalahy sy anabavy, mijoro ho vavolombelona aho fa ireo mpitarika mipetraka ato aoriako ireo dia nantsoin' Andriamanitra. Ny fanirian'izy ireo dia ny hanompo tsara ny Tompo ary hanampy antsika hanorina ny filazantsara ao am-pontsika. Tiako izy ireo ary manohana azy ireo aho.

Tiako i Jesoa Kristy Mpamonjintsika. Mitolagaga aho fa tena tiany ny Ray sy isika ka lasa Mpamonjy sy Mpanavotra antsika Izy, ary noho izany dia nila nijaly Izy ka nahatonga Azy "hangovitra noho ny fangirifiriana sy hivoa-dra amin'ny mason-koditra rehetra, ary hijaly na vatana na fanahy" (F&F 19:18). Saingy rehefa niatrika izany zavatra mahatsiravina izany sy ny naha-tena nilaina izany Izy dia nanambara tamin'ny Ray hoe: "Nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao fa ny Anao" (Lioka 22:42). Miravoravo amin'ny tenin'ilay anjely aho hoe: "Tsy ato Izy fa efa nitsangana" (Matio 28:6).

Marina tokoa fa ny ohatra napetrany no "lalana sy fahamarinana ary fiainana" (Jaona 14:6). Amin'ny alalan'ny fanarahana izany ohatra izany ihany no hahafahantsika mahita "fiadanana eo amin'ity izao tontolo izao ity ary fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy" (F&F 59:23). Rehefa nanaraka ny ohatra nasehony sy nampihatra ny fampianarany aho, dia nianatra manokana fa marina ny tsirairay amin'ireo "teny fikasa[ny] sady soa no lehibe indrindra" (2 Petera 1:4).

Ny faniriako lehibe indrindra dia ny hijoro miaraka amin'i Môrmôna ho tena mpianatr'i Jesoa Kristy marina (jereo ny 3 Nefia 5:13) ary hahare avy amin'ny molony hoe: "Tsara izany ry mpanompo tsara sady mahatoky" (Matio 25:21). Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. *Lectures on Faith* (1985), 69.
2. Thomas S. Monson, "Ireo safidy," *Liahona,* mey 2016, 86.
3. Thomas S. Monson, "Ny Tempoly Masina— Fanilo ho an'Izao Tontolo Izao," *Liahona,* mey 2011, 92.
4. Jereo ny John Stuart Mill, *Inaugural Address: Delivered to the University of St. Andrews, feb. 1, 1867* (1867), 36.



**Nataon'ny Loholona Adilson de Paula Parrella**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ireo fahamarinana manan-danja, ny tokony hanaovantsika asa

*Ny fahitana voalohany sy ny Mpaminany Joseph Smith dia nitondra fahalalana sy fahamarinana izay tena ilaina amin'ny fahasambarantsika mandritra ity fiainana ity sy amin'ny fisandratantsika.*

Fony aho teo amin'ny fito taona teo ho eo, dia nanontany ny reniko aho hoe: "Rehefa maty izaho sy ianao ka mankany an-danitra, dia mbola ho reniko foana ve ianao?" Tsy nampoiziny ny fanontaniana toy izany. Kanefa hoy izy namaly araka izay fahalalana tsara indrindra nananany: "Tsia, any an-danitra isika dia ho lasa mpianadahy. Tsy ho reninao aho." Tsy izay ilay valiny nantenaiko.

Fotoana vitsivitsy taorian'io resaka fohy io dia nisy zatovolahy roa tonga teo amin'ny vavahadin'ny tranonay. Somary nahagaga fa navelan'ny raiko hiditra izy ireo. Nilaza izy ireo fa misiônera avy amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany.

Ireo Elder ireo, izany moa no fiantsoana azy araka ny nianaranay, dia nanomboka nampianatra ny fianakavianay. Tsaroako tsara ny fahatsapana fifaliana sy fibitabitahana nanananay isaky ny mankany an-tranonay izy ireo. Nolazain'izy ireo taminay fa nisy zatovolahy iray nankany amin'ny alakely iray mba hanontany an' Andriamanitra hoe iza no fiangonana marina dia nahita an' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy izy.[1] Nampiseho anay ny sary maneho izany fahitana izany ireo Elder, ary rehefa nahita izany aho, dia nahafantatra fa nahita an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy tokoa i Joseph Smith. Nilaza ireo misiônera fa noho io fahitana io dia tafaverina etỳ an-tany indray ny Fiangonan'i Jesoa Kristy.[2]

Nampianatra anay ny drafitry ny fahasambarana nataon' Andriamanitra ihany koa ireo misiônera ary namaly ireo fanontanian'ny fianakavianay momba ny fivavahana. Nampianatra anay izy ireo fa ny fianakaviana dia tena afaka ny hiaraka marina tokoa aorian'ity fiainana ity amin'ny maharay sy reny sy zanakalahy ary zanakavavy azy ireo.

Natao batisa ny fianakavianay. Nisy fotoana ny lalana mankany amin'ny fanovana ireo fahazarana taloha, sy ny famoizana ny fombafombanay ary ny fahatongavanay ho mpikambana mazoto tao amin'ny Fiangonana dia sarotra. Kanefa nohon'ny famindrampo sy ny fitiavan' Andriamanitra, miaraka amin'ny fanampian'ny mpitarika sy mpikambana maro, dia vitanay izany nandritra ireo taona voalohany izay feno fanamby.

Olona an-tapitrisany maro izay efa niditra ho mpikamban'ny Fiangonana, sy ireo maro izay miova fo sy atao batisa isan-kerinandro, no nahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny fahitana voalohany. Afaka mamerimberina io tenivavolombelona io amintsika tsirairay avy ny Fanahy Masina rehefa milofo hiaina ireo fahamarinana tsotran'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy isika.

Ny fahitana voalohany sy ny Mpaminany Joseph Smith dia nitondra fahalalana sy fahamarinana fanampiny izay tena ilaina amin'ny fahasambarantsika mandritra ity fiainana ity sy amin'ny fisandratantsika ho eo anatrehan' Andriamanitra. Hiresaka ny anankitelo amin'ireo fahamarinana izay azontsika sy tokony hiasantsika noho ilay tovolahy iray izay nandohalika nivavaka an-kitsim-po aho.

#### Miantso mpaminany Andriamanitra mba hitarika sy hanoro lalana antsika

Fahamarinana iray manan-danja ianarantsika avy amin'ny fahitana voalohany sy ny Mpaminany Joseph Smith ny hoe miantso mpaminany[3] sy mpahita ary mpanambara Andriamanitra mba hampianatra sy hanoro lalana sy hampitandrina ary hitarika antsika.[4] Ireo lehilahy masina ireo dia mpitondratenin' Andriamanitra etỳ an-tany,[5] izay manana ny fahefana hiteny sy hanao asa amin'ny anaran'ny Tompo.[6] Amin'ny fanarahana an-tsakany sy andavany ny torohevitr' izy ireo, dia ho voaro isika ka handray ireo fitahiana soa indrindra mandritra ny diantsika etỳ an-tany.

Fony aho nianatra tao amin'ny Oniversite Brigham Young raha mbola misiônera avy nanompo, tokantena, dia nanatrika fivorian'ny fisoronana tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tao amin'ny Tabernakely eo amin'ny Temple Square. Ny Filoha

Ezra Taft Benson, izay Filohan'ny Fiangonana tamin'izany, dia nanainga ireo misiônera avy nanompo rehetra mba handray ny fanambadiana ho tena matotra ary hanao izany ho lohalaharana amin'ity fiainana ity.[7] Taorian'ilay fivoriana, dia nahafantatra aho fa nantsoina mba hibebaka ary nila nanao asa mifanaraka ny torohevitry ny mpaminany.

Noho izany dia nanapaka hevitra aho ny ho any Brésil, izay tany niaviako, mba hitady vady. Talohan'ny niaingako hankany Brésil hanao asa fiofanana mandritra ny roa volana, dia niantso an-taribŷ ny mamako sy ny namako vitsivitsy aho ka namorona lisitra nisy zatovovavy folo teo ho eo, izay mety halaina ho vady ny tsirairay amin'izy ireo.

Rehefa tany Brésil, taorian'ny fisaintsainana lalina sy vavaka maro dia nihaona tamin'ny iray amin'ireo zatovovavy tao amin'ilay lisitra aho, dia niarakaraka teny izahay ary nampakatra azy ho fofombadiko sy nametraka daty hanambadiana azy aho. Ho an'ny mpianatra tao Provo, Utah dia tsy zava-mahatalanjona ahazoana amboara ny fe-potoana niarahako tamin' olona sy nampakarako azy ho fofombady, saingy tena fohy izany raha ny fenitra nisy tany Brésil.

Volana vitsy tatŷ aoriana, dia nanambady an'i Elaine aho. Izy no ilay olontiako eo amin'ny fiainako sy fitahiana soa tokoa.

Tsy manoro hevitra aho hoe tokony hanao lisitra mitovy amin'izany ny rehetra, saingy manoro hevitra kosa aho, ary mety hoe mihoatra noho ny manoro hevitra, fa tokony hanao asa foana isika rehefa miteny ny mpaminany velona.

Ny mpaminanin' Andriamanitra ankehitriny dia ny Filoha Thomas S. Monson, ary hotahiana isika amin'ny fanarahana ny toroheviny amin'ny antsakany sy an-davany.

### Ny fahafantarana ny tena toetran' Andriamanitra marina

Ny fahamarinana iray hafa ianarantsika noho ny fahitana voalohany sy ny mpaminany Joseph Smith dia ny tena toetran' Andriamanitra marina. Alaivo sary an-tsaina fotsiny hoe akory ny hasambarantsika amin'ny fahafantarana fa Andriamanitra dia manana vatana nofo sy taolana azo tsapaina toy ny antsika,[8] ary isika dia afaka mivavaka amin' Andriamanitra izay tena misy sy azontsika takarina, izay naneho ny Tenany sy ny Zananilahy tamin'ireo mpaminaniny, na ny mpaminany taloha na ny mpaminany amin'ny andro farany izany.[9] Izy dia Andriamanitra izay mandre sy mamaly ireo vavaka ataontsika;[10] Andriamanitra izay mibanjina antsika avy ao an-danitra ambony ao[11] ary Izy dia tsy mitsahatra ny miahiahy ny amin'izay mahatsara ara-panahy sy ara-batana antsika; Andriamanitra izay nanome antsika fahafahana hanao safidy ho an'ny tenantsika mba hanaraka Azy sy hankatò ireo didiny tsy misy faneriterena Izy;[12] Andriamanitra izay manome antsika fitahiana sy mamela antsika hiatrika fitsapana mba hahafahantsika mivoatra ka ho lasa tahaka Azy.

Izy dia Andriamanitra feno fitiavana izay nanome drafitra izay amin'ny alalan'izany no hahazoantsika fahasambarana eto amin'ity fiainana ity sy any amin'ny mandrakizay.

### I Jesoa Kristy no Mpamonjy antsika

Avy amin'ny fahitana voalohany sy ny Mpaminany Joseph Smith, isika dia nandray fahalalana momba ny tena fisian'i Jesoa Kristy Tompo, izay vatofehizoron'ny fivavahantsika, sy ny asa masina nanirahana Azy.

Satria ny fahafatesana dia nampidirina teo amin'izao tontolo izao, tahaka ny maha-azo antoka ny fahavelomantsika amin'izao, dia ho faty isika rehetra indray andro any. Iray amin'ireo vokatra ateraky ny fahafatesana ny fahaverezan'ny vatantsika ara-nofo; ary tsy afaka ny hanao na inona na inona isika hitakiana azy. Fanampin'izany, satria isika rehetra dia manota mandritra ny diantsika etŷ an-tany, dia tsy ho afaka ny hiverina eo anatrehan'ny Raintsika any An-danitra na oviana na oviana isika.

Azonao alaina sary an-tsaina ve ireo vokatry ny hoe tsy eo anatrehan' Andriamanitra sy ny hoe tsy manana vatana intsony mandrakizay?

Nilaina ny Mpamonjy sy Mpanavotra mba hanafaka antsika amin'ny fahafatesana sy ny fahotana. Teo ambany fitarihan'ny Ray any An-danitra, dia tonga tetŷ an-tany i Jesoa Kristy, nijaly sy maty teo amin'ny hazo fijaliana Izy ary nitsangana tamin'ny maty mba hahafahantsika koa hitsangana amin'ny maty sy ho eo anatrehan' Andriamanitra indray raha mibebaka marina ary manao sy mitandrina ireo fanekempihavanana masina.


Nanazava i Jakôba hoe: "Ô endrey ny halehiben'ny hatsaram-pon'ny Andriamanitsika izay manomana lalana mba hialantsika amin'ny fihazonan'io biby mahatsiravina io; eny, ilay biby, fahafatesana sy helo izay antsoiko hoe ny fahafatesan'ny vatana, ary koa ny fahafatesan'ny fanahy."[13]

Jesoa no ilay Mesia nampanantenaina, ilay Mpanome ny lalàna, ilay Iray Masin'ny Isiraely, Tompontsika, Mpamonjy antsika, Mpanavotra antsika, Mpanjakantsika, Zava-drehetra amintsika.

Enga anie isika hanohy hanao asa araka ireo fahamarinana sy fahalalana manan-danja ireo, sady manolotra ny fankatoavantsika an' Andriamanitra sy ny Zanakalahiny Malala. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:17–18.
2. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:30.
3. Jereo ny Amosa 3:7.
4. Jereo ohatra ny mikasika ny hoe *mampianatra:* Matio 28:20; 2 Nefia 9:48; *manoro lalana: Teachings of Presidents of the Church: Gordon B. Hinckley* (2016), 262–63; *mampitandrina:* Ezekiela 3:17; *mitarika:* Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 124:45.
5. Jereo ny 2 Nefia 3:18.
6. Jereo ny Ezekiela 3:4; Lioka 1:70; Asan'ny Apostoly 3:21; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38.
7. Jereo ny Ezra Taft Benson, "To the Single Adult Brethren of the Church," *Ensign,* mey 1988, 51–53.
8. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 130:22.
9. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 110:2–3.
10. Jereo ny Môsià 9:18.
11. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:1.
12. Jereo ny 2 Nefia 2:27; Helamàna 14:30; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:28.
13. 2 Nefia 9:10.



**Nataon'ny Loholona Ian S. Ardern**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Katsahonareo ao amin'ny boky tsara indrindra

*Rehefa mandalina avy amin'ireo boky tsara indrindra isika dia hiaro ny tenantsika amin'ireo vava mampitahotr'ireo izay mikatsaka ny hikiky ny fototra iorenantsika ara-panahy isika.*

Indray maraina aho dia nahita bibin-tsaonjo noana sy niafina tsara iray tao anatin'ny andian-draozy tsara tarehy. Rehefa hita fa nanjavona ny raviny sasany teo dia nazava na dia ho an'ny mpandinika tsy dia niraika loatra aza fa efa notsakotsakoany tamin'ilay vavany mampitahotra ireo raviny malefaka. Raha aratsarinteny dia tsy haiko ny tsy hieritreritra fa misy olona maromaro mitovy amin'io bibin-tsaonjo io. Hita manerana izao tontolo izao izy ireo, ary ny sasany amin'izy ireo dia mahay miafina tsara ka hamela azy ireo hiditra ao amin'ny fiainantsika isika, ary mialoha ny hahafantarantsika izany, dia efa laniny ny fakantsika ara-panahy sy ny an'ireo olona ao amin'ny fianakaviantsika sy namantsika.

Miaina amin'ny fotoana hisian'ny zavatra diso momba ny finoantsika miely patrana izaitsizy isika. Amin'ny fotoana tahaka izany, ny tsy fiarovana sy ny tsy fanamafisana orina ny fakantsika ara-panahy dia fanasana ny mba hikikisan'ireo izay mikatsaka ny hanimba ny finoantsika an'i Kristy sy ny finoantsika ny Fiangonany naverina tamin'ny laoniny azy ireo. Tamin'ny andron'ny Bokin'i Môrmôna dia i Zezrôma no nikatsaka hanimba ny finoan'ny mpino.

Ny zavatra nataony sy ny teniny dia "fandriky ny fahavalo, izay . . . novelariny hisamborana [ny] vahoaka, hahazoany mitondra [azy ireo] ho amin'ny fanoavana azy, ka ho azony hahodidina [amin'izy ireo] ny gadrany" (Almà 12:6). Misy ireo fandrika ireo amin'izao fotoana izao, ary raha tsy hoe mitandrina ara-panahy sy manorina fototra azo antoka eo amin'ny Mpamonjintsika isika (jereo ny Helamàna 5:12) dia mety hahita ny tenantsika ho voafatotr'i Satana sy ho voatarika any amin'ny lalana voarara resahina ao amin'ny Bokin'i Môrmôna isika (jereo ny 1 Nefia 8:28).

Nampitandrina ny olona tamin'ny androny ny Apôstôly Paoly, izay



azo ampiharina ihany koa amin'izao androntsika izao: "Fantatro fa, . . . avy aminareo no hiposahan'ny olona sasany mitory teny tsy marina hitaona ny mpianatra hanaraka azy" (Asan'ny Apostoly 20:29–30).

Ny fampitandremany sy ny an'ireo mpaminanintsika sy apôstôlintsika dia mampahatsiahy antsika fa tsy maintsy manao izay azontsika atao isika hampatanjahana ara-panahy ny tenantsika manoloana ireo teny feno fanoherana sy famitahana. Rehefa mamangy paroasy sy tsatòka ato amin'ny Fiangonana aho dia hankaherezin'ny zavatra hitako, reko, ary tsapako, satria ireo Olomasina dia mandray tsara sy amim-pahatokiana ireo fampianaran'ny Mpamonjy sy ny mpanompony.

Ny fitombon'ny fanajana ny andro Sabata dia ohatra iray ihany mikasika ny mpikambana izay manamafy orina ara-panahy ny tenany amin'ny alalan'ny fihainoana ireo fanasan'ny mpaminany. Ny fanamafisana orina fanampiny dia hita taratra amin'ny alalan'ny fitombon'ny fanaovana asa any amin'ny tempoly sy ny fanaovana tantaram-pianakaviana rehefa manangona ny razambeny amin'ny alalan'ny ôrdônansin'ny tempoly ireo fianakaviana. Ny fototra iorenantsika ara-panahy dia mihamafy orina rehefa lasa mandatehezan'ny finoantsika ny vavaka ataon'ny tena manokana sy miaraka amin'ny fianakaviana amin-kitsim-po, ary rehefa mibebaka isan'andro isika, mikatsaka ny fananana ny Fanahy Masina ho namana, ary mianatra momba ny Mpamonjy sy ny toetrany ary miezaka ny ho lasa tahaka Azy (jereo ny 3 Nefia 27:27).

I Jesoa Kristy, Mpamonjy antsika no Fahazavan'izao tontolo izao, ary miantso antsika mba hanaraka Azy Izy. Tsy maintsy mibanjina Azy amin'ny fotoana rehetra isika, ary indrindra indrindra amin'ny alina maizina arahan'oram-baratra, rehefa mandady mangina tahaka ny zavona mihamandrakotra ny tafio-drivotry ny fisalasalana. Raha miseho aminao amin'ny endrika fanesoesoana sy fanambaniana ary fisarihana ny fanondroana amin'ny rantsantanana "avy [erỳ] ampitan'ny renirano, [ahitana] trano iray mijoalajoala sy malalaka" (1 Nefia 8:26)



dia miangavy anao aho hitodika avy hatrany mba tsy handresena lahatra anao amin'ny fomba feno fitaka sy hafetsena ka hanasaraka anao amin'ny fahamarinana sy ny fitahiana ao amin'izany.

Saingy tsy ho ampy raha izany fotsiny amin'izao andro hiresahana sy hanoratana ary hampisehoana zavatra mahatsiravina izao. Nampianatra antsika ny Loholona Robert D. Hales fa "Raha tsy manolo-tena tanteraka hiaina ny filazantsara ianao, izany hoe miaina izany amin'ny—fo, tanjaka, saina, ary hery rehetra—dia tsy afaka hamokatra ny fahazavana ara-panahy ilaina mba handroahana ny haizina ianao" ("Out of Darkness into His Marvelous Light," *Liahona,* jolay 2002, 78). Tena marina fa ny faniriantsika hanaraka an'i Jesoa Kristy, izay Fahazavan'izao tontolo izao (jereo ny Jaona 8:12) dia tena midika fa tsy maintsy mampihatra ny fampianarany isika. Mahazo tanjaka sy hery ary fiarovana ara-panahy isika rehefa mampihatra ny tenin' Andriamanitra.

Arakaraka ny halehiben'ny fahazavana eo amin'ny fiainantsika no hahakely ny haizina. Saingy na dia ao anatin'ny fahabetsahan'ny fahazavana aza dia hisy ireo olona sy ireo resadresaka izay handoto ny zavatra inoantsika ary hitsapa ny finoantsika. Nanoratra ny Apôstôly Jakoba hoe "ny fizahan-toetra ny finoan[tsika] dia mahatonga faharetana" (Jakoba 1:3). Eo anatrehan'izany hevi-baovao izany dia nampianatra ny Loholona Neal A. Maxwell hoe: "ny mpianatra maharitra . . . dia tsy ho gaga na hilavo lefona rehefa lotoina ny Fiangonana" ("Patience" Fampaherezam-panahy an'ny Oniversite Brigham Young University, nôv. 27, 1979], speeches.byu.edu).

Tena misy ireo fanontaniana momba ny tantaran'ny Fiangonantsika sy ny zavatra inoantsika. Mila fitandremana tsara ny hoe aiza isika no mitodika rehefa mitady valiny marina. Tsy hisy tombontsoa ho azontsika avy amin'ny fanadihadiana ny fomba fijerin'ireo izay tsy dia manana fampahalalana firy na ireo izay diso fanantenana. Ny torohevitra tsara indrindra dia nomena ny Apôstôly Jakoba: "Raha misy aminareo tsy manampahendrena, dia aoka izy hangataka amin' Andriamanitra" (Jakoba 1:5).

Mialoha ny fangatahana amin' Andriamanitra dia tokony hisy ny fandalinana tsara, satria nomena didy avy amin'ny soratra masina isika ny hikatsaka "ao amin'ny boky tsara indrindra ny teny fahendrena" ary koa "[hikatsaka] ny fianarana amin'ny alalan'ny fandinihana ary koa amin'ny alalan'ny finoana" (F&F 88:118). Betsaka tokoa izany boky izany, izay nosoratan'ireo mpitarika nentanimpanahy ato amin'ny Fiangonana ary ireo manam-pahaizana sangany sy azo antoka momba ny tantara sy ny fotopampianaran'ny Fiangonana. Kanefa dia tsy misy mahasolo ny halehiben'ny tenin' Andriamanitra nambara ao amin'ireo soratra masina nankatoavina. Mianatra fahamarinana amin'ny alalan'ny Fanahy Masina isika ary mampitombo fahazavana avy amin'ireo pejy manify feno fahalalana ara-panahy ireo.

Ny Filoha Thomas S. Monson dia niangavy antsika "mba handalina sy hisaintsaina ombam-bavaka isan'andro ny Bokin'i Môrmôna" ("Ny herin'ny Bokin'i Môrmôna," *Liahona,* mey 2017, 87).

Taona maromaro lasa izay, fony aho filohan'ny Misiônan'i Fidji Suva dia niaina zavatra iray ny sasany tamin'ireo misiônera izay nanamafy tamin'izy ireo ny hery mampiova fon'ny Bokin'i Môrmôna. Tamin'ny andro mafana sy be orana iray dia tonga tao amin'ny trano iray tao amin'ny toeram-ponenana kely iray tao Labasa ny elder anankiroa.

Rehefa nodondonin'izy ireo ny varavarana dia lehilahy nahazo taona iray no nanokatra izany, ka nihaino ireo misiônera nijoro ho vavolombelona momba ny fahamarinan'ny Bokin'i Môrmôna izy. Nomen'izy ireo azy ny tahadikan'ny boky ary nanasa azy izy ireo hamaky sy hivavaka mba hahafantatra tahaka azy ireo fa tenin' Andriamanitra izany. Fohy ny valinteny nomeny: "Rahampitso aho hiverina hanjono. Hamaky izany aho rehefa andranomasina, ary rehefa tafaverina aho dia azonareo vangina indray."

Nandritra ny fotoana naha-tsy teo azy dia nafindra ireo misiônera ary herinandro vitsivitsy taty aoriana dia elder anankiroa hafa indray no niverina namangy ilay mpanjono. Hatramin'io fotoana io dia efa nahavaky ny Bokin'i Môrmôna manontolo izy, efa nandray fanamafisana ny amin'ny fahamarinany, ary naniry ny hianatra bebe kokoa.


Io lehilahy io dia niova fo tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina, izay nijoro ho vavolombelona ny amin'ny fahamarinan'ny teny sarobidy rehetra ao amin'ny pejy tsirairay avy izay ahitana zava-nitranga sy fotopampianarana efa nampianarina fotoana maro lasa izay ary notehirizina ho an'izao androntsika izao ao amin'ny Bokin'i Môrmôna. Izany fitahiana izany dia natokana ho antsika tsirairay avy.

Ny tokantrano no toerana tsara indrindra ho an'ny fianakaviana mba handalinana sy hifampizarana fahalalana sarobidy avy amin'ny soratra masina, sy ny tenin'ireo mpaminany, ary mba hahazoana loharanom-pitaovana ao amin'ny LDS.org. Ao ianareo no hahita fampahalalana betsaka momba ny lohahevitra ara-pilazantsara tahaka ireo fitantarana ny Fahitana Voalohany. Rehefa mandalina avy amin'ireo boky tsara indrindra isika dia hiaro ny tenantsika amin'ireo vava mampitahotr'ireo izay mikatsaka ny hikiky ny fototra iorenantsika ara-panahy isika.

Na dia efa eo aza ny vavaka sy ny fandalinana ary ny fisaintsainana rehetra ataontsika dia mbola mety hisy ihany ny fanontaniana sasantsasany izay tsy voavaly, saingy tsy tokony havelantsika hamono ny afon'ny finoantsika izay miredareda ao anatintsika izany. Ny karazana fanontaniana toy izany dia fanasana hanamafy orina ny finoantsika ary tsy tokony hamelombelona ny fisalasalana mamitaka ao anatintsika. Ny tena fototry ny fivavahana dia tsy ny hahazoana ny valin'ny fanontaniana rehetra akory, satria izany no anisan'ny tanjon'ny finoana. Nampianatra antsika an'izao ny Loholona Jeffrey R. Holland mikasika izany: "Rehefa tonga ireny fotoana ireny ka mitranga ny olana ary tsy ho tonga avy hatrany ny vahaolana, dia *hazony mafy izay efa fantatrao ary mahatanjaha hatrany mandra-pahazoanao fahalalana misimisy kokoa*" ("Tompo ô, mino aho," *Liahona,* mey 2013, 94).

Hitantsika manodidina antsika ny fifalian'ny olona maro izay mijoro ho matanjaka hatrany noho ny fikolokoloany tsy tapaka ny fototra iorenany ara-panahy. Ny finoana sy ny fankatoavan'izy ireo dia ampy hahazoan'izy ireo fanantenana lehibe ao amin'ny Mpamonjin'izy ireo, ary mitsiry avy amin'izany ny fahasambarana lehibe. Tsy milaza ho mahafantatra ny zavadrehetra izy ireo saingy efa nanefa ny sarany mba hananana fahalalana izay ampy hahazoan'izy ireo fiadanana sy hiainana amim-paharetana eo am-pikatsahana ny hahafantatra bebe kokoa. Andalana anampy andalana, ny finoan'izy ireo dia mifototra ao amin'i Kristy, ary mijoro ho matanjaka izy ireo amin'ny maha-mpiray fanjakana amin'ny Olomasina azy ireo.

Aoka isika hiaina araka ny tokony ho izy mba tsy hahazoan'ny vava mampitahotry ny bibin-tsaonjo miafina tsara mahita toerana eo amin'ny fiainantsika, na amin'izao fotoana izao na mandrakizay, mba hahafahantsika mijanona ho "[m]iorina amin'ny finoana an'i Kristy hatramin'ny farany" (Almà 27:27). Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Jose L. Alonso**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Mifankatiava tahaka ny nitiavany antsika

*Rehefa manompo sy mamela ny hafa amin'ny tena fitiavana isika dia afaka ny ho sitrana sy hahazo hery mba handresy ny olantsika manokana.*

Nandritra ilay Fanasana Farany dia nanome didy vaovao ny mpianany ny Mpamonjy nanao hoe:

"Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa.

"Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia."[1]

Nomena didy mba hanao zavatra misimisy kokoa, zavatra lehibe kokoa ary zavatra masina kokoa ny mpianatry ny Mpamonjy. Io didy sy fanasana vaovao io dia voafintina ao amin'ilay andian-teny manan-danja manao hoe "tahaka ny nitiavako anareo."

**Ny fitiavana dia fanaovan-javatra. Ny fitiavana dia fanompoana**

"Ny fitiavana dia fahatsapana fanoloran-tena, fiahiana ary fankamamiana lalina. Ny ohatra lehibe indrindra amin'ny fitiavan' Andriamanitra ireo zanany dia hita ao amin'ny sorompanavotana tsisy fetra nataon' i Jesoa Kristy."[2] "Fa toy izao no nitiavan' Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."[3] "Toetra ananan'ny mpianatr' i Jesoa Kristy ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny mpiara-belona."[4]

Taona maromaro lasa izay, rehefa feno 4 taona i Jose zafikelinay lahy zokiny indrindra, dia nilalao niaraka tamin'ny vadiko. Teo am-piarahan'izy ireo nihomehy sy nahazo fahafinaretana dia nanontany azy ilay zafikelinay hoe: "Bebe, tia ahy ve ianao?"

Novaliany izy hoe: "Eny, ry Jose, tena tiako ianao."

Dia nametrahany fanontaniana iray hafa izy avy eo hoe: "Ahoana no ahafantaranao fa tia ahy ianao?"





Nohazavainy taminy ny fahatsapany ary nolazainy azy koa ny zavatra rehetra izay efa nataony sy izay mbola kasainy hatao aminy.

Avy eo dia nanontanian'ny vadiko an'i Jose ireo fanontaniana ireo miaraka amin'ity fanontaniana mampieritreritra lalina ity: "Ahoana no ahafantaranao fa tia ahy ianao?"

Tamin'ny valinteny tsy manan-tsiny saingy mahitsy izy no nilaza hoe: "Tiako ianao satria tsapako ato ampoko izany." Ny toetra feno fitiavana an-drenibeny nananan'i Jose tamin'izay andro izay sy hatrizay dia maneho fa ny fitiavana dia fitambarana asa sy fahatsapana lalina.

Nanambara ny Mpanjaka Benjamina hoe: "Indro, lazaiko aminareo ireo zavatra ireo mba hahazoanareo mianatra fahendrena, mba hahazoanareo mianatra fa rehefa eo amin' ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitrareo ianareo."[5]

Ao amin'izao tontolo ankehitriny izao izay ahitana fahoriana maro noho ny toe-javatra samihafa, dia tsara ary misy lanjany ny fandefasana hafatra misy émoticônes mampihomehy na ny manely sary mahafinaritra misy soratra hoe "Tiako ianao." Saingy ny zavatra ilain'ny maro amintsika atao dia ny mamela ny findaintsika ary amin'ny alalan'ny herim-batantsika dia hanampy ny hafa izay tena mila fanampiana. Ny fitiavana tsisy fanompoana dia mitovy amin'ny finoana tsy arahin'asa, tena maty tokoa izany.

#### Ny fitiavana dia famelana

Ny fitiavana madion'i Kristy, izany hoe ny fiantrana,[6] dia mitaona antsika tsy hanao zavatra sy hanao asa fanompoana fotsiny ihany fa mitaona antsika hanana ny hery hamelana ihany koa, na inona na inona zava-mitranga. Tiako ny hizara aminareo zavatra iray niainako izay nipaka tamin'ny fiainako ary nanova izany. Nanome lalana ahy hizara zavatra izay nitranga tamin'ny fianakaviany sivy taona mahery lasa izay i Ted sy i Sharon ray aman-drenin'i Cooper, izay manatrika eto anio. Hotantaraiko amin'ny fomba fijerin'i Ted, rain'i Cooper, azy ilay tantara:

Ny 21 aogositra 2008 no andro fidirana tany an-tsekoly, ary ny zokin'i Cooper lahy anankitelo: Ivan sy i Garett ary i Logan dia teo amin'ny fiantsonan'ny fiara fitateram-bahoaka niandry fa handeha fiara mpitatitra mpianatra. Teo ambonin'ny bisikiletany i Cooper, efa-taona tamin'izay. I Sharon vadiko dia nandeha an-tongotra.

Teny am-pitan'ny lalana ny vadiko ary niantso an'i Cooper tamin'ny fihetsika mba hiampita. Niaraka tamin'izay dia nisy fiara nivily moramora ankavia ary nahahitsaka an'i Cooper.

Naharay antso an-tariby avy tamin'ny mpiara-monina iray aho izay nilaza tamiko fa voadonan'ny fiara i Cooper. Nandeha fiara faingana nankeo amin'ilay fiantsonan'ny fiara aho hijery azy. Nitsirara teo amin'ny ahitra i Cooper, sahirana miaina, saingy tsy nahitana ratra teny ivelany.

Nandohalika teo akaikin'i Cooper aho ary nilaza teny fankaherezana toy ny hoe: "Tsy maninona io. Andraso kely fotsiny." Tamin'izay fotoana izay dia nipoitra i Nathan, mpitarika ny vondron'ny mpisorona avo misy ahy, niaraka tamin'ny vadiny. Nanolo-kevitra ilay vadiny ny hanomezanay tsodranon'ny fisoronana an'i Cooper. Napetrakay teo ambony lohan'i Cooper ny tananay. Tsy tadidiko hoe inona no nolazaiko tao anatin'ilay tsodrano, saingy tsaroako tsara fa nisy olona nanodidina anay, ary tamin'izay fotoana izay no nahafantarako fa tsy ho tana ny ain'i Cooper.

Nentina helikôptera tany amin'ny hôpitaly i Cooper saingy nodimandry tokoa izy. Tsapako ny Ray any An-danitra nilaza tamiko fa tapitra ny fiandraiketako an'i Cooper eto an-tany fa efa eo ambany fikarakarany izy izao.

Afaka nanana fotoana niarahana tamin'i Cooper izahay tany amin'ny hôpitaly. Nanomana azy ny mpiasa tao mba hahafahanay mihazona azy sy hilaza hanao veloma azy ary namela anay handany fotoana betsaka indrindra hiarahana aminy, hihazonana azy, araka izay ilainay.

Teny an-dalana hody izaho sy ny vadiko izay tena nalahelo mafy dia nifampijery ary nanomboka niresaka momba ilay tovolahy nitondra ilay fiara nandona an'i Cooper. Tsy fantatray izy, na dia nipetraka tsy lavitra anay aza ary tao anatin'ny faritry ny paroasinay.

Tena sarotra ho anay ny andro nanaraka izay satria tena heniky ny

alahelodaholo izahay rehetra. Nandohalika aho ary nanolotra ny vavaka faran'izay tamin-kitsimpo indrindra nataoko. Nangataka ny Ray any Andanitra aho tamin'ny anaran'ny Mpamonjy ahy mba hanala ny alahelo izay manenika ahy. Nataony izany.

Taorian'izay tamin'io andro io dia nanao izay hihaonanay tamin'ilay tovolahy nitondra ilay fiara sy ny ray aman-dreniny tao an-tranony ny mpanolotsaina iray tao amin'ny fiadidian'ny tsatòkanay. Niandry ny fahatongavan'ilay tovolahy sy ny ray aman-dreniny izaho sy i Sharon. Rehefa nisokatra ny varavarana dia sambany izahay no nihaona tamin'izy ireo. Nibitsibitsika tamiko ny evekako hoe: "Mankanesa eny aminy."

Namihina azy izaho sy i Sharon, niaraka nifamihina teo izahay. Niara-nitomany izahay nandritra ny fotoana izay toa lava be. Nolazainay izy fa ilay zavatra nitranga no atao hoe loza tsy nahy.

Mahagaga ahy sy i Sharon ny hoe toy izany ny fahatsapana nanananay sy ny hoe mbola tsapanay hatrany izany. Noho ny fahasoavan' Andriamanitra dia afaka nanana ilay toetra lehibe izahay, ilay toetra tokony ho nasehonay, ilay hany toetra, ary afaka nitia io tovolahy io izahay.

Lasa tena akaiky azy sy ny fianakaviany izahay nandritra ireo taona maro. Nozarainy taminay ny fotoana tena sarobidy indrindra taminy teo amin'ny fiainany. Nandeha tany amin'ny tempoly niaraka taminy mihitsy izahay tamin'ny niomanany hanao asa fitoriana.[7]



Rahalahy sy ranabavy, fantatr'i Ted tsy misy fihambahambàna fa tia antsika ny Raintsika any An-danitra. Fantany fa ny fahafahana mamela ny hafa, sy ny fanamaivanana ny enta-mavesatry ny tenany amin'izany fomba izany, dia tena mahafinaritra sahala amin'ny avelan'ny hafa. Izany fahafinaretana izany dia tonga avy amin'ny fanarahana ny ohatr'ilay Ohatra lehibe. Nanambara momba ny Mpamonjy i Almà ao amin'ny Bokin'i Môrmôna manao hoe: "Ary handeha Izy, hiaritra fanaintainana sy fahoriana ary fakam-panahy isan-karazany; ary izany dia ny mba hahatanteraka ny teny izay milaza fa hitondra eo Aminy ny fanaintainana sy ny aretin' ny olony Izy."[8]


Rahalahy sy ranabavy, izany ka tantara mahavariana momba ny tena fitiavana sy famelana. Isika koa tahaka izany dia afaka ny hahazo fifaliana sy fahasambarana rehefa manompo sy mamela ny hafa. I Georgy zafikelinay lahy hafa, dia matetika miteny hoe: "Karazana fianakaviana manao ahoana isika?" Dia valiany hoe: "Fianakaviana sambatra isika!"

Nanoro hevitra antsika ny Filoha Monson manao hoe: "Aoka isika handinika ny fiainantsika sy hanapa-kevitra ny hanaraka ny ohatry ny Mpamonjy ka ho tsara fanahy sy hitia ary hiantra."[9]

Fantatro fa tia antsika ny Raintsika any An-danitra sy i Jesoa Kristy Zanany ary vonona ny hanampy antsika hanao zavatra izy ireo rehefa mifankatia tahaka ny nitiavany antsika isika. Ary fantatro fa rehefa manompo sy mamela ny hafa amin'ny tena fitiavana isika dia afaka ny ho sitrana sy hahazo hery mba handresy ny olantsika manokana. Ary ambarako izany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jaona 13:34–35.
2. "Love," Gospel Topics, topics.lds.org.
3. Jaona 3:16.
4. "Love," Gospel Topics, topics.lds.org.
5. Môsià 2:17.
6. Jereo ny Morônia 7:47.
7. Notsoahina sy namboarina avy tamin'ny i Ted Mardesich, sora-tanana tsy navoaka.
8. Almà 7:11.
9. Thomas S. Monson, "Hatsaram-panahy sy fiantrana ary fitiavana," *Liahona,* mey 2017, 67.



**Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Ny Feon'ny Tompo

*Mijoro ho vavolombelona aho fa naheno ny feon'ny isika tato amin'ity fihaonambe ity. Ny fitsapana ho antsika tsirairay dia ny fihetsika asetrintsika ny zavatra miseho.*

Voalohany dia teny mamy ho an'ireo ankizy kely. Eny, ity no fivoriana farany, ary eny, izaho no mpandahateny farany.

Vao haingana, rehefa nitsidika ny Tempolin'i Provo City aho, dia nandinika ny sary hosodoko iray mitondra ny lohateny hoe *Fahitana Voalohany, hita avy lavitra*. Ilay sary hosodoko dia mampiseho ny fahazavana sy ny herin'ny lanitra rehefa nitsidika an'i Joseph Smith fony izy zatovo ny Ray sy ny Zanaka.

Tsy manao fampitahana amin'ny zava-nitranga tena masina izay nampiditra ny Famerenana amin'ny laoniny aho, fa afaka naka sary an-tsaina fahitana iray mitovy amin'izany izay maneho ny fahazavana sy ny hery ara-panahin' Andriamanitra milatsaka eto amin'ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity ary manenika izao tontolo izao izany hery izany avy eo.

Omeko anareo ny tenivavolombeloko fa i Jesoa no Kristy, fa Izy no mitarika ny raharahan'ity asa masina ity, ary ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany no iray amin'ireo fotoana tena manan-danja hanomezany fitarihana ho an'ny Fiangonany sy ho antsika manokana.

### Mandray fampianarana avy any an-danitra

Tamin'ny andro nananganana ny Fiangonana dia nanendry an'i Joseph Smith ho mpaminany sy mpahita ary apôstôliny i Jesoa Kristy Tompo[1] ka niteny tamin'ny Fiangonana hoe:

"Fa ny teniny dia horaisinareo toa ireny avy amin'ny vavako ireny, amin'ny faharetana sy ny finoana rehetra.


"Fa amin'ny fanaovana ireny zavatra ireny, ny vavahadin'ny helo dia tsy haharesy anareo; . . . ary ny Tompo Andriamanitra dia hampihahaka ny herin'ny haizina eo anoloanareo ary hampihozongozona ny lanitra mba ho soa ho anareo."[2]

Taty aoriana dia notohanana sy notendrena ho mpaminany, mpahita ary mpanambara ihany koa ny mpikambana rehetra ao amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.[3]

Ankehitriny, eto am-pivoriantsika eo ambany fitarihan'ny Filoha Thomas S. Monson, dia antenaintsika ny haheno ny "sitrapon'ny Tompo, . . . [ny] sain'ny Tompo, . . . [ny] feon'ny Tompo, dia ny herin' Andriamanitra ho famonjena."[4] Ny Tompo mihitsy no niteny hoe: "Na amin'ny alalan'ny feoko na amin'ny alalan'ny feon'ny mpanompoko, dia iray ihany izany."[5]

Eo amin'ny fifandonana sy fikorontanana misy amin'izao tontolo maoderina misy antsika izao dia tena manan-danja ho an'ny fitomboantsika ara-panahy sy ny faharetantsika ny fitokisana sy ny finoana ny tenin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.[6]

Niaraka tonga isika hanatrika ity fihaonambe mahafinaritra ity. Olomasin'ny Andro Farany sy mpivavaka hafa



*Ilay sary hosodoko antsoina hoe* Fahitana voalohany tazana avy lavitra *dia maneho fahazavana sy hery avy any an-danitra.*



*Mirotsaka eo amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ny fahazavana sy hery ara-panahin' Andriamanitra.*



*Ny hery sy fahazavana avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany kosa indray avy eo dia manenika izao tontolo izao.*

an-davitrisany any amin'ny firenena mihoatra ny 200, miteny fiteny mihoatra ny 93, no manatrika ireto fivoriana ireto na mamaky ireo hafatra avy amin'ny fihaonambe.

Tonga eto isika efa avy nivavaka sy niomana. Ho an'ny ankamaroantsika dia misy tahotra manery sy fanontaniana tiana ho voavaly faingana. Maniry ny hanavao ny finoantsika an'i Jesoa Kristy Mpamonjintsika sy hampatanjaka ny fahafahantsika mandresy ireo fakam-panahy ary hiala amin'ireo zava-mahavariana isika. Tonga eto mba handray fampianarana avy any an-danitra isika.



#### Ny saina sy ny sitrapon'ny Tompo

Ho an'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Roambinifololahy, izay mandahateny isaky ny fihaonambe raha ny tokony ho izy, ilay andraikitra goavana hanomanana ireo hafatra dia sady vesatra miverimberina no fitokiana masina.

Taona maro lasa izay, mialoha ny naha-Manampahefana Ambony ahy, dia nanontany ny Loholona Dallin H. Oaks aho raha toa ka nanomana lahateny mitokana isaky ny fihaonamben'ny tsatoka izy. Namaly izy hoe tsy manao izany izy saingy nampiany hoe: "Kanefa samy hafa amin'izany ireo lahateniko mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Afaka manoratra fanandramana 15 ka hatramin'ny 20 isa aho mba hahazoako antoka fa milaza izay tian'ny Tompo holazaiko."[7]

Amin'ny fotoana manao ahoana sy amin'ny fomba ahoana no hahatongavan'ny fitaomam-panahy hanomanana ny lahateny amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany?

Hitantsika ny fandrindran'ny lanitra amin'ny fomba kanto, na dia tsy misy lohahevitra omena aza, ireo foto-dresaka sy ventin-kevitra momba ireo fahamarinana mandrakizay isaky ny misy fihaonambe.

Ny iray tamin'ireo Rahalahy miaramanompo amiko dia nilaza tamiko fa ny foto-dresaka ho an'ity fihaonambe ity dia nomena azy avy hatrany taorian'ny lahateniny tamin'ny aprily lasa teo. Ny iray hafa dia nilaza telo herinandro lasa izay fa mbola nivavaka sy niandry ny Tompo izy. Ny iray hafa rehefa nanontaniana hoe hafiriana no laniny hanoratana lahateny saropady iray, dia namaly hoe: "Dimy amby roapolo taona."

Misy fotoana mety ho tonga faingana ny foto-kevitra, saingy mbola mitaky fihanihana ara-panahy goavana ny votoatin-kevitra sy ireo antsipiriany. Ampahan'ilay dingana foana ny fifadian-kanina sy ny vavaka, ny fandalinana sy ny finoana. Tsy mila fihamboana hampihena ny feony ho an'ny Olomasiny ny Tompo.

Ireo torolalana momba ny lahateny amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany matetika dia tonga ny alina na ny marainan'iny, rehefa lavitry ny eritreritry ny saina ilay lahateny. Tampoka eo dia mikoriana toy ny fanambarana madio ny hevi-baovao tsy nandrasana, indraindray, teny na andian-teny miavaka.[8]

Rehefa mihaino ianareo dia mety ho tena ara-bakiteny ny hafatra raisinareo na mety ho namboarina manokana ho anareo irery izany.

Rehefa nanao lahateny nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany aho taona maro lasa izay, dia niteny fehezan-teny iray aho izay niditra tao an-tsaiko rehefa nanontany tena raha toa ka vonona hanao asa fitoriana aho. Izao ilay fehezan-teny: "Tsy mahafantatra ny zavatra rehetra ianao, kanefa ampy izay fantatrao!"[9] Ny zatovovavy iray izay nipetraka tao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'io andro io dia nilaza tamiko fa nivavaka momba ny fangatahana azy ho vady izy, sady nanontany tena hoe hatraiza ny fahafantarany ilay zatovolahy. Rehefa notenenenko ireo teny hoe: "Tsy mahafantatra ny zavatra rehetra ianao, kanefa ampy izay fantatrao," dia nijoro ho vavolombelona taminy ny Fanahy fa *tena* fantany tsara izy. Nivady tao anatin'ny fifaliana efa nandritra ny taona maro izy ireo.

Mampanantena anareo aho fa rehefa manomana ny fanahinareo ianareo, ka tonga miaraka amin'ny fanantenana fa haheno ny tenin'ny Tompo, dia hisy eritreritra sy fahatsapana ho tonga ao an-tsainareo izay natao manokana ho anareo. Efa tsapanareo ireo teto amin'ity fihaonambe ity, na ho tsapanareo izany rehefa mandalina ireo hafatra ianareo mandritra ireo herinandro manaraka.

#### Manomboka izao sy mandritra ireo volana manaraka

Hoy ny Filoha Monson hoe:

"Makà fotoana hamakiana ireo hafatra nandritra ny fihaonambe rehefa mivoaka izany."[10]



"Saintsaino [izy ireny] . . . Tsapako . . . fa mahazo tombontsoa kokoa avy amin'ireo lahateny nentanim-panahy ireo aho rehefa mandalina azy ireo lalina kokoa."[11]

Ireo fampianarana mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana manerantany no ireo fifantohana irian'ny Tompo ho eo anoloantsika manomboka izao sy mandritra ireo volana manaraka.

Ilay mpiandry ondry "mialoha [ny ondriny], ary ny ondriny manaraka azy, satria mahalala ny feony ireo."[12]

Matetika ny feony no mitarika antsika hanova zavatra eo amin'ny fiainantsika. Manasa antsika hibebaka Izy. Manasa antsika Izy "hanaraka Azy."

Eritrereto ireto teny ireto izay avy tamin'ity fihaonambe ity:

Ny Filoha Eyring ny maraina teo: "Mijoro ho vavolombelona aho fa velona Andriamanitra Ray ary tiany hody any Aminy ianao. Inty no Fiangonana marin'i Jesoa Kristy Tompo. Fantany ianao, tiany ianao, ary miahy anao Izy."[13]

Ny Filoha Dieter F. Uchtdorf omaly: "Mijoro ho vavolombelona aho fa rehefa manao na manohy ny dia izay mitondra mankany amin' Andriamanitra isika, dia ho tsara kokoa ny fiainantsika . . . ary ny Tompo dia hampiasa antsika amin'ny fomba mahagaga maro hitahiana ireo manodidina antsika sy hanatanterahana ny tanjony mandrakizay."[14]

Filoha Russell M. Nelson omaly tolakandro: "Mampanantena aho fa rehefa mandalina lalina ny Bokin'i Môrmôna ianareo dia ho voaro amin'ireo zavatra ratsy amin'izao vanin'andro izao, tafiditra amin'izany mihitsy ny aretina mamikitry ny pôrnôgrafia sy ireo fiankinan-doha hafa mahadonto ny saina."[15]

Ny Loholon Dallin H. Oaks omaly: "Mijoro ho vavolombelona aho fa ilay fanambarana momba ny fianakaviana dia filazana fahamarinana mandrakizay, ny sitrapon'ny Tompo ho an'ireo zanany izay mikatsaka ny fiainana mandrakizay."[16]

Ary ny Loholona M. Russell Ballard vao minitra vitsy lasa izay: "Mila mandray ny zanak' Andriamanitra amimpangorahana isika ary mamongotra izay mety ho fankahalana, ao anatin'izany ny fanavakavaham-bolon-koditra, fanavakavahana ara-pananahana, ary fanavakavahana ara-piaviana."[17]

Koa satria isika mbola manana fotoana kely dia tiako ny hanao fanamarihana fohy fanampiny momba ny Loholona Robert D. Hales. Nilaza tamin'ny Loholona Hales ny Fiadidiana Voalohany fa afaka manolotra hafatra fohy izy mandritra ny fivoriana alahady maraina raha mamela azy hanao izany ny toe-pahasalamany. Na dia tsy namela azy hanao izany aza ny toe-pahasalamany, dia nanomana hafatra izy, izay vitany tamin'ny herinandro lasa ary nozarainy tamiko. Noho ny fodiamandriny tokotokony ho adiny telo lasa



*Tamin'ny taona 1979, i Dokotera Nelson dia nahatsapa fa tokony hanaraka ny torohevitry ny Filoha Spencer W. Kimball mba hianatra ny fiteny Sinoa Mandarina.*



*Ny fanirian'ny Dokotera Nelson hanaraka ny torohevitry ny Filoha Kimball dia nahatonga ny Dokotera Wu Yingkai hitsidika an'i Salt Lake City sy nahatonga ny Dokotera Nelson hampianatra sy hanao fandidiana tany Chine.*



*Tamin'ny ôktôbra 2015 ny Filoha Russel M. Nelson dia nomem-boninahitra tamin'ny alalan'ny fanambarana ôfisialy iray izay nanomezana azy anarana hoe "Naman'i Chine efa hatry ny ela."*

izay, dia hizara andalana telo fotsiny avy amin'ny lahateniny aho.

Teny nindramina avy amin'ny Loholona Hales: "Rehefa mifidy ny hanam-pinoana isika, dia vonona ny hijoro eo anatrehan' Andriamanitra. . . . Taorian'ny nanomboana ny Mpamonjy teo amin'ny hazo fijaliana, dia tamin'ireo -izay efa nahatoky tamin'ny tenivavolombelo[ny], fony izy ireo tao amin'ny toetry ny mety maty- ihany izy no niseho [F&F 138:12.] Ireo -izay efa nitsipaka ireo tenivavolombelo[n'] . . . ireo mpaminany fahiny dia [tsy afaka] nahita [ny Mpamonjy] mifanatrika na nijery ny tavany- [F&F 138:21.] . . . Manomana antsika hifanatrika amin'ny Tompo ny finoantsika."

Endrey ny hatsaram-panahin'ny Tompo nitaona ny fanahin'ny Filoha Russell M. Nelson raha vantany vao tapitra ny fivoriana androany maraina mba handao haingana ity trano ity, sy tsy hisakafo antoandro, ary hihazakazaka ho eo an-tsisim-pandrian'ny Loholona Hales, ka nahafahany, ilay filohan'ny Kôlejiny, ho tonga tany sy nanatrika teo, niaraka tamin'i Mary Hales izay manana toetran'anjely, rehefa nahavita soa aman-tsara ka nandao ny fiainany an-tany ny Loholona Hales.

#### Mamaly ny feon'ny Tompo

Mijoro ho vavolombelona aho fa naheno ny feon'ny isika tato amin'ity fihaonambe ity.

Tsy tokony ho taitra isika rehefa mifanohitra amin'ny eritreritr'izao tontolo izao, ary, indraindray, amin'ny eritrerintsika ny tenin'ireo mpanompon'ny Tompo. Efa toy izany foana izany hatramin'izay. Mandohalika tsy tapaka ao amin'ny tempoly aho miaraka amin'ireo Rahalahy mpiara-manompo amiko. Manamafy aho fa feno hatsarana ny fanahin'izy. Ny fanirian'izy ireo lehibe indrindra dia ny hahafaly ny Tompo sy ny hanampy ireo zanak' Andriamanitra hiverina eo anatrehany.

Ny Fitopololahy, ny Episkôpa, ireo mpitarika ny Fikambanana Ifanampiana, ny Zatovolahy, ny Zatovovavy, ny Kilonga, ary ireo vondrona fanampiny hafa maneran-tany dia nitondra fitaomam-panahy lehibe tamin'ity



fihaonambe ity, tahaka ny hira kanto sy ireo vavaka voasaina tsara.

Misy fitarihana avy any an-danitra toy ny harena miafina miandry ny hahitanareo azy ao amin'ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Ny fitsapana ho antsika tsirairay dia ny zavatra ataontsika ho setrin'ny zavatra rentsika sy ny zavatra vakintsika ary ny zavatra tsapantsika.

Mamelà ahy hizara traikefa iray teo amin'ny fiainan'ny Filoha Russell M. Nelson momba ny fihetsika hasetry ny tenin'ny mpaminany:

Tamin'ny 1979, dimy taona talohan'ny niantsoana azy ho Manampahefana Ambony, dia nanatrika fivoriana iray talohan'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ny Rahalahy Nelson. "Ny Filoha Spencer W. Kimball dia nanasa ny mpanatrika rehetra mba hanamafy ny ezaka ataon'izy ireo amin'ny fitondrana ny filazantsara mankany amin'izao tontolo izao manontolo. Anisan'ireo firenena notononin'ny Filoha Kimball manokana i Chine, ka nanambarany hoe: 'Tokony hanompo ny Sinoa isika. Tokony hianatra ny fitenin'izy ireo isika. Tokony hivavaka ho azy ireo sy hanampy azy ireo isika.'"[18]

Tamin'ny faha-54 taonany, ny Rahalahy Nelson dia nanana fahatsapana nandritra ilay fivoriana fa tokony hianatra ny teny Mandarin izy. Na dia mpandidy fo be asa aza izy dia naka mpampianatra iray avy hatrany.

Fotoana tsy ela taorian'ny nanombohany ny fandalinany, raha nanatrika fivoriana ny Dr. Nelson dia tsy nanam-po fa nipetraka teo akaikin'ny "Sinoa iray izay mpandidy miavaka, i Dr. Wu Yingkai izy. . . . Satria nandalina ny teny Mandarin [Rahalahy Nelson] dia nanomboka resadresaka [iray] [tamin'i Dr. Wu] izy."[19]

Ny fanirian'i Dr. Nelson mba hanaraka ny mpaminany dia nitarika an'i Dr. Wu hitsidika an'i Salt Lake City ary i Dr. Nelson handeha tany Chine mba hampianatra sy hanatanteraka fandidiana.

Nitombo ny fitiavany ny vahoaka Sinoa, ary ny fitiavan'izy ireo sy ny fanajany azy.

Tamin'ny febroary 1985, folo volana taorian'ny antsony ho ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, dia nandray antsomahavariana avy tany Chine ny Loholona Nelson izay niangavy azy mba ho avy any Beijing handidy ny fo mararin'ny mpihira opera malaza indrindra tany Chine. Niverina tany Chine ny Loholona Nelson rehefa nahazo famporisihana avy tamin'ny Filoha Gordon B. Hinckley. Tany amin'ny vahoaka tao amin'ny Repoblikan'i Chine no nanaovana ny fandidiana farany tamin'ireo rehetra izay notanterahany.

Vao roa taona lasa izay, tamin'ny ôktôbra 2015, dia nomem-boninahitra indray ny Filoha Russell M. Nelson tamin'ny fanambarana ôfisialy iray izay niantsoana azy hoe "Naman'i Chine efa hatry ny ela."

Dia omaly isika naheno ny Filoha Russell M. Nelson izay 93 taona izao niresaka momba ny fiangavian'ny Filoha Thomas S. Monson tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana [tamin'ny aprily lasa teo] ny "handalinantsika tsirairay ombam-bavaka sy hisaintsainantsika ny Bokin'i Môrmôna isan'andro."

Tahaka ny nataony fony izy mpandidy fo be asa, rehefa nanakarama mpampianatra teny Mandarin iray, dia noraisin'ny Filoha Nelson avy hatrany ny torohevitry ny Filoha Monson ka nampihariny tamin'ny faiainany manokana. Ankoatra ny famakiana fotsiny,

hoy izy, dia "ataony lisitra *ny atao hoe* Bokin'i Môrmôna, sy izay *amafisiny*, sy izay *heveriny* sy izay *tanterahiny*, sy izay *hazavainy*, ary izay *ambarany*."[20]

Ary mahavariana fa vao tamin'ny maraina teo, ho toy ny vavolombelona faharoa ny amin'izany, dia niresaka momba ny nasetriny ilay anatry ny Filoha Monson ny Filoha Henry B. Eyring. Tadidinareo ve ireto teny ireto? "Tahaka ny maro aminareo, izaho dia nandre ny tenin'ny mpaminany toy ny feon'ny Tompo miresaka amiko. Ary tahaka ny maro aminareo koa, izaho dia nanapakevitra ny hankatò ireo teny ireo."[21]

Enga anie isika hahita izany ho ohatra ho an'ny fiainantsika manokana.

### Fampanantenana sy fitahiana

Mampanantena aho fa rehefa mahare ny feon'ny Tompo ianareo miresaka aminareo ianareo ao anatin'ireo fampianarana mandritra ity fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany ity, ary manao asa araka ireo bitsika ireo avy eo, dia ho tsapanareo eo aminareo ny tanan'ny lanitra, ary ho voatahy ny fiainanareo sy ny fiainan'ireo izay manodidina anareo.[22]

Nandritra ity fihaonambe ity isika dia nieritreritra ny mpaminany malalantsika. Tianay ianao ry Filoha Monson. Hofaranako amin'ny teny nolazainy teto amin'ity polipitra ity izany. Mino aho fa tsodrano iray tiany homena antsika tsirairay avy androany izany, raha afaka niaraka tamintsika teto izy. Hoy izy hoe: "Raha handao ity fihaonambe ity isika dia miantso ireo fitahian'ny lanitra aho mba hirotsaka aminareo tsirairay avy. . . . Mivavaka aho mba hitahy anao sy ny fianakavianao ny Ray any An-danitra. Enga anie ny hafatra sy ny fanahin'ity fihaonambe ity hanampy amin'ny zavatra rehetra ataonao: ao an-tokantranonao, ao amin'ny asanao, ao amin'ireo fivoriana atrehinao ary eny amin'ny lalana alehanao."

Nofaranany hoe: "Tiako ianareo. Mivavaka ho anareo aho. Hitahy anareo anie Andriamanitra. Ho aminareo anie ny fiadanana nampanantenainy anio ary ho mandrakizay."[23]

Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■


#### FANAMARIHANA

1. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:1.
2. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 21:5–6.
3. Noraketin'i Joseph Smith fa izao manaraka izao dia niseho nandritra ny fanokanana ny Tempolin'i Kirtland tamin'ny 27 Martsa 1836:
   "Dia nanao lahateny fohy aho, ary nangataka ireo kôlejy maromaro, sy ny vondron' Olomasina rehetra niangona teo, mba hanaiky ny Fiadidiana [Voalohany] ho Mpaminany sy Mpahita, ary hanohana azy ireo amin'ny alalan'ny vavaka ataon'izy ireo. Dia nanao fanekempihavanana ny hanao izany izy ireo, tamin'ny alalan'ny fitsanganana.
   "Dia nangataka ireo kôlejy sy ny vondron' Olomasina niangona aho mba hanaiky ny Apôstôly Roambinifolo, izay nanatrika teo, ho Mpaminany, Mpahita, Mpanambara, ary vavolombelona manokana ho an'ny firenena rehetra eto ambonin'ny tany, mihazona ireo fanalahidin'ny fanjakana, mba hamaha izany, na hahatonga izany ho tontosa, eo anivon'izy ireo, ary hanohana azy ireo amin'ny alalan'ny vavaka ataon'izy ireo, izay nekeny tamin'ny alalan'ny fitsanganana" (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 199).
4. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 68:4.
5. Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 1:38.
6. Hoy ny Filoha Henry B. Eyring indray mandeha hoe:
   "Ny fisafidianana ny tsy handray ireo torohevitry ny mpaminany dia manova tanteraka ny faritra ijoroantsika. Lasa mampidi-doza kokoa izany. Ny tsy fanekena ny torohevitry ny mpaminany dia mampihena ny herintsika handray torohevitra nentanim-panahy amin'ny ho avy. Ny fotoana tsara indrindra nanapahana hevitra ny hanampy an'i Noa hanamboatra ilay sambofiara dia tamin'ny fotoana voalohany nangatahany izany. Isaky ny nangataka izy taorian'izay, ny tsy famaliana tsirairay dia nampihena ny fahenoana ny Fanahy. Ary dia toy izany fa isaky ny nangataka izy dia toa miha-adaladala kokoa izany, mandra-pahatongan'ny orana. Dia efa tara loatra izany.
   "Isak'izay nisafidy ny hanemotra ny fanarahako ireo torohevitra nentanim-panahy teo amin'ny fiainako aho, na nanapa-kevitra fa niavaka tamin'ny rehetra ny tenako, dia fantatro fa nampidi-doza ny tenako aho. Isaky ny avy nihaino ny torohevitr'ireo mpaminany aho, ka nahazo fanamafisana izany avy amin'ny vavaka, ary avy eo dia nanaraka izany, dia hitako hoe nandroso nankany amin'ny fahazoana fiarovana ny tenako" ("Finding Safety in Counsel," *Ensign,* mey 1997, 25).
7. Jereo ny Neil L. Andersen, "Teaching Our Children to Love the Prophets," *Ensign,* Apr. 1996, 47.
8. Hoy i Boyd K. Packer indray mandeha hoe:
   "Naheno ny Filoha Harold B. Lee nanomboka nilaza zavatra maro mikasika ireo zavatra miresaka momba ny fanambarana aho tamin'ny filazana zavatra toy izao: 'Vao maraina be, raha nisaintsaina momba izao lohahevitra izao aho . . .' Nataony fahazarana ny miasa vao maraina be amin'ireo olana nilana fanambarana.
   "Nisy zavatra fantatry ny Tompo rehefa nandidy Izy tao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana hoe: 'Atsaharo ny fidonanaha-poana; atsaharo ny tsy fahadiovana; atsaharo ny fifanomezan-tsiny; atsaharo ny fatoriana mihoatra noho izay ilaina; vonjeo aloha ny fandrianareo mba tsy hahatonga anareo ho reraka; mifohaza aloha mba hahatonga ny vatanareo sy ny sainareo ho mavitrika' (F&F 88:124.) . . .
   "Nianarako ny herin'ilay fitenenana hoe: 'Matory aloha, dia mifoha aloha.' Rehefa latsaka an-katerena aho dia tsy ho hitanao hiari-tory amin'ny alina. Aleoko mihitsy matory aloha dia mifoha maraina be, amin'ny fotoana izay hahafahako manakaiky be Azy izay mitarika ity asa ity" (*Teach Ye Diligently* [2005], 244-45).
9. Neil L. Andersen, "Ampy ny fahafantaranao," *Liahona,* nôv. 2008, 13.
10. Thomas S. Monson, "Mandrapihaonantsika indray," *Liahona* mey 2014, 115.
11. Thomas S. Monson, "Homba Anao Hatrany Anie ny Ray," *Liahona,* nôv. 2012, 110.
12. Jaona 10:4.
13. Henry B. Eyring, "Aza matahotra ny hanao soa," *Liahona,* nôv. 2017, 103.
14. Dieter F. Uchtdorf, "Manin-te hody," *Liahona,* nôv. 2017, 22, 24.
15. Russell M. Nelson, "Ny Bokin'i Môrmôna: hanao ahoana re ny fiainanao raha tsy nisy azy?" *Liahona,* nôv. 2017, 106.
16. Dallin H. Oaks, "Ilay drafitra sy ilay fanambarana," *Liahona,* nôv. 2017, 30–31.
17. M. Russell Ballard, "Mbola mitohy ny diabe! " *Liahona,* nôv. 2017, 106.
18. Spencer J. Condie, *Russell M. Nelson: Father, Surgeon, Apostle* (2003), 215.
19. Spencer J. Condie, *Russell M. Nelson,* 215.
20. Russell M. Nelson, "Ny Bokin'i Môrmôna: hanao ahoana re ny fiainanao raha tsy nisy azy?" 61.
21. Henry B. Eyring, "Aza matahotra ny hanao soa," 100.
22. Hoy ny Filoha Gordon B. Hinckley indray mandeha hoe:
    "Ho avy ny fitsapana ao amin'ny fampiharana ireo fampianarana nomena. Raha aorian'izao isika lasa tsara fanahy kely kokoa, raha tia mpiara-belona kokoa, lasa akaiky kokoa ny Mpamonjy, sady manana fahavononana mafy kokoa hanaraka ireo fampianarany sy ny ohatra nasehony, dia tena fahombiazana mahafinaritra tokoa izany ity fihaonambe ity. Raha tsy misy fivoarana kosa anefa ny fiainantsika etsy ankilan'izany, dia tena tsy nahomby mihitsy izany ireo izay nandahateny.
    "Mety tsy ho hita mivaingana ao anatin'-ny indray andro na herinandro na volana ireo fiovana. Ny fahavononana dia tonga vetivety ary vetivety dia hadino. Saingy afaka herintaona manomboka amin'izao, raha manao zavatra tsaratsara kokoa noho izay vitantsika tamin'ny lasa isika, dia tsy ho zava-poana ireo ezaka natao nandritra ireny andro ireny" ("An Humble and a Contrite Heart," *Ensign,* Nov. 2000, 88).
23. Thomas S. Monson, "A Word at Closing," *Liahona*, mey 2010, 113.

## Fanoroam-pejin'ireo tantara nandritra ny fihaonambe

*Ity lisitra manaraka ity izay ahitana ireo zavatra niainana nofantenina avy tao amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany dia azo ampiasaina amin'ny fandalinan'ny tena manokana sy ny takarivan'ny mpianakavy ary amin'ny fampianarana hafa. Ny tarehimarika hita eto dia maneho ny pejy voalohan'ilay lahateny.*

| Mpandahateny | Tantara |
|---|---|
| Jose L. Alonso | (119) Niahiahy mikasika ny fitiavan'ny renibeny azy ny zafikelilahin'i Jose L. Alonso. Nanamaivana ny enta-mavesany tamin'ny alalan'ny famelan-keloka ireo ray aman-dreny izay maty zanakalahy tao anatin'ny loza. |
| Neil L. Andersen | (122) Nanampy tovovavy iray hanaiky fangataham-bady ny Fanahy Masina. Nitahy ny vahoaka Sinoa i Russell M. Nelson satria nanaraka ny torohevitry ny mpaminany izy. |
| Ian S. Ardern | (117) Nahazo fijoroana ho vavolombelona mikasika ny Bokin'i Môrmôna ny mpanjono iray raha teny an-dranomasina. |
| M. Russell Ballard | (104) Nitoetra ho mahatoky i Jane Manning James izay Olomasin'ny Andro Farany mpisava lalana. Nanompo nandritra ny taona maro dia maro ireo ray aman-drenin'ny raiben'i M. Russell Ballard. |
| Jean Bingham | (85) Nianatra tsianjery ny "Ilay Kristy Velona" i Jean B. Bingham. Nanao dia nankany amin'ny tempoly ny rahavavy Kroasiana iray mba hofehezina amin'ny vadiny sy ny ray aman-dreniny izay efa nodimandry. |
| Tad R. Callister | (107) Niverina niangona ny naman'i Tad R. Callister iray rehefa nahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny Fiangonana sy ny Bokin'i Môrmôna. |
| D. Todd Christofferson | (36) Nibebaka sy nanova ny fony ny filohan'ny misiôna iray taorian'ny nofy iray. |
| Quentin L. Cook | (51) Nandeha nanao asa fitoriana tany Angletera i Heber C. Kimball. Rehefa nihaona tamin'i Thomas B. Marsh i Joseph Smith dia nandray ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fizarana 112. |
| Stanley G. Ellis | (112) Nampatanjaka ny zanany ny ray sy reny iray tamin'ny alalan'ny tsy fanampian'izy ireo ny zanany ara-bola taorian'ny nahavitan'izy ireo ny fianarana tany amin'ny lisea. |
| Sharon Eubank | (6) Nanova ny lalam-piainan'ny fianakaviany ny vehivavy iray tamin'ny alalan'ny fibebahana. Namonjy mpilomano tafiditra tao anatin'ny onjan-drano mahery vaika ny rojon'olona iray. Nandefasan'ny zatovovavy hafatra fohy ny ankizivavy iray izay nifindra tao amin'ny paroasin'izy ireo. |
| David F. Evans | (68) Nahazo valiny mikasika ireo fanontaniana momba ny filazantsara i Young David F. Evans ary nahazo fijoroana ho vavolombelona momba ny Bokin'i Môrmôna. Nahazo fijoroana ho vavolombelona momba ireo ôrdônansy atao any amin'ny tempoly ny zatovovavy iray. |
| Henry B. Eyring | (81) Nanasa ankizilahy malaina iray mba hiangona ny mpitantsoratry ny kôlejin'ny diakona iray. Nivavaka ny zatovolahy iray mba hahazo fitaomam-panahy Eveka Henry B. Eyring rehefa hanome torohevitra azy. Nijoro ho vavolombelona mikasika ny antso maha-mpaminany an'i Joseph Smith i Brigham Young.<br>(100) Voatahy i Henry B. Eyring noho ny fankatoavany ny torohevitry ny Filoha Monson mba handalina ny Bokin'i Môrmôna. Nanampy ireo tra-boina tamin'ny loza ireo Olomasin'ny Andro Farany. |
| O. Vincent Haleck | (58) Niaina fihafiana ny mpivady efa zokinjokiny iray mba hidirina ho mpikamban'ny Fiangonana. Nanokatra ny tanànany mba handray ny filazantsara ny lehibe Samoana iray. Nanolotra an'izay "nananany" mba hanorenana tempoly ireo Olomasina Samoana. |
| Donald L. Hallstrom | (88) Tafavoaka velona tamim-pahagagana ny mpikamban'ny Fiangonana iray tany Californie raha nianjera avy teny amin'ny hantsambato iray. Nanontanian'i David A. Bednar ny tovolahy iray raha toa ka manana finoana "ny tsy ho sitrana" izy. |
| Jeffrey R. Holland | (40) Tao anatin'ny tantaran'i Leon Tolstoy, dia nisy pretra tsy lavorary iray izay niaro ilay lalana narahiny tamin'ny fomba tsy lavorary. |
| Joy D. Jones | (13) Nanamafy tamin'ny vehivavy telo ny fananany lanja masina amin'ny maha-zanakavavin'Andriamanitra azy ny Fanahy Masina. |
| Joni L. Koch | (110) "Nahatsapa ho toy ny iray" tamin'ny namana Breziliana mpankafy lalao baolina kitra iray i Joni L. Koch. Nanapa-kevitra ny "hitoetra ho iray" amin'ireo Olomasina namana ny rain'i Joni L. Koch na dia narabirabiana aza. |
| Neill F. Marriott | (10) Nilaza ny antony mampiavaka ny mpikambana iray fanirery tao amin'ny kilasy ireo ankizilahy tao amin'ny Kilonga. Nivavaka mba hahazo fanampiana hitiavana havana "manahirana" iray i Neill F. Marriott. |
| Richard J. Maynes | (75) Nianatra avy tamin'ny rainy ny tsy tokony hampandeferana velively ny fahamarinan-toetrany i Richard J. Maynes. |
| Russell M. Nelson | (60) Notoloran'i Russell M. Nelson Bokin'i Môrmôna iray ny mpanjakan'ny foko Afrikanina iray. Nanaraka ny torohevitry ny Filoha Monson mba handalina ny Bokin'i Môrmôna i Russell M. Nelson. Fony izy mpitsabo mpiofana momba ny fandidiana dia naniry mafy ny hampianatra ireo olona ao amin'ny fianakaviana izay vonton'ala-helo izy fa tafiditra ao anatin'ilay fiainana amin'ny maha-tsy mety maty antsika ny fahafatesana. |
| Bonnie L. Oscarson | (25) Nitady fomba hanompoana ireo olona ao amin'ny fianakaviany ny ankizy 10 taona sy ny zatovo 17 taona iray. Nahazo fitaomam-panahy mba hanompo ny mpifanolobodirindrina aminy ny filohan'ny Fikambanana Ifanampiana iray. |
| Stephen W. Owen | (48) Nahatsapa i Stephen W. Owen fa "niaina ny finoana mitondra ho amin'ny fibebahana" ireo misiônera vaovao. Nanao asa ny misiônera nahavita asa fitoriana iray mba hihazonana ny tenany ho "eo amin'ny lalana marina." |
| Adilson de Paula Parrella | (115) Nampianatra ny fianakaviana Parrella ny misiônera fa afaka ny hiaraka mandrakizay ny fianakaviana. Nanaraka ny torohevitra avy amin'ny mpaminany mba hitady vady i Adilson de Paula Parrella fony izy mpianatra tany amin'ny sekoly ambaratonga ambony. |
| John C. Pingree Zanany | (32) Nanompo ireo mpitsoa-ponenana avy any Népal tany Utah ny mpikamban'ny Fiangonana iray avy any Népal ary nanampy tamin'ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Népalais. Nanampy an'i John C. Pingree Zanany hahatakatra ny tanjon'ny "asa masina" ny Fanahy Masina. Miasa amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana ara-panahy sy ny fitsapana mba hitahiana ny zanany ny Tompo. |
| Ronald A. Rasband | (55) Nankafy ilay fihaonana nampihetsi-po tamin'ny anadahiny nandritra ny fanaovany asa fitoriana ny zafikelivavin'i Ronald A. Rasband. Nihaona tamin'ny rahavavy misiônera iray tao Temple Square izay nampiany mba ho lasa mpikamban'ny Fiangonana i Ronald A. Rasband. |
| Dale G. Renlund | (64) Nifaly tamin'ny famerenana ireo fitahian'ny fisoronana tamin'ny tovolahy iray i Dale G. Renlund. |
| Gary E. Stevenson | (44) Nankalaza ny tsingerintaona nahaterahan'ny Filoha Monson ireo Olomasina. Nanintona olona an-tapitrisany ilay fanakona-masoandro tanteraka tany Etazonia. |
| Dieter F. Uchtdorf | (21) Nandeha an-tongotra nody teo amin'ny halavirana 3220 km ny alika very iray. Lasa tena nisy ho an'i Dieter F. Uchtdorf ireo mpitarika tao amin'ny Fiangonana tany am-piandohana nandritra ny fitsidihan'ny fianakaviany ireo toerana manan-tantaran'ny Fiangonana. |
| W. Christopher Waddell | (94) Lasa tsy araka ny tokony ho izy ny fotoam-pialan-tsasatry ry fianakaviana Waddell. Namela lova mifono finoana sy fanompoana ary fahatokiana ny Tompo ny Olomasin'ny Andro Farany iray izay jamba nandritra ny Ady Lehibe Faharoa. |
| W. Craig Zwick | (97) Nanampy an'i W. Craig Zwick hahatakatra ny zavatra nilain'ilay misiônera tsy nahay namaky teny ny Fanahy Masina. Ny fifantohan'ny zanakalahy iray tamin'ny Mpamonjy talohan'ny nahafatesany dia nanampy ny fianakaviany hiandrandra amim-pifaliana ilay fiainana ho avy. Feno fitiavana ny vehivavy manambady iray rehefa nesoriny ireo fahatsapana ratsy mikasika ny vadiny. |



## Loholona Juan A. Uceda
*Fiadidian'ny Fitopololahy*

Raha nihanika ny sisa tavela tamin'i Machu Picchu tany Pérou fony izy tovolahy misiônera ny Loholona Juan A. Uceda dia nigorisa tany ivelan'ilay lalan-tery. Nivavaka mba hahazo fanampiana izy rehefa namikitra tamim-pahakiviana tamin'ireo rantsan-kazo sasany ary nihantona tany amin'ny 610 m teo ambonin'ny renirano iray. Vao maraim-be tamin'izay andro izay ihany, dia nivavaka teo amin'ny molotro aho hoy izy, saingy "rehefa saika maty aho, dia nivavaka avy tamin'ny foko." Raha iny efa saika hianjera iny izy dia nisy misiônera iray hafa nisintona azy tany amin'ny toerana azo antoka.

Anisan'ny iray tamin'ireo lesona maro nianarany tamin'izany andro izany ny hoe "mivavaha mandrakariva—amin-kitsimpo, omban'ny tena finiavana, [mampihatra] finoana an'i Kristy—(Môrônia 10:4)."

Ny Loholona Uceda dia notohanana ho Fitopololahy Manampahefana Ambony tamin'ny 03 aprily 2010. Tale mpanatanteraka mpanampy tao amin'ny departemanta misahana ny misiônera sy Mpanampin'ny Vondrom-paritra tao amin'ny Vondrom-paritr'i Amerika Avaratra-Atsimo Atsinanana izy rehefa nantsoina ho ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy tamin'ny 01 Aogositra 2017.


Nanomboka tamin'ny 2010 ka hatramin'ny 2013 dia nanompo tao amin'ny Fiadidian'ny Vondrom-paritr'i Amerika Atsimo-Avaratra Andrefana izy ary tamin'ny 2013 ka hatramin'ny 2016 dia Filohan'ny Vondrom-paritr'i Amerika Atsimo-Avaratra Andrefana izy.

Nianatra tany Pérou ny Loholona Uceda. Niditra tao amin'ny Sekoly ambony Jose Carlos Mariátegui tao Lima izay nianarany ny haitoebola sy ny fifandraisana amin'ny any ivelany izy. Nahazo mari-pahaizana tao amin'ny Oniversite San Luis Gonzaga izy izay nahazoany licence momba ny fifandraisana amin'ny any ivelany.

Niasa tao amin'ny Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana ny Loholona Uceda ka talen'ny vondrom-paritra ho an'i Pérou sy i Bolivie izy. Niala tany Pérou izy tamin'ny 2003, dia nifindra tany New Jersey, Etazonia, mba hanampy ny rainy tamin'ny asa fandraharana an'ny fianakaviany.

Nanomboka tamin'ny naha-mpikambana azy tamin'ny 1972, dia efa nanompo tao anatin'ny antso maro ny Loholona Elder, ka tao anatin'izany ireto: misiônera manompo amin'ny fotoana feno tany amin'ny Misiônan'i Lima Pérou, fiadidian'ny sekoly alahady teo anivon'ny tsatòka, eveka, mpikambana tao amin'ny filankevitra avo, mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny tsatòka, filohan'ny tsatòka, filohan'ny Misiônan'i Lima Pérou Avaratra (1992–95), ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra.

Nanambady an'i Maria Isabel Bendezu tamin'ny martsa 1979 izy. Manan-janaka dimy izy ireo. ■



## Loholona Patrick Kearon
*Fiadidian'ny Fitopololahy*

Fony Filohan'ny Vondrom-paritr'i Eorôpa ny Loholona Patrick Kearon dia nahita maso ny dia nataon'ny mpitsoaponenana miisa roa tapitrisa niainga tany Moyen-Orient izay ravaravan'ny ady nankany Eorôpa mba hahazo fiarovana tany Eorôpa. "Rehefa avy nijery ny mason'izy ireo sy nandre ny tantarany aho, na ny zavatra nampihorohoro nitsoahan'izy ireo izany na ny dia nampidi-doza nataony mba hahita fialofana, dia tsy ho izaho taloha velively intsony aho," hoy izy. "Tena nanentana ny fanahy ny nanatri-maso ny zavatra nomen'ny mpikamban'ny Fiangonana maneran-tany tamin-kalalahantanana mba hanampiana ireo olona tsirairay sy fianakaviana izay namoy zavatra maro tokoa ireo."

Ny Loholona Kearon, izay notohanana ho Manampahefana Ambony tamin'ny 03 Aprily 2010, dia nantsoina ho ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy tamin'ny 01 aogositra 2017.

Teraka tany Carlisle, Cumberland, Angleterre, ny Loholona Kearon tamin'ny Jolay 1961. Zanak'i Paddy sy i Patricia Kearon. Satria nanompo tao amin'ny Tafika Ana habakabaky ny Mpanjaka Britanika ny rainy dia nianatra tany Moyen-Orient sy Royaume-Uni ny Loholona Kearon.

Rehefa nanadihady momba ny Fiangonana izy dia nahita soratra masina iray tao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay manao hoe: "Misy ny olona mba hahazo fifaliana"(2 Nefia 2:25). "Nitoetra tao an-tsaiko io soratra masina io," hoy ny Loholona Kearon. "Tao anatin'ireo olona nihaona tamiko no nahitako fa afaka ny hiroborobo be tokoa ny fiainantsika amin'ny alalan'ny fanarahana ny torohevitry ny Mpamonjy mba ho feno fifaliana." Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana izy ny andro nialoha ny Krismasin'ny taona 1987.

Nifankahita tamin'i Jennifer Carole Hulme izy tamin'izy nianatra tany Angletera tamin'ny alalan'ny Oniversite Brigham Young. Nivady tao amin'ny Tempolin'i Oakland Californie izy ireo tamin'ny 1991 ary nipetraka tany Angeletera mandra-pahazoany an'ilay antso tamin'ny 2010. Manan-janaka efatra izy ireo.

Nipetraka sy niasa tany Royaume-Uni, Arabie Saoudite sy tany Etazonia izy ary niasa tany amina orinasa maro ka tao anatin'izany ny misahana ny fahasalamana, ny sakafo, ny fitaterana sy ny fiara, dia nitantana ny kabinetrany manokana mpanoro hevitra momba ny fifandraisana izy.

Nanompo tao anatin'ny antso maro tao amin'ny Fiangonana ny Loholona Kearon, ka tao anatin'izany dia efa mpitamboky mpanampy teo anivon'ny paroasy, filohan'ny zatovolahy teo anivon'ny paroasy, mpanolotsaina tao amin'ny episkôpà, filohan'ny sampana, filohan'ny tsatòka ary Fitopololahin'ny Vondrom-paritra. ■

# Manampy ao anatin'ny fotoan-tsarotra

Taorian'ilay rivo-doza sy tondra-drano mahery vaika tany Houston, Texas, Etazonia, dia nisy vehivavy efa lehibe iray nahita Olomasin'ny Andro Farany nanao akanjo ambony mavomavo misy soratra hoe Môrmôna manome tanana, teny an-dalana hanampy ireo tra-boina nateraky ny loza. "Fantatro fa ho avy ny Môrmôna!" hoy izy.

Io zava-nitranga izay natao tatitra tao anatin'ny hafatra napetrak'i Aaron T. Hall, Filohan'ny Misiôna Atsimon'i Houston Texas tao anatin'ny Facebook io dia maneho ny fomba fanampian'ny Fiangonana ireo mpikambana sy ny mpifanolobodirindrina mandritra ny fotoan-tsarotra. "Tsy misy olana lehibe loatra izany, ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonan'ny Tompo!" Hoy ny nosoratan'ny Filohan'ny Hall.

Rehefa mamely ny loza dia matetika anisan'ireo voalohany mamaly ny antso ny Fiangonana ary any amin'ireo faritra niharan'izany dia matetika mitohy ny fanampiana olona avy amin'ny Fiangonana mandritra ny fotoana fohy sy ny fotoana maharitra hiarenana, miaraka amin'ny tanjona hanorina fizakan-tena. Ireo mpitarika eo an-toerana dia miaramiasa amin'ny foiben'ny Fiangonana eo amin'ny fanombantombanana sy fanomezana ireo zavatra ilaina sy eo amin'ny fandrindrana ny mpikambana izay hanampy amin'ny fizarana ireo fanomezana, fanadiovana, famerenana amin'ny laoniny sy ny fananganan-javatra indray.

Tamin'ny alalan'ny LDS Charities sy ny fiaraha-miasa tamin'ireo sampana miorina izay mpanampy olona any amin'ireo faritra niharan-doza, dia vao haingana ny Fiangonana no nanome fanampiana ho an'ireo tra-boina tany Pérou; tamin'ny koriam-potaka tany Sierra Léone; tamin'ny doro ala tany Montana, Etazonia, sy Alberta, Kanadà; tamin'ny rivo-doza tany Texas, Floride, tany amin'ireo Nosy Karibeana, ka tafiditra tao anatin'izany i Porto Rico, Haiti sy ny Repoblika Dôminikana; ary tamin'ireo horohoron-tany mahery vaika tany Mexique.

Tamin'ny septambra, ny Fiangonana dia nanambara fa hanome 11 tapitrisa dôlara mba hanohanana ny tetikasa hiadiana amin'ny mosary sy hamahanana ankizy tsy ampy sakafo any amin'ny firenena valo any Afrika sy Moyen-Orient. Ny LDS Charities dia miara-miasa amina fikambanana miisa 11 ao anatin'ny tetikasa miisa 25 mba hanomezana fanampiana.

Ny LDS Charities dia nanome teo amin'ny 2 miliara dôlara mba hanampiana olona an-tapitrisany maro tany amin'ny firenena miisa 189 hatramin'ny 1985, ka natomboka tamin'ny fanomezana fanampiana ireo tratran'ny mosary tany Ethiopie izany. ■

*Ireo izay maniry ny hanolotra fanampiana ao amin'ny Kitapom-bolan'ny Fanampiana Olona an'ny Fiangonana dia afaka manao izany amin'ny alalan'ny taratasy fandoavany fahafolonkarena.*




## Tempoly telo notokanana

Hatramin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny volana Aprily 2017, dia tempoly telo no notokanana na naverina notokanana. Ny tempolin'i Paris France dia notokanana tamin'ny volana mey, ny tempolin'i Idaho Falls Idaho (Etazonia) dia notokanana tamin'ny volana jona ary ny tempolin'i Tucson Arizona (Etazonia) dia notokanana tamin'ny volana aogositra.

Hotokanana amin'ny 19 nôvambra 2017 ny tempolin'i Meridian Idaho (Etazonia); ny tempolin'i Cedar City Utah (Etazonia) dia hotokanana amin'ny 10 desambra; ary ny tempolin'i Jordan River Utah (Etazonia) dia haverina hotokanana amin'ny 20 mey 2018.

Nisy ny drafitra efa nambara ary mitohy ny fanomanana sy fananganana ho an'ny tempoly miisa 23 manerana an'izao tontolo izao. Tempoly enina amin'izao fotoana izao no tsy misokatra noho ny fanavaozana ary tempoly dimy no kasaina hidina amin'ny 2018 mba havaozina.

*Mba hahitana ireo fanovana nentina na ireo fampahalalana dia jereo ao amin'ny **temples.lds.org.***

# Manompo manerana an'izao tontolo izao ireo mpaminany sy apôstôly





Ireo mpaminany sy apôstôly dia nantsoina mba ho "vavolombelona manokan'ny anaran'i Kristy eran'izao tontolo izao" (F&F 107:23). Ireto ny sasany amin'ireo asa nataon'izy ireo nanomboka tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny volana aprily:

Nankalaza mangina ny faha-90 taonany tany **Utah, Etazonia,** tamin'ny 21 aogositra ny Filoha Thomas S. Monson. Naveriny indray ny firariantsoa nataony tamin'ny fankalazana ny tsingerintaona nahaterahany teo aloha hoe, ny fanomezana tsara indrindra ho azy dia ny "fitadiavan'ny [olona] olona mandalo fotoan-tsarotra na marary na irery dia manao zavatra ho azy ireo."

Nitokana trano tao Temple View, izay tobim-pianarana teo aloha an'ny Sekoly Ambonin'ny Fiangonana ao Nouvelle Zélande ny Filoha Henry B. Eyring tany Hamilton, **Nouvelle Zélande.** Taorian'ny rivo-doza Irma, dia nitsidika an'i **Porto Rico, Saint Thomas,** sy ireo mpilatsaka an-tsitrapo avy amin'ny Fiangonana izay nanampy tamin'ny asa fanadiovana tany **Floride, Etazonia** izy.

Ny Filoha Dieter F. Uchtdorf dia nitsidika an'i **Texas, Etazonia,** ary nahita ireo ekipan'ny Olomasin'ny Andro Farany izay niara-niasa tamin'ireo mpifanolobodirindrina tamin'izy ireo taorian'ny rivo-doza Harvey, ka nilaza izy fa ny toe-tsaina hoe "manampy-araka-izay-vitako" dia fahita mahazatra eo amin'ny Olomasin'ny Andro Farany manerana an'izao tontolo izao.

Ny Filoha Russell M. Nelson dia nanolotra boky misy tantarampianakaviana ho an'ny governoran'i **Nebraska, Etazonia**, sy namangy ireo mpitarika sy ireo misiônera **tany New York, Etazonia,** ary nilaza tamin'ireo mpianatra institiota tany **Utah** fa ny Baiboly dia "feno faminaniana momba . . . ny Famerenana amin'ny laoniny."

Rehefa avy namangy ireo mpikambana tany **Japon** sy **Corée** ny Loholona Dallin H. Oaks dia nilaza hoe: "Mieritreritra ny zanany ny Tompo. Fantany ny zavatra iainan'izy ireo sy ny olan'izy ireo ary malemy fanahy Izy ao amin'ny fitiavany." Namaly fanontaniana avy tamin'ireo zatovo tamin'ny alalan'ny fandaharana Tafasiry mivantana tany Corée izy. Nihaona tamin'ny minisitra misahana ny lalao Ôlimpika amin'ny taona 2020 hatao any Tokyo izy. Ary noho ny fangatahan'ny Filoham-pirenen'i **Pérou,** dia nisy ny fihaonana izay nandraisan'ny Loholona Oaks fisaorana avy amin'ny filoham-pirenena noho ny fanampian'ny Fiangonana nandritra ireo tondra-drano.

Tany **Utah,** dia namporisika ireo tanora tokan-tena ny Loholona Ballard mba hanaja ny Sabata ho toy ny "fotoana mahafinaritra sy lehibe" ary mba handalina ireo fitsipika sy fotopampianarana fototra an'ny Fiangonana. Nilaza tamin'ireo mpiasa tao amin'ny tempoly izy fa ny tempoly naorina amin'izao fotoana izao dia hampiasaina koa mandritra ny Arivotaona. Niaraka nitsidika an'i **Texas** tamin'ny Loholona Ronald A. Rasband izy mba hankahery an'ireo mpilatsaka an-tsitrapo nanadio ireo zavatra noravaravain'ny rivo-doza sy ny tondra-drano.

Ny Loholona Robert D. Hales dia nandray ny mari-pankasitrahana 2017 Pioneers of Progress President's Award avy tamin'ny fikambanana iray misahana ny fiarahamonina tao **Utah.** "Ny fahafahana mifanampy sy mifampahery ary mifanamafy orina no toetra tena tsara indrindra ananan'ny mpisava lalana iray araka ny hevitro," hoy izy.

Tany **Russie** sy **Ukraine,** dia nampianatra ny Loholona Jeffrey R. Holland fa ny fiainana dia natao hiainana fitsapana, saingy ny filazantsara dia manolotra fomba fijery lavitra sy fanantenana ary fampaherezana. Nandritra ny fivoriana Second Windsor Conference mikasika ny fanenjehana ara-pinoana tany **Angletera,** dia nilaza izy fa ny finoana dia manampy olona maro mba ho tafavoaka amin'ilay toerana maha-mpitsoaponenana, dia hitondra anjara biriky eo amin'ny fiaraha-monina. Taorian'ilay fihaonambe dia nanolotra torohevitra ho an'ireo mpikamban'ny Fiangonana, sy ireo filohan'ny misiôna ary ireo misiônera tany **Portugal** sy **Espagne** izy.

Nitsidika firenena telo tany amin'ny faritra andrefan'i Afrika ny Loholona David A. Bednar izay mbola tsy novangin'ny Apôstôly teo aloha: **Sénégal,** izay nanolorany vavaka fanokanana; **Guinée;** ary **Mali.** Nihaona tamin'ireo mpikambana tany **Nigéria** sy **Ghana** koa izy. Nandritra ny fivoriana fampaherezam-panahy maneran-tany nampitaina avy tany **Caroline du Nord, Etazonia,** dia namporisika ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony izy mba ho toy ny "masomby matanjaka" ao anatin'ilay rojompitohizan'ny fianakaviany mandrakizay.

Ny Loholona Quentin L. Cook dia nihaona tamin'ireo mpikambana sy misiônera tany **Taiwan, Hong Kong, Inde,** ary **Thaïlande,** ary nanamarika fa "feno fientanentanana ireo mpikambana raha mahakasika ny Fiangonana, ary mifantoka amin'ny tempoly sy ny asa fitoriana izy ireo." Tany **New Jersey, Etazonia,** dia niresaka mikasika ny fahalalahana ara-pinoana izy nandritra ny seminera Seymour Institute Seminar. Hoy izy hoe:






*Manaraka ny sahazam-pamantaranandro avy eny amin'ny tampony ambony havia: Ny Filoha Henry B. Eyring nanatrika ny fanokanana ny Temple View tany Nouvelle Zélande. Ny Filoha Dieter F. Uchtdorf namihina tanora iray mpilatsaka an-tsitrapo avy amin'ireo Mpanome Tanana taorian'ny rivo-doza Harvey tany Texas, Etazonia. Ny Loholona Jeffrey R. Holland niresaka tamin'ny Baronne Emma Nicholson nandritra ny fivoriana Second Windsor Conference mikasika ny fahalalahana ara-pinoana. Ny Loholona Ronald A. Rasband niarahaba rahavavy iray nandritra ny fitsidihany tany Afrika Atsimo. Ny Loholona Christofferson niarahaba ireo mpianatra tany amin'ny amin'ny sekoly Kamalabai Joshi School tany Kenjal, Inde. Ny Loholona Quentin L. Cook namangy mpikamban'ny Fiangonana tany Taiwan.*

"Tokony hotohizintsika ny ezaka efa mandeha sy manan-danja ataontsika mba hampitomboana ny fahamendrehampitondrantena sy mba hiarovana ireo fianakaviana." Tany **Californie, Etazonia,** dia namporisika ireo mpikambana tao amin'ny fikambanan'ny mpitsara izy mba hihazona ny finoana sy ny fandanjalanjana eo amin'ny fiainan'izy ireo ary hiaro ny fahalalahana ara-pinoana.

Tany **Équateur** sy **Colombie,** ny Loholona D. Todd Christofferson dia nampianatra fa ny finoana ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty dia hampahery sy hanohana antsika. Tany **Inde** izy dia nanaiky nandray ny mari-pankasitrahana World Peace Prize tamin'ny anaran'ny Fiangonana ary nanolotra tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny fiteny Nepaley ho an'ny filoham-pirenena sy ny filoha lefitr'i **Népal** ary ny sampana Kathmandu.

Volana maromaro talohan'ny rivodoza sy ny tondra-drano dia nitsidika an'i **Porto Rico, Haiti,** ary ny **Repoblika Dôminikana,** ny Loholona Neil L. Andersen, ka niresaka mikasika ny fizakan-tena, ny fianarana, sy ny fiomanana handray ireo fitahiana avy amin'ny tempoly. Nandritra ilay fivoriana LDS Family Education Night tany amin'ny Oniversite Arizona State tany **Arizona, Etazonia,** dia namporisika ny Olomasin'ny Andro Farany izy mba "hanokatra ny varavarantsika, sy hamantatra ny finoan'ny hafa, [ary] hianatra bebe kokoa mikasika azy ireo." Nanorina ny tsatòka faha-100 tany **Philippines** ny Loholona Andersen ary nanokana ny foibe fanofanana misiônera izay nitarina tany Manille.

Tany **Afrika Atsimo** sy ny **Repoblika Demôkratikan'i Congo,** ny Loholona Ronald A. Rasband dia nanamarika fa eo anatrehan'ireo tempoly telo am-perinasa any Afrika sy ireo dimy hafa eo an-dalampitsanganana na efa nambara, dia "manomana ny vahoaka Afrikanina ny Tempo mba handray ireo fitahiany rehetra."

Ny Loholona Gary E. Stevenson dia nitsidika an'i **Vanuatu, Australie, Nouvelle Zélande, Polynésie Française,** ary ny Oniversite Brigham Young–Hawaï tany **Hawaï, Etazonia.** "Rehefa . . . mijery ireo olantsika amin'ny alalan'ireo veran-tsolomason'ny filazantsara isika, dia hahita valiny izay hitondra fifaliana sy haravoana ho antsika," hoy izy. Nihaona tamin'ny filoham-pirenena sy ny praiministr'i Vanuatu izy ary ny arsevekan'i Papeete, Tahiti.

Nitsidika firenena dimy ny Loholona Dale G. Renlund tamin'ny volana jona: **Guatemala, Costa Rica, El Salvador, Nicaragua,** ary **Honduras,** ka nanangana ny tsatòka voalohany miteny ny fiteny Keksia tany Guatemala ary nandray anjara tamin'ny fivoriana momba ny fahalalahana ara-pinoana sy fihaonamben'ny zatovo. Tamin'ny volana aogositra izy sy Rahavavy Ruth L. Renlund vadiny dia nandray anjara tamin'ny fandaharana Tafasiry mivantana voalohany nampitaina avy tany **Accra, Ghana,** ary tamin'ny volana septambra dia namporisika an'ireo mpianatra tao amin'ny Oniversite Brigham Young–Idaho tany **Idaho, Etazonia** izy mba hiantehatra amin'ny fotopampianaran'i Kristy. ■

*Ireo fampahalalana ny zavatra niseho vao haingana momba ny asa fanompoana ataon'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana ireo dia hita ao amin'ny pejy Facebook ananan'izy ireo tsirairay avy ary ao amin'ny* ***prophets.lds.org.***

## Fitaovana ho an'ireo lalodalovana

"Mba hanampiana ireo mpikambana lalodalovana dia efa misy any amin'ny tempoly sy ny trano fivoriana ireo teknôlôjia atolotry ny Fiangonana," hoy ny filazana nalefa ho an'ireo mpitarika maneran-tany tamin'ny 14 septambra 2017. "Tokony hahay tsara ireo teknôlôjia ireo ny mpitarika ary maka antoka fa ireo rehetra izay afaka mahazo tombontsoa avy amin'izany dia mahafantatra ny momba izany fitaovana izany sy afaka mampiasa izany."

Any amin'ny tempoly dia afaka mangataka casque ireo mpikambana lalodalovana izay mampiasa ny système infrarouge izay mampita ao anatin'ny tempoly. Any amin'ireo trano fivoriana, ny mpikambana dia afaka miditra amin'ny système de radiofréquence amin'ny alalan'ny (1) récepteurs de radiofréquence pour une aide à l'audition, fitaovana omby any am-paosy izay mampiasa ny fanamafisam-peon'ny trano fiangonana na ny efitranobe fanaovana hetsika mba hanamafisana ny feo mankany amin'ny fitaovana fihainoana mipetraka eo amin'ny lava-tsofina, na (2) cordons du coup pour une écoute assistée izay mampita mivantana ny feo any amin'ilay aide auditif compatible avec un capteur téléphonique eny amin'ilay olona.

Mbola manampy torolalana fanampiny ilay filazana fa "tokony hanana récepteur sy cordon du coup maro ny paroasy sy sampana. Azo atao ny mangataka fitaovana fanampiny amin'ny alalan'ny tompon'andraikitra misahana ny fitaovan'ny Fiangonana sy ny tranon'ny Fiangonana eo anivon'ny tsatòka rehefa ilaina izany."

*Misy fampahalalana bebe kokoa momba ny système d'aide à l'audition (rafitra hoenti-manampy amin'ny fihainoana) ao amin'ny **mhtech.lds.org.** Mba hahitana fampahalalana mikasika ny tsy fandrenesana tsara, ny faharenina sy ny teny tanana, dia jereo ny **disabilities.lds.org.***

## Soratra masina hadika amin'ny fiteny vaovao hafa



Ireo tetikasa fandikana ny soratra masina amin'ny fiteny vaovao hafa izay nankatoavina tao anatin'ny taona maro lasa izay dia ahitana ny Bokin'i Môrmôna amin'ny fiteny Birmana, Efika, Georgiana, Navajô, Ponpey, Sesoto ary Tsiluba ary ny triptika amin'ny fiteny tanana Amerikana, Afrikanina, Amarika, Arabika, Bisilama, Grika, Hiligainona, Hindy, Homongy, Lao, Lingala, Maley, Persiana, Pôlôney, Serbiana, Setsoana, Sinala, Silôvaky, Silôveniana, Tahitiana, Tamila, Telogo, Tôko Pisina, Torka, Toy, Ordo, ary Ioroba.

Tao anatin'ny taratasy iray tamin'ny 09 ôktôbra 2017, ny Fiadidiana Voalohany dia nitanisa ireo tetikasa ireo sy nampahafantatra ny lamina vaovao izay hanome fahafahana ny olona tsirairay handalina ampahany amin'ny dikanteny voalohany mialoha ny hamoahana ny dikanteny farany.

Nanambara ilay taratasy hoe "Rehefa mandeha ny fandikan-teny dia azo avoaka tsikelikely isaky ny mandeha ny ampahany efa vita." "Ireo ampahany mizarazara ireo na dia raisina ho tsy ilay tena vita farany mandrapahavitan'ny fandikana tanteraka dia ho hita ao amin'ny LDS.org ary amin'ny application Bibliothèque de L'Évangile." Ny famoahana voalohany ho an'ireo fiteny vitsy notsongaina dia hanomboka ny 20 nôvambra 2017. Rehefa vita ny fandikan-teny niaraka tamin'ireo fanitsiana sy fankatoavana, dia hosoloina amin'ilay dikan-teny farany ireo navoaka tsikelikely tany am-boalohany ary arahin'ny fanontana izany ho boky avy eo.

Mitaky taona maro ny tetikasa fandikan-teny satria adika amimpitandremana ny lahatsoratry ny soratra masina. Noho izany dia anatin'ny dingana maro samihafa amin'izao fotoana izao ireo tetikasa. Ilay dikan-teny voalohany navoaka sy nahazo fankatoavana dia hahitana votoatiny izay nadika sy nandalo fanitsiana avy tamin'ireo mpitarika eo an-toerana. Hitohy ny famoahana ireo ampahany fanampiny rehefa mandeha ny fotoana. Ireo dikanteny izay efa akaiky ho vita dia tsy havoaka intsony.

Nangataka ny Fiadidiana Voalohany fa raha efa mandefa na mbola miandry ilay tetikasa fandikan-teny dia "manohy mampiasa ireo dikanteny ampiasaina amin'izao fotoana izao ho an'ny Fanekem-pinoana sy ny vavaky ny Fanasan'ny Tompo ary ny vavaka atao amin'ny batisa aloha [ireo mpikambana sy mpitarika] mandra-pahavitan'ny fandikan-teny tanteraka ."

Ny edisiônan'ny soratra masina OAF dia voadika sy misy amin'ireto isan'ny fiteny ireto: ny Baiboly Masina, 3; Edisiônan'ny Baiboly Masina tsy navoakan'ny OAF fa nankatoavina, 95; ny Bokin'i Môrmôna, 90; Fantina avy amin'ny Bokin'i Môrmôna, 21; ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana sy ny Voahangy Lafo Vidy, 58. ■

# Foibe fanofanana misiônera

Mampiseho ny fitohizan'ny maha-zava-dehibe ny asa fanompoana eo amin'ny asa fitoriana ny foibe fanofanana misiônera vaovao any Accra, Ghana, sy ny fanitarana ny foibe fanofanana misiônera any Provo, Utah, Etazonia.

Ilay foibe fanofanana misiônera any Ghana izay eo akaikin'ny tempolin'i Accra Ghana, dia afaka mandray misiônera miisa 320 ary azo itarina. Io toerana lehibe io dia mandray ireo misiônera izay miala any Afrika andrefana sy atsimo andrefana ary koa ireo misiônera manerana an'izao tontolo izao izay voantso hanompo any Afrika. Ireo tranobe vaovao ireo dia manamora ny fianaran'ny misiônera amin'ny fitenin-drazany, ny teny Anglisy na ny teny Frantsay, ary ny fianarany ny fiteny sy ny kolontsain'ilay faritra izay niantsoana mba hanompoan'izy ireo.

Ny fanitarana ny foibe fanofanana misiônera any Philippines MTC dia nampitombo indroa ny habeny ka afaka mandray misiônera miisa 280. Ahitana trano roa vaovao izay misy toby miisa dimy izany, mifanila amin'ny biraon'ny vondrom-paritra ary eny am-pitan'ny arabe mankeny amin'ny tempolin'i Manille Philippines. Hatramin'ny nisokafan'ny foibe fanofanana misiônera tamin'ny 1983, dia nanompo misiônera avy amin'ny firenena na handeha ho any amin'ny firenena miisa 60 izany.

Ny fanitarana natao tamin'ny foibe fanofanana misiônera any Provo dia ahitana tranobe roa vaovao misy rihina enina miaraka amin'ny toeram-pianarana vaovao miisa 200, efitrano fianarana mampianatra mihoatra ny 100 ary efitrano manokana misy solosaina miisa 13 izay andraisan'ireo misiônera fanofanana mialoha ny handefasana azy ireo any amin'ireo faritra voatendry hiasan'izy ireo manerana an'izao tontolo izao. Ny foibe fanofanana misiônera any Provo dia manana fahafahana hanofana isaky ny mandeha tovolahy sy tovovavy ary misiônera zokiolona hatramin'ny 3700.

Ny Fiangonana dia manana foibe fanofanana misiônera miisa 15 any amin'ny toerana maro samihafa eto amin'izao tontolo izao. ■



*Mihaino ny mpampianatra iray ao amin'ny foibe vaovao fanofanana misiônera any Ghana, raha eo am-pifanakalozan-kevitra momba ny fomba fampianarana ny filazantsara ireo misiônera.*




## Rahavavy Bingham tany amin'ny Firenena Mikambana

Jean B. Bingham Filohan'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany dia naneho fanantenana fa ireo fikambanana mifototra amin'ny finoana dia mba "hiaraka hiasa amin'ny alalan'ny fomba kely sy tsotra mba hanatanterahana zavatra mahatalanjona," raha nandray fitenenana izy nandritra ny adihevitra mikasika ny fampandraisana anjara ny mpitsoa-ponenana eo amin'ny fiarahamonina tany amin'ny Firenena Mikambana tany New York City tamin'ny 13 aprily 2017.

Nandritra ny fivoriam-pifamafarana momba ny "Fifantohana amin'ny Finoana" fanao isan-taona dia niresaka mikasika ireo ezaka ataon'ny Fiangonana mikasika ny fanampiana olona eo amin'ireo mpitsoa-ponenana Rahavavy Bingham ary naneho ny fankasitrahany tamin-kitsimpo an'ireo rehetra izay mirotsaka amin'ilay "asa sarotra nefa tena mitondra valisoa" eo amin'ny fanamaivanana ny fijaliana manerana an'izao tontolo izao.

Rahavavy Bingham dia vao niverina vao haingana namita ny fitsidihan'ny Fonds des Nations Unies pour L'enfance (UNICEF) toerana tany Ouganda niaraka tamin'ny Rahavavy Sharon Eubank, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany ary talen'ny LDS Charities. Nanatrika ny fivoriana tao amin'ny Firenena Mikambana tany New York City koa Rahavavy Eubank. ■

*Mba hahitana fampahalalana bebe kokoa momba ny zavatra azonao atao mba hanampiana ireo mpitsoa-ponenana dia midira ao amin'ny **IWasAStranger.lds.org**.*

# Torolalana vaovao ho an'ny fivorian'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana

*Ilay fandaharam-pampianarana vaovao dia mitondra fiovana mampientanentana ho an'ireo fivoriantsika isaky ny alahady izay mifototra amin'ny* Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy. *Ny fivoriantsika isaky ny alahady voalohany dia ho fotoana hiarahana mifampizara hevitra mikasika ireo andraikitsika sy fahafahantsika ary olantsika rehefa manao ny asan'ny Tompo isika. Ho an'ireo alahady hafa, dia hifantoka amin'ireo hafatra mifono fampianarana avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany indrindra isika sy hifantoka amin'ny lohahevitra iray nofidin'ireo mpitarika antsika maneran-tany, fa tsy hampiasa boky vaovao an'ny* Enseignements des Présidents de l'Église. *Kanefa ireo fanovana ireo dia tsy ireo lohahevitra mba hohalalinintsika fotsiny. Io fandaharam-pampianarana io koa dia misy fiantraikany eo amin'ny fomba fanomanantsika, fampianarantsika, ny fiarahana mizara hevitra sy mianatra, ary ny fandraisana fanentanam-panahy sy ny fandraisana andraikitra. Nandray anjara tamin'ny fanaovana andrana mikasika ireo fitaovana vaovao ireo ny mpikambana sy ny mpitarika tany Mexique, Utah, ary Californie sy Georgia. Ireto misy hevitra sy traikefa vitsivitsy avy amin'izy ireo:*

"Inona no hataoko raha tsy misy boky?" hoy ny eritreritr'i Nancy Feragen, mpampianatra ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, rehefa namaky voalohany ny tahadikan'ny *Avia, Hanaraka Ahy—Ho an'ny Fisoronana Melkizedeka sy Fikambanana Ifanampiana*. Niaiky izy hoe: "Nikorontan-tsaina aho tamin'ny voalohany." "Dia tonga tato amiko avy eo ilay eritreritra hoe: Tian'ny Tompo isika handray andraikitra bebe kokoa mikasika ny fianarantsika manokana sy hampiroborobo ny fiainampanahintsika amin'ny maha-mpiray tampo antsika ao amin'ny filazantsara."

"Somary mampatahotra ihany ny matoky ny Tompo sy tonga miaraka amin'ny fahavononana mba hitarika fifanakalozan-kevitra miaraka amin'ny fitaovana vitsy," hoy i Linda Harmon, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana, "kanefa raha vao manao ilay izy ianao, raha nanomana ny tenanao tamin'ny alalan'ny vavaka, ny fandalinana sy ny fandehanana tany amin'ny tempoly ary tamin'ny alalan'izay zavatra hafa tsapanao fa tokony hatao, dia tena mahavariana ilay izy."

## MAMPIANATRA ARAKA NY FOMBAN'NY MPAMONJY

"Ny fanamby iray amin'ity fandaharam-pampianarana vaovao ity dia ny manao izay tsy hampianaran'ny olona—araka ny fomba taloha—hoy ny Eveka Boyd Roberts. "Mila mampitsahatra ny fizarana fampahalalana tsotra fotsiny isika, fa sokafy ny lalana dia avelao ny Fanahy hampianatra."

"Fomba fampianarana vaovao anankiray izay mety ho sarotra amin'ny olona sasany ilay izy," hoy i Lisa Smith, filohan'ny Fikambanana Ifanampiana raha niresaka mikasika ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy*. "Izany no maha-zava-dehibe ny manaraka fomba fampianarana tsara sy mamporisika ny mpitarika mba hanatrika ka tsy tapaka ireo fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra miaraka amin'ireo mpampianatra," hoy izy.

## MIOMANA SY MAMPIANATRA

I David Mickelson, mpampianatra ny vondron'ny mpisorona avo dia nilaza fa ilay fehezan-teny ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:78 hoe "mampianara amin'ny fahazotoana" dia "misy ifandraisany amin'ny fiomanantsika mialoha sy ny fahafahantsika manaraka amim-pahazotoana ny Fanahy rehefa mampianatra. Rehefa mampianatra amim-pahazotoana isika dia hiaraka amintsika ny famindram-pon'ny Mpamonjy ary hampianarina amin'ny fomba lavorary kokoa isika. Mihevitra aho fa izany no fomba fampianarana lavorarin'ny Tompo. Ilay mpampianatra, izay mitarika ny fifanakalozan-kevitra, dia mila vonona ny ho ampianarin'ny Fanahy."

I Adam Bushman, mpampianatra ao amin'ny kôlejin'ny loholona, dia nanomana lesona tamin'ny alalan'ny famakiana ilay lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana izay nofidina, dia nandinika ombam-bavaka izay hevitra tena manan-danja ho an'ny kôlejy. "Mba hanampiana ireo lehilahy hanana fotoana bebe kokoa hisaintsainana," araka ny fanazavany, "dia misy email alefa mandritra ny herinandro izay milaza hoe—Ity ny lahateny hifanakalozantsika hevitra ka tianay ianareo mba handinika ireto fanontaniana ireto—."

## MIARA-MIFAMPIZARA HEVITRA SY MIARA-MIANATRA

"Tsy ho andraikitr'ireo mpitarika intsony ny alahady ao amin'ny




Fikambanana Ifanampiana," hoy i Brooke Jensen, mpanolotsaina ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana. "Manana andraikitra mifono asa ny mpikambana tsirairay."

Nahatsapa rahalahy Bushman fa nitondra fiovana ny fipetrahana miendrika faribolana. "Tiako ilay izy," hoy izy. "Manova ny endriky ny fifampiresahana izany. Manova ny zavatra andrandrain'ny olona izany. Misy fandraisana anjara bebe kokoa amin'izao fotoana izao. Raha toa ka olona roa na telo no matetika mamaly fanontaniana dia misy olona vaovao maneho hevitra."

Tamin'i Rebecca Siebach, izay rahavavy iray ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, naheno voalohany mikasika ilay zavatra vaovao ifantohana ao amin'ny filankevitra, dia tonga dia nieritreritra ireo namana izay lasa malaina izy. "Fantatro ny olan'izy ireo," hoy izy. "Naborak'izy ireo tamiko ny tsy fahazoany aina sy ny fahasahiranany mankany am-piangonana, ary nieritreritra aho fa fotoana tena tsara hanoloran-tanana azy ireo izao ka hilazana hoe—Mila anareo izahay ao anatin'ny filankevitsika! Mba tongava mba hifampizara!—"

"Rehefa naneho ny hevitro aho tamin'ny farany nandritra ny fivorian'ny filankevitra," hoy i Lona Marie Cook, mpanolotsaina iray ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana, "dia tena mahafinaritra ny mahita ny olona manamafy ny zavatra neritreretiko sy ny maha-mpikambana ny tena ao anatin'izany fiarahamonina izany."

### *MANDRAY FANENTANAM-PANAHY SY MANDRAY ANDRAIKITRA EO ANATREHAN'IZANY*

"Manorina tontolo mba hampianararan'ny Fanahy ary mba hahenoantsika sy hihainoantsika isika," hoy ny Eveka Roberts. "Dia ny Fanahy no lasa mpampianatra, izay mampiseho amintsika ny zavatra tokony hataontsika eo amin'ny fiainantsika manokana sy eo amin'ny fianakaviantsika ary eo amin'ny antsontsika. Ny zavatra ataontsika vokatr'ireo bitsika ireo no mitondra antsika any amin'ny fiovam-po sy fanompoana marina."

Hoy i Susan Farr, filohan'ny Fikambanana Ifampiana hoe: "Ity fomba ity dia manosika antsika mba hitsangana sy hanao zavatra, fa tsy handeha fotsiny rehefa vita ny lesona ka hieritreritra hoe—nanentana ny fanahy iny—nefa vetivety dia hadino izany. Ny fiarahana mizara hevitra dia manampy antsika hahita fa ny fianarana sy ny fanaovana asa dia andraikitsika rehetra, fa tsy ny mpampianatra irery."

"Rehefa mirakitra ireo zavatra tsapantsika isika ary mandray andraikitra eo anatrehan'izany avy eo, dia mampihatra ny fiovan'ny fo isika ary lasa mpanompon'ny Tompo tsara kokoa," hoy i Susan Mitchell, mpanolotsaina iray ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana.

"Ny fahafantarana fa ho tompon'andraikitra amina zavatra iray ianao ary hisy olona iray hanontany ny zavatra tsapanao," hoy Rahavavy Smith, "dia mahatonga anao ho mpandray anjara miasa amin'ny fanorenana ny fijoroanao ho vavolombelona."

I Landen Roundy, mpitarika ny vondron'ny mpisorona avo, dia nilaza fa ny fandefasana email misy tahirintsoratra momba ireo zavatra noresahina sy narafitra dia "manampy ny mpikambana hamantatra zavatra niainan'izy ireo nandritra ny herinandro izay mety tian'izy ireo hozaraina ny Alahady manaraka."

Eveka Roberts dia nanampy zavatra "mikasika ireo tahirintsoratra ireo" hoe: "Nahita ny fitohizan'ny toe-tsaina mizara sy mianatra aho nandritra ny herinandro rehefa nifanakalo hevitra tamin'ny alalan'ny email mikasika ireo hevitra sy fahatsapana fanampiny ireo rahalahy ary nampatanjaka ny kôlejiny."

"Tian'ny Tompo isika hampitodika ny fontsika eo amin'ny isika samy isika ary azo tanterahina izany rehefa mihaona miaraka amin'ny fananana tanjona isika," hoy Rahavavy Siebach namarana. "Ity fandaharam-pampianarana vaovao ity dia manampy antsika hahita lohahevitra mahaliana, hametraka tanjona, hitady ilay loharano marina hahitana valim-panontaniana, hahazo fanambarana ho an'ny tena manokana, ary hahazo fahazavan-tsaina amam-panahy avy amin'ny isika samy isika rehefa mitodika any amin'ireo mpaminany velona isika mba hahazo valim-panontaniana izay ilaintsika amin'izao androntsika izao." ■

## AHOANA NO AHAFAHANTSIKA MIOMANA?

Ilay fitaovana vaovao *Avia, Hanaraka Ahy* ho an'ny fivorian'ny Fisoronana Melkizedeka sy Fikambanana Ifanampiana dia hampiasaina manerana ny Fiangonana manomboka amin'ny janoary 2018. Inona no azon'ireo rantsan'ny Fiangonana atao mba hiomanana amin'izany fanovana izany?

- Manokàna fotoana mandritra ny filankevitry ny paroasy ho avy mba hiaraka handinika mikasika ireo fitaovana ireo ary hifanakalo hevitra mikasika ny zavatra mety hiova. Inona avy ireo tombontsoa ho azo?
- Asao ny filankevitry ny paroasy mba hanolotra lohahevitra ho an'ny fivorian'ny filankevitra amin'ny alahady voalohany izay hanampy amin'ny fanomezana ny zavatra ilain'ny paroasy na sampana. Ireo mpitarika ao amin'ny Fisoronana sy Fikambanana Ifanampiana dia afaka manapa-kevitra mikasika ny fotoana sy ny fomba hikarakaran'ny rafitra sahanin'izy ireo ireo zavatra ilaina ireo.
- Ampahafantaro sy ifanakalozy hevitra ny momba ireo fitaovana vaovao ireo mandritra ny fivorian'ny kôlejy na vondrona na Fikambanana Ifanampiana ho avy. Inona no azon'ny mpikambana tsirairay atao mba ho vonona amin'ireo fanovana ireo?
- Amporisiho ireo mpampianatra ao amin'ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana mba hanatrika ireo fivorian'ny filankevitry ny mpampianatra mba hizara ny traikefan'izy ireo sy ny olan'izy ireo ary ny fanontanian'izy ireo mikasika ireo fitaovana vaovao ireo.

## Topimaso ao anatin'ny fivorian'ny filankevitra

Alahady maraina ny andro, dia mipetraka manatrika filankevitra ireo rahavavy ao amin'ny paroasy Bugambilias any Guadalajara, Mexique. Taorian'ny hira fanokafana dia nanasa ny sasany tamin'izy ireo i Yara Ramirez filohan'ny Fikambanana Ifanampiana mba hizara zavatra niainana avy tamin'ny leson'izy ireo tamin'ny herinandro lasa.

Rehefa avy nizara ny zavatra niainany nandritra ny minitra vitsy ireo rahavavy, dia nanoratra teny iray monja teny amin'ny solaitrabe Rahavavy Ramirez nialoha ny niverenany nipetraka tao anatin'ilay faribolana.

"Firaisan-kina," hoy izany.

Nijery ny Môsià 18:21 izy ireo teo ambany fitarihan-drahavavy Ramirez ary namaky ny hoe, ". . . manana ny fony mifamihina ao amin'ny firaisankina sy ny fifankatiavan'izy samy izy."

Nanontany izy hoe: "Inona no azontsika atao amin'ny maha-Fikambanana Ifanampiana antsika mba hampiharana izany soratra masina izany?"

Nieritreritra nandritra ny fotoana fohy ireo rahavavy. Nizara an'izao ny rahavavy iray: "Tsy afaka mankany amin'ny tempoly ny zatovo." "Tsy ampy ireo rahavavy olon-dehibe miaraka amin'izy ireo."

"Tsy manana hevitra aho," hoy ny anankiray hafa izay nanana fijery gaga. Nanontany izy hoe: "Raha toa ka tsy fantatrao hoe misy filana fanampiana, dia ahoana no ahafahanao manampy?"

"Izany no antony maha-eto antsika," hoy Rahavavy Ramirez namaly. "Misy filana fanampiana tahaka an'izany izay fantatro mandritra ny filankevitry ny paroasy ary azontsika rehetra ifanampiana."

Nanoro hevitra ny olona iray hoe: "Maninona moa isika raha manao fandrindram-potoana?" Lasa liana bebe kokoa ilay vondrona tamin'izay. "Raha ny fahafantarako azy dia alakamisy iray isam-bolana no fotoana efa napetraka ho an'ny zatovo hankanesany any amin'ny tempoly."

Niaiky ny renim-pianakaviana vao herotrerony iray hoe: "Na izaho aza dia sahirana mankany amin'ny tempoly." "Efa ela aho no tsy tany ary mahatsapa ho somary tsy mieritreritra afa-tsy ny tenako. Te handeha sy hanompo aho," hoy izy.

Olona maro hafa no nanetsika ny lohan'izy ireo ho fanekena izany. Izy ireo koa dia mahita fa sarotra ny mandeha any matetika araka ny fanirian'izy ireo.

Nandroso hevitra ny mba hifandimby hiandry ny ankizy ny renim-pianakaviana vao herotrerony iray, dia mifandimby mankany amin'ny tempoly izy ireo.

Dia nanomboka nifampanontany izay toerana ipetrahany ireo rahavavy sy hoe iza no mipetraka any akaikin'ny zatovo iza. Nifanakalo hevitra momba ny fomba ahafahan'izy ireo mifandimby manampy ireo zatovo mba handeha hanatrika ny fiaraha-mientany izy ireo.

Nisy olona iray nilaza hoe: "Mila mifankahafantatra koa isika." "Tokony hanao fiaraha-mientana isika!"

Nanohy naneho hevitra sy nanolotra torohevitra ary nametraka fanontaniana ireo rahavavy.

Tany amin'ny faran'ilay filankevitra dia nangataka ny mpitantsorany Rahavavy Ramirez mba hamintina ny zavatra voasoratra nandritra ny fivoriana. Nanontany izy hoe: "Inona no zavatra tsapanareo nandritra ilay filankevitra?"

Namaly izy ireo fa nahatsapa ho mahafantatra bebe kokoa ny zavatra ilain'ny olona rehetra, ary ilaina ny asa fanompoana ataon'izy ireo, ary eo anivon'ny namana izy ireo.

Nanontany izy hoe: "Raha mifototra amin'ny zavatra niainantsika androany dia inona avy ireo asa manokana tiantsika hifantohana amin'ity volana ity amin'ny maha-Fikambanana Ifanampiana antsika?"

Nanapa-kevitra izy ireo amin'ny maha-vondrona iray azy mba samy hitondra ny sakafony dia hiara-hisakafo tamin'io alahady io rehefa avy miangona, dia hanomboka hanao volleyball isaky ny alakamisy hariva, dia hanao fandrindram-potoana mba handeha ho any amin'ny tempoly, ary hanao drafitra mikasika ny fomba hanampiana ny zatovo mba handeha hanatrika ny fiaraha-mientany.

"Niaina firaisan-kina isika androany," hoy Rahavavy Ramirez namarana, ary nanasa ny rahavavy tsirairay izy mba hieritreritra fomba ahafahan'izy ireo manompo mandritra ny herinandro. "Hanohy hanome bitsika antsika ny Fanahy Masina rehefa mandray andraikitra manokana isika sy rehefa mandray andraikitra amin'ny maha-Fikambanana Ifanampiana antsika. Manasa anareo aho mba ho vonona ny hizara ireo zavatra niainanareo amin'ny alahady manaraka." ■

### TOROHEVITRA MIKASIKA IREO FIVORIAN'NY FILANKEVITRY NY MPAMPIANATRA



*Mipetraka manatrika filankevitra ireo rahavavin'ny Fikambanana Ifanampiana any Guadalajara, Mexique.*

- Aoka ianao hanana faharetana sy hamela ny Tompo hampianatra anao ny dikan'ny hoe miaramifampizara hevitra.
- Misy fitsipika izay azontsika hazonina ao an-tsaina: Araho ny Fanahy, zarao izay ao an'eritreritrao ary mandraisa andraikitra eo anatrehan'ireo zavatra tsapanao.
- Avelao ny fonao sy ny sainao hisokatra amin'ireo hevitra vaovao sy ireo fomba fijery ary ireo vahaolana.
- Mialoha ny hifaranan'ny fivoriana tsirairay, dia eritrereto ny zavatra nampianarin'ny Fanahy anao; dia manapaha hevitra amin'izay fomba handraisanao andraikitra eo anatrehan'ny bitsiny.



## Avia, hanaraka Ahy—Ho an'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana

*Jereo ao amin'ny application Bibliothèque de l'évangile sy ao amin'ny comefollowme.lds.org ireto fitaovana fakan-kevitra ireto.*



# Inona no niova?

Amin'izao andro farany izao dia naverin' Andriamanitra tamin'ny laoniny ny fisoronana ary naoriny ny kôlejin'ny fisoronana sy ny Fikambanana Ifanampiana mba hanampy amin'ny fanatanterahana ny asany (jereo ny Mosesy 1:39). Koa isaky ny alahady, rehefa mivondrona ao amin'ny fivorian'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana isika, dia mivory mba hifanakalo hevitra sy hanomana drafitra mikasika ny fomba hanatanterahantsika ny asany.

Izany no antony tokony hampiavaka kokoa an'ireo fivoriana ireo amin'ny fotoam-pianarana fotsiny ihany. Ireo fivoriana ireo ihany koa dia fotoana hahafahana mifampizara hevitra mikasika ny asan'ny famonjena, miara-mianatra avy amin'ny fampianaran'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana momba izany asa izany, ary mifandamina mba hanatanterahana izany. Ireo fiovana natao amin'ny fivoriantsika alahady ireo dia hanampy antsika hanatanteraka ireo tanjona ireo.

### Fandaharam-potoana isam-bolana

Ny fivorian'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana isaky ny alahady dia hanaraka ity fandaharam-potoana isam-bolana ity:

| HERINANDRO | TANJONA |
|---|---|
| Alahady voalohany | Mifampizara hevitra momba ireo andraikitra sy fahafahana ary olana misy eto an-toerana dia manao drafitra hanaovana asa |
| Alahady faharoa sy fahatelo | Mianatra ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany izay nofidin'ny fiadidiana na ireo mpitarika ny vondrona, na, indraindray, ny eveka na ny filohan'ny tsatòka |
| Alahady fahefatra | Miresaka lohahevitra iray manokana izay nofidin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Apôstôly Roambinifolo |
| Alahady fahadimy | Miresaka lohahevitra iray nofidin'ny episkôpà |



### Lamina arahana amin'ireo fivoriantsika

Mandritra ny fivorian'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana tsirairay ataontsika dia manaraka lamina isika mba hanatanterahana ny asan' Andriamanitra.

1. *Mizara zavatra niainana* vokatry ny zavatra tsapa sy ny fanasana noraisina nandritra ireo fivorian'ny fisoronana na ny Fikambanana Ifanampiana teo aloha (izay tarihin'ny fiadidina iray na ny mpitarika ny vondrona).
2. *Manao filankevitra miaraka* (alahady voalohany, tarihin'ny fiadidiana iray na ny mpitarika ny vondrona) na *miara-mianatra* (alahady faharoa, fahatelo ary fahefatra, tarihin'ny mpampianatra iray voantso).
3. *Manao drafitra hanaovana asa* na miaraka na ataon'ny isam-batan'olona (tarihin'ny fiadidiana iray na ny mpitarika ny vondrona).



## IREO FIVORIAN'NY FILANKEVITRA ISAKY NY ALAHADY VOALOHANY

Ny alahady voalohany ao anatin'ny volana dia *tsy hisy lesona ampianarin'ny mpampianatra* ao anatin'ny fivorian'ny kôlejy, vondrona, ary ny Fikambanana Ifanampiana. Ho solon'izany dia hitarika fivorian'ny filankevitra ireo fiadidiana na mpitarika ny vondrona. Ny kôlejy, na ny vondrona, na ny Fikambanana Ifanampiana isan'isany dia hifampizara hevitra momba ireo andraikitra sy fahafahana ary olana misy eo an-toerana, hianatra avy amin'ny hevitra sy ny zavatra iainana zarain'ny tsirairay, ary hanomana drafitra hanatanterahana ireo fahatsapana voaray avy amin'ny Fanahy.

### Mialoha ny Fivorian'ny filankevitry

- Mamantatra ireo andraikitra sy fahafahana ary olana ireo mpitarika dia mifidy amim-bavaka lohahevitra iray horesahina.
- Mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy ny rehetra.
- Miomana hizara hevitra sy zavatra niainany ny tsirairay.

### Mandritra ny Fivorian'ny filankevitry

- Manasa ny mpikambana ny mpitarika mba hizara zavatra niainana rehefa nanao asa avy amin'ny zavatra tsapan'izy ireo avy amin'ireo fivoriana teo aloha.
- Miara-mikaon-doha momba ilay lohahevitra ny rehetra, mifampihaino, ary mikatsaka ny fitarihan'ny Fanahy.
- Mamintina ireo hevi-dehibe sy manolotra fanasana hanao asa ny mpitarika.

### Aorian'ny Fivorian'ny filankevitry

- Manao asa avy amin'ny fahatsapana sy ny fanasana voaray ny rehetra, na miaraka na mandeha tsirairay.
- Miomana hizara ny zavatra niainany amin'ny fivoriana manaraka ny rehetra.



"MIPARITAKA EO ANIVONTSIKA NY **FANAMBARANA**".[1]

**Loholona Neil L. Andersen**

"ISIKA **NO TANANY**."[2]

**Filoha Dieter F. Uchtdorf**

SARIN'OLONA MIVAVAKA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

**FANAMARIHANA**

1. Neil L. Andersen, ao amin'ny Adam C. Olson, "Handbook Training Emphasizes Work of Salvation," *Ensign* na *Liahona,* apr. 2011, 76.
2. Dieter F. Uchtdorf, "Ianareo no tanako," *Liahona,* mey 2010, 68.

## Fitsipiky ny fifampizarana hevitra

Tsy mitovy daholo ny fivorian'ny filankevitra rehetra. Avelao hampianatra anareo ny Tompo. Ireto misy fitsipika vitsivitsy hanombohanareo izany:

1. Ny tanjon'ny fivorian'ny filankevitra dia ny hifampizara hevitra momba ireo andraikitra sy fahafahana ary olana misy eo an-toerana, hianatra avy amin'ny hevitra sy ny zavatra iainana zarain'ny tsirairay, ary hanomana drafitra hanatanterahana ireo fahatsapana voaray avy amin'ny Fanahy.
2. Ny fivorian'ny filankevitra dia tokony hitarika ho amin'ny asa—drafitra natao ho an'ny tsirairay na ho an'ny vondrona, izay avy amin'ny fanentanan'ny Fanahy, hanao asa ivelan'ny fivoriana mba hanatanteraka ny asan'ny Tompo (jereo ny FF 43:8–9).
3. Ny filankevitra dia tokony hampiana ny soratra masina sy ny tenin'ireo mpaminany sy apôstôlin'ny andro farany, ireo Manampahefana Ambony hafa, ary ireo Mpiandraikitra Ambony mba hitarihana sy hanohanana ny fifanakalozan-kevitra. Amin'izay dia afaka manampy ny kôlejy sy ny vondrona ary ny Fikambanana Ifanampiana hiresaka ireo filàna tena manan-danja ny tenin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana izay nentanimpanahy.
4. Tsy tokony hiresahana olana mahakasika be loatra ny tena manokana na mora mampihetsi-po momba ny mpikambana na ny fianakaviana tsirairay ny fifanakalozan-kevitra.
5. Na dia tarihin'ny mpikambana iray ao amin'ny fiadidiana na ny mpitarika ny vondrona aza ny fivorian'ny filankevitra dia tsy mibahan-toerana eo amin'ny fizarana hevitra izy. Mandroso olana iray horesahina ilay mpitarika dia manasa ny rehetra hizara hevitra sy zavatra niainana, araka ny fitarihan'ny Fanahy.
6. Na dia tsy tokony hisy hahatsapa aza fa terena handray anjara, dia tokony hahazo aina tsara tsy hatahotra ny hokianina ny rehetra amin'ny fizarana fanamarihana sy hevitra.
7. Raha misy ny fahafahana, dia afaka manampy amin'ny fanomezana toerana ny toe-tsaina tia mizara sy ny fifampiresahana malalaka ny fipetrahana amin'ny endrika faribolana.

## Ireo lohahevitra azo resahana mandritra ny fivorian'ny filankevitra isaky ny alahady voalohany

Ireo lohahevitra azo aroso horesahina mandritra ny fivorian'ny filankevitra dia mety ho azo avy amin'ny filankevitry ny paroasy, ny fivorian'ny fiadidiana, ny drafitry ny vondrom-paritra, ny zavatra tsapan'ireo mpitarika avy amin'ny fanompoany ny mpikambana, ary ny bitsika avy amin'ny Fanahy Masina. Ireo lohahevitra eto ambany ireto dia sosokevitra fotsiny ihany. Mety misy filàna hafa fantatr'ireo mpitarika izay ahazoan'izy ireo fitaomam-panahy hoe tokony horesahina.



- Ahoana no ahafahantsika mandahatra tsara kokoa araka ny laharampahamehana ireo andraikitra samihafa ananantsika?
- Ahoana no ahafahantsika manakaiky bebe kokoa an' Andriamanitra sy mandray fitarihana bebe kokoa avy amin'ny Fanahy eo amin'ny fiainantsika sy ao an-tokantranontsika?
- Ahoana no hizarantsika ny filazantsara amin'ny namantsika sy ny mpiara-monina amintsika? (jereo ny Almà 17).
- Ahoana no ahafahantsika miaro ny tenantsika sy ny fianakaviantsika amin'ny haino aman-jery tsy mendrika sy ny pôrnôgrafia? (jereo ny FF 42:22–23).
- Inona no hataontsika mba hanarahamaso sy hampatanjahana ny ankizy sy ny tanorantsika ao amin'ny paroasintsika?
- Ahoana no hampitomboantsika ny firaisan-kina ao amin'ny kôlejy, na ny vondrona, na ny Fikambanana Ifanampiana misy antsika? (jereo ny Môsià 18:19–22).
- Ahoana no ahafahantsika mandray anjara bebe kokoa amin'ny tantarampianakaviana sy ny fitsaohana any amin'ny tempoly?
- Ahoana no hanasantsika ny fanampian'ny Tompo eo am-pikatsahantsika ny valin'ireo fanontaniantsika sy hikatsahantsika fahatakarana lalina kokoa momba ny filazantsara?
- Ahoana no ahafahan'ireo ray amandreny ho lasa mpitarika tsara kokoa ao an-tokantrano?
- Ahoana no ahafahantsika manamafy orina ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ny Tompo sy ny filazantsarany sy hanampiantsika ny fianakaviantsika hanana fizakan-tena ara-panahy?
- Inona no dikan'ny hoe manompo? Ahoana no hanampiantsika ny olona manodidina antsika? (jereo ny 1 Petera 4:11).

Raha misy fahafahana hanao izany dia azon'ny mpitarika atao ny mampahafantatra mialoha an'ny mpikambana ilay lohahevitra mba hahafahan'izy ireo tonga manatrika amim-pahavononana mba hiresaka izany.

## IREO FIVORIANA ISAKY NY ALAHADY FAHAROA, SY FAHATELO

Isaky ny alahady faharoa sy fahatelo ny volana, ny Kôlejin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana dia mandalina ny fampianaran'ireo mpaminany sy Apôstôly velona, ary ireo mpitarika hafa ato amin'ny Fiangonana izay nalaina avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany indrindra. **Azo resahina daholo izay mety ho hafatra avy amin'ny fihaonambe farany indrindra.**

Amin'ny ankamaroan'ny fotoana dia ny fiadidian'ny kôlejy, na ny mpitarika ny vondrona, na ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana no hifidy hafatra avy amin'ny fihaonambe mba hohalalinina miainga avy amin'ny zavatra ilain'ireo mpikambana, na dia afaka manome sosokevitra aza ny eveka na ny filohan'ny tsatòka. Ny mpitarika dia afaka mifidy hafatra iray mifandray amin'ny lohahevitra noresahina tao amin'ny fivorian'ny filankevitra isaky ny alahady voalohany, na afaka mifidy hafatra hafa miainga avy amin'ny fitarihan'ny Fanahy izy ireo. Ny mpitarika sy ny mpampianatra dia tokony hitady fomba hamporisihana ny mpikambana hamaky mialoha ireo hafatra voafidy ka ho tonga hanatrika ny fotoam-pianarana sady vonona ny hizara hevi-baovao azony. Ireo asa hoenti-mianatra naroso etsy ambany, izay mifototra amin'ireo fitsipika ao amin'ny *Mampianatra araka ny fomban'ny Mpamonjy,* dia afaka manampy ny mpikambana hanolo-tena hianatra avy amin'ireo hafatra tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.

**Sharon Eubank,** *"Areheto ny fahazavanareo"*

Angataho ny mpikambana ao amin'ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao mba hieritreritra ny fomba nitarihan'ny vehivavy marina sy mahatoky iray ny fiainan'izy ireo ho amin'ny tsara. Manasà mpikambana vitsivitsy hizara ny fomba hanehoan'io vehivavy io ny iray na ny maromaro amin'ireo toetoetra ananan'ny vehivavy marina voalaza ao amin'ny hafatry ny Rahavavy Eubank. Inona no ianarantsika avy amin'ny Rahavavy Eubank mikasika ny fomba hahafahantsika ho tonga "*hery manan-danja* amin'ny fitomboan'ny Fiangonana arak'isa sy arapanahy amin'ny andro farany"?

**Neill F. Marriott,** *"Mitoetra ao amin' Andriamanitra sy manamboatra izay rava"*

Io hafatra io dia afaka manampy ireo mpikambana izay mety mahatsapa ho tafasaraka amin'ny Ray any An-danitra na amin'ireo olona manodidina azy. Inona no hanampy an'ireo olona ampianarinao hahatakatra ny atao hoe zavatra rava na tapaka? Azonao atao angamba ny mitondra sary maneho karazana zavatra tapaka na rava. Ahoana no namaritan'ny Rahavavy Marriott ny zavatra rava na tapaka iray? Inona no mety hiteraka faharavana na fahatapahana eo amin'ny fifandraisantsika amin' Andriamanitra sy ny hafa? Asao ny mpikambana hanadihady ny hafatry ny Rahavavy Marriott mba hitadiavana sosokevitra momba ny zavatra azontsika atao hanamboarana ireo zavatra rava eo amin'ny fiainantsika. Omeo fotoana ny mpikambana hanoratana ny zavatra bitsihin'ny Fanahy Masina aminy fa tokony hataony mba hanakaikezana an' Andriamanitra sy ny hafa.

**Joy D. Jones,** *"Fananana lanja tsy hay refesina"*

Inona avy ireo fitahiana mitosaka eo amin'ny fiainantsika rehefa mahatakatra ny toetra maha-andriamanitra antsika isika? Mba hamaliana io fanontaniana io, dia afaka miara-mijery ny tantaran'i Mariama sy i Renu ary i Taiana ao amin'ny hafatry ny Rahavavy Jones ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao. Inona no torohevitra nomen'ny Rahavavy Jones mba hanampiana antsika "hahatsiahy sy hanaiky ny toetrantsika amin'ny maha-andriamanitra"? Asao ny mpikambana hitady sy hiresadresaka andinintsoratra masina iray na teny nindramina tao amin'ny hafatry ny Rahavavy Jones izay manampy azy ireo hahatakatra ny tena lanjan'izy ireo marina eo anatrehan' Andriamanitra. Asao izy ireo hizara ny iray amin'ireto soratra masina na teny nindramina ireto amin'ny olona iray izay mila ampahatsiahivina ny lanjany masina.

**Dieter F. Uchtdorf,** *"Telo mirahavavy"*

Fomba iray hamerenana mijery ny hafatry ny Filoha Uchtdorf ny fizarana ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana ho vondrona kely maromaro. Azonao omena andraikitra ny vondrona tsirairay hamaky ny tantaran'ny iray amin'ireo rahavavy ao amin'ny hafatry ny Filoha Uchtdorf. Ny vondrona tsirairay dia afaka manoratra taratasy ho an'izany rahavavy izany, izay mamintina ny toroheviny ary mizara ny zavatra nosoratany amin'ireo vondrona hafa. Inona no azontsika atao mba hitovy bebe kokoa amin'ilay rahavavy fahatelo? Ahoana no hahafahantsika manao izay hahatonga ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana ho "fialofana" ho an'ireo izay miady mafy?

**Dieter F. Uchtdorf,** *"Manin-te hody"*

Ahoana no ahafahanao manampy ireo olona ampianarinao hahafantatra ny fomba hampiasan' Andriamanitra azy ireo mba hitahiana ny hafa? Azonao atao ny manasa azy ireo hijery ny fizarana ao amin'ny hafatry ny Filoha Uchtdorf mitondra ny lohateny hoe "Hampiasa anao Andriamanitra", mba hitady ireo fampanantenana natao tamin'ireo izay miezaka manompo ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra na dia eo aza ny fahalemeny. Ny famakiana io hafatra io dia mety hampahatsiahy ihany koa an'ireo mpikambana ny zavatra niainana azon'izy ireo zaraina, izay nampiasan' Andriamanitra azy ireo hitahy ny hafa, na rehefa nampiasa ny olona hafa hitahy azy ireo Izy. Omeo fotoana ny mpikambana hisaintsainana ny zavatra tsapany fa hanentanan'ny Fanahy azy mba hataony noho ity fifanakalozan-kevitra ity.

**Bonnie L. Oscarson,** *"Ireo filana fanampiana eo anoloantsika"*

Fomba iray hanombohana ny fifanakalozan-kevitra mikasika ny hafatry ny Rahavavy Oscarson ny fanomezana taratasy kely ny olona rehetra, izay ahitana soratra hoe "Iza no mila ahy androany?" eny amin'ny farany ambony. Afaka maka minitra vitsivitsy ireo mpikambana ao amin'ny Fikambanana ifanampiana na ny kôlejy misy anao mba hisaintsainana sy hihainoana ny valin'io fanontaniana io. Dia afaka manadihady ny hafatry ny Rahavavy Oscarson izy ireo avy eo mba hikarohana hevitra mikasika ny fomba hanompoan'izy ireo ireo olona ao

anatin'ny lisitra nataony, na mampiditra anarana hafa araka ny fitaomam-panahy azony. Angamba afaka mizara ny zavatra nianarany ny olona vitsivitsy.

**Dallin H. Oaks,** *"Ilay drafitra sy ilay fanambarana"*

Inona no ho ataon'ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy, na ny vondrona, na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao mba hamaliana ny fanasan'ny Loholona Oaks mba "[hampianatra sy hanana] fiainana mifanaraka" amin'ny fanambarana momba ny fianakaviana ao an-tokantrano, sy eo amin'ny fiaraha-monina ary any ao ampiangonana? Asao izy ireo mba hifampizara hevitra. Mety hanampy ihany koa ny fanadihadiana ilay hafatra mba hitadiavana filazana fotopampianarana vitsivitsy avy ao amin'ny fanambarana momba ny fianakaviana. Ahoana no hanampian'ireo fehezan-teny ireo antsika amin'ny fihetsika asehontsika manoloana "ireo olana mihatra amin'ny fianakaviana ankehitriny"? Ny fizarana IV ao amin'ny hafatra avy amin'ny Loholona Oaks dia ahitana ohatra vitsivitsy amin'ireo fehezan-teny ireo.

**D. Todd Christofferson,** *"Ilay mofo velona izay nidina avy tany an-danitra"*

Ireto misy fanontaniana vitsivitsy izay mety eritreretin'ireo mpikambana ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana sy ny kôlejy rehefa mamaky ny hafatra avy amin'ny Loholona Christofferson izy ireo: Inona no atao hoe fahamasinana? Ahoana no hikatsahantsika ny fahamasinana? Ahoana no hanampian'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo antsika amin'ny ezaka ataontsika? Afaka mizara teny izay manampy amin'ny famaliana ireo fanontaniana ireo avy amin'ny hafatry ny Loholona Christofferson ireo mpikambana. Ahoana no hifanampiantsika amin'ny maha-"Olomasina mpiara-belona" antsika amin'ny ezaka ataontsika mba ho masina kokoa?

**Jeffrey R. Holland,** *"Aoka ho tanteraka ianareo, amin'ny farany"*

Ny sasany amin'ireo olona ampianarinao dia mety hahatsapa fa tsy hain'izy ireo izany hoe miaina ny fampianaran'ny Mpamonjy izany. Inona no ampianarin'ny Loholona Holland ka afaka mampionona sy mankahery ireo izay mety manana izany fahatsapana izany? Afaka manasa ny mpikambana ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana na ny kôlejy ianao mba hitady zavatra ao amin'io hafatra io, izay mety hozarain'izy ireo amin'ny olona iray izay sahirana mafy ka tsy mety mahatsapa fa "tsara" izy. Na azon'izy ireo atao ny mitady zavatra iray manentana ny fanahin'izy ireo ao amin'ilay hafatra mba hahatsapa "fitiavana sy fiderana lehibe kokoa [an'i Kristy] ary faniriana bebe kokoa ny ho lasa tahaka Azy."

**Gary E. Stevenson,** *"Fanakona-masoandro ara-panahy"*

Efa nisy nahita fanakona-masoandro ve ny mpikambana ao amin'ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao? Raha efa nisy, dia azonao asaina ny iray amin'izy ireo hanazava ilay fifanahafana nozarain'ny Loholona Stevenson momba ny "fanakona-masoandro ara-panahy." Inona ireo sakantsakana afaka "hanakana ny halehibe sy ny famirapiratana ary ny hafanana entin'ny fahazavan'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany"? Ahoana no fomba ahafahan'ny tambazotra ifaneraserana manao izay tsy hifantohantsika amin'ny "ny hatsarana sy ny hafanana ary ny hazavana masin'ny filazantsara"? Ahoana no fomba hanaovantsika ny "solomason'ny filazantsara" izay miaro antsika amin'ny fahajambana ara-panahy? Inona no ampianarin'ny fifanahafana nataon'ny Loholona Stevenson antsika momba ny fitazonana fomba fijery araka ny filazantsara?

**Quentin L. Cook,** *"Ireo zavatra iainana mahazatra any amin'ny mandrakizay"*

Ny hafatry ny Loholona Cook dia mampahatsiahy antsika ny mahazava-dehibe ny fiezahana hanetry tena amin'ny fomba isan-karazany. Fomba iray hifanakalozana hevitra momba ny zavatra ampianariny ny fizarana ireo mpikambana ao anaty vondrona roa. Angataho ny vondrona iray hitady ireo sosokevitra ao amin'ny hafatry ny Loholona Cook izay mety hanampy antsika hampitombo fanetrentena, ary ilay vondrona iray hafa hitady ireo fomba hanehoan'ny olona ny fieboeboana. Asao ny vondrona tsirairay hizara amin'ilay vondrona iray hafa ny famaritana hitany. Ny mpikambana dia afaka mizara ihany koa ireo fomba azon'izy ireo hanehoana "fanetrentena isan'andro" bebe kokoa eo amin'ny fiainany sy mieritreritra ny fomba mety hanampian'io fanentrentena io azy ireo hiomana hihaona amin' Andriamanitra.

**Ronald A. Rasband,** *"Amin'ny alalan'ny drafitra masina"*

Mba hamporisihana ny fifanakalozankevitra momba ny hafatry ny Loholona Rasband, dia mety hanampy ny manasa mpikambana vitsivitsy hitondra "patron" hoenti-manjaitra, rafi-trano, na fomba fandrahoan-tsakafo ary hiresaka mikasika ny hoe nahoana izy ireo no manampy. Inona ny ohatra na fampianarana avy amin'ny hafatry ny Loholona Rasband izay manentana ny fanahin'ny mpikambana hiaiky ny drafitr' Andriamanitra ho an'ny fiainan'izy ireo? Angamba ny mpianatra mety afaka hizara zavatra niainana izay nahitan'izy ireo fa nitarika ny fiainan'izy ireo ny Tompo. Inona ny zavatra nataon'izy ireo mba hanehoana amin' Andriamanitra fa "ankamamian' "izy ireo ny fitarihany? Nahoana no zava-dehibe ny miaiky ny "drafitra masin' " Andriamanitra?

**Russell M. Nelson,** *"Ny Bokin'i Môrmôna: hanao ahoana re ny fiainanao raha tsy nisy azy?"*

Nanasa ny mpikambana ny Filoha Nelson mba hieritreritra fanontaniana telo: (1) "Hanao ahoana re ny fiainanao raha *tsy nisy* ny Bokin'i Môrmôna?" (2) "Inona ny zavatra *tsy ho fantatrao*?" (3) "Inona ny zavatra *tsy ho nananana*o?" Asao ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy, na vondrona, na Fikambanana Ifanampiana misy anao hisaintsaina ireo fanontaniana ireo sy hizara ny fomba hamalian'izy ireo izany. Inona no hitan'izy ireo ao amin'io hafatra io ka mitaona azy ireo hanisy lanja ny Bokin'i Môrmôna mihoatra ny "diamondra na ny vatosoa"?

**Dale G. Renlund,** *"Ny fisoronana sy ny herin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy"*

Ahoana no fomba hahafahanao manampy ny mpikambana ao amin'ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao hahatakatra ny fomba hanaovan'ny fisoronana izay hahafahan'izy ireo mahazo ireo fitahiana avy amin'ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy? Azonao

soratana eny amin'ny solaitrabe ireto lohateny roa ireto: "Ny antony ilantsika ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy" sy "Ny fomba 'hanomezan'ny' fisoronana antsika ireo fitahiana avy amin'ny fisoronana." Dia asao avy eo ireo mpikambana hanadihady ny hafatry ny Loholona Renlund, mba hitady andian-teny hosoratana eo ambanin'ny lohateny tsirairay. Ahoana no hanampian'ny fisoronana sy ireo ôrdônansiny amin'ny fanatanterahana ny tanjon'ny Ray any An-danitra ho an'ireo zanany?

**Dieter F. Uchtdorf,** *"Mpihazona fahazavana avy any an-danitra"*

Asao ny mpikambana hanadihady ny hafatry ny Filoha Uchtdorf ary hamantatra ny fiantraikan'ny fisiana na ny tsy fisian'ny fahazavana avy any an-danitra eo amin'ny fiainantsika. Azonao atao ny manasa ny mpikambana handalina ny sasany amin'ireo soratra masina izay noresahan'ny Filoha Uchtdorf ary hitady ireo fahamarinana mifandray amin'ny fahazavana ara-panahy. Inona ny zavatra ampianarin'ilay fanoharana momba ny fanakona-masoandro antsika momba ny anjara asan'ny fahafahana misafidy amin'ny fikatsahana fahazavana ara-panahy? Inona no azontsika atao mba hizarana ny fahazavana masina ananan'i Jesoa Kristy amin'ny hafa?

**Henry B. Eyring,** *"Mitarika ny Fiangonany ny Tompo"*

Asao ireo mpikambana ao amin'ny kôlejy na ny Fikambanana Ifanampiana misy anao mba hizara zavatra niainana, izay nilan'izy ireo nampitombo finoana fa avy amin' Andriamanitra ny antson'izy ireo na ny antson'ny hafa. Ahoana no nampiharan'izy ireo ny finoany? Ahoana no nahatonga azy ireo hahafantatra fa avy amin' Andriamanitra ilay antso? Asao ny mpikambana hanadihady ny hafatry ny Filoha Eyring dia hitady ireo fahamarinana izay nianarany avy amin'ny zavatra niainany manokana, izay afaka manampy antsika hatoky sy hanam-paharetana amin'ny tenantsika sy ireo olona hafa izay nantsoin'ny Tompo.

**Jean B. Bingham,** *"Ka ho tanteraka ny fifalianareo"*

Ny hafatry ny Rahavavy Bingham dia afaka manampy ny mpikambana ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana na ny kôlejy misy anao hahatakatra ny fomba hahitana fifaliana, na dia eo aza ireo zava-tsarotra eo amin'ny fiainana, rehefa manatona an'i Kristy isika. Mety ho fomba iray azo hiresahana ny hafatra avy aminy ny manao sarina lalana iray eo amin'ny solaitrabe, izay mitondra mankany amin'ny teny hoe *fifaliana*. Manasà mpikambana maromaro hanoratra eo sosokevitra iray avy amin'ny hafatry ny Rahavavy Bingham eo amin'ilay lalana, izay mitondra mankany amin'ny fifaliana marina. Amporisiho ny mpikambana hieritreritra ireo fomba hahafahan'izy ireo mampihatra ny torohevitry ny Rahavavy Bingham. Manasà mpikambana maromaro hizara ny heviny.

**David A. Bednar,** *"Fampanantenana sady soa no lehibe indrindra"*

Mba hanampiana ny mpikambana ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana sy ny kôlejy misy anao hifanakalo hevitra momba ny hafatry ny Loholona Bednar dia azonao asiana sary eo amin'ny solaitrabe mba hanehoana ny Sabata, ny tempoly, ary ny tokantranontsika. Asao ny mpikambana hamaky ny fizarana mifandraika amin'izany ao amin'ny hafatry ny Loholona Bednar dia soraty eo amin'ny solaitrabe ny fomba hanampian'ny Sabata, ny tempoly, ary ny tokantranontsika antsika hifantoka amin'ireo fampanantenana nataon' Andriamanitra tamintsika. Inona avy ireo zavatra eo amin'ny fiainantsika izay mety hanintona ny fifantohantsika hiala amin'ireo fampanantenana ireo? Inona ireo dingana azontsika atao mba hakana antoka fa mahatsiaro azy ireny isika?

**Henry B. Eyring,** *"Aza matahotra ny hanao soa*

Ny hafatry ny Filoha Eyring dia afaka manampy an'ireo olona ampianarinao hahazo ny herim-po sy ny finoana hanaovana ny tsara eto amin'izao tontolo izao. Afaka manasa mpikambana vitsivitsy ianao hamintina ireo ohatra nasehon'ny olona mahatoky izay nozarain'ny Filoha Eyring. Inona no ampianarin'ireo ohatra ireo antsika mikasika ny fomba hanompoana ny hafa? Inona no sosokevitra aroson'ireo ohatra ireo mikasika ny fomba azontsika hanompoana amin'ny maha-kôlejy na Fikambanana Ifanampiana antsika?

Fomba iray hafa azo hiresahana io hafatra io ny mamerina mijery ireo fitahiana izay hitan'ny Filoha Eyring avy amin'ny torohevitra nomen'ny Filoha Thomas S. Monson mba handalina ny Bokin'i Môrmôna. Inona avy ireo fitahiana hitanao avy amin'ny fandalinana ny Bokin'i Môrmôna?

**M. Russell Ballard,** *"Mbola mitohy ny diabe!"*

Mba hanombohana ny fifanakalozankevitra momba ny hafatry ny Loholona Ballard, dia afaka manasa olona ianao hizara zavatra niainana izay nananany tanjona ho any amin'ny toerana iray, saingy nahafantatra izy ireo avy eo fa diso lalana. Inona no hifandraisan'ny ohatra tahaka izany amin'ny "diabe" ataontsika manokana hiverina any amin'ny Ray any An-danitra? Aorian'izay ireo mpikambana dia afaka mitady torohevitra sy fampitandremana nomen'ny Loholona Ballard, izay afaka manampy antsika hahafantatra raha toa isika ka mandeha any amin'ny lalana tena tokony alehantsika eo amin'ny fiainantsika. Omeo fotoana ny mpikambana hisaintsaina ny lalan'izy ireo manokana sy hiresaka ireo fomba azontsika hanampiana sy hampaherezana ny hafa amin'ny "diabe" ataon'izy ireo hiverenana any amin'ny Ray any An-danitra.

**Neil L. Andersen,** *"Ny feon'ny Tompo"*

Angamba ireo mpikambana ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana na ny Kôlejy misy anao dia afaka mizara zavatra niainana izay nahatsapany fa ny hafatra iray tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana dia nanan-danja manokana ho azy ireo. Nahoana no nanan-danja ireo hafatra ireo? Inona no zavatra ampianarin'ny Loholona Andersen mikasika ny mahamanan-danja ny hafatry ny Fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany sy ny ezaka ary ny dingana atao ao anatin'izany mba hanomanana azy ireny? Tokony ho maika toy ny ahoana isika amin'ny fandalinana sy ny fankatoavana ireo teny ireo rehefa mahafantatra izany? Manaova lisitr'ireo fanasana avy amin'ny fihaonambe farany indrindra. Inona no nataontsika mba hamaliana ireo fanasana ireo?

## FIVORIANA ISAKY NY ALAHADY FAHEFATRA

Ny alahady fahefatra ao anatin'ny volana dia miresaka lohahevitra iray nofidian'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ireo kôlejy, vondrona, ary ny Fikambanana Ifanampiana. Ireo lohahevitra ireo dia hasiam-panovana isaky ny misy fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Ny lohahevitra mandra-pahatongan'ny fihaonamben'ny Fiangonana manaraka dia ny andro Sabata. Ny mpitarika sy ny mpampianatra dia afaka mifidy amin'ireto fotopampianarana sy asa hoenti-mianatra aroso eto ambany ireto, mampiaraka ny maromaro amin'izy ireo, na mamorona ny azy ireo manokana arakaraka ny filan'ireo mpikambana.

**Ny Sabata dia andro hahatsiarovana ny zavatra nataon' Andriamanitra ho antsika.**

Hatramin'izay Andriamanitra dia nampifandray ireo asa goavambe sasantsasany tamin'ny Sabata. Ireo asa goavambe ireo dia ahitana ny Fahariana (jereo ny Genesisy 2:1–3), ny fifindra-monin'ny zanak'Isiraely avy tany Egypta (jereo ny Deoteronomia 5:15), ary ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty (jereo ny Jaona 20:1–19; Asan'ny Apostoly 20:7). Asao ny mpikambana hamerina hijery ireo andinin-tsoratra masina ireo sy hifanakalo hevitra mikasika ny fomba hahafahan'ny fahatsiarovana ny tsirairay amin'ireo zavatra nitranga ireo manampy antsika hanaja ny andro Sabata. Inona avy ireo asa goavambe sasantsasany nataon' Andriamanitra ho antsika? Inona no fomba hahafahantsika mahatsiaro ireo zavatra ireo amin'ny andro Sabata? Raha azo tanterahina, dia asao ny mpikambana hiresaka fanontaniana tahaka ireo miaraka amin'ny fianakaviany.

**I Jesoa Kristy no Tompon'ny Sabata.**

Ny Sabata dia antsoina ihany koa hoe ny andron'ny Tompo (jereo ny Apokalypsy 1:10). Araka ny hevitrareo dia nahoana i Jesoa Kristy no antsoina hoe Tompon'ny Sabata? (jereo ny Matio 12:8). Miaraha mijery andininy vitsivitsy izay afaka manentana ny fanahin'ireo mpikambana hieritreritra fomba hampifantohana amin'i Jesoa Kristy ny zavatra iainan'izy ireo mandritra ny Sabata (ohatra, Helamàna 5:12; Etera 12:41; Môrônia 10:32; and FF 6:36–37). Inona no andinin-tsoratra masina hafa azon'ny mpikambana zaraina ka afaka manampy azy ireo hampifantoka bebe kokoa ny Sabata amin'i Kristy? Inona no tanjona azontsika apetraka mba hanampiana antsika hifantoka amin'ny Mpamonjy mandritra ny andro Sabata?

**I Jesoa Kristy no ohatra alaintsika tahaka amin'ny fanajana ny Sabata.**

Nandritra ny asa fanompoana nataony tety an-tany, dia naka fotoana hampianara momba ny andro Sabata ny Mpamonjy. Angataho ny mpikambana hamaky ireto tantara manaraka ireto sy hanao lisitra an'ireo zavatra nataon'i Jesoa nandritra ny Sabata sy ny fitsipika nampianariny: Lioka 6:1–11; 13:11–17; Jaona 5:1–20; 9:1–16. Inona no fitsipika hafa momba ny Sabata izay ianarantsika avy amin'ireto andinin-tsoratra masina manaraka ireto? Eksodosy 20:8–11; 31:12–18; Isaia 58:13–14; and FF 59:9–19. Asao ny mpikambana hizara ny zavatra azony atao mba hanarahana ny ohatry ny Mpamonjy.

Jereo koa ny Russell M. Nelson, "Fahafinaretana ny Sabata," *Liahona,* mey 2015, 129–32.

**Andro hitsaohana ny Sabata.**

Soraty eny amin'ny solatirabe ny teny hoe *mitsaoka* dia asao ny mpianatra hanoratra teny hafa mifandray amin'izay eo akiakiny. Dia manaova tsanganana telo avy eo, izay ahitana ny teny hoe *mialoha, mandritra,* ary *aoriana* eo amin'ny faratampon'ny tsanganana tsirairay. Inona no azontsika atao mialoha, mandritra ary aorian'ny fotoam-pivavahana mba hitsaohana ny Tompo amin'ny androny masina? Afaka miara-mamaky ny Môsià 18:17–29 sy ny Môrônia 6 ny mpianatra mba hikarohana hevitra. Asao ny mpikambana hisaintsaina ny hoe amin'ny fomba ahoana ny fihetsika sy ny asa ataon'izy ireo amin'ny andro Sabata no manampy azy ireo hitsaoka ny Tompo amin'io andro io (jereo ny Eksodosy 31:16–17). Inona no azontsika atao mba hanatsarana ny zavatra iainan'ireo fianakaviantsika sy ireo mpikambana ao amin'ny paroasy amin'ny fitsaohana mandritra ireo fivoriam-piangonana?

**Ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo dia mamela antsika hanana mandrakariva ny Fanahy miaraka amintsika.**

Soraty eo amin'ny solaitrabe ity fanontaniana manaraka ity: Inona no fiantraikan'ny fanasan'ny Tompo eo amin'ny fiainanao? Mba hamaliana io fanontaniana io dia asao ny mpikambana hiara-hiasa tsiroaroa mba hifidy sy hiresaka fehezanteny iray avy amin'ny vavaky ny fanasan'ny Tompo ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 20:77, 79 sy ilay torohevitra ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 59:9. Omeo fotoana ny mpiara-miasa tsiroaroa mba hitady soratra masina izay manampy azy ireo hahatakatra tsaratsara kokoa ny fehezanteniny, ary hifanakalo hevitra mikasika ny fomba hamalian'izy ireo ilay fanontaniana eny amin'ny solaitrabe. Azonao atao koa ny manasa ny mpianatra hifidy ny hiran'ny fanasan'ny Tompo tian'izy ireo indrindra dia hiara-hihira izany.

Jereo koa ny Cheryl A. Esplin, "Ny fanasan'ny Tompo—fanavaozana ho an'ny fanahy," *Liahona,* nôv. 2014, 12–14.

**Andro fanompoana ny hafa ny Sabata.**

Inona no azontsika ianarana momba ny fanompoana ny hafa amin'ny andro Sabata avy amin'ny fomba nanompoan'ny Mpamonjy sy nitahiany ny olona manodidina Azy? Amporisiho ny mpikambana hamaky sy hiresadresaka momba ny Matio 9:10–13; Lioka 19:1–9; Jaona 11:32–46; 13:1–5, 12–17; ary 3 Nefia 17:5–10. Angataho ny mpikambana hisaintsaina ireo soratra masina ireo eo am-pieritreretany ny fomba hahafahany manompo rehefa Sabata. Ohatra, afaka manompo ny olona ao amin'ny fianakaviana izy ireo, na manampy ny olona tsirairay sy ny fianakaviana izay tompoiny amin'ny maha-mpamangy sy mpampianatra isan-tokantrano azy ireo, na manao tantaram-pianakaviana, na mamangy ny marary, na mizara ny filazantsara. Afaka manao filankevitry ny mpianakavy koa angamba ireo mpikambana mba hamolavolana ny fomba ahafahan'izy ireo manompo ny hafa rehefa Sabata.



© KATHLEEN PETERSON, TSY AZO ADIKA

*"Ny drafitry ny filazantsara izay tokony harahin'ny fianakaviana mba hiomanana amin'ny fiainana mandrakizay sy ny fisandratana dia voazava ao amin'ny fanambarana nataon'ny Fiangonana tamin'ny 1995, dia –Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao.– . . .*

*". . . Fototry ny fampianarana sy ny fomba fanaon'ny Fiangonana izany nandritra ny 22 taona lasa ary mbola ho izany hatrany amin'ny hoavy. Raiso ho toy izany izany, ampianaro izany, manàna fiainana mifanaraka amin'izany dia ho voatahy ianareo rehefa mibosesika mandroso mankany amin'ny fiainana mandrakizay.*

*"Efapolo taona lasa izay ny Filoha Ezra Taft Benson dia nampianatra fa –ny taranaka tsirairay dia samy manana ny fitsapany ary fahafahana mijoro sy manamarina ny tenany.– Mino aho fa ny fihetsitsika manoloana ny fanambarana momba ny fianakaviana sy ny fomba fampiasantsika izany dia iray amin'izany fitsapana izany ho an'ity taranaka ity."*

Loholona Dallin H. Oaks ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Ilay drafitra sy ilay fanambarana," 29, 30–31.

*Ilay dihy,*
nataon'i Kathleen Peterson



"Zaraiko aminareo ny fijoroako ho vavolombelona, izay feno fahamatorana nefa feno fifaliana ihany koa, fa i Jesoa Kristy Tompo no eo amin'ny familiana. Mitarika ny Fiangonany sy ireo mpanompony Izy," hoy ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany fanao isaky ny tapa-taona faha-187. "Mijoro ho vavolombelona aho fa i Thomas S. Monson no hany lehilahy mihazona sy mampiasa ny fanalahidin'ny fisoronana masina rehetra eto an-tany amin'izao fotoana izao. Ary mangataka fitahiana aho ho an'ireo mpanompo manetry tena rehetra izay manompo an-tsitrapo tokoa sady manompo tsara ato amin'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny, izay tarihiny manokana. Mijoro ho vavolombelona aho fa nahita an' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy i Joseph Smith. Niresaka taminy Izy ireo. Naverina tamin'ny laoniny ireo fanalahidin'ny fisoronana mba hitahiana ny zanaky ny Ray any An-danitra rehetra. Iraka ampanaovina antsika sy mariky ny fananantsika fitokisana ny fanompoantsika amin'ny antsontsika ao amin'ny asan'ny Tompo."

MALAGASY
4 02144 51654 4

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY